No. 1 *Andiany Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana*

Edisiona Fibanjinana Mandritra ny 40 Andro

# Dingana ho AMIN'NY FIFOHAZANA HO AN'NY TENA MANOKANA

Edisiona Voalohany amin'ny Teny Malagasy

## *Fenoin'ny Fanahy Masina Ahoana no hanandramanao izany*

HELMUT HAUBEIL

**Famoahan-boky:**
Original: „Schritte zur persönlichen Erweckung“ TOP Life Wegweiser-Verlag GmbH, Wien
Austrian Publishing House
Verlagsarchivnummer: 040 415
ISBN: 978-3-903002-14-2

**Edisiona amin’ny Teny Anglisy natonta tany:**
Nisy 23 edisiona tamin’ny teny Anglisy nanomboka tamin’ny 2015 hatramin’ny Okt. 2019 Tany Alemaina, Korea Atsimo, USA, Filipina, Zambia, Aostralia, India, Great Britain

**Mpamolavola:** Simon Eitzenberger, www.desim.de

**Mpamokatra:** Konrad Print & Medien, www.konrad-medien.de

**Mpandrindra ny Tetik’asa:** Christian Stroeck
**Nandika avy tamin’ny Teny Anglisy:** Pasitora Landiela Rasolonjatovo

**Raha hifandray sy hanao komandy amin’ny fiteny vahiny:**
© Helmut Haubeil, Rosenheimerstraße 49
D-83043 Bad Aibling / Oberbayern – Germany Email: helmut@haubeil.net
Phone: +49 (0)8061 4900 712
Fiteny: Alemana sy Anglisy

**Dikan-teny: Fiteny 80 amin’ny taona 2024**
**Fiteny Eoropeana:** Bolgariana, Kroasiana, Czech, Danoa, Holandey, Anglisy, Frantsay, Alemana (Original), Greenlandic, Hongroa, Italiana, Letoniana, Norveziana, Poloney, Portogey-Brezila, Portogey-Portogal, Romaniana, Rosiana, Serba, Sloveniana, Espaniola, Soedoa, Okrainiana.
**Fiteny Aziatika:** Armenian, Arabisch, Bahasa-Indonesia, Bengali-Bangladesh, Bhutan,
simplified Chinese, traditional Chinese, Farsi-Iran, Japanese, Korean, Mongolian, Myanmar: Burmese, Karen, Zomi; Nepali, Philippines: Cebuano, Tagalog; Sinhala-Sri Lanka, Tagalog-Philippines,
Tajik-Tajikistan, Thai Thailand, Turkish, Urdu-Pakistan, Vietnamese.
**Fiteny Indiana:** Assamese, Bengali-Kolkata, Garo, Hindi, Kannada, Kashi-Rongmei, Malayalam, Marathi, Mizo, Monipura-Meitei, Nagamese, Odia, Punjabi, Santali, Tamil, Telugu, Tripura-Krokbrok, Urdu.
**Fiteny Afrikana:** Amharic-Ethiopia, Arabic, Bemba-Sambia, Kinyarwanda-Rwanda, Kirundi-Burundi, Luganda-Uganda, Malagasy-Madagasikara, Zimbabwe: Ndebele, Shona; Swahili-Tanzania/Kenya, Umbundu-Angola, Zulu-Südafrika, Yoruba-Nigeria.

**Tranon-kala:**
**www.steps-to-personal-revival.info and www.schritte-zur-persönlichen-erweckung.info**
Ahitana ireo boky amin’ny fiteny samy hafa ao izay azo vakiana, hatonta, zaraina amin’ny namana. Ireo fizarana ao: “Leader, How to generate interest?”, “Share it”, “Development” (Fomba namolavolan’ny Tompo ireo boky), Fijoroana Vavolombelona (200), Contact. Ao ihany koa ireo boky tohiny (amin’ny Fiteny Anglisy): Abide in Jesus, Spirit-Filled Coworkers of Jesus and From Lack to Abundance.

Baiboly Dikan-teny Protestanta, Edisiona 1965
Baiboly Dikan-teny Iombonana Eto Madagasikara, Edisiona 2008

# FANOROAM-PEJY

FAMPIDIRANA - DINGANA HO AMIN'NY FIFOHAZANA HO AN'NY TENA MANOKANA ........ 7

SASIN-TENY - MAMPITOMBO NY VOKATRA ........ 10

TOKO 1 : NY FANOMEZANA SAROBIDY INDRINDRA OMEN'I JESOSY ........ 21

Inona no nampianarin'i Jesosy momba ny Fanahy Masina ? Fantatrao tsara ve ilay Hafatr'i Jesosy mahery vaika indrindra ? ........ 21

TOKO 2 : INONA NO IVON'NY OLANTSIKA ? ........ 35

Misy antony ara-panahy ve ao ambadiky ny olantsika ? Moa ve tsy ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina no antony ? ........ 35

Fa inona no tena olana amin'ilay hoe Kristiana araka ny nofo ? ........ 53

TOKO 3 : AZO VAHANA IREO OLANTSIKA ........ 70

Inona no vahaolana avy amin'Andriamanitra amin'ireo olantsika ? Ahoana no ahafahantsika mitombo ho tonga Kristiana sambatra sy matanjaka ? ........ 70

Inona no hifandraisan'ny batisa sy ny Fanahy Masina ? ........ 84

TOKO 4 : INONA NO FAHASAMIHAFANA AZONTSIKA ANTENAINA ? ........ 95

Inona avy ireo tombony azontsika amin'ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina ? ........ 95

Inona no fatiantoka ho antsika raha tsy mivavaka ho amin'ny Fanahy Masina isika ? ........ 110

TOKO 5 : NY FANALAHIDIN'NY FANANDRAMANA AZO AMPIHARINA : MIVAVAKA ARAKA NY TENY FIKASANA ........ 125

Ahoana no ahafahako mampihatra sy manao fanandramana ny vahaolana avy amin'Andriamanitra ho ahy ? ........ 125

Ahoana no tokony ho fomba fivavako mba ahazoako antoka fa fenoin'ny Fanahy Masina aho ? ........ 138

TOKO 6 : INONA NO FANANDRAMANA MIANDRY ANTSIKA ? . 149

Fanandraman'ny tena manokana sy avy amina Fiangonana, Federasiona sy Fivondronam-be ........ 149

TOKO 7 : FAHALIANANA SY FIZARANA ........ 168

Ny Fifaliana izay omentsika dia miverina ao am-pontsika. (Ohabolana Alemana) Ahoana no hanampiako ny hafa hanao fanandraman'ny « Fiainana Be dia Be » (Jaona 10 :10) ? ........ 168

Amin'ny fomba ahoana no hampitantsika ny hafatra ? Inona avy ireo fomba eo am-pelatanantsika ? ........ 178

PEJY FANAMPINY : SOSO-KEVITRA HO AMIN'NY FANDINIHANA FANAMPINY ........ 186

**DINGANA HO AMIN'NY FIFOHAZANA HO AN'NY TENA MANOKANA**

**Tsy nanana fikasana hanoratra boky aho. Ahoana no nampisy ity boky ity?**

Nandritra ny fitsaboana narahina tany amin'ny "Herghelia Health Center" tany Romania tamin'ny taona 2011, dia nisy vahiny iray nanatona ahy, niaraka tamin'ny boky enina momba ny Fanahy Masina ary nilaza tamiko hoe: "Tsy maintsy vakianao ireto boky ireto." Nahaliana ahy izany ary novakiako ireo boky. – Tamin'ny volana Aogositra 2011 fony tany Soisa aho, nisy olona iray nilaza zavatra tamiko momba ny tanora. Tamin'izay no nandona ahy voalohany indrindra io hevitra io: Very ny ampahany amin'ireo tanora ao am-piangonantsika vokatry ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina. Nihevitra ny ankohonako aho ary voatohina lalina. Nahatonga ahy nisaintsaina betsaka ny amin'io fanontaniana io izany. Nikasa handeha haka rivotra aho tamin'ny Oktobra 2011. Raha niala ny trano tao Bad Aibling aho dia nisy lehilahy tsara fitafy nanatona ahy ary nanatsotra ny tanany teo no ho eo, nilaza tamiko ny anarany ary niteny hoe : "Misaotra betsaka anao tamin'ny toriteny momba ny Fanahy Masina izay nataonao tany Munich taona maro lasa izay. Betsaka no nianarako avy tamin'izany." Nandray ny tanako izy ary lasa avy eo.

Ireny zava-nitranga ireny no nanetsika ahy hanomana toriteny momba ny Fanahy Masina. Naparitako tamina fiangonana maro ny dikany mitovy amin'ireny. Nisy Pasitora roa nanoratra tamiko nilaza fa tokony hanoratra boky avy amin'ireny toriteny ireny aho. Nieritretritra aho hoe mety ho boky kely ihany izany ary tsy hisy Trano Famoaham-boky ho liana handray izany. Noho izany, mbola tsy nanao na inona na inona aloha aho hatreo.

Toa nanana drafitra hafa mihitsy anefa Andriamanitra. Fotoana fohy taorian'izay dia naharay mailaka avy tamin'ny fikambanana Alemana sy Soisa iray tany Zurich aho izay nangataka tamiko raha azon'izy ireo atao ny manambatra ireo toriteniko ho boky iray. Tena faly aho raha nanaiky izany. Tamin'ny alalan'izany no namoahana ny edisiona voalohan'ity boky ity: Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana. Mbola feno fankasitrahana aho ankehitriny ny amin'ny hoe tsy izaho no tompon-kevitra

voalohany momba ity boky ity, fa drafitr'Andriamanitra sy fitarihany izy ity. Noho ireo fahagagana maro avy any ambony ihany koa anefa dia ho voadika amin'ny fiteny 80 ity boky ity amin'ny taona 2024. "*Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. 58 Koa amin'izany, ry rahalahy malalako, dia miorena tsara, aza miova, ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo."* 1 Korintiana 15:57-58

Helmut Haubeil, Etazonia

# DINGANA HO AMIN'NY FIFOHAZANA HO AN'NY TENA MANOKANA

*Fenoin'ny Fanahy Masina*

*Ahoana no hanaovana fanandramana an'izany ?*

*Nandika tamin'ny Teny Malagasy :*

*Pasitora Rasolonjatovo Landiela*

# NY TOMPONTSIKA MIHITSY NO NANOME NY BAIKO[1]

# AOKA HIANAREO HO FENON'NY FANAHY VAOVAO TSY TAPAKA SY MIVERIMBERINA ![2]

[1] Ellen G. White, Mount of Blessing (Sambatra), MB 20.3 (egwwritings.org)
[2] Johannes Mager, Auf den Spuren des Heiligen Geistes (Lüneburg, 1999), S. 101

# FAMPIDIRANA - DINGANA HO AMIN'NY FIFOHAZANA HO AN'NY TENA MANOKANA

*Fenon'ny Fanahy Masina*

*Nahoana moa aho no liana tampoka sy tanteraka tamin'ilay resaka « Fiainana ao amin'ny Fanahy Masina » ?*

Tamin'ny 14 Aogositra 2011 aho, raha tany Kandergrund, Bernese Highlands, Soisa dia nisy hevitra nifandray nanan-danja izay tonga nazava be tamiko. Hitako ny antony ara-panahy mahatonga antsika mamoy ampahany amin'ireo tanorantsika. Nahatohina ahy tanteraka izany, ary nieritreritra ny amin'ireo zanako sy ireo zafikeliko aho. Nanomboka teo aho dia liana tanteraka tamin'io lohahevitra io.

Mino aho ankehitriny fa io antony ara-panahy io ihany no ao ambadiky ny ankamaroan'ireo olantsika ; raha tsorina dia ireo olan'ny tena manokana, olana ara-panambadiana sy ao an-tokantrano, olana eo amin'ny fiangonana eo an-toerana sy maneran-tany. Tsy inona izany fa ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina.

Raha izany tokoa no antony dia maika ny tokony hiatrehantsika an'io olana io. Raha azo foanana na ahena betsaka io antony io, dia tsy ho tonga vesatra tsy nilaina akory ireo olana maro ary ho voavaha izy ireo.

## FANAMBARAN'IREO MPANORATRA HAFA MAHAKASIKA AN'IO TSY FAHAMPIANA IO :

***- Emil Brunner,*** *Teolojiana avy amin'ny Fiangonana Evanjelika Fanavaozana, dia nanoratra hoe : « Ny lohahevitra momba ny Fanahy Masina no toy ny zanaky ny Teolojia izay voahilikilika mandrakariva. »*[3]

- ***D. Marin Lloyd-Jones :*** *« Raha afaka maneho ny hevitro am-pahatsorana aho, dia tsy misy lohahevitra momba ny foto-pinoana ara-Baiboly izay tena natao ambanin-javatra na tamin'ny lasa na ankehitriny, toy ny lohahevitra momba ny Fanahy Masina … Azoko antoka fa izany no antony mahatonga ny finoana momba ny Filazantsara halemy. »*[4]

- ***Leroy E. Froom :*** *« Resy lahatra aho fa ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina no olantsika mahatsiravina indrindra. »*[5]

- ***Dwight Nelson :*** *« Namolavola fombafomba, drafitra sy programa mendri-piderana loatra ny fiangonantsika mandrapaha-torovana azy. Raha tsy miaiky ny maha-bankiropitra ara-panahy (tsy fahampian'ny Fanahy Masina) - izay nahazo ny maro* amin'ireo pasitorantsika sy ireo tompon'andraikitra - *antsika anefa isika,* dia tsy ho tafavoaka na oviana na oviana ao anatin'ny Fivavahana Kristiana endrika fotsiny. »[6]

Voalohany, andeha hojerentsika ireo vokatra izay nitombo tany amin'ireo toerana izay nahafeno an'io tsy fahampiana io. Avy eo dia hojerentsika ireo torohevitra sasany nomen'i Jesosy Tompontsika momba ny Fanahy Masina.

## NY FANIRIAKO

Iriko ny hanatraran'ny tsirairay izay efa mivelona ao amin'ny Fanahy Masina, ny fahafenoan'ny Fanahy. Ho an'ireo izay mbola tsy mivelona araka ny Fanahy Masina na tsy ampy ny fiainany araka ny Fanahy,

---

[3] Johannes Mager, Auf den Spuren des Heiligen Geistes, (Lüneburg, 1999), Cover
[4] D. Martin Lloyd-Jones, Vollmacht, Telos-Taschenbuch Nr. 385, Marburg 1984, p. 72
[5] E.G. White, The Coming of the Comforter (Hagerstown, 1949), p. 94
[6] Editor Helmut Haubeil, Missionsbrief Nr. 34 (Bad Aibling, 2011), Seite 3

manantena aho fa ity no ho fanombohana fiainana vaovao tanteraka sy feno fandresena ho azy.

ANDRO 2

# SASIN-TENY - MAMPITOMBO NY VOKATRA

## Ho an'ireo mpitarika sy ho mpitarika

Ry mpitarika malala,

Irinao ve ny hitomboan'ny faritra misy anao ara-panahy sy arak'isa ? Tena azo tanterahina ve anefa izany ankehitriny ? Eny, azo antoka fa azo tanterahina izany. Amin'ny fomba ahoana ?

> *« Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Izao no tenin'i Jehovah amin'i Zerobabela: Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon'ny maro. » (Zakaria 6 :8)*

Amin'ny fomba ahoana no tokony hisehoan'izany ? Heveriko fa mbola betsaka no tokony hianarantsika rehetra. Irintsika ihany koa ve ny hianatra amin'ny fanandraman'ny hafa ? Resy lahatra aho amin'ny tombotsoa azo amin'ny fanaovana izany. Ny Tompo anie, amin'ny alalan'ny Fanahiny, haneho amintsika ny fomba rehetra hitondrany antsika ho amin'ny fitomboana ara-panahy sy arak'isa marina.

Ny fanandramana nifampizarana tamin'ny alalan'ny boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny tena manokana », izay nambaran'ny mpamaky miisa 500 dia maneho fa manampy betsaka tokoa ity boky ity. Ny fitomboana ara-panahy sy arak'isa anefa dia mitaky mihoatra noho ny famakiana boky indray mandeha sy ny fizarana izany. Tena ilaina ny mampihatra ireo singa ilaina amin'ny fifohazana izay aseho ato. Mila ny fandraisanao am-po izany. Sahiko ny milaza hoe : arakaraky ny halaviran'ny dia vitanao no halavirana vitan'ireo olona ao amin'ny faritra hiandraiketanao. Tsy misy olona afaka mitari-dalana olona iray hafa, raha tsy efa nandeha mialoha tamin'io lalana io izy. Ny fiainantsika, ny vavaka ataontsika, ny fijoroana vavolombelona ataontsika, ny resaka ataontsika, ny hery miasa mangina avy amintsika ary ny toritenintsika no hampiasain'Andriamanitra. Toa fanalahidy amin'izany ny fanaovana vakiteny imbetsaka : ny fikarohana

momba ny fanabeazana dia maneho fa ilaina ny mamaky lohahevitra sarobidy anankiray eo amin'ny fiainantsika in'enina hatramin'ny im-polo, mialohan'ny hahatakaranao izany amin'ny fahafenoany. Andramo izany indray mandeha farafahakeliny. Haharesy lahatra anao ny vokatra azo.

## FIJOROANA VAVOLOMBELONA

**Fijoroana vavolombelona roa avy amina Pasitora iray sy Talen'ny Departemanta eo anivon'ny Fivondronam-be iray, izay efa misotro ronono, any Etazonia ankehitriny :**

**Fijoroana Vavolombelona 1** : Namaky ny boky nosoratanao « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana » in-telo aho. Tsy nieritreritra ny hahita lesona vaovao momba ny vavaka toy izany aho. Vavaka, izay miorina amin'ireo fampanantenan'Andriamanitra (na teny fikasana) araka ny fanazavanao. **Nanomboka hatreo dia nanatanteraka fandresena izay tsy ary noeritreretiko ho azoko teo amin'ny fiainako Andriamanitra.** Voaasa hitoriteny tamin'ny fivorian-dasy (Camp Meeting) iray aho. Nanome ahy lohahevitra hotoriana ny boky nosoratanao. 26 Jona 2017—F.S. (Anarana nafohezina)

**Fijoroana Vavolombelona 2** : Voaova ny fiainako, hatramin'ny namakiako ny boky nosoratanao (novakiako in'enina araka ny torohevitra tao anatin'ny boky) sy nianarako nivavaka araka ny teny fikasana … Nitari-dalana ahy ny Tompo hanomana toriteny ho amin'ny Fivorian-dasy iray, mahakasika ny zavatra ilaintsika lehibe indrindra, ny firotsahan'ny Fanahin'Andriamanitra mivatravatra izay manavao. **Tao anatin'ny taona rehetra izay nanokanako tena amin'ny asa fanompoana dia mbola tsy nahatsapa ny herin'ny Fanahy Masina manetsika olona efa ho 3.000 tao amin'ilay toeram-pivoriana toy izany aho.**

Nahamarika fiovana tanteraka teo amiko ny vadiko. Na izaho aza gaga amin'ny tenako. 25 Jolay 2017. FS (Anarana nafohezina)

**« Foto-kevitra 40 andro » – mambra 17 lasa 65**

Nisy mambra 17 Alemana, Espanola ary Portogey tao amin'ilay fiangonana kely tao Cologne-Kalk, Alemaina. Nanasa azy ireo i Pasitera J.

Lotze mba hanatanteraka ilay « Foto-kevitra 40 andro ». Nianatra ilay boky « 40 andro » tsiroaroa izy ireo, ny tsirairay nivavaka isan'andro ho an'ny olona mbola tsy notratrarina dimy, ary samy namolavola fifandraisana tamin'ny tsirairay tamin'izy ireo izy. Tamin'ny andro faha 40 dia nanao Sabata ho an'ny Mpamangy izy ireo ary taorian'izay dia nanao kaoferansa nandritra ny 14 andro. Tao anatin'ny fotoana fohy dia afaka nanao batisa olona 13 izy ireo. Naverin'izy ireo imbetsaka ilay volavolan-kevitra 40 andro ary nitombo lasa 65 ny mambra tao anatin'ny 4 taona. (Jereo ireo boky « 40 andro » ho amin'ilay « Foto-kevitra 40 andro » ary mandehana ao amin'ilay Fizarana hoe « Fanandramana » N°19 mba hahitana fanandramana misimisy kokoa avy any Cologne.)

**Lugano**, Faritra miteny Italiana any Soisa

Nahita fanandramana tena tsara avy tany Afrika Atsimo tamin'ireo boky « 40 andro » nosoratan'i Dennis Smith i Pasitera Matthias Maag, izay tsy dia liana tamin'ny vavaka loatra teo aloha. Rehefa niverina tany Soisa izy dia nanomboka teo no ho eo ilay foto-kevitra. Nisy batisa 15 ny taona voalohany (tena zava-mahagaga izany ao amin'io faritra io). Nisy ramatoa iray izay namangy tsy tapaka ny fiangonana nandritra ny 15 taona. Nanapa-kevitra ny atao batisa izy nandritra ilay 40 andro.

**Tanora**

Alina van Rensburg no anarako ary izaho no Talen'ny Tanora Zokiny ao amin'ny Federasiona Queensland Atsimo (misy mambra 12.200, any Aostralia). Nisy vehivavy mbola tanora iray izay nizara tamiko ny boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana » tamin'ny fiandohan'ity taona ity. Tena nampitolagaga ahy tanteraka izany boky izany. Miresaka indrindra ny lohahevitra izay nataon'Andriamanitra tao am-ponay mivady izany, dia ny fifohazan'ny fiainanay ao amin'ny Fanahy Masina !! Betsaka ny tantara azoko ambara aminareo fa raha fintinina dia hoe, tena voatahy tokoa izahay tamin'ny alalan'io boky io ! Nanana boky fanampiny 300 i Greg Pratt (Talen'ny Fanaovana Mpianatra sy ny Fampivoarana ara-panahy eo anivon'ny Federasiona), izay nozaraiko tamin'ireo mpitarika tanora zokiny rehetra miara-miasa amiko nandritra ny fivoriana fiofanana momba ny fitarihana izay nataonay tamin'ity taona ity. Tena tsy azo hinoana

ny valiny nasetrin'izy ireo izany. Maniry hizara boky miisa 150 fanampiny indray aho izao, mba homeko ireo tanora zokiny hiandraiketako amin'ny Lasy Lehibe ataonay amin'ity taona ity, mandritra ireo Seho isam-bondrona momba ny Fiainana.



**Batisa 366 + 35 ao amin'ny Kilasin'ny Batisa**

Ny Sekreteran'ny Fivondronam-ben'i Burundi, Paul Irakoze, (misy mambra miisa 130.000, boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana » miisa 100.000 tany Kirundi), dia nilaza fa mambra teo aloha niisa 320 no niverina vokatry ny hery miasa mangina avy amin'ilay boky. Noraisina tamin'ny batisa indray izy ireo ny volana Martsa 2017.

Nisy marenina namaky ilay boky in-telo. Avy eo dia nizara ny fanandramany tamina olona manana olan'ny fihainoana hafa izy. Vokany : Nanao batisa marenina miisa 25 izahay tamin'ny Martsa 2017.

**Voafonja**

Nizara ity boky ity tamin'ireo mambran'ny fiangonanay tao amin'ny Fonjan'i Mpimba izahay. Voahetsiky ny Fanahy Masina izy ireo ary nanomboka nizara ny finoany. Sabata farany teo, voafonja 21 no vita batisa ary ny 35 dia miomana ho amin'ny batisa. Izany no vokatr'ilay boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana ». (Nafohezina)

**Fotoan'ny Fandalinana / Herinandro fiaraha-mivavaka**

Nanatanteraka herinandro fiaraha-mivavaka ho an'ireo mambra miisa 130.000 ao aminy, ny Fivondronam-ben'i Burundi tamin'ny Volana Novambra 2017, ary nampiasa indray ny boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ataon'ny Tena Manokana ». Nalefa tamin'ny onjam-peo Advantista isan-kariva ihany koa ny toritenin'ny Sekretera eo anivon'ny Fivondronam-be momba an'io lohahevitra io.

**Mpianatra**

Ny Pasitera Dwight Nelson, Pasitora voalohany ao amin'ny Oniversite Andrews dia nilaza fa io boky io dia « nanova ny atiko manontolo.

Tiako ihany koa ny hanao toy izany ho anao. » Tamin'ny 2 Septambra 2017 izy dia nanomboka andiana toriteny telo : « Ahoana no atao mba ho vita batisan'ny Fanahy Masina ? ». Nampiasa andalan-teny avy ao amin'ny « Dingana ho amin'ny Fifohazana ataon'ny Tena Manokana » izy ary namporisika ny hamakian'ny tsirairay izany boky izany. Nitarika ho amin'ny fanaovana « téléchargement » 4.000 sy ny fanaovana komandy an'arivony ny boky izany fanentanana izany. Ato amin'ity rohy ity no ahitana ireo toriteny ireo : www.pmchurch.tv/sermons or www.steps-topersonal-revival.info

**Hevitra tena tsara – avy any Etazonia**

Nihaino ireo andiana toriteny nataon'i Dwight Nelson aho omaly. Raha hampahafantatra ny fiangonana misy ahy ny amin'ny boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana » aho amin'ny Sabata, dia halefako ny 5 minitra voalohany, ary manantena aho fa hamoha ny fahalianan'ny hafa ny fijoroana vavolombelona nataony momba ilay boky. Aorian'ny fiaraha-misakafo, raha mahazo alalana amin'ny Pasitera izahay dia halefanay ny ambin'ilay toriteny ho an'ireo izay liana ! D. W.

**Fitoriana ny Filazantsara**

Hoy ny nosoratan'i Dwight Nelson tao amin'ny « blog » -ny ny 11 Oktobra 2017 (nafohezina sy narindra) :

« Vahiny » 91 (araka ny fiantsoany azy) no nanjohy ny « Zagreb Adventist » tamin'ilay fandaharana 90 minitra mandeha amin'ny alina. … Amin'ny anarako manokana no ankasitrahana tanteraka ireo vavaka fanelanelanana nataonareo, ary tiako ny hijoro vavolombelona fa mbola tsy nahita fanandramana toy ilay kaoferansa fitoriana ampahibemaso tany Zagreb aho tamin'ireo taona rehetra nirotsahako an-tsehatra nanao asa fitoriana. Araka ny nambarako tamin'ireo Pasitora eto amin'ny Fiangonana Pioneer, dia azoko antoka tanteraka fa vokatry ny asan'ny Fanahy izay niasa andro aman'alina tao amin'io tanàna io izany, ho setrin'ny vavaka niombonana. Ampatsiahiviko anareo fa maro tamintsika tamin'ny volana Septambra no nanomboka nitady an'Andriamanitra, mba handray ny batisan'ny Fanahy Masina isan'andro (araka ny fanasan'i Kristy ho tanterahintsika ao amin'ny Lioka 11:13). Izany no mahatonga ahy milaza am-

pahazoana antoka fa ny fanandramako manokana sy natrehiko maso tany Zagreb dia Asany mivantana. Tsy misy milaza ny momba ahy izany na ny kely aza – fa milaza kosa momba ny mampitombina ny fampanantenan'i Jesosy – « *Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko …* » (Asa 1 :8). Koa na inona na inona ataontsika, dia aoka tsy hafointsika ny fikatsahantsika isan'andro ny batisan'ny Fanahin'Andriamanitra izay manavao, mampahery isa-maraina.

**Famitranam-pihavanana**

Ao ireo fanandramana tena tsara niainan'ireo olona na fianakaviana samy hafa. Fanandraman'ny fiangonana manontolo izay niainga tamin'ny fifandrafiana, ady, fisaraham-bazana, ratram-po, tsy fifamelan-keloka, fifandonana ara-pihetseham-po ary famelezana hifanaovana, ka nankamin'ny fifamelan-keloka sy famitranam-pihavanana am-pitiavana sy am-piadanana.

**Reny mbola tanora – Ankizy – Etazonia**

Tena nahatsapa andraikitra lehibe tokoa aho tamin'ny nibeazana zazalahy telo. Hitako fa ny hany fanantenana hananako dia ny mangataka isan'andro ny Fanahy Masina mba hanjaka amiko isan'andro. Hatramin'ny namakiako ny boky nosoratanao dia hitako ny ny fahasamihafana nentin'izany teo amin'ny fitondran-tenan'ireo zanakolahy. Lasa nanana faharetana aho raha tojo toe-javatra izay tsy nananako izany, lasa nanam-pitiavana sy fangorahana aho raha matetika no nahatsapa fahasorenana. Ary lasa mamaly amin'ny fo milefitra kokoa noho ny mahazatra izy ireo. Azo antoka fa mbola eo am-pitomboana izahay kanefa tena feno fankasitrahana aho satria afaka mahatakatra ny fahamarinana tsotra ny amin'ny hoe ahoana no ahafahan'i Jesosy mivelona ato anatiko ! D. W.

**Tafiditra tsara ao amin'ny fiangonana ny 90%n'ireo mambra vao vita batisa, tao anatin'ny roa taona.**

Hoy ny nosoratan'ny Fivondronam-ben'i Rwanda tamin'ny 14 Febroary 2019 : « Nahazo fitahiana betsaka tokoa izahay tamin'ny alalan'ilay boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana (dika mitovy miisa 130.000 tany Kinyarwanda). Nanatanteraka Programa mifantoka amin'ny Iraka antsoina hoe « Mambra Rehetra Mirotsaka An-

tsehatra » nanerana ny firenena izahay tamin'ny taona 2016. Noho ny fahasoavan'Andriamanitra, taorian'izay dia olona miisa 110.000 no natao batisa tamin'ny taona 2016 sy tamin'ny fiandohan'ny taona 2017. Tamin'ny fotoan'ny batisa dia nomena ilay boky ho fanomezana ny tsirairay avy. Isaorana ity boky ity fa ny 90%n'ireo vao vita batisa no tonga mambran'ny fiangonana mavitrika. Tena tsara ity boky ity, izay maneho ny fomba ahafahan'ny olona iray manana fifandraisana amin'i Jesosy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. » M.K.N. (nafohezina)

« Ahoana no fomba hampitomboana ny fahalianana ? » Amin'ity fizarana ity no ahitanao soso-kevitra manan-danja sasany. Ny zavatra iray aloha, izay tena mora ny manomboka azy, dia ilay soso-kevitra manao hoe « Vakiteny Voarindra ». Ny antony manosika matanjaka indrindra dia ilay fanaovana « Seminera ». Afaka tanterahinao izany, na manasa mpandaha-teny iray (na mampiasa horonan-tsary). Mbola afaka manao fanandramana tsara kokoa aza hianao momba ilay seminera raha ataonao aloha na aorian'ny seminera ilay programa « Vakiteny Voarindra ».

**Ny Fangatahako** :

Mamelà ahy hanoso-kevitra anareo toy ny Zoky : mivavaha ary vakio imbetsaka miaraka amin'ny olona iray izay akaiky anao ilay boky. Hisy hery miasa mangina voamarika eo amin'ny fandrosoan'ny vondrona misy anao, na eo amin'ny fiangonana na eo amin'ny federasiona.

Mety azo heverina ve hoe **ny dingana manaraka** dia ny mizara ireo hevitra sy ny fanandramana azo amin'ny Pasitora, loholona, ary ireo mambra fototra ? Tena zava-dehibe ny hanatrarana ny fon'izy ireny.

Toy izany no nanombohan'ny tao Etiopia. Tamin'ny Volana Jolay Taona 2017, nisy Pasitera 500 nandray ny boky tamin'ny fiteny Amharika tamin'ny fiafaran'ny herinandrom-pifohazana iray. Tao anatina fivoriam-bavaky ny federasiona no nanehoana ny boky tamina loholona miisa 1.500 tany Filipina, tao amin'ny Fivondronam-ben'i Filipina Avaratra, tamin'ny Volana Jona Taona 2017.

**Fanandramana**

Zarao ao amin’ny lahatsoratra soratanay ireo fijoroana vavolombelona manokana ataonareo. Loharanon’aingam-panahy tena tsara izany. Raha ilaina, dia azo ampiasana ireo fijoroana vavolombelona hita ao amin’ny www.steps-to-personal-revival.info—Testimonies

**Ry Mpitarika Malala !**

Andeha isika hitombo ao amin’ny Fanahy Masina. Ny Tompo mihitsy no nanome ny baiko : « *... fa aoka ho feno ny Fanahy Masina.* » *(Efesiana 5 :18)*

Kristy ao anatintsika sy ny Fanahy Masina no mahatonga antsika « mitondra teny soa mahafaly » (Isaia 40 : 9). Aza adino ny teny farany nataon’i Jesosy teto an-tany : *« Fa hahazo hery (fahaiza-manao, fampitaovana, hery avy any ambony) ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko ... » (Asa 1 :8)*

Ny Rahalahinareo ao amin’i Kristy Jesosy

*Helmut Haubeil*

## TENY MANOKANA

**Mitondra ny fiangonanay hanakaiky kokoa an'i Jesosy**

Tiako ny hisaotra anareo ny amin'ny nandikanareo ny boky sy ny nampiasanareo izany manerana ny Fivondronam-be misy anay manontolo. Ny famporisihana sy ny fampianarana voarakitra ao anatin'io boky io dia nitondra fitahiana ho ahy manokana, ary azoko antoka fa hampiasa izany ny Fanahy Masina hitondrana ny fiangonanay hanakaiky kokoa an'i Jesosy sy hanao fanandramana manokan'ny herin'ny Fanahy Masina miasa manova fiainana.

B. F. EE 070818 Filohan'ny Fivondronam-be ahitana mambra miisa 500.000, #104

**Nangataka tamin'Andriamanitra aho hoe : asehoy ahy izay mbola tsy ampy !**

Tiako ny hidera an'Andriamanitra ny amin'ny boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana ». Somary sarotra ny lalana niarahako tamin'Andriamanitra tatoato izay. Nangataka tamin'Andriamanitra aho hanehoany amiko izay mbola tsy ampy. Matetika aho no manaraka ireo fandaharana ao amin'ny 3ABN. Tamin'ny 2 ora maraina aho no nandre feo namoha ahy. Rehefa nifoha aho dia henoko ny fandaharan'ny 3ABN sy ireo mpandaha-teny izay vao nanonona ny lohahevitra hoe « Fanahy Masina » ary nanoro ny tranon-kala : steps-to-personal-revival.info ; teo no ho eo aho dia naka ilay boky (elektronika) tao amin'ilay tranon-kala ary nanomboka teo dia namaky izany isaky ny fotoan'ny fibanjinana fanaoko. Nanokatra ny masom-panahiko io boky io. Hitako mazava kokoa ankehitriny ny maha-sarobidy ny Fanahy Masina sy ny antony mahatonga Azy miara-miasa amintsika. Fantatro hatramin'izay fa nisy Izy kanefa tsy takatro ny velarany. Nahatonga ahy hahatakatra ny mahaizy Azy, ny andraikitra tanany eo amin'ny dia-be ara-panahy ataoko ity boky ity, ary ny maha-zava-dehibe ihany koa ny fanasana ny Fanahy Masina isan'andro, mba ahafahana miady amin'ilay fitiavan-tena taloha sy ireo faniriana feno ota hafa. Novakiako imbetsaka ilay boky. Nahatonga ahy ho voatahy tokoa izany. Ankehitriny dia takatro ihany koa hoe nahoana ny lalan-

kizorako ara-panahy no feno vato hatreto : tsy tafaray tamin'ny Fanahy Masina, ilay Loharanon'ny hery aho. Hivavaka ho anao aho.

R. V. EE220618 avy any Aostralia, #108

**Fahantrana ara-panahy fa tsy ara-bola no tena mampijaly antsika**

Tamin'ny faramparan'ny taona lasa dia nanatrika fivoriana iray tao Spicer Adventist University aho. Nanana ilay boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana » anankiray ilay mpandahateny avy any Etazonia. Avy amin'io boky io ireo laha-teny nataony. Hoy izy, « Fahantrana ara-panahy fa tsy ara-bola no tena mampijaly antsika. »

R. K. EE070219 avy any Bangladesh, #9417

**Fisaintsainana ho an'ny Tena Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra**

*1. Iza moa ilay « zanaka voailikilika mandrakariva » teo amin'ny lafiny Teolojia ? Inona no vokatra aterak'izany ?*

*2. Inona no fampanantenana azontsika takiana ? (Zakaria 4:6) Inona no mety ho hevitr'izany ho anao sy ny fiangonanao ?*

*3. Inona avy ireo fepetra manan-danja izay tokony ho feno mba ahafahana manantena vokatra tsara ?*

*4. Inona amin'ireo fanandramana voatantara ireo no nahakasika anao manokana ? Nahoana ?*

**Fotoam-bavaka Ataontsika**

- Antsoy ilay namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ilay lohahevitra.
- Miaraha mivavaka aminy …

1. Mba hanananao fo mandray sy liana hianatra ary hisokatra amin'ny fiasan'ny Fanahy Masina.
2. Mba hahazoanao fahatakarana mazava kokoa ny amin'ny hoe lafiny inona amin'ny fiasan'ny Fanahy Masina no tsy dia nifantohanao loatra.
3. Ho an'ny Pasitera, ny mpampianatra ary ny mpitarika rehetra ao anatin'ny fiangonana – mba hanaovan'izy ireo fanandraman'ny herin'ny Fanahy Masina sy hanekeny hotarihany.
4. Mba hanaovanao fanandramana manokana miaraka amin'Andriamanitra – ny fomba hiasany amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ao aminao.

# TOKO 1 : NY FANOMEZANA SAROBIDY INDRINDRA OMEN'I JESOSY



## Inona no nampianarin'i Jesosy momba ny Fanahy Masina ? Fantatrao tsara ve ilay Hafatr'i Jesosy mahery vaika indrindra ?

### SASANY TAMIN'IREO FIJOROANA VAVOLOMBELONA VOALOHANDOHANY :

**Niverina tamin'ny « fitiavana voalohany » :** Nisy anabavy iray nanoratra tamiko : Efa fanintelony izao izaho sy ny namako iray no miara-mianatra ilay boky « 40 Andro » miaraka amin'ilay boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana ». Tsy nitovy tamin'ny tany am-piandohana ny fanandraman'ny finoana teo aminay sy ny fiainam-bavakay, mialohan'ny nahitanay ity tari-dalana ity. Naniry fatratra ny hahita indray ilay « fitiavana voalohany » izahay. Ary dia tena hitanay tokoa ! Misaotra an'Andriamanitra amin'ny fonay manontolo izahay. Mahagaga loatra ny fomba hamalian'Andriamanitra be fitiavana ny vavaka sy ny hanehoany ny fiasan'ny Fanahiny teo aminay, sy teo amin'ireo olona izay nentinay am-bavaka. M.S.

**Niditra teo amin'ny fiainanay Jesosy** : Hoy ny olona iray hafa momba ny boky : « … Lasa fitahiana lehibe ary toy ireny hoe nandrasana hatry ny ela teo amin'ny fiainako ireo boky ireo. Toy ny fanandraman'ireo mambran'ny fiangonana maro hafa sy ilay anabavy anankiray tao am-piangonanay, nisy zavatra banga mandrakariva teo amin'ny fanandraman'ny finoanay. Ankehitriny izahay dia manana tombotsoa manandrana an'i **Jesosy miditra ao amin'ny fiainanay** sy manomboka manova anay. Mbola miasa eo aminay Izy ary misarika anay isaky ny indray mandingana ho eo Aminy. » S.K.

**Nanontany tena ireo mpianatr'i Jesosy hoe : Ahoana no ahafahan'i Jesosy manana hery miasa mangina lehibe toy izany ?** Moa ve tsy niankina tamin'ny fiainam-bavaka nananany izany ? Izay no nahatonga azy ireo nangataka Taminy : *« Tompoko, mampianara anay hivavaka… »* Namaly ny fangatahan'izy ireo Jesosy.

Mizara telo ilay lesona nomeny momba ny vavaka ao amin'ny Lioka 11 : 1-13 : Ny Vavaka nampianarin'ny Tompo, ny fanoharana ny amin'ilay sakaiza izay tonga amin'ny mamatonalina, ary ny tendrony : ny fangatahana tsy tapaka ny Fanahy Masina.

Ao amin'ilay fanoharana (andininy 5-8) dia nisy olona tonga tao an-tranon'ny lehilahy iray indray alina kanefa dia tsy nanana na inona na inona azony naroso azy ireo izy. Noho izay filany izay, lasa avy hatrany nankao amin'ny mpifanakaiky trano taminy izy. Nohazavainy taminy fa *« tsy manana na inona na inona »* izy ary nangataka mofo taminy. Nanohy nangataka foana izy mandrapahazoany ny mofo. Manana mofo izy ankehitriny – dia ny mofon'aina. Afaka mizara amin'ireo vahiny izy ankehitriny. Hianarantsika eto fa tsy maintsy mankeo amin'i Jesosy isika mba ahafahantsika mizara amin'ny olona hafa. Raha iny maniry hampita ny mofon'aina iny isika no mahatsapa avy eo fa fa hay tsy manana na inona na inona isika !

Izao Jesosy dia mampifandray an'io fanoharana io (Olana : tsy manana na inona na inona aho) amin'ny fangatahana ny Fanahy Masina, amin'ny filazana hoe : *« Ary hoy izaho aminareo : Mangataha, dia homena hianareo. » (Lioka 11 : 9) Dia* mitohy ny hoe :

ANDRO 5

## ILAY ANTSO NATAON'I JESOSY MANOKANA : NOHO IZANY, ANGATAHO NY FANAHY MASINA

Misy andalan-teny manokana izay handidian'i Jesosy mafy antsika tokoa, hangataka ny Fanahy Masina. Tsy mahafantatra andalan-teny hafa aho izay hamporisihan'i Jesosy mafy sy am-pitiavana antsika handray am-po ny zavatra anankiray. Hita ao amin'ny Lesona nomeny momba ny vavaka ireo andininy ireo ao amin'ny Lioka 11. Impolo no hanindriany mafy ny tokony hangatahantsika ny Fanahy Masina. Lioka 11 :9-13 :

*« Ka hoy Aho aminareo : **mangataha**, dia homena ; **mitadiava**, dia hahita ; **dondòny**, dia hovohana. 10Fa izay rehetra **mangataka** no mahazo ; izay **mitady** no mahita ; ary izay **mandondòna** no hovohana. 11Araka ny hevitrareo, iza no raim-pianakaviana **hangatahan**-janany trondro ka tsy hanome azy trondro fa bibilava ? 12Na **hangatahany** atody ka hanome azy maingoka ? 13Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala manome zava-tsoa ny zanakareo ; tsy mainka ve ny Ray Izay any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina an'izay **mangataka** aminy ? »*

Inenina no ampiasan'i Jesosy ny teny hoe « **mangataka** » (na mangataha) ao anatin'ireo andininy vitsy ireo ; avy eo dia soloiny indray ilay teny hoe « **mangataha** » ary tsindriany mafy amin'ny teny hoe « **mitadiava** » indroa – hetsika izany – ary amin'ny teny hoe « **dondomy** » indroa - izay matoanteny maneho hetsika ihany koa.

Moa ve tsy asehony mazava amintsika fa mila manao hetsika isika mba hahatonga antsika ho fenon'ny Fanahy Masina ? Ilay hoe « mangataka » farany dia ampiasaina amin'ny fotoana mitohy (« au temps continu ») amin'ny teny Grika. Midika izany fa tsy natao hangataka indray mandeha fotsiny isika, fa natao kosa hangataka tsy tapaka. Eto Jesosy dia tsy manao ilay mangataka ho resaka kimaimaika fotsiny, fa miangavy antsika Izy mba hanao izany tsy tapaka. Azo antoka fa iriny ihany koa ny hamoha ny faniriantsika ny Fanahy Masina, amin'io fanasana nataony tamin'ny fo io. Io fanasana maika io dia maneho amintsika ny faharesen-dahatr'i Jesosy, dia ny hoe hisy zava-dehibe izay tsy ho azontsika raha toa ka tsy manohy mangataka foana ny hirotsahan'ny Fanahy Masina isika. Misarika mazava ny fahalianantsika Izy ho eo amin'ny hilantsika tokoa ny Fanahy Masina. Amin'izany dia iriny isika handray tsy tapaka ireo fitahiana sesehena avy amin'ny Fanahy Masina.

Hoy ny voalaza ao amin'ny Boky « Christ's Object Lessons » (Henoinareo ny Fanoharana) : « Tsy milaza Andriamanitra hoe mangataha indray mandeha dia hahazo hianareo. Manasa antsika hangataka, hisisika am-bavaka Izy. Ny fangatahana am-pisisihana dia mitondra ilay mpanao ny

fangatahana ho eo amin'ny fihetsika misy hafanam-po kokoa, ary mahatonga azy hanana faniriana mitombo handray ireo zavatra hangatahany. »[7]

Manome ohatra telo Jesosy avy eo, izay maneho fihetsika tsy azo eritreretina, na dia ho an'ny raim-pianakaviana sady olombelona mpanota aza. Tiany aseho amintsika fa vao maika tsy azo heverina kokoa izany hoe ilay Raintsika any an-danitra tsy hanome antsika ny Fanahy Masina rehefa mangataka isika. Tian'i Jesosy mba ho azontsika antoka fa handray ny Fanahy Masina isika rehefa mangataka Azy araka ny tokony ho izy. Afaka mangataka am-pinoana amin'ny alalan'io fampanantenana io sy ireo fampanantenana hafa isika, ary hahafantatra fa efa nahazo izay nangatahintsika isika. (1 Jaona 5 :14,15 ; fahalalana fanampiny ao amin'ny Toko 5).

Mampiseho amintsika io fanasana manokana io fa raha ny hevitr'i Jesosy, dia misy zavatra banga nefa tena ilaina, rehefa tsy misisika mangataka ny Fanahy Masina isika. Misintona ny fahalianantsika Izy eo amin'ilay hoe tena mila tanteraka ny Fanahy Masina isika. Iriny isika mba hanandrana tsy tapaka ireo fitahiana sesehena avy amin'ny Fanahy Masina.

Dingana miavaka io ampahany ao amin'ilay Lesona momba ny vavaka io. Ny Fanahy Masina no fanomezana avy amin'Andriamanitra lehibe indrindra – fanomezana izay mitondra ireo fanomezana hafa rehetra miaraka Aminy. Io no fanomezana faratampony indrindra avy amin'i Jesosy ho an'ny Mpianany sy porofo mihariharin'ny Fitiavany. Heveriko fa azontsika tsara hoe ny fanomezana sarobidy toy izany dia tsy hanerena an'iza na iza. Ireo izay maneho faniriana hahazo izany fanomezana izany sy hankasitraka izany ihany no omena Azy.

Homena ireo izay nanolotra ny fiainany ho an'i Jesosy Izy ary homena ireo izay miaina amin'ny fanoloran-tena tsy tapaka ihany koa. (Jaona 15 :4,5). Toy izao no fisehon'izany fanoloran-tena izany :

- Faniriana lalina an'Andriamanitra (« *izay mangetaheta* » Jaona 7 :37)

---

7 E.G. White, Christ's Object Lessons (1900), p. 145.3

- Fitokisana an'Andriamanitra (« *Izay mino Ahy, ... araka ny voalazan' ny Soratra Masina.* » Jaona 7 :38).
- Fileferana tanteraka vokatry ny fitokisana amin'Andriamanitra (« *… hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak' Andriamanitra …* » Romana 12 :1)
- Fanarahana an'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra (« *… Izay efa nomen'Andriamanitra ny manaiky Azy* » Asa 5 :32)
- Miaiky ny ota fantatra rehetra isika (« *Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia ... mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra.* » 1 Jaona 1 :9)
- Fandaozana ny lalana nizorana taloha, fizorana mankamin'ny lalan'Andriamanitra ary manao izany araka ny sitrapon'Andriamanitra (« *Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa…* » Asa 2 :38)
- Tsy mikasa hanao zava-dratsy (« *Raha nankasitraka ota tao am-poko aho, dia tsy mba hihaino ny Tompo* » Salamo 66 :18)
- Mahatsapa sy miaiky ny tena zavatra ilaintsika lehibe indrindra (« *… tsy manan-karoso azy aho* ! » Lioka 11 :6 DIEM)
- Mangataka tsy tapaka ny Fanahy Masina (Lioka 11 :9-13)

Tsy hitanao mazava ve ny maha sarobidy an'io fanomezana io ? Rehefa mihevitra ny amin'ireo fepetra takiana rehetra ireo hianao dia ho hitanao fa misy tsy fahampiana tokoa ao aminao.

Nataoko ho fahazarako ny mivavaka isan'andro hanana faniriana ny Fanahy Masina araka izay voalazan'ny Jaona 7 :37 : « *Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro.* »[8]

Afaka mivavaka manao hoe isika : « Ry Tompo Jesosy, manao Eny tanteraka amin'ireo fepetra takiana mialoha rehetra aho, handraisako ny Fanahy Masina. Mangataka am-pahatsoram-po aho – androany – mba hotanterahinao eo amiko izy ireny. » Eo foana ilay Andriamanitra mahagaga

8 Mahasoa ny mivavaka miaraka amin'ny teny fikasana. Raha te hahafantatra bebe kokoa momba izany hianao ; vakio ny toko 4 ao amin'ity boky ity.

ho antsika, eny fa na dia amin'ny fanatanterahana ireo fepetra takiana mialoha ireo aza.

ANDRO 6

## NY FANAHY MASINA NO LOHARANON'NY FIAINANA MIROBOROBO

Raha ny tenin'i Jesosy, nahoana Izy no tonga teto an-tany ? Hoy Izy : « … Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be. » (Jaona 10 :10)

Irin'i Jesosy isika hanandrana io fiainam-baovao fenon'ny Fanahy Masina io ankehitriny, sy hanohy izany amina lafiny hafa tanteraka aorian'ny Fiaviany fanindroany, ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra mandritra ny mandrakizay.

Asehony amintsika ihany koa fa ny loharanon'ny fiainana miroborobo dia ny Fanahy Masina : *« Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro. 38 Izay mino Ahy, dia hisy onin' ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan' ny Soratra Masina. 39 Ary ny Fanahy, Izay efa horaisin' ny mino Azy, no nolazainy tamin' izany… » (Jaona 7 :37-39)*

« Rano velona miboiboika » - Moa ve izany tsy sary fampitahana tena mety ny amin'ny fiainana miroborobo ?

## NANOME OHATRA MIFANARAKA AMIN'IZANY VE JESOSY NANDRITRA NY FIAINANY TETO AN-TANY ?

Fantatsika fa ny Fanahy Masina no nanorotoro an'i Jesosy tao amin'i Maria (Matio 1 :18). Fantatsika fa taorian'ny Batisany dia nivavaka Izy, *« ary ny Fanahy Masina nidina teo amboniny, ka ny endriny dia tahaka ny voromailala … » (Lioka 3 :22)* Raha izany no toe-javatra, nilainy sy zava-dehibe taminy ve ny nandray ny Fanahy Masina isan'andro ? Hoy ny andalan-teny nosoratan'i Ellen G White : **« Isa-maraina isa-maraina dia**

**nifandray tamin'ny Rainy any an-danitra Izy, ary nandray avy Aminy ny batisan'ny Fanahy Masina izay manavao isan'andro. »**[9]

Misy fanambarana ao amin'ny boky « Acts of the Apostles » (Vavolombelona Mahery) manao hoe : « Fampiononana mahafinaritra ho an'ny Mpiasa manolo-tena ny fahafantarana fa na dia Kristy aza nandritra ny fiainany teto an-tany, dia nikatsaka tamin'ny Rainy, ny famatsian'ny fahasoavana vaovao izay nilainy isan'andro … »[10]

Tena ohatra ho antsika tokoa Jesosy amin'io lafiny io. Mila manontany tena isika : raha nila famelombelomana avy amin'ny Fanahy Masina isan'andro Jesosy, dia moa tsy manan-danja be lavitra ho ahy sy hianao ve izany ?

Tena takatry ny Apostoly Paoly ny zava-kendren'i Jesosy. Tao amin'ny Epistiliny ho an'ny fiangonana tao Efesosy dia manamafy i Paoly eo amin'ny toko 1 :13 fa efa nasiana tombo-kasen'ny Fanahy Masina izy ireo rehefa tonga mpino. Ao amin'ny toko 3 :16-17 dia mampahery azy ireo izy mba hahery ao amin'ny Fanahy. Ao amin'ny toko faha 4 :30 izy dia mampitandrina azy ireo : « *Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra* », ary ao amin'ny toko faha 5 :18 i Paoly, amin'ny maha Apostoly manana fahefana azy, dia miantso ny Efesiana sy isika mba : « … *hofenoina ny Fanahy* », na koa « *aoka hianareo ho fenon'ny Fanahy tsy tapaka sy miverimberina.* »[11] Hitantsika fa na dia nandray ny Fanahy Masina aza isika rehefa nateraka indray, dia mila famelombelomana isan'andro isika amin'ny ankapobeny. Zava-dehibe ho an'ny fiainana ara-panahy sy ny fitomboan'ny Kristiana noho izany, ny hoe fenoin'ny Fanahy isan'andro.

Toy izao manaraka izao no filazan'ny Tari-dalana Sekoly Sabatantsika momba ny Efesiana 5 :18 : « Inona no hevitr'ilay hoe 'vita batisan'ny Fanahy Masina' ? Nohazavain'i Jesosy manokana tamin'ny alalan'ny Teny mitovy hevitra aminy izany. 'Vita batisan'ny Fanahy Masina' (Asa 1 :5) ny olona iray rehefa 'milatsaka aminy' (andininy 8) ny Fanahy Masina. Ny atao hoe vita batisa dia midika hoe miroboka tanteraka anatina

9 E.G. White, Signs of the Times, November 21, 1895, par. 3
10 E.G. White, The Acts of the Apostles, (1911) p. 56.1
11 Johannes Mager, Auf den Spuren des Heiligen Geistes, (Lüneburg, 1999), Seite 101

zavatra iray (rano izy io matetika). Mahakasika ilay olona manontolo io. Ny batisan'ny Fanahy Masina dia midika hoe eo ambany hery miasa manginan'ny Fanahy Masina tanteraka, 'fenony' tanteraka. Tsy fanandramana indray mandeha miseho izany, fa kosa zavatra izay tokony mitohy sy miverimberina, araka ny hanehoan'i Paoly azy ao amin'ny Efesiana 5 :18b, miaraka amin'ilay fotoana hampiasana ilay matoanteny Grika « hofenoina ».[12]

## NY TENY FANAOVAM-BELOMA NATAON'I JESOSY SY NY FANAHY MASINA

Nizara fifaliana sy fanantenana Jesosy tao anatin'ny teny fanaovam-beloma nataony tamin'ny mpianany, tamin'ny nilazany taminy fa ho avy hisolo toerana Azy ny Fanahy Masina. Milaza zavatra tsy nampoizina tamin'ny mpianatra Jesosy ao amin'ny Jaona 16 :7 (DIEM) :

*« Kanefa ny marina no lazaiko aminareo : mahasoa anareo ny fialàko ; fa raha tsy miala Aho, dia tsy ho avy atỳ aminareo ilay Mpanolotsaina anareo ; fa raha mandeha Aho, dia haniraka Azy ho atỳ aminareo. »*

## VAHAOLANA MAHASOA VAOVAO

Zavatra tsy ampoizina no nambaran'i Jesosy tamin'ny mpianany : « mahasoa anareo ny fialàko. » Midika izany fa ilay vahaolana vaovao, ilay hoe Izy miaraka amintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, dia mahasoa kokoa noho ny hoe Jesosy Tenany manatrika eo. Amin'izay fotoana izay dia tsy voafetra Izy, fa afaka ny ho eo anilan'ny olona tsirairay, na aiza na aiza toerana misy azy.

ANDRO 7

## FIJOROANA VAVOLOMBELONA MANOKANA AVY AMIN'NY MPAMPIANATRA IRAY SY NY IRAY TAMIN'NY MPIANANY :

Rehefa nozaraina tao am-piangonanay ilay boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana » nosoratan'i H. Haubeil, iray taona lasa izay, dia novakiako tao anatin'ny fotoana fohy izany. Raha vao teo

12 Tari-dalana Fianarana Sekoly Sabata 17 Jolay 2014

am-pamakiana azy aho dia efa nahita fanandramana betsaka kokoa niarahana tamin'Andriamanitra mihoatra noho ny tamin'ny lasa rehetra. Tena nampitolagaga sy namporisika ahy izany.

Hitako tao amin'ireo pejy fanampiny ao amin'ilay boky ity soso-kevitra manaraka ity : « Ny fikarohana ara-pedagojika dia maneho fa ilaina ny mamaky na mihaino inenina hatramin'ny impolo ny lohahevitra farany manan-danja anankiray, mandrapahatakarantsika azy amin'ny fahafenoany. »

Nisarika ny fahalianako ireto teny mamporisika ireto : « Manandrama indray mandeha aloha. Haharesy lahatra anao ny vokatra. »

Naniry hanandrana izany aho ary raha vao namaky fanintelony fotsiny aho dia babony, ary nahatsapa fitiavana lehibe tato anatiko ho an'ilay Mpanavotra, izay niriko lalina nandritra ny fiainako manontolo. Tao anatin'ny roa volana dia efa voavakiko inenina ilay boky ary tena mendrika ny ezaka natao ny vokatra.

Toy ny hoe azoko tsara izany hoe ohatry ny ahoana Jesosy rehefa manakaiky antsika, ary afaka mijery ny masony feno fahadiovana, sy halemem-panahy ary fitiavana isika. Nanomboka teo dia tsy te hiala eo amin'ilay fifaliana ao amin'ilay Mpamonjy intsony aho.

Vao mifoha aho amin'ny maraina dia efa tsy andriko ny fotoana fibanjinana fanaoko mba hanandramako indray ny fiarahana amin'Andriamanitra. Mandritra ny tontolo andro aho dia mivavaka moramora mba hanampian'ny Fanahy Masina ahy amin'ny fisainako rehefa miresaka aman'olona, ny ohatra asehoko raha eo am-pampianarana sy am-pifandraisana amin'ny hafa.

Raha misy ankizy maniry mafy ny fahalianako sy maneho izany amin'ny ataony dia nomen'Andriamanitra hery sy fahendrena aho hiatrehana izany.

Nanomboka hatreo dia feno ny fanatrehan'ilay Mpamorona ireo andro fiasako. Manampy ahy ara-bakiteny Izy eo amin'ny fiainako andavanandro. Nanomboka hatreo dia mivavaka mba hirotsahan'ny Fanahy

Masina aho rehefa maraina, sy eny anelanelam-potoana eny. Toy ny hoe miha-manakaiky kokoa ny lanitra hianao, ary afaka manandrana sahady ny tsiron'ny hoe manao ahoana ny any.

Rehefa namaky ilay boky aho dia tonga tao an-tsaiko hoe tokony hizarana izany fanandramana izany ihany koa ireo mpianatro. Mampianatra ankizy 10-15 taona aho ao amin'ny Sekolintsika Advantista ao Vorarlberg, Aotrisy. Dia nivavaka aho mba hanomezan'Andriamanitra ahy fahafahana azo hararaotina amin'izany. Tsy ela taorian'io dia nahita fanandramana anisan'ny mahafinaritra indrindra aho, ny amin'ny ahafahan'ny Fanahy Masina miasa eo amin'ny fon'ny tanora.

## I RUFFIAN (13 TAONA) SY NY FANAHY MASINA

Herintaona mialohan'ny namakiako ilay boky momba ny Fanahy Masina no nanombohan'ilay fanandramana. Nisy mpianatra vaovao vao niditra tao amin'ny sekolinay, ary tao anatin'ny andro vitsy monja dia nivadika ho efitra fanaovana ady totohondry ilay sekoly toerana fakan'aina sy feno fiadanana. 13 taona ilay ankizilahy tamin'io kanefa raha vao jerena dia izy no goavana sy matanjaka indrindra tamin'ny ankizy rehetra. Toa nanjavona tao anatin'ny fotoana fohy ireo zavatra maro nianarana sy nitondra voka-tsoa nandritra ny taom-pianarana.

Aleo izy no hilaza momba ny tenany : « Raha vao tonga tato amin'ny sekoly misy ahy izao aho dia tsy nisy na inona na inona fantatro ny amin'izay zavatra niandry ahy. Tamin'ny andro faharoa nahatongavako dia nisy ankizy nihantsy ady sy namely ahy, ka dia nanomboka niady tamin'ny iray tamin'ireo mpiara-mianatra tamiko aho. Nasiako izy na dia hitako fa kely noho izaho aza ; norahonako izy ary tsy te hahita azy intsony aho.

Taty aoriana dia tsapako ny hadisoako ary niala tsiny taminy aho, tahaka ny fanaoko tamin'ny lasa. Taorian'izay aho dia nifampiresaka tamin'ny talen'ny sekoly. Nanomboka nisy dingana mitohy niseho tato anatiko. Mahagaga fa izao vao nanomboka io dingana mitohy io, nefa aho dia zanaka Pasitora. Nanomboka nandany fotoana misimisy kokoa niarahana tamin'i Jesosy aho. »

Nihevitra aho fa nila fiheverana manokana fanampiny io tovolahy io. Fantany ny tsi-fahombiazany, nanenina tamin'izany izy ary niezaka indray, kanefa tsy mba nahita fahombiazana naharitra ela vokatry ny herin'ny tenany izy. Tamin'ny voalohany dia tena sarotra ny ahitana andro anankiray izay tsy hiadiany amin'ny hafa izany. Nihatsara tsikelikely anefa ny toe-draharaha.

Taorian'ny enim-bolana dia nilaza izy fa angamba ireo vavaka natao no nahatonga azy hanakaiky kokoa an'Andriamanitra. Teo anelanelany teo dia nanomboka nivavaka nangataka hery izy ny maraina. Lasa niha-nahalana ny krizina haromontana sy fiadiana fanaony.

11 volana izay no lasa taorian'ny nahatongavany tao an-tsekolinay ary vao maika mahita fihatsarana misimisy kokoa izahay. Indraindray dia tsy voafehiny ihany ny hatezerany sy ireo fihetsehana tampoka ataony.

Ara-nofo ihany izany – niezaka izy ny handresy amin'ny herin'ny tenany sy ny fahatakarany, izay indraindray nahomby ary indraindray tena tsy nahomby mihitsy. Nisy vokany ihany ireo vavaka nataonay, *kanefa mbola tsy araka ny tokony ho izy ny fomba fisainany, ary mbola tsy teo ny hery manavaon'ny Fanahy.*

Inona moa no mahasoa amin'izany hoe hitan'ilay olona ny hadisoany, miezaka ny mifehy ny tamban-toetrany izy, dia avy eo lavo indray aorian-kelin'izay ? Tamin'ny fotoana izay nahatsapako hoe efa tokony hifaranana ny kriziko, tamin'izay indrindra no nandraisako ilay boky voalaza etsy ambony. Tamin'ny fotoanany mihitsy no nahatongavan'izany boky izany. Avy eo dia tsapako ny zavatra tsy ampy teo aminay. Tsy inona izany fa ny herin'ny Fanahy Masina. Tsy mba nangataka Azy akory hanampy anay izahay !

Hatramin'ny fotoana izay nikasihan'ny hafatr'ilay boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny tena manokana » ahy, dia nanana fahasahiana aho nanontany ilay tovolahy raha toa ka efa nivavaka mba handraisany ny Fanahy Masina izy teo aloha. Tsia – tsy mbola nanao izany izy. Avy eo aho dia niezaka namoha ny fahalianany tamin'ilay boky. Tsy

mbola nomeko azy anefa izany. Tena tokony maniry izany tokoa izy, ary vetivety foana dia nangatahiny ilay boky.

Hoy indray ny teniny : « Nomen'ny mpampianatra ahy ilay boky 'Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny tena manokana' tamin'ny Novambra 2012. Tsy andriko izay nanombohana namakiana izany. Tamin'izany fotoana izany dia tsy mbola nahafantatra loatra izany fiasan'ny Fanahy Masina izany aho. »

Vao tamin'ny andro voalohany dia efa toy ny nateliny sahady ny toko roa voalohany, ary dia nanontany ahy izy hoe impiry aho no namaky an'io boky io. Nanomboka namaky avy hatrany indray ireo toko ireo izy ary naniry ny hanatanteraka ara-bakiteny ny soso-kevitr'ilay boky : mamaky izany in'enina hatramin'ny im-polo.

Betsaka no zavatra niova nanomboka hatreo. Tsy nisy intsony ny ady totohondry sy ny rombo nanomboka tamin'ny Desambra 2012, na izaho aza saika tsy nino izany. Lasa namany ireo ankizilahy izay niadivany isan'andro ary nahay niara-nonina tam-pirindrana izy ireo.

Niova tanteraka izy – mahalala fomba ary nisolo toerana ny toeny mahery setra ny faniriana hanampy sy ny fiadanam-po. Afaka manamafy ireo mpiara-mianatra taminy fa tena niditra an-tsehatra Andriamanitra. Hitanao ny vokany isan'andro. Voninahitra ho an'Andriamanitra ary tiako ny milaza fa nanapa-kevitra hatao batisa ilay tovolahy ny volana Jona 2013. Moa tsy avy amin'ny Fanahy Masina ve izany … ?

Nihevitra mandrakariva aho fa afaka ny hifehy zaza iray sy hamerina azy handinika tsara. Mety hahavitana izany ny faharetana, ny fahalianana, ary ny dinidinika maro, tsy mahomby mandritra ny fotoana maharitra anefa izany. Tsy maintsy niditra an-tsehatra Andriamanitra ary nampianatra ahy fa ny Fanahiny no mahatonga ny zavatra tsy azo heverina akory ho lasa azo tanterahina.

Indray andro any rehefa any an-danitra io zazalahy io, dia ho fantatro fa Andriamanitra no nahatanteraka izany. Rehefa afa-nenina tamin'ny fahendrena nananako aho, izay vao nahatakatra hoe tsy ho azoko atao ny hitari-dalana azy, izay vao nanomboka nanova azy hatrany am-potony

Andriamanitra. Mampahery ahy ny mahita fa tsy misy izany hoe fiainan'olona efa tsy misy fanantenana intsony izany eo imason'Andriamanitra. C.P.

*Vavaka : Rainay izay any an-danitra, misaotra anao ny amin'ny fanasan'i Jesosy maika hahatonga anay hangataka ny Fanahy Masina. Miala tsiny aminao aho ny amin'ireo fatiantoka niainako vokatry ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina. Mila fanampiana avy any ambony aho mba hahatonga an'i Jesosy hihalehibe ao anatiko. Mila ny Fanampiany ao eo amin'ny lafim-piainako rehetra. Misaotra Anao ny amin'ny ahafahan'ny Fanahy Masina manova ny toetro ary mahatonga ahy afaka miditra amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Mampilefitra tanteraka ny tenako eo anatrehanao aho, ny mahaizy ahy manontolo sy izay hananako rehetra. Misaotra amin'ny fanekenao ahy sy ny hanomezanao ahy ireo fitahiana avy Aminao. Ampio aho mba hitombo fahalalana momba ny Fanahy Masina. Amen.*

## Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra

*1. Inona no teny nampiasain'i Jesosy imbetsaka indrindra raha nampianatra momba ny vavaka Izy ? (Lioka 11 :1-13 – Vavaka nampianarin'ny Tompo, Fanoharana, Antso ?)*

*2. Inona no olana tao amin'ilay fanoharana momba ny faharetana amin'ny vavaka no nahatonga an'i Jesosy nanao antso ny amin'ny tokony hangatahantsika ny Fanahy Masina ?*

*3. Inona no manaitra anao indrindra mahakasika ilay antso nataon'i Jesosy ny hangatahantsika ny Fanahy Masina ? inona no azontsika hianarana amin'ny Ohatra nasehony ?*

*4. Manao ahoana ny fanoloran-tenantsika amin'Andriamanitra izay hita eo amin'ny fiainantsika andavanandro ?*

## Fotoam-bavaka Ataontsika

- Antsoy ilay namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.
- Miaraha mivavaka aminy …

1. Mba ahatsapantsika isan'andro fa mila mangataka am-pinoana ny Fanahy Masina isika mba handraisantsika Azy.
2. Mba hananantsika « hetaheta », ahatonga antsika handeha matetika kokoa eo amin'ilay loharano velona.
3. Mba hahazoantsika sary mazava kokoa momba an'i Jesosy ary hianarantsika Aminy – ny fomba tokony hikolokoloantsika fifandraisana ety amin'ilay Raintsika izay any an-danitra.

# TOKO 2 : INONA NO IVON'NY OLANTSIKA ?

## Misy antony ara-panahy ve ao ambadiky ny olantsika ? Moa ve tsy ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina no antony ?

### NAHOANA NO MISY NY TSY FAHAMPIAN'NY FANAHY MASINA ?

Toy izao no valitenin'ny Baiboly : *« ... tsy manana ianareo, satria tsy mangataka. Mangataka ianareo, nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka (araka ilay fisainana araka ny nofo, Rom. 8 :5-7), mba holaninareo amin'ny filanareo. » (Jakoba 4 :2,3)*

Manasa antsika am-pitiavana sy am-pisisihana Jesosy Tompontsika mba hangatahantsika ny Fanahy Masina (Lioka 11 :9-13). Nianarantsika fa tokony hataontsika tsy tapaka izany. Hojerentsika akaiky kokoa izany ao amin'ny toko fahatelo.

« Miresaka ny amin'i Kristy sy ny Fanahy Masina izy ireo, kanefa tsy mahazo tombony na ny kely aza. Tsy mampilefitra ny fanahiny mba hotarihana sy hofehezin'ny lanitra izy ireo. »[13]

Efa nivavaka mba hisian'ny fifohazana isika nisy fotoana. Tena zava-dehibe izany. Hoy Ellen G White : « Ny batisan'ny Fanahy Masina no tena ilain'ny fiangonana ankehitriny. »[14] « Nahoana isika no tsy mba noana sy mangetaheta ny fanomezana ny Fanahy, kanefa izany no fitaovana mba handraisantsika ny hery ? Nahoana isika no tsy mba miresaka na mitondra am-bavaka na mitoriteny momba izany ? »[15]

Tsara ny hitondrantsika am-bavaka ny hisian'ny fifohazana, fa tsy tokony hivavaka ho amin'izany fotsiny isika fa tokony « **hampihatra ihany**

---

[13] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p. 672
[14] Ellen G. White, Manuscript Releases vol. 7 p. 267
[15] Ellen G. White, Testimonies for the Church vol. 8 (www.egwwritings.org), p. 22

**koa ireo singan'ny fifohazana hita ao anatin'ny Baiboly** »[16], araka ny voalazan'i Mark Finley. Manasa anao aho mba hanatanterahanao ireo dingana ilaina amin'ny fanandraman'ny fifohazana ho an'ny tena manokana. Hitarika ho amin'ny fiainana mahery vaika sy miroborobo kokoa izany ho an'ny ankamaroantsika.

Hanombohantsika izany dia tsara ny handinihantsika ny tena olana. Tokony hodinihantsika tsara izany raha tsy izany ny atahorana dia ny hahatonga antsika hihevitra fanovana izay tsy ilaina akory na tsy manan-danja. Avy eo dia hojerentsika ny vahaolana avy amin'Andriamanitra, izay manome antsika fitahiana mivatravatra, ary farany ny fomba hampiharantsika sy hanandramantsika izany.

Ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina teo amintsika dia tsy midika hoe zava-poana daholo tsy akory ireo zavatra rehetra izay nataontsika sy mbola ataontsika. Maro ireo drafitra na programa tsara na tamin'ny lasa na ankehitriny. Azo antoka fa nitahy ireo ezaka nataontsika amin'ny maha olombelona antsika ny Tompo. Mety ho lehibe kokoa manao ahoana anefa ny vokatra, ary ho tsara lavitra manao ahoana re ny toe-javatra, raha toa ka hiaina mifanakaiky kokoa amin'ny Fanahy Masina isika ? Andriamanitra irery no mahafantatra izany.

Mety ho nizotra sy hizotra amin'ity lalana izay ambaran'i Henry T. Blackaby ity angamba ny ho avy :

« Afaka manatanteraka zavatra betsaka kokoa Izy (Andriamanitra) ao anatin'ny enim-bolana miaraka amin'ny olona izay manolo-tena ho Azy, noho izay vitantsika ao anatin'ny enimpolo taona tsy miaraka Aminy. »[17]

Resaka fandehanana amin'ny lalana tokony ho izy eo ambany fitarihan'Andriamanitra izany, ary fahazoana fahombiazana be lavitra avy eo. Izany no mitranga rehefa fenon'ny Fanahy Masina isika.

---

[16] Mark A. Finley, Revive us again, p. 25
[17] Henry T. Blackaby, Den Willen Gottes erkennen und tun (Experiencing God: Knowing and Doing the Will of God), (Kassel, 2002), S. 31

Ohatra : Misy olona iray nitoriteny. Rehefa avy niteny izy dia tsy nisy olona, na nisy olona iray, na vitsivitsy, na maromaro, na ny rehetra no nandray ny hafatra. Raha maro na ny rehetra no nanaiky sy nandray ny hafatra dia ho fahombiazana lehibe izany. Ary izany indrindra no zavatra omen'ny Fanahy Masina.



## SOKAJIN'OLONA TELO SY NY FIFANDRAISANY MANOKANA AMIN'ANDRIAMANITRA

Ny Tenin'Andriamanitra dia manasokajy ny olona anatina vondrona telo arakaraky ny fifandraisany manokana amin'Andriamanitra. Ahitana endrika samihafa maro ao anatin'ny tsirairay avy amin'ireo sokajy ireo, izay miankina amin'ny fitaizana nataon'ny ray aman-dreny, ny toetra, ny fifehezan-tena, ny taona, ny kolontsaina, ny fari-pianarana, sns. Na dia eo aza anefa izany fahasamihafana rehetra izany dia fihetsika fototra telo eo anatrehan'Andriamanitra ihany no voamarika :

- Tsy misy fifandraisana – Io ilay antsoin'ny Baiboly hoe **olon'izao tontolo izao**.
- Fifandraisana feno sy tena izy – Io ilay antsoin'ny Baiboly hoe **olona araka ny fanahy, na fenon'ny fanahy.**
- Fifandraisana mizarazara na tsy izy – io ilay soritan'ny Baiboly hoe **olona araka ny nofo.**

Ireo voambolana hoe « olon'izao tontolo izao » sy ny hoe « araka ny fanahy » ary ny hoe « araka ny nofo » izay hita ao amin'ny Tenin'Andriamanitra dia tsy tombana akory fa manoritsoritra fotsiny ny fifandraisan'ilay olona manokana amin'Andriamanitra.

Ao amin'ny 1 Korintiana 2 :14-16 sy ny 1 Korintiana 3 :1-4 no hanoritsoritana ireo sokajin'olona telo ireo. Ilay sokajin'olon'izao tontolo izao aloha no hokasihantsika kely izao dia izao. Miaina ao amin'izao tontolo izao izy. Ny fanaovana indray mitopy maso amin'ireo sokajy roa izay ao anatin'ny fiangonana dia hanampy antsika hahita hoe aiza ho aiza no tena hiafenan'ny olana. Ny zava-dehibe indrindra dia ny fahafantarana hoe sokajy aiza no misy ahy. Noho izany, ny fandinihantsika eto dia hanampy amin'ny

famantarantsika ny tenantsika ihany koa. Ny fiainantsika no hojerentsika fa tsy ny fiainan'ny hafa.

**Inona no mason-tsivana hilazana fa isan'ny sokajy iray na ilay iray hafa hianao ?** Inona no mamaritra fa ao anatin'ny sokajy iray aho amin'izao fotoana izao ? Ho hitantsika fa amin'ireo sokajy telo rehetra ireo dia arakaraky ny fifandraisana manokana amin'ny Fanahy Masina no mamaritra ny fanavahana.

## ILAY OLON'IZAO TONTOLO IZAO

*« Fa ny olona tsy manana ny Fanahin'Andriamanitra dia tsy mahay mandray ny fanomezana ampitain'izany Fanahy izany ; fa ataony ho fahadalana izany, sady tsy hainy fantarina velively, satria ny Fanahin'Andriamanitra ihany no ahafantarana izany. » (1 Korintiana 2 :14 DIEM)*

Tsy manana fifandraisana na ny kely aza amin'ny Fanahy Masina ilay olon'izao tontolo izao. Miaina ao amin'izao tontolo izao izy ary tsy mba manontany na inona na inona momba an'Andriamanitra mihitsy izy na mahalana ihany izy no manao izany.

## AO ANATIN'NY FIANGONANA IREO ARAKA NY FANAHY SY ARAKA NY NOFO

Ao amin'ny 1 Korintiana 2 sy 3 sy ao amin'ny Romana 8 : 1-17 ary Galatiana 4 sy 6 no hanoritsoritana betsaka ireo sokajy roa ireo. Marihantsika fa **ny mason-tsivana ho an'ireo sokajy roa ireo dia ny fifandraisany amin'ny Fanahy Masina.** Izany tokoa no izy satria efa nanambara Andriamanitra fa ny Fanahy Masina no hany fifandraisantsika amin'ny lanitra. (Desire of Ages na Ilay Fitiavana Mandresy, p 322 ; Matio 12 :32) « Tsy maintsy sokafana amin'ny hery miasa mangina avy amin'ny Fanahy ny fo raha tsy izany dia tsy azo raisina ny fitahiana avy amin'Andriamanitra. »[18]

[18] Ellen G. White, Steps to Christ, 95.1 (egwwritings.org)

## ILAY MAMBRAN'NY FIANGONANA ARAKA NY FANAHY

Andeha hovakiantsika ny ao amin'ny 1 Korintiana 2 :15-16 : *« 15 Fa ny olona araka ny Fanahy kosa dia mahafantatra ny zavatra rehetra, kanefa izy tsy fantarin'olona. 16 Fa iza no nahafantatra ny sain'ny Tompo mba hampianatra Azy*? (Isa. 40. 13). Fa izahay manana ny sain'i Kristy. » (Dikan-teny Protestanta) « 15Afaka mitsara ny zavatra rehetra ny olona manana ny Fanahin'Andriamanitra kanefa tsy azon'olona tsaraina. 16Fa hoy ny Soratra Masina hoe: «Iza moa no mahafantatra ny fisainan'ny Tompo, ka ho afaka hanolo-tsaina Azy?» Fa izahay kosa dia manana ny fisainan'i Kristy! » (Dikan-teny Iombonana)*

Ilay olona ara-panahy no tena Kristiana marina. Antsoina hoe « ara-panahy » (na araka ny Fanahy) izy satria fenon'ny Fanahy Masina. Ny fifandraisana amin'ny Fanahy Masina ihany koa no mason-tsivana ilaina eto hilazana ilay olona hoe ara-panahy. Manana fifandraisana tsara sy mitombo amin'ny Fanahy Masina izy. Jesosy no « ivon'ny fiainany » ; indraindray ihany koa isika dia milaza fa manjaka ao am-pontsika Jesosy. Nanokan-tena tanteraka ho an'i Jesosy ilay olona ara-panahy ary amin'ny ankapobeny dia hamafisiny isan'andro izany amin'ny alalan'ny fampileferany ny tenany eo amin'i Jesosy isa-maraina amin'ny mahaizy azy sy izay hananany rehetra. Ao amin'ilay hafatra ho an'ny fiangonan'i Laodikia, io Kristiana io no antsoina hoe « mafana », ao amin'ilay fanoharana momba ireo virijina folo dia izy no antsoina hoe « hendry ». Mbola milaza betsaka noho izany momba azy aza ny Romana 8 :1-17 sy ny Galatiana 5. Manao fanandraman'ny fiainana « be dia be » (Jaona 10 :10) izy na araka izay anehoan'i Paoly azy : *« mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra. »* (Efesiana 3 :19 ; Kolosiana 2 :9)

## MAMBRAN'NY FIANGONANA ARAKA NY NOFO

Mety ho mambra tao anatin'ny fotoana fohy ny olona iray na antaonany maro kanefa mbola Kristiana araka ny nofo foana. Raha toa ka tsy nampoizinao fa mbola Kristiana araka ny nofo hianao amin'izao fotoana izao dia aza tezitra momba izany fa mifalia satria manana fahafahana hanova izany eo no ho eo hianao. Hiaina fifaliana be hianao amin'ny alalan'ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina. Resy lahatra aho fa ny ankamaroan'ireo

Kristiana araka ny nofo dia tsy mahalala ny toerana misy azy ary tena manana faniriana hanao fanandramana misimisy kokoa momba ny finoany. Na ny tsy fahafantarany aza matetika dia tsy noho ny hadisoany akory.

Hevero ity : Hanandrana fifaliana lehibe hianao amin'ny fiainana miaraka amin'i Kristy ao am-ponao amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. (Hoy Jesosy ao amin'ny Jaona 15 :*11 « ... ka ho tanteraka ny fifalianareo. »)* Amin'ny alalan'io fiovana io dia hanandrana fiainana be dia be hianao (Jesosy ao amin'ny Jaona 10 :10 – mbola horesahina betsaka ao aoriana kely) ary hanana fanantenana tsara orina ho amin'ny fiainana mandrakizay.

Vavaka : Rainay izay any an-danitra, ataovy vonona aho hametraka ity fanontaniana ity amin'ny tenako. Raha toa ka Kristiana araka ny nofo aho, dia ampio aho mba hahatsapa izany izao dia izao. Ataovy vonona aho ho vonona hanao ny zavatra rehetra izay irinao. Tariho lalana aho ho amin'ny fiainana Kristiana sambatra – ho amin'ilay fiainana be dia be sy ho amin'ilay fiainana mandrakizay. Havaozy ny foko. Misaotra anao amin'ny famalianao ny vavako. Amen.

Andeha hovakiantsika izay tian'ny Apostoly Paoly ambara amin'ireo mambran'ny fiangonana araka ny nofo ao amin'ny 1 Korintiana 3 :1-4 : *"Ary izaho, ry rahalahy, tsy nahazo niteny taminareo tahaka ny amin'izay araka ny Fanahy, fa tahaka ny amin'izay mbola nofo, dia tahaka izay mbola zaza ihany ao amin'i Kristy. 2 Ronono no nomeko anareo, fa tsy ventin-kanina, satria tsy mbola natanjaka ianareo ; eny, mbola tsy matanjaka mandraka ankehitriny aza, 3 fa mbola araka ny nofo ihany ianareo. Fa raha misy fialonana sy fifandirana eo aminareo, tsy araka ny nofo va ianareo ka mandeha araka ny fanaon'ny olona ? 4 Fa raha hoy ny anankiray : Izaho an'i Paoly, ary ny anankiray kosa : Izaho an'i Apolosy, moa tsy olona ihany va ianareo ?"*

Hitanao mazava eto ve fa ny mason-tsivana hamantarana an'io sokajy io dia ny fifandraisana amin'ny Fanahy Masina ? Inefatra no ilazan'ny apostoly Paoly ao amin'ireo andininy vitsivitsy ireo fa araka ny nofo izy ireo. Inona no hevitr'ilay hoe « araka ny nofo » ? Midika hoe izany : mivelona amin'ny herin'ny nofo izany hoe ny heriny sy ny fahaizany amin'ny maha-

olona azy ilay olona. Fanampin'izay koa, midika izany fa tsy fenon'ny Fanahy Masina izy na tsy ampy ny fahafenoan'ny Fanahy Masina ao anatiny.

Mihevitra ny olona sasany fa ireo olona miaina anatina ota miharihary ihany no ao anatin'io sokajy io. Endrika iray amin'ireo lafiny maro ao anatin'io sokajy io ihany anefa izany. Tiako ny hametraka tsindrim-peo indray ny amin'ilay hoe maro ny zavatra mahasamihafa ny sokajy tsirairay.

« Rahalahy malala » no hiantsoan'i Paoly ireo olona araka ny nofo. Maneho izany fa mambran'ny fiangonana no nifampiresahany. Tsy afaka mifampiresaka aminy toy ny amin'ireo « olona araka ny fanahy » i Paoly. Midika izany fa tsy fenon'ny Fanahy Masina izy ireo na tsy ampy ny fahafenoan'ny Fanahy Masina ao anatiny. Tsy maintsy toy ny amina « zaza ao amin'i Kristy » no hifampiresahany aminy. Maneho izany fa tsy nitombo tamin'ny finoana araka ny tokony ho nataony izy ireo. Mety manana fahalalana ara-Baiboly betsaka ny olona iray kanefa tsy mitombo ara-panahy akory. Ny fitomboana ara-panahy dia mahakasika ny fanokanantsika tena tanteraka amin'i Jesosy ary fiainana mitohy ao amin'ny Fanahy Masina.

Maro ireo Kristiana araka ny nofo izay mahatsapa tsy fahafaham-po, fahadisoam-panantenana, fiainana tsy misy tanjona, na koa mizaka rarin-tsaina tsy tapaka eo amin'ny fiainany ara-panahy.

Ireo mambran'ny fiangonana araka ny nofo hafa indray dia zatra loatra an'io toerana misy azy io na afa-po amin'io toerana io. Mety hilaza izy hoe : « Mpanota ihany izahay ! Tsy misy na inona na inona azonay atao momba izany ! »

Ny Kristiana araka ny nofo hafa indray dia mety havitribitrika ihany. Faly izy ireo fa nahafantatra fahamarinana ara-Baiboly. Mety ho tena mavitrika ireo mambran'ny fiangonana araka ny nofo sasany ary mety ho manana andraikitra fitarihana eo amin'ny fiangonana misy azy mihitsy aza na eo amin'ny fitantanana ny fiangonana mihitsy aza. Mety ho manao zavatra betsaka ho an'Andriamanitra mihitsy aza izy ireo.

*Matio 7 :22-23 Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay? ary tsy*

*efa namoaka demonia* tamin'ny anaranao va izahay? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay? 23 Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, ianareo mpanao meloka. »*

Taiza no nisian'ny olana ? Nilaza Jesosy fa tsy fantany izy ireo. Tsy nanana fifandraisana tena izy tamin'i Kristy izy ireo. Fifandraisana sandoka ihany no nananany. Na tsy nisy ilay fifandraisana tena izy na tsy nokolokoloina izany. Tsy nonina tao am-pony tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina Jesosy. Tsy nanana fifandraisana manokana tamin'i Kristy ny tsirairay avy amin'izy ireo. « Mety hisy fifandraisana amin'i Kristy ivelany fotsiny eo … »[19] Namaky andalan-teny sasany izay tena mahatahotra momba izany aho. Mialohan'ny hilazako azy ireo dia tiako ny hanindry tsara fa ho afaka amin'ireto zavatra manaraka ireto isika rehefa miaina fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina :

« Ny fanahy mifanohitra amin'ny fanahin'i Kristy dia mandà Azy, na manao ahoana na manao ahoana filazany ny tenany. Mety handà an'i Kristy ny olona amin'ny alalan'ny fitenenan-dratsy, amin'ny resaka kidaladala, amin'ny teny tsy marina na tsy ahitana hatsaram-panahy. Mety handà Azy izy amin'ny fialana andraikitra eo amin'ny fiainana, amin'ny fampanaranam-po fahafinaretana iray feno ota. Mety handà Azy izy amin'ny fanarahana an'izao tontolo izao, amin'ny fitondran-tena tsy misy fahalalam-pomba, amin'ny fankafizana ny hevitry ny tenany, amin'ny fanamarinan-tena, amin'ny fikolokoloana ny fisalasalana, amin'ny fanapariahana korontana, amin'ny fitoerana ao amin'ny haizina. **Izany rehetra izany dia fomba hanambaran'izy ireo fa tsy ao anatiny Kristy.** »[20]

Afaka miova ao anatin'ny fotoana fohy izany noho ny fahasoavan'Andriamanitra. Mbola hiverina amin'izay isika ao amin'ny fizarana fahatelo sy fahadimy.

---

[19] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898) na Ilay Fitiavana Mandresy, p. 676
[20] E.G.White, The Desire of Ages (1898), p.357.2—Das Leben Jesu, S. 349 [357]

## NAHOANA NO TENA MANAN-DANJA NY FAMPILEFERANA NY FIAINANTSIKA SY NY FANAOVANA FANEKENA AMIN'ANDRIAMANITRA ?

Hoy ny Tenin'Andriamanitra : *« Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy* mety hataonareo izany. » (Romana 12 :1)*

« Maniry hanasitrana sy hanafaka antsika (amin'ny fanandevozan'ny izahontsika sy ny fatoran'ny ota) Andriamanitra. Koa satria mitaky ny fiovantsika manontolo sy ny fanavaozana ny mahaizy antsika manontolo anefa izany, dia tsy maintsy mampilefitra ny tenantsika tanteraka eo Aminy isika. »[21] Mora tohina, be fialonana ary mitana lolom-po, sns ny izahontsika. Te hanafaka antsika amin'ireo fihetsika ireo Andriamanitra.

« Manasa antsika Izy (Andriamanitra) mba hanolorantsika ny tenantsika ho Azy, mba ahafahany manatanteraka ny Sitrapony ao anatintsika. Antsika foana anefa ny misafidy ny ho afaka amin'ny fatoran'ny ota, ary hiombona amin'ny fahafahana be voninahitra ho an'ireo zanak'Andriamanitra. »[22]

Fahateraham-baovao no valinteny asetrin'Andriamanitra ny fanolorantsika tena voalohany (Jaona 3 :1-21). Ny fileferana mitohy no aorian'izay (Jaona 15 :1-17). Hiresaka misimisy kokoa momba an'izay isika ao amin'ny fizarana fahatelo.

Toy izao no fanambaran'i Morris Venden momba ilay hoe fampileferana ny fiainantsika amin'Andriamanitra : « Tsy misy izany hoe milefitra amin'ny ampahany izany. Tsy azo heverina toy ny hoe bevohoka amin'ny ampahany izany hoe milefitra amin'ny ampahany izany. Na hianao izy na tsia. Tsy misy eo anelanelany. »[23]

---

[21] Ellen G. White, Steps to Christ na Ny Dia ho eo amin'i Kristy (1892), p. 43.2
[22] Ellen G. White, Steps to Christ (1892) p. 43.4
[23] Morris Venden, 95 Theses on Righteousness by Faith (Pacific Press, 1987), p. 63

Toy izao no filazan'i Ellen White momba ny fileferana isan'andro : « Ireo izay ho tonga mpiara-miasa amin'i Kristy ihany, ireo izay milaza hoe, Tompo o, Anao izay hananako rehetra sy ny momba ahy rehetra, ireo ihany no hoekena ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. »[24]

Noho izany, mety misy olona iray izay ao anatin'ny fiangonana kanefa mbola very ihany. Mampalahelo loatra izany ! (Maneho an-tsary izany ihany koa ny fanoharana momba ireo virijina 10 sy ny hafatra ho an'ny Fiangonan'i Laodikia).

## NAHOANA ARY NY FIVAVAHANA KRISTIANA ARAKA NY NOFO NO TENA SAROTRA HITA ?

Koa satria feno « fivavahana » ny fiainana manokan'ny olona iray araka ny nofo, dia matetika no tsy tsapany hoe tsy ampy zavatra hiankinan'ny aina ny fiainany, dia ny fifandraisana ety sy mahavonjy amin'Andriamanitra. Raha tsy omena alalana hitantana ny fiainantsika manontolo Kristy, dia mijoro sy manohy mandondona eo am-baravarana Izy (Apokalipsy 3 :20). Ary hoy Izy : raha tsy miova izao toe-javatra izao dia haloan'ny vavako hianao.

Dia misy zavatra hafa koa miseho. Manana faharesen-dahatra matanjaka isika, amin'ny alalan'ny foto-pampianarana matanjaka hananantsika, izay miorina amin'ny Baiboly. (Ary ankoatr'izay dia mbola misokatra ho amina lesona hafa koa.) Manana toky isika fa mino ny fahamarinana, ary mampahavitrika antsika izany. Manana fahalalana tsara betsaka isika. Milaza ny tokony holazaina isika. Izany no mahatonga ilay olana « araka ny nofo » ho saro-pantarina. Raha mbola tsy ary nivelona araka ny Fanahy Masina marina aho, dia mety ho azo heverina ve ny hahitako ny maha samy hafa ny fiainana araka ny nofo sy ny fiainana araka ny fanahy ?

Hoy ny nosoratan'ny Pasitora iray : « Vao avy niantso ahy tamin'ny finday ny anabavy iray izay nandray anjara tamin'ilay fotoam-bavaka nandritra ny 40 andro nataonay. (Ao amin'ny toko fahadimy ny antsipiriany momba an'io fotoam-bavaka mandritra ny 40 andro io). Nanova ny fiainany

[24] Ellen G. White, Desire of Ages, p. 523

izany raha ny filazany. **Nanontany tena izy nandritra ny fiainany manontolo hoe inona no tsy ampy teo amin'ny fiainam-panahiny ary fantany izany ankehitriny – ny Fanahy Masina.** Tena niriko raha mba renao ny fijoroana vavolombelona nataony. Nilaza izy fa sambany teo amin'ny fiainany izy no nahamarika fa manana fifandraisana amin'Andriamanitra … Nahamarika ny fiovana teo amin'ny fiainany sahady ihany koa ny hafa. »[25] Hitantsika fa mety mahamarika ny olona iray hoe misy zavatra tsy ampy eo amin'ny fiainany, saingy tsy fantany hoe inona. Maro ireo izay manana faniriana ho amin'ny misimisy kokoa kanefa tsy fantany hoe inona izany na ny fomba ahazoana izany.

Faly aho satria ny 1 Korintiana 3 :1-4 dia mampiasa ny teny hoe « ihany » intelo. « *Fa mbola araka ny nofo **ihany** hianareo.* » Izany dia maneho amintsika fa azo tanterahina ho an'ny olona araka ny nofo ny ho tonga araka ny Fanahy. Tsy misy olona voatery hitoetra ho araka ny nofo foana. Raha vao manomboka miraharaha ny momba ny finoany izy dia afaka hahatsapa sy hanova izany. Horesahintsika any aoriana ny fomba atao hahatonga anao ho araka ny Fanahy.

Lafin-javatra hafa izay tokony heverina ihany koa ny fialonana sy ny fifandirana (andininy 4). Amin'i Paoly, io fitondran-tena io dia manaporofo fa ireo mambran'ny fiangonana araka ny nofo dia tsy miaina araka ny Fanahin'Andriamanitra fa manao zavatra araka ny nofo – toy ny olona hafa rehetra ihany. Mety ho tahaka ny ataon'ny olona araka an'izao tontolo izao ihany ny ataony, izy fotsiny misy fivavahana atao fonony ivelany. Midika ve izany fa avy amin'ireo mambran'ny fiangonana manana saina araka ny nofo no hiavian'ireo adilahy ao anatin'ny sehatry ny fiangonana ? (Jereo andininy 19). Moa ve tsy nifaninana tokoa ireo Fariseo sy Sadoseo tamin'ny andron'i Jesosy ? Midika izany fa efa tamin'izany no nisian'ny adilahy teo amin'ireo mpitana ny fahizay sy ireo miseho ho malala-tsaina sy mivoatra kokoa. Ny vondrona iray dia nijery antsipirian-javatra be ary ny iray hafa kosa nijery ankapobeny fotsiny. Izy roa anefa dia samy resy lahatra fa ara-dalàna ny fomba fanazavan'izy ireo ny Baiboly sy ny fihetsiny. Nasehon'i Jesosy anefa fa samy araka ny nofo, izany hoe samy tsy fenon'ny Fanahy Masina ireo vondrona roa ireo. Mety hitranga ny toy izany

[25] Mailaka ho an'i H. Haubeil—voaray ny 15 Febroary 2012

ankehitriny, na ireo Kristiana izay mitàna ny fanao hatrizay aza dia mety ho Kristiana araka ny nofo ihany koa.

Indrisy fa sokajiana amin'ny solomason'ny « mpitana ny fanao hatrizay » (conservateur) sy ny « miseho ho malalan-tsaina » (libéral) no hijerena matetika ny olona ankehitriny. Voahaika anefa isika hampandalo ny fiainam-panahintsika amin'ny mason-tsivana, araka ilay fanasokajiana « araka ny nofo na araka ny fanahy ». Mahasoa antsika ny fanaovana izany. Hevero ny ambaran'Andriamanitra mazava amintsika ao amin'ny Galatiana 6 :7,8 : *« fa izay afafin'ny olona no hojinjany. 8 Fa izay mamafy ho an'ny nofony dia hijinja fahasimbana avy amin'ny nofo ; ary izay mamafy ho an'ny Fanahy dia hijinja fiainana mandrakizay avy amin'ny Fanahy. »*

Maniry hanaraka an'i Jesosy sy hahita fitia Aminy ilay olona araka ny nofo, kanefa mbola tsy nanolotra ny fiainany manontolo ho an'i Jesosy, na raha nanao izany izy dia efa niverin-dalana teny antenantenany (Galatiana 3 :3 ; Apokalipsy 2 :4, 5). Midika izany fa maniry ny hiaina araka ny sitrapon'Andriamanitra **sy** araka ny sitrapon'ny tenany izy, na dia tsy tsapany aza izany. Tsy mety anefa izany. Amin'ny herin'ny tenany no hitondrany ny fiainany. « Mampirafy » (hoy ny fitenenana) amin'ny fanahy roa ny tenany. Afaka maniraka ny Fanahiny amin'ny toe-javatra toy izany ve Andriamanitra ? Manome ity valiny ity ny *Jakoba 4 :3 « 3 Mangataka ianareo, nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka, mba holaninareo amin'ny filanareo. »* Tonga amin'ny tsoa-kevitra aho fa midika ho mangataka amina toe-tsaina araka ny nofo izany. Moa ve tsy vao maika hampirongatra ny izaho ny fanomezana valiteny amin'ny fangatahana toy izany ? Noho izany dia miaina amina hery sy fahaizan'olombelona fotsiny io mambran'ny fiangonana io. Io ilay antsoina hoe « matimaty » ao amin'ny Apokalipsy 3 :16 sy « virijina adala » ao amin'ny Matio 25.

ANDRO 12

## NAHOANA NO ANTSOIN'I JESOSY HOE « MATIMATY » IREO MAMBRAN'NY FIANGONANA ARAKA NY NOFO ?

Nahoana ary no tena betsaka ireo Kristiana izay tsy ampy fanandramana ny Fanahy Masina ? Mba ahafahana mamaly an'io fanontaniana io dia tsy maintsy jerentsika aloha ilay tranga tao Laodikia. Nahoana Jesosy no niantso ireo mpino tao amin'ny fiangonan'i Laodikia hoe

« matimaty » ? Nanome antsika mari-drefy mazava Izy : *« 20 Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna … » (Apokalipsy 3 :20*) Tsy ivon'ny fiainan'ireo mpino Jesosy fa any ivelany. Nijoro tao am-baravarana tany ivelany Izy. Nahoana Izy no tsy niditra ? Satria tsy nasaina hiditra Izy. Tsy mba manery Izy fa manaja tsara ny fanapaha-kevitsika antsitrapo.

Nahoana ireo mpino no mamela an'i Jesosy eo am-baravarana avy any ivelany ? Misy antony samihafa amin'izany. Ny sasany dia ara-tsaina sy ara-pahalalana fotsiny ihany no handehanany eo amin'ny fiainam-panahiny, toa an'i Nikodemosy mpanora-dalàna, ary tsy mahatakatra akory hoe inona no tena atao hoe fiainana Kristiana. (Ampitahao amin'ny Jaona 3 :1-10). Ho an'ny sasany indray dia « ambony » loatra ny saran'ny maha-mpianatra, be loatra ny zavatra tokony afoiny, toa an'ilay « tovolahy mpanapaka mpanankarena ». (Ampitahao amin'ny Matio 19 :16-24) Ny fanarahana an'i Jesosy dia mitaky fandavan-tena sy fahavononana hiova fiainana (ampitahao amin'ny Matio 16 :24,25) ary fampileferana tanteraka ny tena eo amin'Andriamanitra (Romana 12 :1) Mety ho tsy firaharahiana tsotra izao ihany koa no mahatonga ilay famelàna an'i Jesosy any ivelany, izany hoe tsy ampy fotoana hifankazarana manokana amin'i Jesosy.

Averiko ihany : ny anton'ilay maha « matimaty » ao amin'ny Apokalipsy 3 :20 dia ilay hoe : « *Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna* » Tsy ivon'ny fiainan'izy ireo Jesosy fa any ivelany na eny amin'ny sisiny. Noho izany, ny maha « matimaty » dia misy idirany amin'ny fifandraisana manokana amin'i Kristy. Raha tsy izany dia tsy hisy haniry hantsoina hoe matimaty izany.

Ohatra : Misy olona iray mandany izay hananany rehetra amin'ny antson'Andriamanitra noraisiny kanefa manao ambanin-javatra ny vadiny. Manokan-tena amin'ny asany izy kanefa « matimaty » eo amin'ny fifandraisany amin'ny vadiny. Mety ho mambran'ny fiangonana manolo-tena ilay olona, mety ho mpitarika fiangonana mavitrika na Pasitera na Filohan'ny federasiona kanefa « matimaty » ihany eo amin'ny fifandraisany amin'i Kristy. Manokan-tena mafy amin'ny fanatanterahana asa be dia be mihitsy io olona io, hany ka ataony ambanin-javatra ny fifandraisany manokana amin'i Kristy. **Izany ilay maha « matimaty » izay tian'i Jesosy esorina**.

Mampalahelo loatra izany hoe sahirana mafy amin'ny asan'Andriamanitra (ao am-piangonana sy amin'ny asa misionera) ny olona iray kanefa manao ambanin-javatra Ilay Tompon'ilay asa.

## NY FANOHARANA MOMBA IREO VIRIJINA FOLO

Inona no asehon'ilay fanoharana nataon'i Jesosy momba ireo virijina folo amintsika mahakasika ireo mambran'ny fiangonana araka ny fanahy sy araka ny nofo ?

- Samy virijina izy 10
- Samy nanana foto-pampianarana tena izy izy rehetra
- Samy nanana fanilo izy rehetra
- Samy nanana Baiboly izy rehetra
- Samy naniry hiaona tamin'ilay mpampakatra izy rehetra
- Samy nanantena ilay fiaviany fanindroany izy rehetra
- Samy tafatory izy rehetra
- Samy nandre ny antso izy ireo ary samy nifoha
- Samy nanomana ny fanalany izy rehetra
- Samy nirehitra ny fanalan'izy rehetra
- Ny antsasak'izy ireo no nahavoamarika fa efa ho faty ny fanalany

Samy nanomana ny fanalany izy ireo ary **samy nirehitra daholo ireo ; nila diloilo anefa ny fanala mirehitra. Nisy hery lany tao.** Fotoana fohy taorian'izay dia nahamarika ny dimy tamin'izy ireo fa **efa ho faty ny fanala**. Maneho amintsika ireo fanala nirehitra nandritra ny fotoana fohy (fanalan'ireo virijina adala) fa mba nanana ny Fanahy Masina ihany izy ireo. Tsy ampy anefa izany. Kely loatra ny diloilo. **Izay ihany no nahasamy hafa azy ireo.**

Rehefa tonga nangataka mba hampidirina izy dimy dia hoy ny valitenin'i Jesosy : ***« Tsy fantatro hianareo »*** Tara loatra ny fotoana hahazoana ilay diloilo dia ny Fanahy Masina. Nikatona foana ny varavarana.

Maneho amintsika ny fanambarana nataon'i Jesosy fa misy hifandraisany amin'ny Fanahy Masina ny fifandraisantsika manokana Aminy. Tsy hoeken'i Jesosy izay tsy mamela ny tenany hotarihin'ny Fanahy

Masina, na iza na iza. Hoy ny voalazan'ny *Romana 8 :8,9 « Ary izay ao amin'ny nofo dia tsy mahay manao ny sitrapon'Andriamanitra. ... Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin'i Kristy, dia tsy Azy izy. »*

Raha ny tena marina dia amin'ny alalan'ny Fanahy Masina **irery ihany** no ahafahantsika manana fifandraisana manokana amin'i Jesosy. Hoy ny voalazan'ny 1 Jaona 3 :24, *« Ary **izao no ahafantarantsika** fa mitoetra ao amintsika Izy, dia **ny Fanahy Izay nomeny antsika**. »* Midika izany fa ny antoka izay hananako fa fenon'ny Fanahy Masina aho, dia izay koa no antoka fa ao amin'i Jesosy aho ary Izy ao amiko.

Izany indrindra ny fanandramana izay nananan'ny anabavy anankiray izay nandray anjara tamin'ny 40 androm-bavaka. Tamin'ny alalan'ny fanatrehan'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainany dia nanao fanandramana ny fifandraisany tamin'Andriamanitra tamin'ny fomba hafa mihitsy izy ary dia nahamarika ny fiovana teny aminy ny hafa. Nisy anabavy anankiray avy tany Alemaina izay nanoratra toy izao taorian'ny nianarany ity boky ity : « Ilay boky '40 andro – Vavaka sy Fibanjinana ho Fiomanana ho amin'ny Fiaviany Fanindroany' nosoratan'i Dennis Smith sy ity boky ity dia lasa fitahiana lehibe sy efa ela nandrasana teo amin'ny fiainako. Toy ny fanandraman'ireo mambran'ny fiangonana maro hafa sy ny an'ny rahavavy iray ao amin'ny fiangonanay, dia nisy zavatra izay banga mandrakariva teo amin'ny fanandramam-pinoanay ary izao dia manana tombotsoa izahay manao fanandramana ny fomba fidiran'i Jesosy teo amin'ny fiainanay sy fomba nanombohany nanova anay. Mbola miasa ao anatinay Izy ary misarika anay tsikelikely ho eo Aminy. »[26]

Toy izao manaraka izao no nosoratan'ny rahalahy anankiray : « Nanohina ahy lalina ilay boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana. Nandona ahy mafy ilay toko momba ireo virijina folo ary indrindra ilay ao amin'ny Romana 8 :9b : '*Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin'i Kristy, dia tsy Azy izy'*. Tampoka teo, tsy azoko antoka na nanana ny Fanahy Masina aho na tsia, ary miasa ao anatiko ve Izy sa tsia, satria tsapako mafy mihitsy fa tena tsy ampy an'ireo 'vokatra' mifanaraka amin'izany teo amin'ny fiainako. Voavakiko ilay boky tamin'ny Sabata

[26] Mailaka voaray ny 31 Martsa 2013.

folak'andro ary nisy alahelo lehibe nanenika ahy. Avy eo dia novakiako ilay vavaka ao amin'ny pejy 144 ary nisy faniriana lalina mba handray ny Fanahy Masina, nipoitra tato anatiko. Naniry lalina aho mba ho voaova ny foko sy mba hanovan'Andriamanitra Ray ahy araka ny Sitrapony. … Misaotra anao amin'ilay boky sy ireo teny ao anatiny izay tena nanetsika ahy lalina. » A.P.

Ny loza lehibe indrindra ho an'ny Kristiana araka ny nofo dia izy tsy hahazo ny fiainana mandrakizay raha tsy miova ny toerana misy azy. *« Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin'i Kristy, dia tsy Azy izy. » (Romana 8 :9b)*

Raha fintinina dia izao : Ny maha samy hafa indrindra ny mambran'ny fiangonana araka ny fanahy sy ny mambra araka ny nofo dia resaka fifandraisana amin'ny Fanahy Masina. Fenon'ny Fanahy Masina ilay Kristiana ara-panahy. Ilay Kristiana araka ny nofo dia tsy fenon'ny na tsy ampy ny fahafenoan'ny Fanahy Masina.

Aza tezitra raha toa ka tsapanao fa Kristiana araka ny nofo hianao. Manolotra fanafana ho anao Andriamanitra : ny Fanahy Masina.

Amin'ny sehatra sasany dia tsindriana betsaka loatra ny amin'ireo fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy Masina ; ary etsy ankilany, amin'ny sehatra sasany dia atao ambanin-javatra ny Fanahy Masina. Ny Tompontsika anie hanampy antsika hanaraka ny Teniny Masina ka tsy handray na ny tendrony iray na ny ilainy iray hafa.

## TENY MANAITRA

**Toy ny rano mangatsiaka iray vera**

Ny boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana dia toy ny rano mangatsiaka iray vera. Raha hisotro izany ny olona iray dia hanome hery vao ho azy izany. Raha hanondrahanao olona iray rendremana izany dia toy ny dona avy amin'ny herin'aratra no fiasany. Misaotra ny mpanoratra, misaotra izay nandefa ny boky taty am-piangonanay. Izaho manokana dia nahazo fitahiana betsaka avy amin'ity boky ity. T. B. avy any Pakistan, #80

**Misoroka ny « loza » ny fipetrahan'ny Fanahy Masina eo amin'ny « toeran'ny mpamily »**

Novakiako in'efatra ny boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana, ary dia mbola hamaky izany in-droa aho ankoatr'izay. Tena fitahiana izany. Nitoriteny aho tamin'ny Sabata teo (mambra laika aho). Manana fahalalahana anaty lehibe kokoa aho hamaky ny Baiboly sy ireo bokin'i EGW. Toetra hafa ihany koa no hananako amin'izao. Iriko ny Fanahy Masina hipetraka eo amin'ny toeran'ny mpamily. Raha mba nanao izany an-taonany talohan'izao aho dia mba mety ho nahavoasoroka « loza » maro ! P. M. EE 210719 avy any USA, #117

**Diloilo ao anatin'ny fanala**

Na iza na iza no manaraka ireo soso-kevitra ao amin'ny boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana dia azo antoka fa manana ny diloilo ampy ho an'ny fanalany. H. K. from Germany, #73

**Miverina amin'ireo fototra**

Misaotra anao indray nanampy anay hiverina amin'ireo fototra ! J. S. 231118 excerpt, #97

***« Fa raha manao feo hafahafa ny trompetra, iza no hiomana hiady ? »***

***1 Korintiana 14 :8***

**Fisaintsainana ataon'ny Tena Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra**

*1. Inona no azo antoka fa anton'ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina ?*

*2. Misy sokajin'olona telo izay voafaritra arakaraky ny fifandraisany amin'Andriamanitra. Inona avy ny toetr'ireo sokajy tsirairay ?*

*

*

*

*3. Inona no lafin-javatra mamaritra hoe ao amin'ilay sokajy inona no misy ahy ?*

*4. Nahoana no tena manan-danja ny fanoloran-tena ho an'Andriamanitra ?*

*5. Inona no maha samy hafa ireo virijina hendry dimy sy ireo virijina adala dimy ?*

**Fotoam-bavaka Ataontsika**

- Antsoy ilay namanao mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.
- Miaraha mivavaka aminy …

1. Mba hanehoan'Andriamanitra aminao izay tsy ampy.
2. Mba hananana fo ara-panahy
3. Mba hahazoanao mahatsapa sy miaiky raha toa ka olona araka ny nofo tokoa hianao amin'izao, ary mba ahazoana fanampiana avy amin'Andriamanitra ahafahana miova.

# Fa inona no tena olana amin'ilay hoe Kristiana araka ny nofo ?

## FAMPITAHANA : NY FIANGONANA VOALOHANY SY NY FIANGONANA AMIN'NY ANDRO FARANY

Rehefa ampitahaintsika amin'ny fiangonana voalohany ny fiangonana ankehitriny dia mahita isika fa olona ara-panahy no ankamaroan'ireo tao anatin'ilay fiangonana voalohany. Ny bokin'ny Asa dia maneho fa izany no anton'ny fivoarany haingana sy miabo. Tsy nanana fanampiana hafa izy ireo. Nanana ny Fanahy Masina anefa izy ireo. Manana fanampiana tena tsara sy miavosa isika. Tsy ampy ny Fanahy Masina anefa isika.

Tsarovy ny nambaran'i A.W. Tozer : « Raha noesorina tamin'ny fiangonantsika ny Fanahy Masina ankehitriny, ny 95%n'ny zavatra ataontsika dia mbola hitohy ary tsy hisy hahamarika ny zavatra niova. Raha noesorina tamin'ny fiangonana voalohany ny Fanahy Masina dia 95% (efa ho izy rehetra izany) amin'ny nataon'izy ireo no nijanona ary ho voamariky ny rehetra ny maha samy hafa izany. »[27]

## NIANATRA NANDEHA IRERY TSY NISY FANAHY MASINA VE ISIKA ? KRISTIANA ARAKA NY NOFO VE NO BETSAKA AO ANATIN'NY FIANGONANA ?

Tsy manan-kery ve isika matetika vokatr'izany, ary raha velarina kokoa dia tsy manana fandresena eo amin'ny resaka ara-panahy ve isika ? Misy hifandraisany ve ny toetry ny araka ny nofo sy ilay hoe fiangonana zara raha mitombo any amin'ny faritra maro ? Avy amin'ny toetra araka ny nofo ve ny ankamaroan'ireo olana goavana any amin'ny faritra maro ? Homarihantsika misimisy kokoa fa ny tena olantsika fototra (olan'ny tsirairay sy olana hiombonana) dia ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina. Raha eo

[27] Dr. S. Joseph Kidder, Anleitung zum geistlichen Leben (Andrews University), PPP Folie 2

amin'ny lafiny tena manokana dia azontsika hovana haingana izany, miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra.

Mihatra amin'ny rehetra ity fanambarana manaraka izay nosoratana ho an'ny Pasitora ity. Hoy Johannes Mager : « Avahan'i Paoly tsara ireo Kristiana araka ny fanahy sy ireo araka ny nofo, ireo izay fenon'ny Fanahy Masina sy ireo izay tsy manana toerana ho an'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainany : vita batisan'ny Fanahy Masina fa tsy fenon'ny Fanahy Masina.

Toy izao no hevitr'izany ho an'ny Pasitora : Mety manana fahalalana ara-teolojika matanjaka aho, mety ho havanana amin'ireo fiteny nanoratana ny Baiboly sy afaka manao fandinihana lalina ny Baiboly araka ny tena heviny (exégèse) ; mety ho noeken'ny saiko tsara ireo fahamarinana lehibe ara-Baiboly, azoko tsara izy ireny ary matoky ny teolojia ara-poto-pampianarana nandritra ireo taonjato maro aho ; mety manana fahatakarana feno ny fomba fitorian-teny aho ary manao toriteny mifanaraka amin'ny ilain'ny mpihaino sy mifanaraka amin'ny zava-misy – na dia eo aza anefa ny fahalalako sy ny talentako rehetra, dia mety tsy hanana ny Fanahy Masina aho. Lasa fanoloana ho an'ilay fiainana tsy ampy ny Fanahy Masina ireo boky, fianarana, fitaovana ara-teknika arifomba, ary eny fa na dia ny fahaiza-mandresy lahatra aza.

Ny fitorian-teny, ny fivavahana ampahibemaso, ny fandaminana ny fiainam-piangonana, ny fanomanana programa kaoferansa, ny fanomezana torohevitra amin'ny maha Pasitora – mety hianatra sy hanao izany rehetra izany ny olona iray, kanefa tsy manana ny Fanahy Masina. Toy izao manaraka izao no fanoritsoritan'i Ellen G White an'io toe-javatra mampidi-doza io : « Ny antony maha kely foana ny fisehoan'ny Fanahin'Andriamanitra dia izao, mianatra miasa tsy miaraka Aminy ireo mpitandrina. »[28] Na dia manan-danja aza ny fiofanana fototra sy ny fiofanana mitohy ho an'ny mpitoriteny, dia mbola manan-danja kokoa ho azy ny fanekeny hofenoin'ny Fanahy Masina tsy tapaka.[29]

---

[28] Ellen G. White, Testimonies for the Church, vol. 1, (1868), p. 383.1
[29] Johannes Mager, Auf den Spuren des Heiligen Geistes (Manaraka ireo Dingana ahazoana ny Fanahy Masina), (Lüneberg, 1999), S. 102-103. Johannes Mager dia pasitora, evanjelistra, ary mpampianatra teolojia systematika nandritra ny taona maro. Farany dia niandraikitra ny

**Raha fintinina dia izao, ny maha araka ny nofo dia midika hoe miaina amin'ny hery sy ny fahaiza-manao maha olombelona, tsy miaraka amin'ny Fanahy Masina na amin'ny fatran'ny Fanahy Masina tsy ampy.**

## FA INONA NO TENA SAKANA HO AN'NY FIVAVAHANA KRISTIANA ARAKA NY NOFO ?

Amin'ny herin'ny Fanahy Masina irery ihany fa tsy amin'ny ezaka ataon'olombelona no ahatanterahana ireo lesona ara-pitondran-tena lehibe ao amin'ny Baiboly toy ny hoe, tiava ny fahavalonao, ny famelana ny heloky ny hafa amin'ny zavatra rehetra, ny fandresena ny ota, sns. Maneho antsika izany fa ny tena olan'ny fivavahana Kristiana araka ny nofo dia ilay izy fiainana miankina amin'ny herin'olombelona irery ihany. Tsy afaka manao ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny herin'ny tenantsika isika. Andeha isika hamaky toko sy andininy vitsivitsy ao amin'ny Baiboly momba an'io lohahevitra io :

*Isaia 64 : 6 «  ... ary tahaka ny lamba mihosin-drà ny fahamarinanay rehetra »*

*Jeremia 13 :23 « Moa mahova ny hodiny va ny Etiopiana, ary ny leoparda* va mahova ny sorany ? Raha izany, dia mahazo manao tsara koa ianareo izay efa zatra nanao ratsy. »*

*Ezekiela 36 :26, 27 « Ary homeko fo vaovao ianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ... Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy. »*

*Romana 8 :7 « 7 satria fandrafiana an'Andriamanitra ny fihevitry ny nofo ; fa tsy manaiky ny lalàn'Andriamanitra,* ***sady tsy hainy akory izany****. »*

Hoy ny fanambaran'i Ellen White mazava sy voafaritra tsara : « Izay miezaka manatratra ny lanitra amin'ny asan'ny tenany amin'ny fitandremana

---

fikambanan'ny vondron'ny mpitandrina izy tao amin'ny Diviziona Eoro-Afrikana (Diviziona Inter-Eoropeana ankehitriny) tany Berna, Soisa.

ny lalàna dia miezaka manatratra zavatra tsy azo tanterahina. Tsy afaka ny hovonjena ny olona raha tsy misy fankatoavana, **tsy tokony ho avy amin'ny tenany fotsiny anefa ny asany ; tokony hiasa ao anatiny Kristy amin'ny fikasana sy ny fanaovana hahatanteraka izay sitrapony.** »[30]

Heveriko fa ampy ny fanehoan'ireo fanambarana ireo fa tsy afaka ny hanao ny sitrapon'Andriamanitra isika raha tsy eo ny Fanahy Masina. Ny tokony hifantohan'ny saintsika indrindra dia ny handraisantsika fanapahan-kevitra izay mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra sy ny hanomezan'Andriamanitra antsika hery hanatanterahana izany. Tena zava-dehibe tokoa sy manome fahafahana io fahatakarana ny fampianarana momba ny fanamarinana amin'ny finoana io. Tsy mbola horesahintsika amin'ny antsipiriany eto anefa izany.

## INONA NO METY HITRANGA REHEFA MIEZAKA MANAO ZAVATRA IZAY MIHOATRA NY HERINY NY OLONA IRAY ?

Inona no mitranga rehefa tsapako hoe « tsy vitako izany ! lavo indray aho ! » Ampoizina fa homban'ny fahadisoam-panantenana izany fanandramana izany.

Heveriko fa vao maika mpitranga kokoa amin'ireo tanora noho ny amin'ireo olon-dehibe izany olana izany. Efa zatra mamita adidy, mankato ny ray aman-dreny, ny sekoly, ary ny asany ireo zokinjokiny kokoa. Tsy dia mora voaelingelin'ilay fahadisoam-panantenana toy ireo tanora kokoa izy ireo noho izany. Mitovy anefa ny maha eo ilay olana na ho an'ny tanora na ny lehibe. Mahatsikaritra izany mazava kokoa ireo tanora kokoa. Ny fandehanana eo amin'ny lalam-pinoana amin'ny herin'ny tena no olana lehibe indrindra ho an'ny Kristiana araka ny nofo tsirairay, na fantany izany na tsia.

Ahoana ary no hiezahantsika hamahana an'io olana io ? Mety hivavaka amin'ny fomba mahery vaika kokoa hahazo ny fanampian'Andriamanitra ny olona iray ary hanapa-kevitra hiezaka mafimafy kokoa. Ny olona iray hafa indray mety hihevitra fa tsy tokony ho

[30] Ellen G. White, Review and Herald,July 1, 1890

tery saina loatra toy izany isika. Izao dia manomboka tsy mivaky loha izy ary mahatsapa ho malalaka kokoa. Ny iray hafa indray mety hiala tanteraka amin'ny finoany ary mety hahatsapa ho mahazo aina kokoa aza. Ny tena olana dia vahaolana tsy izy daholo ireo « toa vahaolana » ireo satria ho avy ireo voka-dratsiny, na ho ela na ho haingana. Ny tokony atao dia ny fandraisana am-pahamatorana ny lalàn'Andriamanitra, satria nomena am-pitiavana sy natao hahasoa antsika ireny. Mila ny herin'Andriamanitra anefa isika amin'izany. Ny fomba mety dia ny fivelomana araka ny herin'ny Fanahy Masina am-pifaliana mitombo, am-paharisihana, amin-kery, am-pahavokarana sy fandresena.

## NY TENA OLANA FOTOTRA

Mino aho fa tsapantsika fa misy hifandraisany amin'ilay fivavahana Kristiana araka ny nofo izany. Moa ve tsy miha-mazava kokoa hoe nahoana Jesosy no tsy mila mpanara-dia « matimaty » ? Tsy manana fiainana « be dia be » (na fiainana miavosa) araka izay irin'Andriamanitra omena antsika izy ireny, ary maneho ohatra ratsy, eny fa na dia tsy mahafantatra izany akory aza ny ankamaroan'izy ireo. Vao maika mahatahotra lavitra noho izay heverintsika io olana io. « Ratsy kokoa noho ny olona tsy mahatoky ireo Kristiana amin'ny ampahany ; satria mitaona ny maro haniasia ny teniny feno fitaka sy ny toerana noraisiny tsy am-panolorantena. »[31]

Ao amin'ilay boky « Kristy Fahamarinantsika » nosoratan'i Arthur G. Daniells no ahitantsika izao manaraka izao : « Ny fanarahana kifombafomba fotsiny (formalisme) no mamitaka sy manimba indrindra. Io no vatobe miafina sy tsy nampoizina indrindra izay nila ho nampilentika ny fiangonana matetika nandritra ny taonjato maro. Mampitandrina antsika i Paoly fa ny 'endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra' tsy omban'ny herin'Andriamanitra dia anisan'ireo zava-mahavery amin'ny andro farany. Mampitandrina antsika koa izy hiala amin'ireo zava-mamitaka sy mamily lalana ireo. »[32]

---

[31] EGW Letter 44, 1903, quoted in Adv. Bible Commentary, vol.7, p. 963 on Rev. 3: 15,16
[32] Arthur G. Daniells, Christ our Righteousness, p. 30, Christus unsere Gerechtigkeit (Hamburg 1962), S.20

ANDRO 14

## IREO ANTON-JAVATRA METY HITARIKA HO AMIN'NY FIVAVAHANA KRISTIANA ARAKA NY NOFO

Ireto manaraka ireto ireo anton-javatra izay mety hitarika ho amin'ny fivavahana Kristiana araka ny nofo :

1. **Ny tsy fahalalana** – Tsy nanokan-tena tamin'ny fahafenoany tamin'ilay lohahevitra « fiainana ao amin'ny Fanahy Masina » isika na tsy nahita ny tsiambaratelo hampiharana izany.

2. **Tsy finoana na kely finoana** – Ny fampileferana tanteraka ny fiainan'ny tena ho eo amin'i Jesosy Kristy no fepetra takiana mialoha mba hofenoin'ny Fanahy Masina. Mety hitranga ny tsy fileferana tanteraka vokatry ny tsy fahalalana na noho ny tahotra hoe amin'ny fomba hafa noho izay irintsika no hitarihan'ny Tompo antsika. Midika izany fa tsy ampy ny fitokisantsika ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahendreny.

3. **Fihevitra diso** – Mety hihevitra ny tenany ho fenon'ny Fanahy Masina ny olona iray, eny fa na dia tsy izany na tsy ampy izany aza izy raha ny tena marina. Ity no olana toa mpiseho matetika indrindra.

4. **Sahiran-dava** – Mitondra enta-mavesatra be loatra ny olona ka mihevitra izy ireny fa tsy manana na tsy ampy fotoana hikolokoloana ny fifandraisany amin'i Kristy. Na manokana fotoana ihany izy kanefa tsy mivoatra eo amin'ny firaisana amin'Andriamanitra.

5. **Fahotana miafina** – Ny tsy fiaikena ny heloka sy ny tsy fibebahana, na koa ny tsy fanarenana ny natao, dia mety ho toy ny fahatapahan'ny herin'aratra, izay midika hoe tsy misy firaisana amin'ny herin'Andriamanitra.

6. **Tahotra olona** – Mety ho tototry ny kolontsaina misy azy ny olona iray ka tsy manana fahasahiana hivelona amin'ireo filamatry ny finoana.

7. **Manao zavatra araka ny fihetseham-po** – Hoy ny Tenin'Andriamanitra : *« Ny olon-ko marina ho velona amin'ny finoana »*. Mandray fanapahan-

kevitra araka ny fitokisako an'Andriamanitra ve aho sa araka ny fihetseham-poko ? Nanamarika ahy tokoa ity fanambarana nataon'i Roger Morneau ity : « Mamporisika ny olona hihaino ny fihetseham-pony fa tsy ny Tenin'i Kristy sy ny Mpaminaniny ireo fanahy hafa. Azo antoka amin'izay ny hahazoan'izy ireo mifehy ny fiainan'ny olona, ary tsy mahatsapa izay mitranga akory ireto farany. »[33]

## NAHOANA AHO NO TOKONY HANGATAKA NY FANAHY MASINA ? TSY EFA NORAISIKO TAMIN'NY BATISAKO VE IZY ? MISY OLANA VE AMIN'IZANY ?

Amin'ny lafiny iray, nomena antsika mba hitoetra ao anatintsika ny Fanahy Masina. Amin'ny lafiny ilany dia tokony hangataka tsy tapaka am-pinoana ny Fanahy Masina isika. Ahoana no hamahantsika an'io toa fifanoheran-kevitra io ?

**Amin'ny lafiny iray :**

Hoy ny filazan'i Jesosy ao amin'ny *Jaona 14 :17, « ... satria mitoetra eo aminareo Izy (ny Fanahy Masina), ary ho ao anatinareo. »* Hoy ny *Asa 2 :38, « Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ianareo rehetra ... ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina. »*

**Amin'ny lafiny ilany :**

Rehefa nampianatra momba ny vavaka Jesosy dia hoy izy ao amin'ny *Lioka 11 : 9-13, « ... Mangataha, dia homena ianareo ... tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy ? »* Hoy ny *Efesiana 5 :18, « ... fa aoka hofenoina ny Fanahy »*. Fangatahana mitohy no asehon'ny lahatsoratra amin'ny teny Grika an'ireo andalan-teny roa ireo.

**Vahaolana :**

[33] Roger Morneau, A Trip into the Supernatural, Review and Herald 1982, p. 43

Hoy Ellen G. White : « Ny fiasan'ny Fanahy anefa dia mifandrindra mandrakariva amin'ny teny voasoratra. Toy ny amin'ny tontolo ara-javaboary ihany ny tontolo ara-panahy. Voahazon'ny hery avy any ambony amin'ny fotoana rehetra ny ain'ny zava-boary, na dia tsy amin'ny alalan'ny fahagagana mivantana aza izany, fa amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fitahiana natao ho eo am-pelatanantsika. Ny aim-panahy dia voahazon'ny fampiasana ireo fitaovana izay nomen'ilay Mpiahy. Raha maniry hitombo *'ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy'(Efesiana 4 :13)* ny mpanara-dia an'i Kristy, dia tsy maintsy mihinana ny mofon'aina sy misotro eo amin'ny onim-pamonjena. Tsy maintsy miambina sy mivavaka ary miasa izy, ary amin'ny zavatra rehetra dia hihaino ireo torolalana avy amin'Andriamanitra ao amin'ny Teniny. »[34]

Nomena aina isika teo amin'ny fahaterahantsika. Mba ahafahana manohana izany aina izany dia tsy maintsy mihinana, misotro, manao fampiasam-batana, sns isika. Toy izany tsy misy valaka ny amin'ny fiainam-panahintsika. Nandray ny Fanahy Masina isika teo amin'ny batisan'ny rano sy ny Fanahy ('nateraka indray' isika) mba hampitoetra io fiainam-panahy io ao anatintsika mandritra ny fiainantsika manontolo. Mba ahafahana manohana an'io fiainam-panahy io anefa dia ilaina ny mampiasa ireo fomba ara-panahy izay nomen'Andriamanitra : ny Fanahy Masina, ny Tenin'Andriamanitra, ny vavaka, ny fijoroana vavolombelona ataontsika, sns.

Hoy Jesosy ao amin'ny *Jaona 15 :4, « Tomoera amiko ary Izaho aminareo ... »* Hoy Ellen G. White momba izany : « Ny hoe mitoetra ao amin'i Kristy dia midika hoe mandray tsy tapaka ny Fanahiny, miaina fiainana milefitra tsy misy fepetra amin'ny fanompoana Azy. »[35]

Izany no mahatonga antsika mila mangataka am-pinoana isan'andro ny Fanahy Masina sy mitolo-batana eo amin'ny Tompo isa-maraina amin'ny zavatra rehetra hananantsika sy ny mahaizy antsika.

**AIZA NO HIJOROAKO ?**

---

[34] Ellen G. White, The Acts of the Apostles (1911), p. 284.2
[35] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p. 676.2

Ny zavatra manan-danja indrindra ankehitriny dia ny mahafantatra hoe aiza no sokajy misy ahy. Aiza no hijoroako ?

Tamin'ny faha 20 taonan'ny reniko izay dia namaly ny fanontanian'ny lehilahy anankiray izy, tamin'ny filazany fa tsy liana tamin'ny resaka finoana izy. Dia hoy ny valitenin'ilay lehilahy : Dia ahoana raha ho faty hianao raalina ? Nandona mafy azy io teniny io. Nisy fiantraikany tena tsara anefa izany satria nahatonga azy hanapa-kevitra ho an'i Jesosy sy ny Fiangonany. Mety hanampy anao ihany koa io fanontaniana io :

*Hevero hoe ... maty hianao androany ... ! (Fijanonan'ny fo ? lozam-piarakodia ?) manana ny antoky ny fiainana mandrakizay ao amin'i Jesosy Kristy ve hianao ? Aza mijanona eo amin'ny toeran'ny tsy fahazoana antoka.*

**MIANKINA AMIN'IO NY FAHASAMBARANTSIKA**

ANDRO 15

Nikorompaka aho raha vao nanomboka nahatakatra ny halehiben'ny velaran'io olana io. Nisaina sy nivavaka aho ny amin'ny tokony hanoratana ity paragrafy iray ty na tsia. Nanapa-kevitra aho ny hanoratra izany satria resaka hasambarana eo amin'ny fiainana ankehitriny sy amin'ny fiainana mandrakizay izany, ary misy hery miasa mangina manokana amin'ny fanambadiantsika sy ny ankohonantsika, amin'ny fiangonantsika sy amin'ny asa aman-draharahantsika ihany koa. Tsy fantatro hoe iza no hiantefan'izany, saingy iriko ny hanampy ireo izay voakasika, satria nahazo fanampiana ihany koa aho. Zava-dehibe ny ahatsapan'izay mbola araka ny nofo izany, raha tsy izany dia tsy afaka ny hangataka ny fanampian'Andriamanitra mba hanova azy izy. Andriamanitra ao amin'ny Fitiavany dia maniry hitahy antsika amin'ny fomba mivatravatra, amin'ny alalan'ny fifandraisana ety amin'i Jesosy Kristy, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Vokatr'izany dia betsaka ny fatiantoka azo sorohana ary fitahiana tsy hita fetra no azo handramana. Ary ny tena mahafinaritra dia ilay hoe afaka mamaha ny toe-javatra haingana isika miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra. (Ao amin'ny toko faha 3 sy 5 no ahitantsika ny antsipiriany)

Voasoritsoritra ao amin'ny Baiboly amin'ny fomba samihafa ny olan'ny fivavahana Kristiana araka ny nofo. Mety samy manana ny teboka hifantohany ny olona tsirairay sy ny ao anatin'ireo vondrona, saingy mitovy ihany ny olana fototra. Indreto izany fanoritsoritana samy hafa izany :

- **« Araka ny nofo »** - Romana 8 :1-17 ; 1 Korintiana 3:1-4, Galatiana 5:16-21 sy ireo andininy hafa
- **« Adala »** - Fanoharana momba ireo virijina folo - Matio 25:1-13
  « Ny toetry ny Fiangonana izay naseho tamin'ny alalan'ireo virijina adala ihany koa no tiana resahina amin'ilay toetr'ireo olona tao Laodikia. »[36]
- **« Matimaty »** - taratasy ho an'i Laodikia - Apokalipsy 3:14-21
  *« Aleo ho mangatsiaka na ho mafana ianao. »* (Apokalipsy 3 :15) Tsy mampitolagaga ve izany ? Aleon'i Jesosy mangatsiaka toy izay matimaty. Inona no antony omeny amin'izany ? « Ratsy kokoa noho ny olona tsy mahatoky ireo Kristiana amin'ny ampahany ; satria mitaona ny maro haniasia ny teniny feno fitaka sy ny toerana noraisiny tsy am-panolorantena. Maneho ny lokony ny tsy mahatoky. Mamitaka ny andaniny sy ny ankilany ny Kristiana matimaty. Sady tsy olon'izao tontolo izao 'tsara' izy no tsy Kristiana mahafatra-po. Ampiasain'i Satana izy hanao asa izay tsy hain'olon-kafa atao. »[37]
- Tsy **« nateraka indray »** na nitoetra teo amin'io toerana io – Jaona 3 :1-21
  « Ny fahateraham-baovao dia fanandramana mahalana amin'izao vanim-potoana hiainan'izao tontolo izao ankehitriny izao. Izany no antony mahatonga an'ireo zava-tsarotra maro anatin'ny fiangonana. Maro, tena maro, izay milaza ho mitondra ny anaran'i Kristy no tsy voamasina sy tsy masina. Natao batisa izy ireo kanefa nalevim-belona. Tsy maty ny izaho ka dia tsy nitsangana ho amin'ny fihavaozam-piainana ao amin'i Kristy izy. »[38]

---

[36] Ellen G. White, Review and Herald, Aug. 19, 1890
[37] Ellen G. White, Letter 44, 1903, quoted in the Seventh Day Adventist Bible Commentary, vol. 7, p. 963 on Rev 3:15,16
[38] Ellen G. White, MS 148, 1897, quoted in the Seventh Day Adventist Bible Commentary, vol. 6, p. 1075, Many buried alive

- « **Endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra** » - *« 5 manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa nandà ny heriny » (2 Timoty 3 :5)* Izao manaraka izao no nambaran'i Arthur G. Daniells momba an'io : « … « Ny fanarahana kifombafomba fotsiny (formalisme) dia zavatra izay tena mamitaka sy manimba. Io no vatobe miafina sy tsy ampoizina indrindra izay nila ho nampilentika ny fiangonana matetika nandritra ny taonjato maro. Mampitandrina antsika i Paoly fa ny 'endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra' tsy omban'ny herin'Andriamanitra dia anisan'ireo loza amin'ny andro farany. Mampitandrina antsika izy hiala amin'ireo zava-mahatamana sy mampamita-tena ireo. »[39]

  Indreto ihany koa misy fanambarana mandona sasany ao amin'ny asasoratr'i Ellen White :

- **Vitsy tena vitsy**
  « Nanonofy aho fa nisy mpiambina nijoro teo ambaravaran'ny trano lehibe iray ary nanontany izay rehetra tonga eo am-baravarana hoe, 'Efa nandray ny Fanahy Masina ve hianareo ?' Nisy tsipi-pandrefesana teny an-tanany, ary vitsy, tena vitsy no nahazo niditra tao amin'ilay trano. »[40]
- **Tsy misy na dia iray amin'ny roapolo aza no vonona**
  « Fanambarana miezinezina no ataoko amin'ny fiangonana, fa tsy misy na dia iray amin'ireo anarana voarakitra ao amin'ny bokim-piangonana no vonona hamarana ny tantarany eto an-tany, fa miaina tsy misy an'Andriamanitra sy tsy misy fanantenana eto amin'izao tontolo izao toy ny mpanota rehetra. »[41]
- **Nahoana isika no tena renoka ?**
  « Nahoana no tena renoka sy tsy rototra ireo miaramilan'i Kristy ? Satria zara raha manana firaisana amin'i Kristy izy ireo ; satria tena voahaisotra tao amin'ireo ny Fanahiny. »[42]
- **Loza lehibe**

---

[39] A. G. Daniells, Christ our Righteousness, p. 20
[40] Ellen G. White, Selected Messages, vol. 1 (1958), p. 109.2
[41] Ellen G. White, Christian Service (1925), p. 41.1
[42] Ellen G. White, The Great Controversy (1911), p. 507.3

« Tsy hijanona ela eo amin'ny maha-fohy sy ny maha-tsy azo antoka ny fiainana aho ; misy loza mahatsiravina anefa – loza izay tsy ampy ny fahatakarana azy – amin'ny fanemorana ny fileferana amin'ilay feon'ny Fanahy Masin'Andriamanitra izay miangavy, amin'ny fisafidianana hivelona anatin'ny ota ; tena misy fahatarana ao anatin'izany. »[43] Fa inona no tena fototr'ilay ota ? « … *satria tsy mino Ahy izy* » (Jaona 16 :9) Ny famantarana fa tena mino sy matoky an'i Jesosy isika dia isika mitolo-batana tanteraka Aminy. Misy hifandraisany amin'ny fileferantsika tanteraka sy ny fahavononantsika hanara-dia Azy amin'ny zavatra rehetra izany.

Tiako ny hamerina indray hoe : nanoratra ity paragrafy tena mahatahotra ity aho satria misy hifandraisany amin'ny fahasambarantsika manokana ankehitriny sy mandritra ny mandrakizay izany. Lafiny tena manan-danja ihany koa izany eo amin'ny fomba hanehoantsika hery miasa mangina amin'ny hafa, indrindra ao anatin'ny tokantranontsika, ny ankohonantsika, ny fiaraha-monina misy antsika ary ny fiangonana.

ANDRO 16

## FANONTANIANA ARY MBOLA FANONTANIANA IHANY

Ny fanontaniana tena manan-danja dia manao hoe : Fenon'ny Fanahy Masina ve hianao sa tsia ? Rahoviana ny olona iray no fenon'ny Fanahy Masina ? Inona avy ireo fepetra takiana mialoha ilaina ? Inona avy ireo fiantraikany tsara eo amin'ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina ? Inona no mitranga rehefa mihevitra hianao fa fenon'ny Fanahy Masina kanefa tsy izany no zava-misy ?

## MISAORA AMIN'IREO FAMANTARANA

Misaora ny Tompo fa manolo-tena misimisy kokoa ho amin'ilay lohahevitry ny fifohazana isika. Mino aho fa manana antony manan-danja ilay Andriamanitsika lehibe sy mahagaga, amin'ny hanomezany antsika ny faniriana ny Fanahy Masina ho amin'ny fifohazana. Mety ho ireto ve no antony ?

---

[43] Ellen G. White, Selected Messages, vol. 1 (1958), p. 109.2

- Maniry hanamaivana ny fahabangana eo amintsika Izy ary hitarika antsika hiala eo amin'ny toeran'i Laodikia.
- Maniry hanomana antsika ho amin'ny fiavian'i Jesosy fanindroany tsy ho ela Izy, sy ho amin'ny fotoana manokana mialoha kely ny fiaviany.
- Maniry hahatanteraka ilay fifohazana lehibe farany (Apokalipsy 18 :1,2) eto amin'izao tontolo izao Izy, amin'ny alalan'ireo izay *« mitandrina ny didin'Andriamanitra sy mitana ny filazana an'i Jesosy » (Apokalipsy 12 :17)* sy izay manana ny *« finoana an'i Jesosy » (Apokalipsy 14 :12)*

Andeha isika hisaotra an'Andriamanitra ihany koa fa afaka ny ho tonga Kristiana araka ny fanahy haingana ny Kristiana araka ny nofo tsirairay. Ary ny tsirairay izay miaina ao amin'ny Fanahy Masina dia afaka mitombo araka ny fahafenoan'i Kristy. Izany no asantsika manaraka. Ity anefa misy fanandramana hafa hamaranana an'ity toko ity :

**RISIKA VAOVAO SY FIFALIANA ANATY**

« Nisy anabavy anankiray tao am-piangonana nanome ahy ilay boky ary tena sanganehana aho raha namaky ny votoatiny. Efa ela no nikatsahako zavatra tahaka izao ary hitako ihany ilay izy nony farany. Nanomboka teo aho dia nandamina ny fiainam-panahiko ary nahatsapa fa misy zavatra anankiray tokony ataoko : nitolo-batana tanteraka tamin'i Jesosy aho. Nanomboka teo dia nofohazin'ny Tompo vao maraina be aho ary nomeny fotoana hanaovako fibanjinana manokana. Isan'andro aho dia nianatra toko iray tamin'ilay boky 40 andro. Voamariko mazava fa nihanitombo be tokoa ny fifandraisako tamin'i Jesosy. Nihalalina sy ety kokoa izany. Niasa tato anatiko ny Fanahy Masina. Taorian'ilay boky 40 andro dia nianatra ny boky andiany faharoa tamin'ilay 40 andro indray aho. Nanomboka teo dia nianarako efa in'efatra izao ireo boky tsirairay ireo. Tsy afaka manao na inona na inona aho afa-tsy ny maniry hifankazatra isan'andro amin'Andriamanitra. Mampitolagaga ny vokatra satria tsy afaka ny tsy ho voamarika ny faharisihako vaovao sy ny fifaliana ato anatiko. Nandritra an'io fotoana io dia nanana tombotsoa aho nahita fanandramana maro niaraka tamin'Andriamanitra. Nitady fomba ahafahana mizara ny fanandramako ihany koa aho. Ny fifandraisana amin'i Jesosy dia mahatonga zavatra maro

ho tsy manan-danja intsony ary dia voavaha ireo fiahiahiana tsy nilaina akory. Manantena sy mivavaka aho mba ho maro ny olona handalo an'io fanandramana izay nananako tombotsoa io. » H.S.

## TENY MAHASARIKA

### Ny Fanahy Masina : Ilay fanomezana ambony noho ny fanomezana hafa rehetra

Niravoravo Izy (Jesosy) noho ny fanampiana miavosa izay nomeny ho an'ny Fiangonany. Ny Fanahy Masina no fanomezana ambony indrindra izay azony nangatahana tamin'ny Rainy hanandratana ny Olony. Ellen G. White, Desire of Ages, p. 671.2

### Na ny mpisalasala aza tsy manan-kavaly

Nahazo ilay boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana tamin'ny fiteny Soedoa aho herinandro vitsy lasa izay ary tena tiako ilay boky ! Efa fanintelony izao no hamakiako azy. Fantatro tsy ampisalasalana fa tena ny Fanahy Masina no nitarika hampisy an'io boky io. Efa hatramin'ny taona 1960 tany ho any no tsy nisian'ny boky toy izany tany Soeda. Tena mazava sy maharesy lahatra ny hanazavan'ity boky ity zany lohahevitra izany, na ireo « mpisalasala » aza tsy manan-kavaly. T.J. EE100319 from Sweden, #93

### Niova tanteraka ny fiainako

Namaky ilay boky elektronika nosoratanao antsoina hoe Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana izahay mivady. Fanambarana sy Fitarihan-dalana avy any ambony manao ahoana re izany e ! Nahatsiaro voatari-dalana, voatahy ary nahazo aingam-panahy vaovao izahay. Niova tanteraka ny fiainako. Misaotra Tompoko. Irinay ny fianakavianay sy ny fiaraha-monina misy anay aty Afrika Atsimo mba hahazo an'io boky io. Tsy afaka manao Aterineto sy mamaky boky elektronika mantsy ny ankamaroan'izy ireo. Ahoana no ahafahana manatanteraka izany ? EE200619 LB from South Africa, #87

### Fientanana momba ny Fiovana

Mampientana ahy ireo fiovana izay niseho sy mbola miseho eo amin'ny fiainako vokatr'ilay boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana. Feno fankasitrahana aho noho ny asa lehibe lavitra izay

ataon'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainako. Fomba fijoroana vavolombelona maro no nosokafan'ny Fanahy Masina. Nihena tokoa ny herin'ireo fahazarana taloha. – Nampiasaiko tamin'ireo fampianarana nataoko ireo hafatra fototra avy tamin'ireo toriteny nataon'i Dwight momba ny Fanahy Masina, ary manomboka mahita fiainana voaovan'ny asan'ny Fanahy Masina aho, raha eo am-panolorana ny tenany ho an'ny Jesosy indray ny olona. (Toriteny 3 nataon'i Dwight Nelson momba ny Fahatanterahana miaraka amin'ny Fanahy Masina—www.steps-to-personal-revival.info) Rahalahy iray voaova tao amin'ny Tompo. C.H. EE300119 from USA, #85

***« Koa amin'izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin'ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny vatolampy. » Matio 7 :24***

**Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra**

*1. Inona no tena olana fototry ny Fivavahana Kristiana araka ny nofo ?*

*2. Inona no mety hitranga rehefa miezaka manao zavatra izay mihoatra noho ny herintsika isika ?*

*3. Inona avy ireo lafin-javatra izay mety hitarika ho amin'ny Fivavahana Kristiana araka ny nofo ?*

*4. Nahoana no tokony mivavaka ho amin'ny Fanahy Masina aho, raha toa ka efa nandray Azy tamin'ny batisako ?*

**Fotoam-bavaka Ataontsika**

- Antsoy ilay namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra
- Miaraha mivavaka aminy mba …

1. Hamenoan'Andriamanitra ny tsirairay amin'ny Fanahiny Masina.
2. Handraisana ireo fitahiana sy harena avy amin'Andriamanitra mandritra ny fiarahana mandeha Aminy.
3. Hahazoana fitarihan-dalana mitohy avy amin'ny Fanahy Masina.

ANDRO 17

# TOKO 3 : AZO VAHANA IREO OLANTSIKA

## Inona no vahaolana avy amin'Andriamanitra amin'ireo olantsika ? Ahoana no ahafahantsika mitombo ho tonga Kristiana sambatra sy matanjaka ?

***Hoy Jesosy : « Tomoera amiko ary Izaho aminareo. » (Jaona 15 :4) « Ny atao hoe mitoetra ao amin'i Kristy dia midika ho fandraisana tsy tapaka ny Fanahiny sy fiainam-pileferana tsy misy fepetra amin'ny Fanompoana Azy. »[44]***

Io vahaolana roa sosona avy any ambony amin'ny olantsika fototra io dia sady lalana ho amin'ny fiainana Kristiana sambatra. Nahoana ? Manazava amin'ny alalan'ireto teny ireto Jesosy : *« Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo. »* (Jaona 15 :11) Amin'ny alalan'ireo dingana roa ireo (ny fandraisana tsy tapaka ny Fanahy Masina sy ny fileferana tanteraka amin'ny Fanompoana Azy) no hitoeran'i Kristy ao anatintsika ary izany no lalana ho amin'ny fahasambarana tanteraka. Ny Kolosiana 1 :27 dia miresaka ny amin'ny haren'ny voninahiny, dia Kristy ao anatinareo. Toa tsy mampino tokoa ilay hoe natsofok'i Jesosy teo anelanelan'ny fampanantenana ny Fanahy Masina ao amin'ny Jaona 14 sy ny asan'ny Fanahy Masina ao amin'ny Jaona 16 ilay fanoharana momba ny voaloboka (Jaona 15).

**Ny teboka manan-danja indrindra dia ilay hoe isika mitolo-batana isan'andro (fitsipika io) amin'Andriamanitra, mampilefitra ny mahaizy antsika manontolo sy izay hananantsika manontolo, sy ilay isika mangataka sy mandray ihany koa am-pinoana isan'andro ny firotsahan'ny Fanahy Masina.**

[44] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p. 676.2

## NAHOANA NO TENA ILAINA NY MITOLO-BATANA ISAN'ANDRO AMIN'I JESOSY ?

Hoy Jesosy ao amin'ny Lioka 9 :23, « Raha misy ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, dia hitondra ny hazo fijaliany **isan'andro** ka hanaraka Ahy. »

Nilaza Jesosy fa ny maha mpianatra dia raharaha isan'andro. Ny fandavana ny tena dia midika hoe fanomezana alalana an'i Jesosy hifehy ny fiainako. Ny fitondrana hazo fijaliana dia tsy midika hoe handalo zava-tsarotra isan'andro isika. Izao no heviny : mandà ny izahontsika isan'andro sy milefitra am-pifaliana sy an-tsitrapo amin'i Jesosy – toy ny nilazan'i Paoly momba ny tenany hoe : « Maty isan'andro aho. » Rehefa misy olona mitondra hazo fijaliana tamin'ny andron'i Jesosy, dia midika izany fa voaheloka ho faty izy ary andeha any amin'ny toerana hamonoana azy. Noho izany, misy hidirany amin'ny fanekena ireo zava-tsarotra izany, izay miseho vokatry ny fanarahana an'i Jesosy.

Tamin'ny vao teraka isika no nandray ny aina ara-batana. Mba ahafahana mihazona ny aintsika, ny herintsika ary ny fahasalamantsika, dia mila misakafo ara-dalàna isan'andro isika. Nandray ny aina ara-panahy isika tamin'ny fotoana nahaterahantsika indray. Mba ahafahana mihazona ny aim-panahintsika (na aina ara-panahy) hatanjaka sy salama dia ilaina ihany koa ny mikolokolo ilay isika ao anaty **isan'andro**. Raha tsy ataontsika izany eo amin'ny ara-batana sy eo amin'ny ara-panahy, dia ho lasa malemy, marary ary mety ho faty mihitsy aza isika. Tsy afaka mihinana ny sakafo ilaintsika mialohan'ny fotoana isika na manangona ao an-kibo mialoha ny sakafo isika, toy izany koa, tsy afaka manangona mialoha ny Fanahy Masina ao anatintsika isika.

Ao amin'ny Boky Vavolombelona Mahery dia misy torohevitra sarobidy momba izany : « Toy ny amin'ny tontolo ara-boajanahary ihany ny tontolo ara-panahy. Voatahiry amin'ny alalan'ny hery avy any ambony isa-potoana sy isa-minitra ny aina ara-boajanahary ; tsy voahazona amin'ny alalan'ny fahagagana mivantana anefa izany, fa amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fitahiana napetraka eo am-pelatanantsika. Ny aim-panahy

ihany koa dia voahazona amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fomba nomen'ilay Mpiahy antsika. »[45]

Tena nanamarika ahy tokoa ity fanehoan-kevitra avy ao amin'ny boky Ilay Fitiavana Mandresy ity : « Tokony hanara-dia an'i Kristy isan'andro isan'andro isika. Tsy manome fanampiana ho amin'ny rahampitso Andriamanitra. »[46]

Hoy Ellen White : « Ny hoe manara-dia an'i Jesosy dia mitaky fiovam-po manontolo eo am-piandohana, ary famerimberenana an'io fiovam-po io isan'andro. »[47] « Na feno manao ahoana aza ny fanoloran-tenantsika teo amin'ny fotoan'ny fiovam-po, dia tsy hanampy antsika na amin'ny inona na inona izany raha tsy havaozina isan'andro … »[48] « Atolory amin'Andriamanitra ny tenanao raha vao maraina ; aoka izany no ho raharahanao voalohany indrindra. Aoka ny vavakao hanao hoe, 'Raiso aho, Tompo o, ho Fanananao manontolo. Apetrako eo an-tongotrao ny fikasako rehetra. Ampiasao aho anio amin'ny Fanompoana Anao. Tomoera amiko, ary aoka ny asako rehetra atao ao Aminao.' Lahara-pahamehana isan'andro izany. Atolory isa-maraina ny tenanao ho an'Andriamanitra ho amin'io andro io. Apetraho eo Aminy ny fikasanao rehetra, na hotanterahina na hajanona araka ny torolalana avy amin'Ilay Mpiahy. Rehefa izany, dia hanolotra ny fiainanao eo am-pelatanan'Andriamanitra hianao isan'andro isan'andro, ary ny fiainanao ho voavolavola isan'andro hanahaka ny an'i Kristy. »[49]

Hoy Morris Venden : « Raha tsy mbola hitanao teo aloha ny hilàna ny fiovam-po isan'andro, dia mety ho fandrosoana lehibe eo amin'ny fiainanao izany. Ny Boky 'Sambatra' pejy faha 101 (amin'ny teny Anglisy) dia manao izao fampanantenana izao : 'Raha hikatsaka ny Tompo sy ho voaova fo isan'andro hianao … dia ho voafehy ny fimonomononanao rehetra,

---

[45] Ellen G. White, The Acts of the Apostles, (1911), p. 284.2
[46] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p. 313.4
[47] Editor Francis D. Nichol, Adventist Bible Commentary, vol. 1 (Review and Herald, 1976), p. 1113
[48] Ellen G. White, Review and Herald, Jan. 6, 1885
[49] Ellen G. White, Steps to Christ (1892), p. 70.1

ho voahaisotra ny fahasarotana rehetra eo amin'ny fiainanao, ary ho voavaha ireo olana manahiran-tsaina anao rehetra izay atrehanao ankehitriny. »[50]

Ny mitoetra eo amin'i Jesosy amin'ny alalan'ny fanavaozana ny fileferantsika Aminy isan'andro dia zava-dehibe toy ny tamin'ny voalohany vao nankeo Aminy isika.

Toy izao no hanampian'i Morris Venden izany : « Ny fifandraisana mitoetra isan'andro eo amin'Andriamanitra dia mitarika ho amin'ny fileferana mitoetra, fiankinana isan'ora isa-minitra Aminy. »[51]

Afaka ny mahazo antoka isika fa rehefa mitolo-batana an-tsitrapo isa-maraina amin'i Jesosy dia manao izay iriny ataontsika, satria hoy Izy : *« Mankanesa aty Amiko … » (Matio 11 :28), ary « … izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy. » (Jaona 6 :37)*

« Vonona ny hanao zavatra goavana ho antsika ny Tompo. Tsy amin'ny alalan'ny hamaroana no hahazoantsika ny fandresena, fa amin'ny alalan'ny fanahy mitolo-batana amin'i Jesosy. Tsy maintsy mandroso amin'ny Heriny isika, ary mitoky amin'ilay Andriamanitra maherin'i Israely … »[52]

Toy izao manaraka izao no fanoritsoritan'i John Wesley ny hery miasa mangina lehibe izay azon'Andriamanitra atao amintsika rehefa mitolo-batana tanteraka Aminy isika : « Afaka manatanteraka zavatra amin'ny alalan'ny olona iray izay nanolotra ny tenany 100% ho Azy Andriamanitra, mihoatra noho ny amin'ny tafika iray manontolo izay nanolotra ny tenany 99% fotsiny ihany. »[53]

Hoy ny nosoratan'i Ellen White : « Ireo izay ho tonga mpiara-miasa amin'i Kristy ihany, ireo izay milaza hoe, Tompo o, izay rehetra hananako sy ny mahaizy ahy manontolo dia Anao, irery ihany no ho azo ekena ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. »[54] « Ireo rehetra izay manokana

---

[50] Morris Venden, 95 Theses on Righteousness by Faith (Pacific Press, 1987), p. 96
[51] Morris Venden, 95 Theses on Righteousness by Faith (Pacific Press, 1987), p. 233
[52] Ellen G. White, Sons and Daughters of God, p. 279
[53] Dr. S. Joseph Kidder, Anleitung zum geistlichen Leben (Andrews University), PPP slide 14
[54] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p. 523.1

ny fanahy, ny tena, ary ny saina ho an'Andriamanitra dia handray tsy tapaka ny tohana vaovao, dia hery ara-batana sy ara-tsaina … Manatontona ny heriny rehetra ny Fanahy Masina mba hiasany ao amin'ny fo sy ny saina. Mampivelatra sy mampitombo ireo fahaiza-manaony ny fahasoavan'Andriamanitra ary tonga manampy azy ireo ny fahatanterahan'ny mahaizy an'Andriamanitra eo amin'ny asa famonjena fanahy … Ary ao amin'ny fahalemeny maha-olombelona azy no ahazoany fahefana hanao ny asan'Ilay Mahefa ny zavatra rehetra. »[55]

ANDRO 18

## NAHOANA NO TOKONY HANGATAKA ISAN'ANDRO NY BATISAN'NY FANAHY MASINA NY OLONA IRAY ?

Ny fangatahana mba ho fenoin'ny Fanahy Masina dia fangatahana an'i Jesosy « hitoetra ao anatiko » satria mivelona ato anatiko Izy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Nahoana anefa no hoe isan'andro ?

Hoy Ellen G. White ao amin'ny Boky Vavolombelona Mahery : « Fampiononana mahafinaritra ho an'ny Mpiasa manolo-tena ny fahafantarana fa na dia Kristy aza nandritra ny fiainany teto an-tany, dia nikatsaka tamin'ny Rainy, **ny famatsian'ny fahasoavana vaovao izay nilainy isan'andro** … Ny ohatra nasehony dia antoka fa ny fitalahoana amin-kafanam-po sy am-paharetana amin'Andriamanitra am-pinoana – finoana izay mitarika ho amin'ny fianteherana tanteraka amin'Andriamanitra, sy fanoloran-tena tsy misy fepetra ho amin'ny Asany – dia hanampy amin'ny ahatonga ny fanampian'ny Fanahy Masina ho eo amin'ny olona, ao anatin'ilay ady atao amin'ny ota. »[56]

Raha toa ka zavatra tena nilaina izany ho an'i Jesosy, dia vao maika manan-danja be lavitra izany ho antsika. Ao amin'ny 2 Korintiana 4 :16 dia misy fanambarana mavesa-danja : *« dia havaozina **isan'andro isan'andro** kosa ny toetray anatiny. »*

Mila fikarakarana isan'andro ilay olona ao anaty. Amin'ny fomba ahoana no hitrangan'io fanavaozana isan'andro io ? Araka ny Efesiana 3 :16,17, 19 dia amin'ny alalan'ny Fanahy Masina no hisehoan'izany : « *mba*

---

[55] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p. 827.3
[56] Ellen G. White, Acts of the Apostles (1911), p. 56.1

*homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny,* ***ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo*** *; mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo ... mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra.* »

Noho izany :

- Tena ilaina ny mivavaka isan'andro ho amin'ny fanavaozan'ny Fanahy Masina.
- Vokatr'izany dia mivelona ao anatintsika Kristy.
- Manome hery antsika Izy araka ny haren'ny Voninahiny, ho an'ilay « toetsika anatiny ». Ny herin'Andriamanitra dia hery mihoatra noho ny lalàn'ny natiora, kanefa mety tsy ho tsapantsika izany. Afaka miasa amina hery izay farany kely indrindra Ilay Mpamorona (Ohatra : ireo herin'aratra ao anatin'ny vatantsika. Tsy tsapantsika izany, kanefa raha tsy ao ireo dia maty isika)
- Noho izany dia napetraka tao am-pontsika ny fitiavan'Andriamanitra.
- Ary izany no lalana ho amin'ny fiainana « araka ny fahafenoan'Andriamanitra ». (Jereo Jaona 10 :10 ; Kolosiana 2 :10)

Misy andalan-teny hafa manan-danja izay hita ao amin'ny Efesiana 5 :18 : « … *fa aoka hofenoina ny Fanahy* » Mariho tsara fa mihoatra noho ny torohevitra izany. Baiko avy any ambony izany. Irin'ilay Andriamanitsika ny hiainantsika araka ny Fanahy Masina. Ireo mpahay teny Grika dia milaza fa raha ny marimarimarina kokoa io andalan-teny io dia manao hoe – araka ny filazan'i Johannes Mager : « Aoka ny tenanareo ho fenon'ny Fanahy vaovao foana amin'ny fotoana mitohy sy tsy tapaka. »[57]

Hoy ny Tari-dalana Fianarana Leson'ny Sekoly Sabatantsika : « Ny atao hoe batisan'ny Fanahy Masina dia midika ho eo ambany hery miasa manginan'ny Fanahy Masina tanteraka, 'fenony' tanteraka. Tsy fanandramana indray mandeha miseho izany, fa kosa zavatra izay tokony mitohy sy miverimberina, araka ny hanehoan'i Paoly azy ao amin'ny

[57] Editor Werner E. Lange, Unser größtes Bedürfnis (Lüneburg, 2011), S. 42

Efesiana 5 :18b dia ilay fotoana hampiasana ilay matoanteny Grika 'hofenoina'. »[58]

Io no nosoratany tao amin'ny Efesiana toko fahadimy, na dia nanoratra izao manaraka izao aza izy tao amin'ny toko voalohany, andininy fahatelo ambin'ny folo : « ... *eny, ao aminy koa ianareo, rehefa nino, no nasiana tombo-kase tamin'ny Fanahy Masina araka ny teny fikasana.* » Efa nandray miharihary ny Fanahy Masina ireo Efesiana. Na izany aza anefa dia mbola nilain'izy ireo ny « hohatanjahin'ny heriny amin'ny alalan'ny Fanahiny » sy ny ho « fenoin'ny Fanahy » sy ilay « ho fenoin'ny Fanahy vaovao amin'ny fotoana mitohy sy tsy tapaka. » Ao amin'ny Efesiana toko fahaefapolo andininy faha telopolo izy dia mampitandrina antsika mba tsy hampalahelo na hiteny ratsy amin'ny Fanahy Masina.

Hoy Ellen White : « Tokony ho amin'ny Batisan'ny Fanahy **isan'andro** no tokony hanaovan'ny mpiasa tsirairay fangatahana amin'Andriamanitra. »[59]

« Mba ahafahantsika mandray ny fahamarinan'i Kristy, dia mila voaovan'ny hery miasa manginan'ny Fanahy isan'andro isika, mba hahatonga antsika ho mpiombona amin'ny endrik'Andriamanitra. Asan'ny Fanahy Masina ny manandratra ny faniriana, ny manamasina ny fo, ny manao izay mahamendri-kaja ny mahaolona manontolo. »[60]

Hoy ny Tompo tamin'ny toeran-kafa, tamin'ny alalan'i Ellen White : « Ireo izay voatohin'ny Soratra Masina amin'ny maha feon'Andriamanitra azy, sy maniry hanaraka ny fampianarany, dia tokony hianatra **isan'andro**, handray **isan'andro ny hafanam-po sy ny herim-panahy**, izay efa nomena ny mpino marina tsirairay, tamin'ny nanomezana ny Fanahy Masina. »[61]

---

[58] Tari-dalana Fianarana Leson'ny Sekoly Sabata, 17 Jolay 2014.
[59] Ellen G. White, The Acts of the Apostles (1911), p. 50.2
[60] Ellen G. White, Selected Messages 1 (1958), p. 374.1
[61] Ellen G. White, The Signs of the Times, March 8, 1910, par. 1

Fanampin’izay dia mbola nilaza izy hoe : « Tokony hanara-dia an’i Kristy isan’andro isan’andro isika. Tsy manome fanampiana ho amin’ny rahampitso Andriamanitra. »[62]

Ary tamin’ny boky hafa izy dia nilaza hoe : « Zava-dehibe amin’ny fandrosoantsika ny fiombonana amin’ireo iraka avy any ambony. Mety ho nanana fatran’ny Fanahin’Andriamanitra isika, kanefa amin’ny alalan’ny vavaka sy ny finoana no tokony **hanohizantsika hikatsaka misimisy kokoa ny Fanahy.** »[63]

Nahita ity andalan-teny mampitolagaga ity ihany koa aho : « **Mila vita batisan’ny fitiavana isan’andro** hianao, fitiavana izay hita tamin’ny andron’ny apostoly ka nahatonga azy ireo ho feo iray. »[64]

Maneho amintsika ny Romana 5 :5 fa mitosaka ao am-pontsika amin’ny alalan’ny Fanahy Masina ny fitiavan’Andriamanitra. Toy izany ihany koa no hitantsika ao amin’ny Efesiana 3 :17. Sady batisan’ny fitiavana (fenoin’ny fitiavan’Andriamanitra agape) isan’andro ihany koa ilay batisan’ny Fanahy Masina (fenoin’ny Fanahy Masina) isan’andro. Fanampin’izay, ny Galatiana 5 :16 sy ny Romana 8 :2 dia milaza fa rava ny herin’ny ota vokatr’izany. (Jereo ao amin’ny pejy 143, ao amin’ilay fizarana « Afaka mitoetra ho ara-panahy ve ny olona iray »)



## NY MAHAZAVA-DEHIBE NY FOTOAM-BAVAKA ATAON’NY TENA MANOKANA

Inona no maha-zava-dehibe ny fotoam-bavaka ataon’ny tena manokana raha toa ka zava-dehibe ihany koa ny hileferako isan’andro amin’i Jesosy sy ny hangatahako mba hofenoin’ny Fanahy Masina ?

Ny fotoam-bavaka isan’andro sy ny fankatoavana ny Sabata no fototry ny fiainana ara-panahy.

Efa namaky andininy ao amin’ny Baiboly sy andalan-teny samy hafa isika izay maneho amintsika fa ilay olona anaty dia havaozina isan’andro

[62] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p. 313.4
[63] Ellen G. White, The Review and Herald, March 2, 1897, par. 5
[64] Ellen G. White, Testimonies to the Church (1904), vol. 8, p. 191

isan'andro. **Mitondra hazavana mazava izany ny amin'ny mahazava-dehibe tokoa ny fotoam-bavaka ataon'ny tena manokana isan'andro izay ataontsika.**

Ny fanatitra dorana marain-tsy hariva no fototra fenon'ny fanompoam-pivavahana fiankohofana tao amin'ny tabernakely. Ary tamin'ny andro Sabata dia mbola nisy fanatitra dorana fanampiny ho amin'ny Sabata (Nomery 28 :4,10). Inona no nahazava-dehibe ireo fanatitra dorana ?

« Ny fanatitra dorana dia maneho ny fileferana tanteraka ataon'ny mpanota amin'ny Tompo. Tsy misy na inona na inona hazoniny ho an'ny tenany eto, fa an'Andriamanitra kosa ny zavatra rehetra. »[65]

« Noheverina ho masina ireo ora voatendry amin'ny fanaovana sorona marain-tsy hariva, ary lasa notandremana ho toy ny fotoana fiankohofana ho an'ny firenena jiosy manontolo … Manana ohatra alain-tahaka momba ny fivavahana marain-tsy hariva ny Kristiana ao anatin'io fomba fanao io. Na dia manameloka ny fombafomba fanao tsy misy toe-tsain'ny fiankohofana aza Andriamanitra, dia am-pahafinaretana tokoa no hijereny ireo izay tia Azy, miankohoka marain-tsy hariva mba hitady famelana amin'ireo ota natao sy mitondra ny fangatahany ireo fitahiana ilaina. »[66]

Voamarikao ve fa ny fiankohofana isan'andro dia misy hifandraisany amin'ny Sabata, izay fototry ny fiainam-panahintsika ? Fanampin'izay, mazava ve fa misy hifandraisany amin'ny fileferana isan'andro amin'i Jesosy Kristy izay hasaina amin'ny alalan'ny Fanahy Masina monina ao anatintsika izany ?

Efa noraisinao ho an'ny tenanao ve ilay filamatra ara-panahy manan-danja indrindra dia ny manao an'Andriamanitra ho lahara-pahamehana manoloana ny zavatra rehetra isan'andro ? Hoy Jesosy tamin'ilay Toriteny teo an-tendrombohitra : « *Fa katsaho aloha ny fanjakany*

[65] Fritz Rienecker, Lexikon zur Bibel (Wuppertal, 1964), S. 1017
[66] Ellen G. White, Patriarchs and Prophets (1890), p. 353.3

*sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany.* » (Matio 6 :33)

Ny atao hoe fanjakan'Andriamanitra dia rehefa hianao manana an'i Kristy ao am-ponao ankehitriny. Jesosy endrika hita mason'ny Fanjakan'Andriamanitra (Marka 10 :15 ; Lioka 17 :20-21). Izany no mahatonga ny hoe mila mitolo-batana isan'andro sy mangataka isan'andro ny Fanahy Masina isika mandritra ny fotoana fiankohofana ataontsika. Ny fotoana handraisana ny fanapahan-kevitra dia rehefa isika mijoro eo anoloan'Andriamanitra : Nanana fifandraisana mahavonjy amin'i Kristy ve isika ary nitoetra tao Aminy ve isika ? (Jereo Jaona 15 :1-17) Tsy mba maniry betsaka kokoa ve hianao – mba ho tanteraka kokoa ny finoanao ?

Na iza na iza no manokana fotoana kely na tsy manana mihitsy fotoana mangina hiarahana amin'Andriamanitra, na manao fotoana fiankohofana tsy araka ny tokony ho izy, dia azo antoka fa indray mandeha na indroa isan-kerinandro ihany izy no hatanjahan'ny fiankohofana ataony. Izany dia toy ny olona iray misakafo indray mandeha na indroa fotsiny isan-kerinandro. Moa ve tsy hadalana izany hoe indray mandeha isan-kerinandro ihany hianao no mamahana ny tenanao ? Moa ve tsy midika izany hoe ny Kristiana izay tsy manao fiankohofana no atao hoe araka ny nofo ?

Midika ihany koa izany fa raha mitoetra amin'io toerana io izy dia tsy voavonjy. Rehefa araka ny nofo isika dia midika ho adidy fotsiny ny fiankohofana Kristiana. Rehefa araka ny fanahy isika dia mihalasa ho zavatra ilaina sy fifaliana ny fiankohofana.

Taona maro lasa izay dia namaky ny boky nosoratan'i Jim Vaus mitondra ny lohateny hoe « Jiolahy rain-dahiny aho teo aloha », ny tenako. Mpanao heloka bevava izy ary niova fo. Niaiky tamin'ny fony manontolo ireo otany izy – ohatra : fitenenan-dratsy, halatra, sns. Nanao fanandraman'ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra tamin'ny fomba mahery vaika izy. Nanohina ahy izany. Hoy aho tamin'ny tenako : manao ny zavatra tokony atao aho ny ankamaroan'ny fotoana kanefa tsy mba mandalo fanandramana toy izany. Dia nivavaka tamin'ny Tompo aho avy eo : « Rainay izay any an-danitra, maniry hiaiky ireo otako fantatra rehetra ihany koa aho sy ireo ota rehetra izay mbola hasehonao ahy. Fanampin'izay, hifoha

maraina ora iray mialoha aho hivavaka sy hamaky Baiboly. Dia iriko avy eo ny hahita raha mba hiditra an-tsehatra toy izany eo amin'ny fiainako hianao. »

Deraina Andriamanitra ! Niditra an-tsehatra teo amin'ny fiainako Andriamanitra. Nanomboka teo dia lasa fototry ny fiainako miaraka amin'Andriamanitra ny fotoam-bavaka ataoko isa-maraina, indrindra fa ny hifandraisany amin'ny Sabata.

**Ho voaova hahazo tombotsoa ny fiainantsika amin'ny alalan'ny fileferana isan'andro sy amin'ny alalan'ny fahafenoana amin'ny Fanahy Masina isan'andro. Ho voatahiry sy hamoa be ny fiainam-baovao hiainantsika « ao amin'i Kristy » vokatr'izany. Mandritra ny fotoan'ny fotoam-piankohofana ataontsika manokana no hisehoan'izany.**

## INONA NO AMBARAN'IREO PASITORA ? (FIZARANA 1)

**Tsy manao na inona na inona akory isika**

Mikatsaka vahaolana tsara amin'ny karazany avy isika, kanefa tsy manao na inona na inona akory : angataho ny fahefan'ny Fanahy Masina. Fantatry ny fiangonana ny maha tsy mamokatra azy sy ny fahalemen'ny fikasihany ny olona. Tsapany ihany koa fa tsy eo ny tena fahefany. Eo ampitadiavana an'io fahefana io dia vonona izy ny hanandrana sy hanao ny zavatra rehetra, kanefa ny zavatra iray izay tsy ataony dia ny fikatsahana ny fahefan'ny Fanahy Masina.

M.L.-J., Telos 385

**Miverina amin'ny fitiavana voalohany**

Tamin'ny alalan'ny famenoan'ny Fanahy Masina ny ao anaty dia voasarika aho ho hanao dia mifanakaiky kokoa amin'i Jesosy, ary nanao fanandraman'ny fiverenana ho amin'ny 'fitiavana voalohany' ho an'ny Tompo sy Mpamonjy antsika dia Jesosy Kristy. Nanomboka niseho ireo fiovana manokana tao anatiko, izay avy amin'ny fitoeran'ny Fanahin'Andriamanitra ao anaty irery ihany. Nanomboka nahita hery izay mbola tsy hitako mihitsy hatramin'izay aho teo amin'ny asa fanompoako. D. S.

**Fanomezana avy any an-danitra**

Tena fanomezana avy any an-danitra mihitsy ny votoatin'ilay boky nosoratanao, Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana, ho anao aloha voalohany indrindra ary ho an'ireo mpamaky rehetra koa avy eo. Na dia misy boky izay tena azo ampiharina sy tena lalina ara-panahy aza tonga amin'ny fiangonana tatoato, dia tena miavaka ity boky ity. Tena voaseho amin'ny fomba feno kanefa amin'ny antsipiriany tokoa ny fomba hahatonga ny tena ho fenoin'ny Fanahy Masina. Ireo izay mamaky izany dia tsy afaka ny tsy hanao tombana ny aim-panahiny ary hanapa-kevitra. H. H. 010512

**Nandany fotoana aho tamin'ny fiheverana ny zava-dehibe ho efa miharihary**

Eto am-pamakiana fanintelony ny boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana amin'ny teny Espaniola aho izao. Tonga eo amin'ny fahatsapana manao hoe aho : nandany fotoana amin'ny maha mambran'ny fiangonana sy amin'ny maha Pasitora Advantista ahy aho, tamin'ny fiheverana ny zava-dehibe ho efa miharihary, teo amin'ny fifandraisako tamin'i Jesosy. Tonga teo amiko tamin'ny fotoana manokana teo amin'ny fiainako sy ny asa fanompoako ilay boky. Ny hany azoko tenenina dia hoe miravoravo amin'ny fitahiana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ao amin'ny fiainako aho, amina fomba sy fanandramana tena hafa mihitsy. Lasa zava-misy teo amin'ny fiainako ny lohahevitr'ilay boky. E. L., EE 300319 from USA #92

***« Tsy amin'ny herin-tafika na amin'ny fahatanjahanao no hahatanterahanao andraikitra fa kosa amin'ny Fanahiko, hoy Izaho TOMPOn'izao rehetra izao. »***

***(Zakaria 4 :6 DIEM)***

***Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakozan-kevitra***

*1. Inona avy ireo dingana manan-danja mba ahafahana mitoetra ao amin'i Jesosy ?*

*2. Nahoana no tena ilaina ny fileferana isan'andro eo amin'i Jesosy ?*

*3. Nahoana no tokony hivavaka isan'andro hianao mba hofenoin'ny Fanahy Masina indray ?*

*4. Nahoana no tena manan-danja ny fiankohofana / fotoana manokana iarahana amin'Andriamanitra isan'andro ?*

**Fotoam-bavaka Ataontsika**

- Antsoy ny namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.
- Miaraha mivavaka aminy mba …

1. Hofenoin'ny Fanahy Masina hianao.
2. Hampitomboan'ny Tompo ao anatinao ny fifaliana vokatry ny fiankohofana isan'andro ataonao.
3. Hitomboan'ny toetr'i Jesosy ao aminao.

# Inona no hifandraisan’ny batisa sy ny Fanahy Masina ?

## MIVAVAKA AMIN’NY FANAHY SY NY FAHAMARINANA

Ny fiankohofana amin’Andriamanitra no zava-kendrena lehibe. Ao anatin’ilay hafatra farany avy amin’Andriamanitra ho an’ny taranak’olombelona dia misy idirany amin’ny fiankohofana amin’ny Mpamorona izany, mifanohitra amin’ny fiankohofana amin’ny bibidia (Apokalipsy 14 : 6-12). Ny Sabata (fiankohofana amin’ilay Mpamorona) no famantarana ivelan’ny fiankohofana. Asehon’ny Jaona 4 :23,24 ny toe-tsain’ny fiankohofana ao anaty : « *Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha* ***ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana*** *; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. Andriamanitra dia Fanahy ; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana.* »

Ny atao hoe **mivavaka (na miankohoka) amin’ny fanahy** dia midika hoe mivavaka am-pahatongavan-tsaina, kanefa sady fenon’ny Fanahy Masina ihany koa. **Ny mivavaka amin’ny fahamarinana** kosa dia midika ho mivelona amin’ny fileferana tanteraka amin’i Jesosy, ilay Fahamarinana tonga nofo. Hoy Jesosy : *« Izaho no ... fahamarinana. » (Jaona 14 :6)* Ary midika izany hoe mivelona araka ny Teny sy ny torolalana avy amin’Andriamanitra, satria Izy nilaza hoe : *« Ny Teninao no Fahamarinana. » (Jaona 17 :17)*. Ny Salamo 119 :142 ihany koa dia manao hoe : *« Ary marina ny lalànao. »* Raha toa ka tsy manao fiankohofana marina isika ankehitriny, moa ve tsy tandindomin-doza ho lavo isika amin’ny fotoan-tsarotra iray ? Ho olana lehibe izany ho an’ny Kristiana rehetra araka ny nofo.

Mino aho fa isika rehetra dia maniry ny handroso miaraka amin’ny fanampian’Andriamanitra sy hitombo amin’ny fahalalana. Angamba mety ho sakana tsy nahafahan’ny sasany nandroso ity finoan-diso manaraka ity.

## NY BATISA SY NY FANAHY MASINA

Ny olona sasany dia mihevitra fa fenon’ny Fanahy Masina izy satria natao batisa, ary ara-dalana ny zavatra rehetra ka tsy mila manao zavatra hafa

intsony izy. Hoy ny filazan'i D.L. Moody an'io : « Maro ireo izay mihevitra fa satria nofenoina indray mandeha izy dia ho feno mandrakizay. Ry namako, fanaka mitroka ihany isika ; tena ilaintsika ny mitoetra tsy tapaka eo amin'ilay loharano mba ho feno. »[67]

Hoy Joseph H. Waggoner : « **Voarotsirotsin'ny fandriampahalemana ara-nofo ihany ny mpanota mibebaka isaky ny heverina ho porofon'ny fanomezan'ny Fanahy Masina ny batisa**. Ny batisany ihany no hitokisany ho mariky ny Fahasoavan'Andriamanitra. Ny batisany **fa tsy ny Fanahy ao am-pony** no ho famantarana na 'porofo' ho azy … »[68]

Tsy isalasalana fa fanapahan-kevitra manan-danja ny batisa ary mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra izany. Sady manan-danja tokoa no hitoetra ho tena manan-danja izany. Tsy tokony hitodika hiverina amina tranga tamin'ny lasa anefa isika ho porofon'ny maha-fenon'ny Fanahy Masina antsika. Tokony ho fantatsika androany ary tokony ho fanandramantsika androany ny hoe fenon'ny Fanahy Masina isika.

Nisy olona nandray ny Fanahy Masina mialohan'ny nahavita batisa azy – ohatra : i Kornelio sy ny ankohonany na koa i Saoly. Ny sasany indray nandray ny Fanahy Masina taorian'ny nahavita batisa azy – ohatra : ireo Samaritana na ireo lehilahy 12 tany Efesosy. Mitovy foana ihany anefa izany, na nandray ny Fanahy Masina taloha na mandritra na taorian'ny batisa ny olona iray. Ny tena zava-dehibe dia ny hoe nandray ny Fanahy Masina isika tamin'ny fotoana iray ary manana Azy ao am-pontsika isika ankehitriny. Tsy ny zava-niseho tamin'ny lasa no manan-danja indrindra, fa ny zava-misy ankehitriny – androany !

Hoy Ekkehardt Müller : « Rehefa mitolo-batana tanteraka amin'Andriamanitra isika ho valin'ny nataony mialoha, dia miara-miseho amin'ny fotoana iray ny fahateraham-baovao sy ny batisan'ny Fanahy Masina. Fanampin'izay dia tokony atao an-tsaina fa ny fitoeran'ny Fanahy Masina ao anatin'ny olona iray dia manaraka ny fahateraham-baovao. Tsy

---

[67] D. L. Moody, They Found the Secret, pp. 85, 86; quoted in 10 Days—Prayers and Devotions … by Dennis Smith, p. 23

[68] Joseph H. Waggoner, The Spirit of God (Battle Creek, Michigan 1 877), p. 35f, quoted in Garrie F. Williams, Erfüllt vom Heiligen Geist (Lüneburg, 2007), S. 58

dingana miseho ho azy anefa izany. Tokony havaozina isan'andro ilay fifandraisana. »[69]

Tiako ny hampatsiahy anao indray : mandray ny aina ara-batana isika eo amin'ny fahaterahantsika. Voahazon'ny sakafo isan'andro, ny rano sotroina, ny fampiasam-batana, ny torimaso, sns ny aintsika, raha tsy izany dia tsy ho ela velona isika. Izany lalàna izany ihany koa no mihatra eo amin'ny aim-panahintsika. Mandray aina vaovao amin'ny alalan'ny Fanahy Masina isika, rehefa mitolo-batana tanteraka amin'i Kristy. Voahazon'ny Fanahy Masina, ny Tenin'Andriamanitra, sns ny aim-panahintsika. Hoy Ellen G. White : « Voatahiry amin'ny alalan'ny hery avy any ambony isa-potoana sy isa-minitra ny aina ara-boajanahary ; tsy voahazona amin'ny alalan'ny fahagagana mivantana anefa izany, fa amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fitahiana napetraka eo am-pelatanantsika. Ny aim-panahy ihany koa dia voahazona amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fomba nomen'ilay Mpiahy antsika. »[70]

Na ny aina ara-batana na ny aim-panahy dia samy tsy mitoetra ho azy ao anatintsika. Ilaina ny mampiasa ireo fomba nomen'Andriamanitra antsika.

Izao no hevitr'izany : Rehefa ateraka indray isika dia omena antsika Fanahy Masina mba hitoetra ao anatintsika. Ny ahafahany mitoetra ao anefa dia miankina amin'ny fampiasana isan'andro ireo fitaovana, izay nampiarahan'ny Tompo amintsika. Inona no vokany azontsika antenaina raha toa ka tsy mampiasa ireo « fomba » ireo isika ?

Ny Fanahy Masina no manan-danja indrindra amin'ireo « fomba » ireo. Fanampin'izay dia tena manan-danja ihany koa ny vavaka, ny firaisana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Teniny, ny fandraisana anjara amin'ny fotoam-pivavahana sy ireo zavatra hafa.

Mino aho fa miombon-kevitra isika ny amin'ny hilàna ihany koa ny mikolokolo ilay olona anaty. Raha tsy manao izany isika dia hahita vokany

---

[69] Ekkehard Müller, Die Lehre von Gott: Biblischer Befund und Theologische Herausforderung, Bogenhofen 2010, S. 224
[70] Ellen G. White, The Acts of the Apostles (1911), p. 284.2

mampanenina. Sady tsy afaka ny hihinana mialoha no tsy afaka hanangona mialoha ny fatran'ny Fanahy Masina isika. « Tsy mandrotsaka ny Fanampiany ho amin'ny rahampitso Andriamanitra. »[71]Mino aho fa efa mazava ny hilàna ny fileferana isan'andro amin'i Jesosy sy ny tokony hanasantsika ny Fanahy Masina isan'andro ho eo amin'ny fiainantsika.

**Samy maneho tanjona iray ireo resaka roa ireo – ireo no lafiny roa amin'ny vola madinika iray** ; dia ny fananana fifandraisana ety amin'i Kristy. Manolotra ny tenako ho Azy aho amin'ny alalan'ny fileferana, ary amin'ny alalan'ny fangatahana ny Fanahy Masina no hanasako Azy ho ato am-poko. Ankoatra ireo toko sy andininy ao amin'ny Baiboly hafa, ny 1 Jaona 3 :24 (jereo ihany koa ny Jaona 14 :17, 23) dia maneho amintsika fa velona ao anatintsika amin'ny alalan'y Fanahy Masina Jesosy : *« Ary izao no ahafantarantsika fa mitoetra ao amintsika Izy, dia ny Fanahy Izay nomeny antsika. »*

## IREO FIANTRAIKAN'NY FANAHY MASINA

Rehefa ao anatiko ny Fanahy Masina dia manatanteraka ato anatiko izay nataon'i Kristy Izy. Hoy ny Romana 8 :2, *« Fa ao amin'i Kristy Jesosy ny lalàn'ny Fanahin'aina no nahafaka ahy tamin'ny lalàn'ny fahotana sy ny fahafatesana. ». Romana 8 :4, « mba hahatanteraka ny fahamarinana ilain'ny lalàna amintsika, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy. »* Ilay « lalàn'ny Fanahy » dia azontsika hazavaina ho toy ny fomba izay hiasan'ny Fanahy Masina ao amin'ny fo izay nitolo-batana tanteraka tamin'Andriamanitra. Resaka hery manome aina avy amin'ny Fanahy Masina izany. Ny Fanahy Masina ihany no afaka mamelona ato anatiko izay vitan'i Kristy. Tena tsara ny fanazavan'i Ellen G. White izany : « **Nomena ho toy ny fitaovana manavao indray ny Fanahy, ary raha tsy Izy dia tsy ho azo noraisina ny sorona nataon'i Kristy** … Ny Fanahy no manatanteraka izay nentin'ilay Mpanavotra an'izao tontolo izao. Amin'ny alalan'ny Fanahy no hahatonga ny fo hadio. Amin'ny alalan'ny Fanahy no mahatonga ny mpino ho mpiombona amin'ny endrik'Andriamanitra …

---

[71] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p.313.4

Miandry ny fangatahana sy ny fandraisan'izy ireo ny herin'Andriamanitra. »[72]

Toy izao manaraka izao no fanoritsoritan'i Thomas A. Davis an'io dingana mitohy io : « Midika izany fa miankina amin'ny Fanahy Masina ny fahombiazan'ny asa ataon'i Kristy ho an'ny olona. Raha tsy eo Izy dia mety tsy ho nahomby ny zavatra rehetra nataon'i Jesosy teto ambonin'ny tany – tao Getsemane, teo amin'ny hazofijaliana, ny fitsanganana amin'ny maty ary ny asa fisoronana ataony any an-danitra. Mety ho tsy dia nilaina, toy ny asan'ireo mpitarika lehibe ara-pivavahana na ara-pitondrantena ihany ny vokatry ny asa nataon'i Kristy. Na dia mihoatra lavitra noho ireo aza Kristy, dia tsy afaka namonjy irery ny taranak'olombelona tamin'ny alalan'ny ohatra nasehony sy ny fampianarany fotsiny Izy. Mba ahafahana manova ny olona dia tsy maintsy ho nilaina ny miasa ao anatin'izy ireo. Ny Fanahy Masina no manatanteraka an'io asa io, izay nirahina hanao izany ao am-pon'ny olona, izay no maha-azo heverina ny asa ataon'i Jesosy. »[73]

Moa ve tsy izay fotsiny dia efa antony ampy hijerena akaiky hoe fenon'ny Fanahy Masina ve hianao ? « Rehefa manjaka ao am-po ny fo ny Fanahin'Andriamanitra dia manova ny fiainana. Voaala ireo fisainana feno ota, afoy ireo fanao ratsy ; maka ny toeran'ny hatezerana, ny fialonana ary ny fifandirana ny fitiavana, ny fanetren-tena ary ny fiadanana. Maka ny toeran'ny alahelo ny fifaliana, ary maneho ny taratry ny lanitra ny miseho ivelany. »[74]

Maro ireo vokatra sarobidy hafa avy amin'ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina, lehibe ihany koa anefa ny banga sy ny fatiantoka amin'ny fiainana tsy misy Azy. Mbola horesahina ao amin'ny toko fahaefatra ny mahasamy hafa ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina sy ny tsy misy Azy.

ANDRO 21

## FENON'NY FANAHY MASINA VE AHO ?

[72] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898) pp. 671.2, 672.1
[73] Thomas A. Davis, Als Christ siegreich leben (HW-Verlag), S. 43 / How to be a victorious Christian, R&H.
[74] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p. 173.1

Apetraho amin'ny tenanao ireto fanontaniana manaraka ireto, mahakasika ny maha-fenon'ny Fanahy Masina anao[75] :

- Misy fiantraikan'ny Fanahy Masina hita maso ve eo amin'ny fiainako ? Ohatra, nataony ho zava-misy sy lehibe marina teo amin'ny fiainako ve Jesosy ? (Jaona 15 :16)
- Manomboka mandre sy mahatakatra ny feon'ny Fanahy Masina ao anaty ve aho ? Afaka mitarika ahy eo amin'ireo fanapahan-kevitra lehibe sy madinika eo amin'ny fiainako ve Izy ? (Romana 8 :14)
- Nifoha tato anatiko ve ny karazam-pitiavana vaovao ho an'ireo olombelona namako ? Manome ahy fangorahana sy firaharahiana lalina ny olona ve ny Fanahy, olona izay mety tsy ho safidiako ho namana raha ny mahazatra ahy ? (Galatiana 5 :22 ; Jakoba 2 :8,9)
- Mamerimberina manao fanandramana ny fanampian'ny Fanahy Masina eo amin'ny fifampitondrana amin'ireo namako ve aho ? Omeny ny teny tokony hotenenina ve aho hanatrarana ny fon'ny olona iray izay manana fanahiana sy ahiahy ?
- Manome hery ahy ve ny Fanahy Masina, mba hizarako ny momba an'i Jesosy sy hitarihako ny hafa ho eo Aminy ?
- Fanandramako ve ny mahatsapa ny fanampiany ahy eo amin'ny fiainam-bavako, ary manampy ahy haneho ny fahatsapako lalina indrindra ao am-poko amin'Andriamanitra ve Izy ?

Rehefa mihevitra ny amin'ireo fanontaniana ireo isika dia mahita ny halehiben'ny hilantsika mitombo ao amin'ny Fanahy Masina, ny ahafantarantsika Azy tsara kokoa sy ny hitiavantsika Azy misimisy kokoa.

Hoy ny nosoratan'ny rahalahy iray : namitra-pihavanana izaho sy ny raiko. Rehefa avy nianatra ny boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana sy ireo boky 40 andro andiany voalohany sy faharoa aho, dia nahita fanandramana mahafinaritra ny amin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina. Tena nampientana ahy manokana ny nanandrana ny fomba fiasan'ny Fanahy Masina sy ny faniriany hiasa eo amin'ny lafim-piainako rehetra.

[75] Catherine Marshall, Der Helfer (Erzhausen, 2002), S. 24

## FAMITRANAM-PIHAVANANA TEO AMIN'NY RAY ANANKIRAY SY NY ZANANILAHY

Azo lazaina ho sarotra mandrakariva ny fifandraisako tamin'ny raiko. Hanana fifandraisana tsara kokoa amin'ny raiko, izany no faniriako sy vavaka nataoko nandritra ny fahazazako sy ny fahatanorako. Niharatsy tsikelikely anefa izany. Nandeha ny enina na fito taona avy eo. Nofenoin'Andriamanitra ny banga lehibe tao am-poko. Raha teo am-pandinihana sy nivavaka momba ny Fanahy Masina izaho sy ny vadiko, dia nahita fanandramana goavana betsaka niarahana tamin'Andriamanitra izahay. Nivavaka ho an'ny fianakavianay izahay, indrindra fa ho an'ny raiko. Nandritra io fotoana io no nandraisako hery vao hitia ny raiko indray. Afaka namela ny helony aho, tamin'ny zavatra rehetra izay tsy nandeha tsara teo amin'ny fifandraisanay hatramin'ny fahazazako. Mpinamana izaho sy ny raiko ankehitriny. Nanomboka lasa ara-panahy kokoa izy, ary nanomboka nilaza tamin'ny hafa momba an'Andriamanitra ihany koa. Roa taona izao no lasa, mbola tena tsara ny fifandraisako amin'ny raiko. Misaotra an'Andriamanitra aho amin'izany fanandramana izany. Teo aloha aho dia nahatsiaro tena ho tsy nisy hery sy irery matetika. Hatramin'ny nanombohako nivavaka isan'andro momba ny Fanahy Masina anefa dia manandrana karazam-piainana sy fifandraisana vaovao sy mampitolagaga amin'Andriamanitra aho.

Vavaka : Jesosy Tompo o, misaotra Anao aho fa irinao ny hitoetra ao anatiko amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Misaotra Anao fa amin'ny alalan'ny fileferana isan'andro dia mitombo ny fifampitokisana sy ny fifandraisam-pitiavantsika. Tompo o, ampio aho hahafantatra tsara kokoa ny Fanahy Masina sy ny Asa ataony. Maniry lalina aho hahafantatra hoe inona no tiany hotanterahina ho ahy, ho an'ny ankohonako sy ny fiangonako, sy ny fomba ahafahanay manana toky fa afaka mandray ny Fanahy Masina izahay rehefa mangataka isan'andro. Misaotra Anao ny amin'izany. Amen.

Hoy Ellen G. White : « Nomena an'i Jesosy … tsy misy fatrany ny Fanahy Masina. Toy izany koa hanomezana Azy amin'ny mpanara-dia an'i Kristy tsirairay rehefa ampileferina amin'ny Fitoerany ao anaty ny fo

manontolo. Nanome izao baiko izao ny Tompontsika, 'fa aoka hofenoina ny Fanahy' (Efesiana 5 :18) ; sady fampanantenana ny fahatanterahany io baiko io. Sitraky ny Ray ny 'hitoeran'ny fahafenoana rehetra' ao amin'i Kristy, ary 'ao Aminy no hamenoana anareo'. »[76] Rainay o, mangataka izahay amin'ny anaran'i Jesosy, fenoy izahay *« amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra »* (Efesiana 3 :19).

## FANAZAVANA FANAMPINY MOMBA NY EFESIANA 5 :18 « FA AOKA HOFENOINA NY FANAHY ! »

Hitantsika sahady ao amin'ny andalan-teny amin'ny teny Malagasy fa io antso io dia atao amina endrika matoanteny mandidy. Fanampin'izay dia miantefa amin'ny tsirairay io baiko io. Ary hitantsika ihany koa fa adidintsika ny mikatsaka ny fahafenoan'ny Fanahy Masina. Mbola mazava kokoa anefa ny fanazavan'ny lahatsoratra amin'ny fiteny Grika izay nanoratana azy tany am-piandohana.

Toy izao no fanazavan'i Johannes Mager an'io : « Andalan-teny iray ihany ao amin'ny Testamenta Vaovao no milaza mivantana momba ilay hoe fenon'ny Fanahy Masina : 'fa aoka hofenoina ny Fanahy.' (Efesiana 5 :18) Ao amin'ny bokin'ny Asa isika dia mahita fa ny maha-vonton'ny Fanahy Masina dia fanomezana izay natao ampiasaina amin'ny fomba mahery vaika amina toe-javatra voafaritra mazava. Na izany aza anefa dia amina endrika baiko no hanambaran'i Paoly ny hoe hofenoin'ny Fanahy Masina, izay tsy miankina amin'ny toe-javatra eo amin'ny fiainana ary mihatra amin'ny mpanara-dia an'i Jesosy rehetra. Ahitana endriny manan-danja efatra io baiko fohy kanefa manan-danja io :

1. Amin'ny endrika mandidy no ampiasàna ilay matoanteny 'mameno' (plerein). Tsy manao soso-kevitra na manome torohevitra amina sakaiza i Paoly eto. Tsy manome soso-kevitra izay azon'ny olona iray ekena na lavina izy. Mandidy izy eto amin'ny maha apostoly nomena fahefana azy. Miantso ny sitrapon'ny olona iray mandrakariva ny baiko. Raha fenon'ny Fanahy

[76] Ellen G. White, Thoughts from the Mount of Blessings, p. 20.3

Masina ny Kristiana iray, ny dikan'izay dia miankina betsaka amin'ny tenany izany. **Hiantefan'ny baiko dia ny hiezaka ho fenon'ny Fanahy Masina ny Kristiana.** Andraikitsika amin'ny maha vahoaka antsika ny ho fenon'ny Fanahy Masina.

2. Maneho endrika fahamaroana ny Lazaina eto. Tsy miantefa amin'ny olona iray ao am-piangonana izay manana andraikitra manokana ilay baiko. Ny hoe fenon'ny Fanahy Masina dia tsy tombotsoa ho an'ny olom-bitsy hiangarana manokana. **Mihatra amin'ny rehetra izay isan'ny fiangonana ny antso – na oviana na oviana, na aiza na aiza.** Tsy misy afa-miala amin'izany. Aradalàna ho an'ny Paoly ny tokony hahafenon'ny Fanahy Masina ny Kristiana rehetra.

3. Iharana no endrik'ilay Matoanteny eto. Tsy milaza izy hoe 'Fenoy ny Fanahy ny tenanareo', fa 'aoka ho fenoina ny Fanahy !' Tsy misy olona afaka mameno ny tenany amin'ny Fanahy Masina. Asan'ny Fanahy Masina irery ihany izany. Eto no hisian'ny Fiandrianany. **Afaka mamorona ireo sehatra mba ahafahan'ny Fanahy Masina mameno azy anefa ny tsirairay. Raha tsy eo ny sitrapony miasa dia tsy hiasa ao anatiny mihitsy ny Fanahy Masina**.

4. Amin'ny fotoana ankehitriny ilay matoanteny mandidy amin'ny teny Grika. Io fotoana mandidy ankehitriny io dia manoritsoritra fotoana izay miverimberina tsy tapaka, izay mifanipaka amin'ny fotoana mandidy 'aorista' izay maneho hetsika indray mandeha miserana. Raha izany, ny hoe fenon'ny Fanahy Masina dia tsy fanandramana indray mandeha fa dingana miverimberina sy mivoatra tsikelikely. **Ny Kristiana dia tsy tahaka ny fanaka izay feno indray mandeha mandritra ny fotoana rehetra, fa tokony kosa 'hofenoina indray' tsy tapaka.** Azo lazaina amin'ny fomba toy izao ilay fehezanteny : **'Aoka hianareo ho fenoin'ny Fanahy indray tsy tapaka sy miverimberina !'**

**Ny hoe fenon'ny Fanahy Masina,** izay nomena antsika tamin'ny batisa (batisan'ny rano sy ny Fanahy izay miaraka amin'ny fileferana tanteraka izany), **dia mety ho very raha tsy hazonina ilay fahafenoana izay nomena antsika.** Mbola mety ho hita indray anefa izany raha very. Ny hoe fenon'ny Fanahy dia tsy maintsy averimberina mba ahatonga ny Fanahy

Masina haka toerana eo amin'ny lafim-piainantsika manontolo. Tsy halazo mora foana ny aim-panahintsika vokatr'izany. Ny hoe fenon'ny Fanahy dia tsy midika hoe manana fatra arak'isa mihoatra kokoa ny Aminy isika, fa ny Fanahy kosa no manana misimisy kokoa antsika. **Izay no mahatonga an'i Paoly nanome baiko ny mpino rehetra mba ho fenon'ny Fanahy tsy tapaka.** Izany no toerana ara-dalàna tokony hisy ny Kristiana. Batisa iray saingy 'famenoana' maro. »[77]

**Nomen'ny Tompo Izy Tenany mihitsy ny baiko : ***

Aoka **hofenoin'ny Fanahy in**dray tsy tapaka sy miverimberina hianareo !**

[77] Johannes Mager dia pasitora, evanjelistra ary mpampianatra Teolojia systematika tany amin'ny Oniversite nandritra ny taona maro. Tamin'ny farany izy dia talen'ny departemantan'ny asa fanompoana teo anivon'ny Diviziona Eoro-Afrikana tanny Bern, Soisa (Diviziona Inter-Eoropeana ankehitrin). Efa misotro ronono izy ankehitriny ary monina any Friedensau. Avy amin'ny bokiny mitondra ny lohateny hoe : Auf den Spuren des Geistes, (Lüneburg, 1999) p. 100f ilay andalan-teny

*Ellen G. White, Mount of Blessing, MB 20.3 (egwwritings.org)

** Johannes Mager, Auf den Spuren des Heiligen Geistes (Lüneburg, 1999), S. 101

**Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra**

*1. Inona no hevitr'ilay hoe mivavaka « amin'ny fanahy sy fahamarinana » ?*

*2. Inona no hadisoana ataontsika rehefa miantehitra amin'ny batisan'ny rano natao antsika isika manoloana ilay resaka fahafenoana amin'ny Fanahy Masina ?*

*3. Inona no fiantraikan'ny sorona nataon'i Jesosy eo amin'ny fiainako, rehefa tsy fenon'ny Fanahy Masina aho ?*

*4. « Aoka ho fenoin'ny Fanahy » (jereo ny fanampim-panazavana momba ny Efesiana 5 :18). Inona avy ireo teboka manan-danja efatra izay hita ao amin'ny antso nataon'i Paoly ?*

**Fotoam-bavaka Ataontsika**

- Antsoy ny namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.
- Miaraha mivavaka aminy mba …
    1. Hamenoan'ny Tompo anao amin'ny Fanahiny Masina androany.
    2. Hikatsahantsika aloha isan'andro ny fanjakan'Andriamanitra – izay midika hoe ampileferintsika amin'i Jesosy ny mahaizy antsika manontolo sy izay hananantsika manontolo.
    3. Hanovan'i Jesosy ny fiainantsika.

# TOKO 4 : INONA NO FAHASAMIHAFANA AZONTSIKA ANTENAINA ?

## Inona avy ireo tombony azontsika amin'ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina ?

### FAMPITAHANA NY FIVAVAHANA KRISTIANA ARAKA NY NOFO SY NY ARAKA NY FANAHY

Efa voalisitra amin'ny ampahany ireo vokatry ny fivavahana Kristiana araka ny nofo eo amin'ny olona tsirairay. Ireto manaraka ireto izany :

- Tsy voavonjy ilay olona ao anatin'io toerana io (Romana 8 : 6-8 ; Apokalipsy 3 :16).
- Tsy ao amin'ilay olona ny fitiavan'Andriamanitra – ny fitia Agape (Romana 5 : 5 ; Galatiana 5 : 22) ; miantehitra tanteraka amin'ny fitiavana mahaolombelona azy izy ; tsy voarava ny filan'ny nofo (Galatiana 5 :16).
- Tsy nohatanjahan'ny hery avy amin'ny Fanahy Masina ilay olona (Efesiana 3 :16-17).
- Tsy monina ao anatin'io olona io Kristy (1 Jaona 3 : 24 ; Efesiana 3 : 16,17.)
- Tsy nandray ny hery hijoroana vavolombelona ho an'i Kristy ilay olona (Asa 1 : 8).
- Manao zavatra araka ny fomba maha-olombelona ilay olona (1 Korintiana 3 :3), fomba izay mora miteraka fifaninanana sy tsy fifankatiavana.
- Amin'ny ankapobeny dia sarotra kokoa ho an'io olona io ny mandray fampitandremana.
- Mety ho tsy araka ny tokony ho izy ny fiainam-bavak'izy ireo.
- Fahafaha-manao amin'ny maha-olombelona ihany no hamelana heloka sy tsy hitanana lolom-po.

- Tsy manao fanandraman'ny fiovan-toetra fototra ilay olona (2 Korintiana 5 : 17).
- Resaka fotsiny aminy ny nataon'i Jesosy, tsy zary fiainana ho azy izany (Romana 8 : 1-4).

Indraindray dia manao toy ny olona araka izao tontolo izao ilay Kristiana araka ny nofo. Hoy Paoly : « ... *tsy araka ny nofo va ianareo ka mandeha araka ny fanaon'ny olona ?* » (1 Korintiana 3 :3). Amin'ny fotoana hafa dia toy ny an'ny olona araka ny fanahy ny zavatra ataony, na dia miaina araka ny herin'ny tenany sy ny fahaiza-manaony izy ary toa tena mpivavaka be.

Etsy ankilany, **ny Kristiana araka ny fanahy dia manandrana** ny fahafenoan'Andriamanitra : *« mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny,* ***ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo*** *; mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo, mba hahaizanareo mbamin'ny olona masina rehetra ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary hahavony sy halavany. Ary hahalala ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra noho ny fahalalana,* ***mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra.*** *Ary ho an'izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika, ho Azy anie ny voninahitra ao amin'ny fiangonana sy ao amin'i Kristy Jesosy hatramin'ny taranaka farany indrindra mandrakizay mandrakizay. Amena. »* (Efesiana 3 :16-21)

## VOKA-DRATSIN'NY FIVAVAHANA KRISTIANA ARAKA NY NOFO

Malahelo aho noho ireo fanahy very tao amin'ny fianakaviako sy tao amin'ireo fiangonana izay niasako amin'ny maha Pasitora ahy, vokatry ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina tato amiko. Marina ihany koa amin'io lafiny io fa tsy afaka hitarika an'iza na iza mihoatra noho izay toerana misy antsika isika. Mila mahatsapa ihany koa isika fa ny fahabangan'ny Fanahy Masina ao amin'ny olona iray, ao amin'ny ankohonana iray ary ao amin'ny fiangonana iray dia mitambatambatra ary mihamitombo.

## ANKIZY SY TANORA

Ny Fivavahana Kristiana araka ny nofo no toeram-pikotrehan'ny fiainana Kristiana baranahany. Misy olona miezaka amin'ny fikasana tsara nefa tsy amim-pahalalana, manao izay tsy ho vitany mihitsy ary avy eo mitady lalana hialana amin'izany. Izany ve no antony mahavery ny maro amin'ny tanorantsika ? Naneho ohatry ny fivavahana Kristiana araka ny nofo tao anatin'ny tsy fahalalana ho an'ireo ankizintsika sy ny tanorantsika ve isika ? Vokatr'izay, lasa Kristiana araka ny nofo ve izy ireo ary mitolona amin'ny fahakiviana ? Izany ve no antony mahatonga ny maro tsy mandray am-pahamatorana izany na tsy tonga any am-piangonana na mandao ny fiangonana ?

Vao tsy ela izay, nisy rahalahy efa zokinjokiny iray nilaza tamin'ny fiangonany : « Misy antony ireo olana atrehantsika ankehitriny eo amin'ny fiainantsika sy eo amin'ny fiainan'ireo tanorantsika : Tsy nahomby tamin'ny fahatakarana ny fiasa ary tsy nofenoin'ny Fanahy Masina ny taranaka zokinjokiny kokoa. »[78]

Toy izao no fivakiny ao amin'ny boky 'Henoinareo ny Fanoharana' : « Maro amin'ireo izay mihaino ny fitoriana ny Tenin'Andriamanitra no manao izany ho lohahevitry ny fanakianana any an-tokantrano … Matetika ireny zavatra ireny no ambaran'ny ray aman-dreny ao an-tsofin'ny zanany … Noho izany dia betsaka ireo tanora izay voabe ho tonga tsy mahatoky ao an-tokantranon'ireo izay milaza ny tenany ho Kristiana na Kristiana araka ny nofo. »[79]

Mamelà ahy hampatsiahy anao ny amin'ny vokatry ny maha « matimaty » (fileferana tsy feno amin'i Kristy) : « Ratsy kokoa noho ny olona tsy mahatoky ireo Kristiana amin'ny ampahany ; satria mitaona ny maro haniasia ny teniny feno fitaka sy ny toerana noraisiny tsy am-panolorantena. Maneho ny lokony ny tsy mahatoky. Mamitaka ny andaniny sy ny ankilany ny Kristiana matimaty. Sady tsy olon'izao tontolo izao 'tsara'

[78] Garrie F. Williams, Erfülltsein vom Heiligen Geist – Wie erfahren wir das? (Lüneburg 2007), S. 8
[79] Ellen G. White, Christ's Object Lessons, p. 45.1-46.1

izy no tsy Kristiana mahafatra-po. Ampiasain'i Satana izy hanao asa tsy hain'olon-kafa atao. »[80]

Raha mivelona araka ny fanahy anefa isika dia afaka maneho amin'ny zanatsika ny fomba ahazoana ny hery sy ny fanampian'Andriamanitra. Nilaza zavatra mampitolagaga i Ellen White : « Ampianaro ny zanakareo fa tombotsoa ho azy ireo ny mandray isan'andro ny batisan'ny Fanahy Masina. Aoka ho tanana manampy an'i Kristy hianao, hahatanteraka ny Fikasany. Amin'ny alalan'ny vavaka no ahazoanao fanandramana izay ahatonga ny asa fanompoana amin'ny zanakao ho fahombiazana tanteraka. »[81]

Nampianarinay nivavaka ireo zanakay lahy. Nampianarinay anefa ve izy ireo hivavaka isan'andro ho amin'ny Fanahy Masina ? Sa na izahay aza tsy nahafantatra izany ? Tamin'izany fotoana izany dia tsy nahalala izany izahay mivady. Feno fankasitrahana an'Andriamanitra aho tamin'ny tsy nijereny ny fotoan'ny tsy fahampian'ny fahalalana teo aminay. Manao ahoana anefa ny fatiantoka izay efa nitranga vokatr'izay ?

Ho zaza mahafinaritra manao ahoana re no hananan'ny ray amandreny izay araka ny fanahy rehefa manokan-tena isan'andro ho an'i Jesosy izy ireo ary mivavaka ho amin'ny Fanahy Masina ?

ANDRO 23

## RIVO-PIAINANA – FITIAVANA AVY ANY AMBONY SA MANAO MAHAFINARITRA AMIN'NY HAFA FOTSINY ?

Inona no fahasamihafana entin'izany eo amin'ny rivo-piainan'ny tokantrano sy ny fianakaviana, eo amin'ny fiangonana sy ireo fifandraisana hafa, miankina amin'ny hoe Kristiana araka ny nofo na araka ny fanahy no misy ankehitriny ? Ohatry ny ahoana no hiseho raha toa ka tsy eo ny herin'Andriamanitra hampisy fiainana mahafehy tena, raha tsy eo ny fitiavan'Andriamanitra ary tsy rava ny herin'ny ota ? Mifanohitra tanteraka amin'izany ny fiainana izay ahitana an'ireo rehetra ireo noho ny fahasoavan'Andriamanitra.

---

[80] EGW Letter 44, 1903, quoted in Adventist Bible Commentary, vol.7, p.963 on Rev 3:15-16
[81] Ellen G. White, Child Guidance (1954), p. 69

Manana fironana hanakiana ny Kristiana araka ny nofo « mpitahiry ny fanao mahazatra » (conservateur). Tsy tsara izany. Na dia tsy maintsy miresaka ny amin'ireo torolalana tsara avy amin'Andriamanitra aza isika, dia tokony sady mahatsapa isika fa tsy hitranga ny fiovana ilaina raha tsy avy ao anaty no hiaviany.

Manana fironana tsy dia hiraharaha ny zava-misy ireo « baranahany » (libéral) ary mampifanaraka ny fombany amin'ireo fomban'izao tontolo izao. Samy tsy misy afaka tahian'Andriamanitra ireo roa ireo.

Nahita izao toetoetry ny fiangonana amin'ny ankapobeny manaraka izao i Joseph Kidder : « tsy firehana, fiainana ivelambelany fotsiny, fitiavana an'izao tontolo izao, tsy ampy fahalalan-tanana, harerahan'ireo mpitandrina, adolatsento mandao ny fiangonana, fifehezan-tena malemy, drafitra tsy misy fototra na vokatra marina, tsy fahampiana lehilahy mahery sy manolo-tena efa ela. »[82]

Ny anton'ny olantsika dia ny tsy fahampian'ny firaisantsika amin'i Jesosy (Jaona 15 :1-5) sy fitokisana be loatra amin'ny ezaka ataon'olombelona (Zakaria 4 :6). Ny fiainana fenon'ny Fanahy Masina (Asa 1 :8) ihany koa no vahaolana hitan'i Kidder.

Nanome antsika didy vaovao Jesosy *: « 34 Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo ; eny, aoka ho tahaka ny fitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. 35 Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia. »* (Jaona 13 :34,35)

Ny atao hoe tia tahaka ny nitiavan'i Jesosy dia midika hoe tia amin'ny fitiavana avy any ambony (agape). Tsy afaka manao izany isika raha tsy fenon'ny Fanahy Masina.

« Ny fitiavana ambony indrindra an'Andriamanitra sy ny fifankatiavana tsy miharo fitiavan-tena – izany no fanomezana tsara indrindra azon'ny Raintsika izay any an-danitra arotsaka. Tsy fihetseham-po vokatry

[82] Dr. S. Joseph Kidder, Anleitung zum geistlichen Leben (Andrews University), PPP Folie 3+4

ny fahatairana izany fitiavana izany fa filamatra avy any ambony, hery maharitra ela. Ny fo izay tsy nanolo-tena (ny rehetra izay tsy fenon'ny Fanahy Masina) dia tsy afaka mamokatra na mampisy izany. Ao amin'ny fo izay hanjakan'i Jesosy ihany no ahitana izany. »[83]

Mino aho fa fa misy fahasamihafana goavana eo amin'ny hoe manao « mahafinaritra » amin'ny hafa fotsiny sy ny fandehanana mihoatra noho izany ary ny mitia amin'ny fitiavan'Andriamanitra. Manome antsika famantarana manan-danja an'izany i Ellen G. White : « Amin'ny alalan'ny fitondrana ny firavaky ny fanahy tsotra sy tony dia ho voavaha ny sivy ambin'ny sivifolo isan-jaton'ireo olana izay mampahangidy tokoa ny fiainana. »[84]

Ny Tenin'Andriamanitra dia miresaka momba ny fiainam-panambadiana ao amin'ny 1 Tesaloniana 4 :3-8. Ankoatr'ireo zavatra hafa, ireo andininy ireo dia milaza ny amin'ny fiainana ao anatin'ny fahamasinana sy ny fifanajana ao anatin'ny tokantrano. Mifanipaka amin'ny filan-dratsy miredareda teo amin'ny Jentilisa izany. Koa satria intelo izany no miresaka ny amin'ny fiainan'ny fanamasinana sy ny mila hananana ny Fanahy Masina dia hitantsika fa ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina dia afaka sy tokony hanova ny fifandraisam-panambadiantsika ihany koa. Nirin'Andriamanitra ny hananantsika fifaliana lehibe sy fahafaham-po eo amin'ny fiainam-panambadiantsika. Moa ve tsy maneho amintsika izany fa irin'Andriamanitra ny hanampy antsika hifampitondra amin-tambitamby feno fitiavana fa tsy amin'ny filan-dratsy ?

Nivavaka ho an'ny firaisan-kinan'ireo mpianany Jesosy : *« mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao, mba ho ao amintsika koa izy ; mba hinoan'izao tontolo izao fa Hianao no naniraka Ahy. »* (Jaona 17 :21)

Hoy William G. Johnsson : « Advantista maro no mbola mila mahatakatra ny hevitry ny hoe iray amin'i Kristy. Tamin'ny lasa dia azo

[83] Ellen G. White, Acts of the Apostles (1911), p. 551.2
[84] Ellen G. White, Testimonies for the Church, vol. 4, p. 348.3

antoka fa tsy mba nasiantsika lanjany loatra izany, na tamin'ny fomba diso no nanazavana izany. »[85]

Ao anatintsika Kristy rehefa fenon'ny Fanahy Masina isika. Ny Fivavahana Kristiana araka ny fanahy dia mitondra anjara biriky amin'ny hahazoantsika valiny avy amin'ny Tompo amin'ireo vavaka ataontsika. Hoy Ellen G. White : « Rehefa iray ao amin'ny Fanahy ny vahoakan'Andriamanitra dia ho voaroaka ao amin'ny fon'ny rehetra ny toetsain'ny Fariseo rehetra sy ny fanamarinan-tena rehetra izay fahotan'ny firenena Jiosy … Hampahafantarin'Andriamanitra ny zava-miafina izay voaafina nandritra ny taona maro ary hampahafantariny ireo 'haren'ny voninahitr'ity zava-miafina ity any amin'ny jentilisa, dia Kristy ao anatinareo, Izay fanantenana ny voninahitra'. (Kolosiana 1 :27) »[86]

## NY MAHA SAMY HAFA NY FAMELAN-KELOKA SY NY AFAKA AMIN'NY RATRAM-PO

Nahazo izao taratasy manaraka izao ny tenako : « Niasa mafy tokoa aho nanao dingana mba hamela marina ny raiko, ary nihevitra aho fa efa nandroso tao anatin'izany. Rehefa mamaky ny boky (Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana) aho dia nasehon'ny Fanahy Masina ahy ny lolom-po lalim-paka izay noheveriko fa efa noreseko. Matetika loatra isika no mifikitra amin'ny lolom-po mba hanamarinana fa nisy zava-dratsy natao tamintsika. Nianatra aho anefa fa mila avelantsika mandeha ireny fihetseham-po ireny raha irintsika ny handray ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny fahafenoany. Tsy maintsy nanapa-kevitra aho hamela azy ireny handeha. Noho ny fahasoavan'Andriamaitra dia voasarika ny foko hangoraka ny raiko izay toa olom-bery ary nanomboka nivavaka amin-kafanam-po ho amin'ny famonjena azy aho. Tsy ela taorian'izay dia niantso ny anabaviko ny raiko ary nilaza taminy tamin-dranomaso hoe 'tia ahy Jesosy, tia ahy Jesosy'. Nozarainy taminy fa namaky ny Filazantsaran'i Jaona izy ary voakasika lalina tamin'ilay hoe Jesosy maty ho azy. Izay rehetra nahalala azy dia samy nilaza hoe : 'Tena tsy izy mihitsy no andeha hanao toy izao !' Novalian'Andriamanitra tamin'ny fomba mahagaga ny vavaka nataoko. »

---

[85] William G. Johnsson, Adventgemeinde in der Zerreißprobe (Lüneburg 1996), S. 118
[86] Ellen G. White, Selected Messages, book 1 (1958), p. 386.1

« Ny Kristiana araka ny nofo izay tsy manana na tsy ampy ny Fanahy Masina, dia tsy manana afa-tsy fahafaha-manao maha-olombelona hamela heloka sy tsy hitazona lolom-po. Manome antsika famelan-keloka sy fahafahana feno ny Fanahy Masina, ary ny fahafahana mitia izay namely antsika. »[87]



## FAMPAHEREZANA SY FANITSIANA

Mba hisy tombony ve ny fampaherezana sy ny fanitsiana raha toa ka tsy araka ny fitiavan'Andriamanitra no hanatanterahana azy ? Inona no fanapahan-kevitra horaisin'ny fiangonana raha toa ka Kristiana araka ny nofo no mameno ny ankamaroany na koa ny Pasitora na ny Filohan'ny Federasiona mihitsy no araka ny nofo ? Raha miverina mieritreritra ny amin'ny asako tamin'ny maha Pasitora ahy aho dia tsapako fa ny mambran'ny fiangonana araka ny fanahy dia afaka mamerina ireo mambra lavo amin'ny toerana tokony ho izy. Ary rehefa mibebaka sy miaiky heloka ilay olona dia tratra ny tanjon'ny fampaherezana. Indraindray ny Kristiana araka ny nofo dia mampiasa ny fampaherezana sy fanitsiana ho toy ny sazy ary mampiasa tsy araka ny tokony ho izy izany mba hampiharana fahefana (Matio 18 : 15-17 ; 1 Korintiana 3 : 1-4 ; 2 Korintiana 10 : 3 ; Joda 19).

## NY TENY FAMINANIAN'ANDRIAMANITRA HO AN'NY ANDRO FARANY

Manana fahazarana manambara ny fivoarana manan-danja Andriamanitra amin'ny alalan'ireo Mpanompony (Amosa 3 :7). Nanome hafatra ara-paminaniana manan-danja ho an'ny andro farany Izy tamin'ny alalan'i Ellen White. Koa satria ho betsaka ny zavatra tsy hitovy tamin'ny zava-nisy tamin'ny fotoan-dasa, dia zava-dehibe sy ilaina ny manana fahalalana fanampiny sy ilaina eo amin'ny fiainana andavanandro avy amin'Andriamanitra. « Mise à jour » (na fampifanarahana amin'ny zava-misy ankehitriny) no hiantsoana izany amin'izao fotoana. Araka ny voalazan'i Ellen White, tena ilaina eo amin'ny fiainana andavanandro ireo hafatra ireo mandra-piavin'i Jesosy indray. Koa satria ahitana fiovan'ny fomba fiaina, fananarana, fampitandremana, sns ny torolalana omeny, ny

[87] Excerpt from the General Conference Prayer Letter Number 148)

olona araka ny fanahy no afaka mandray mora foana izany noho ny olona araka ny nofo. (Tsy hoe rehefa mandray am-pahamatorana ireo torolalana ireo akory ny olona iray dia midika ho azy hoe araka ny fanahy izy.) Fahendrena ny misaintsaina ireo teny ao amin'ny Deoteronomia 18 :19 : « *Ary izay rehetra tsy mihaino ny teniko, izay holazainy amin'ny anarako, dia Izaho no hitsara azy.* »

Maneho amintsika mazava izany fa ny hafatra avy amin'ny mpaminany marina dia tsy misy idirany amin'ny momba an'io olona io fa momba an'Andriamanitra mihitsy. Ahoana no ahafantarantsika fa mpaminany marina ny olona iray ? Teboka fitsapana dimy no omen'ny Tenin'Andriamanitra antsika. Tsy maintsy mahafeno an'ireo fepetra dimy rehetra ireo ny mpaminany marina.

1. Ny fomba fiainany – « *Ny voany no hahafantaranareo azy*. » (Matio 7 :16)

2. Fahatanterahan'ny faminaniana : Deoteronomia 18 :21-22 (afa-tsy ireo faminaniana misy fepetra – ohatra : Jonà.)

3. Miantso ny fahatokiana amin'Andriamanitra (Tenin'Andriamanitra) (Deoteronomia 13 :1-5).

4. Manaiky an'i Jesosy ho persona tena nisy sy Andriamanitra marina (1 Jaona 4 :1-3)

5. Mifanaraka amin'ireo fampianaran'ny Baiboly (Jaona 17 :17).

Natao hahasoa antsika ny didin'Andriamanitra rehetra, ao anatin'izany ny Torolalana omeny amin'ny alalan'ireo mpaminany. Izay no mahatonga an'ireo ho tena sarobidy tokoa. Izay no mahatonga ny hoe afaka mankato amin'ny herin'Andriamanitra am-pifaliana ireo olona araka ny fanahy, ary mahafantatra fa mitondra ho amin'ny fahombiazana eo amin'ny fiainana izany. « *Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra ianareo ;* ***minoa ny mpaminaniny, dia hambinina ianareo***. » (2 Tantara 20 :20b)

Toy izao manaraka izao no voalazan'ny tari-dalana fianarana leson'ny Sekoly Sabatantsika mahakasika ny fifandraisan'ny fiainana

miaraka amin'ny Fanahy Masina sy ny tenin'ny mpaminany marina : « Na iza na iza no mandà ny teny faminaniana dia manakatona ny tenany amin'ny torolalan'ny Fanahy Masina. Tsy hafa noho ny tamin'ny teo aloha ny vokatra ankehitriny – fahaverezan'ny fifandraisana amin'Andriamanitra sy fisokafana amin'ireo hery miasa mangina ratsy. »[88]

Nahoana ary no toy izany ? Afaka manome antsika ny Fanahy Masina ve ny Tompo raha mandà fanomezana anankiray avy amin'ny Fanahy Masina isika – dia ny tenin'ny faminaniana ?

**FANAOVANA DRAFITRA / PAIK'ADY**

Anjara asa manan-danja ny mikatsaka vahaolana sy fomba fiasa tsara hanatanterahana ny asan'ny fiangonana sy ny iraka. Resaka drafitra sy paik'ady ataontsika izany. Misy hifandraisany amin'ny fanatanjahana ny fiangonana ara-panahy sy ny fahazoana fanahy betsaka kokoa izany.

Efa 65 taona izao no nahavita batisa ahy ary 43 taona no naha Pasitora ahy. Betsaka ireo programa sy fomba fiasa izay novolavolaintsika. Tena niasa be isika. Ao anatin'izany tontolon-kevitra izany indrindra no ahatsiarovako ireo tenin'i Dwight Nelson tamin'ny Fivoriam-be Fiheverandraharahan'ny Foibe Maneran-tany tamin'ny taona 2005.

« Namolavola endrika, drafitra sy programa tamin'ny fahafenoany tokoa ny fiangonantsika, kanefa raha tsy miaiky ny maha bankiropitra ara-panahy (tsy fahampian'ny Fanahy Masina) antsika isika – izay nahazo ny maro amin'ireo pasitorantsika sy mpitarika antsika, dia tsy hihoatra ny Fivavahana Kristiana fombafomba fotsiny na oviana na oviana isika. »[89]

Toy izany ihany koa no nambaran'i Dennis Smith amin'izao manaraka izao : « Tsy hoe manohitra ny drafitra, ny programa ary ny fomba fiasa aho. Matahotra anefa aho satria matetika isika no miantehitra amin'ireny zavatra ireny entina hampandrosoana ny asan'Andriamanitra. Tsy hahavita ny asan'Andriamanitra ny drafitra, programa ary fomba fiasa. Tsy hamita ny asan'Andriamanitra ireo mpandaha-teny malaza, ireo antsan-kira Kristiana

[88] Studienanleitung Standardausgabe, Philip G. Samaan, 10.11.1989, to question 8
[89] Helmut Haubeil (Hrsg.), Missionsbrief Nr. 34, (Bad Aibling, 2011) p. 3

mampitolagaga, na ireo fandaharana mandeha amin'ny zana-bolana. Ny Fanahin'Andriamanitra no hamita ny asa – ny Fanahin'Andriamanitra izay miteny sy manompo amin'ny alalan'ny lehilahy sy vehivavy feno ny Fanahy. »[90]



## BATISA SY FAMONJENA FANAHY

Mampiseho amintsika ny Baiboly fa ny Fanahy Masina dia fepetra takiana mialoha tena manan-danja amin'ny fahazoana fanahy ho an'i Kristy (jereo ny bokin'ny Asa). Any Alemaina dia misy fiangonana vitsivitsy etsy andaniny izay mitombo, ary misy fiangonana vitsivitsy koa etsy ankilany izay tsy mitombo na mihamihena mihitsy aza. Maneran-tany dia nitombo avo 20 heny ny isan'ny mambran'ny fiangonantsika tao anatin'ny 60 taona. Maro ireo antony izay azontsika tanisaina momba an'io toe-javatra any Alemaina io. Zavatra tokana anefa no mazava amiko : ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina no antony lehibe. Nampiasa saina antsika tokoa io olana io. Namolavola sy nandrindra drafitra sy programa maro isika. Hitantsika fa ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina amin'izao ezaka lehibe izao dia nitarika fahaverezam-bola sy fotoana satria nandeha tamin'ny lalana tsy nilaina na tsy nahomby isika. Andalan-teny roa avy amin'i Ellen G. White no maneho an-tsary an'io toe-javatra io : « Tsy miasa hitondra fanahy maro amin'ny fahamarinana ankehitriny ny Tompo, noho ireo mambran'ny fiangonana izay tsy mbola niova fo sy ireo izay niova fo fahiny kanefa niverin-dalana. Hery miasa mangina manao ahoana no mety hananan'ireo mambra tsy nanolo-tena ireo (Kristiana araka ny nofo) amin'ireo vao niova fo ? »[91]

« Raha manetry tena eo anatrehan'Andriamanitra isika ka malemy fanahy sy mahalala fomba sy mora fanahy ary mangoraka ny hafa, dia hisy fiovam-po ho amin'ny fahamarinana zato amin'izay tsy misy afa-tsy anankiray. »[92]

Manao batisa olona izay tsy ampy fiomanana ihany koa isika indrindra indrindra. Hoy Ellen G. White : « Fanandramana mahalana ny

---

[90] Cennis Smith, 40 Days—Prayers and Devotions to Prepare for the Second Coming (Wien, 2012), p. 88

[91] Ellen G. White, Testimonies for the Church, vol. 6 (1901), p. 370.3

[92] Ellen G. White, Testimonies for the Church, vol. 9 (1909), p. 189.4

fahateraham-baovao amin'izao vanin'andro izao eo amin'izao tontolo izao. Izany no antony mampisy korontana maro ao anatin'ny fiangonana. Maro tena maro ireo izay milaza tena ho an'i Kristy nefa tsy voamasina sy tsy manana fahamasinana. Natao batisa izy ireo kanefa nalevim-belona. Tsy maty ny izaho, ary tsy nitsangana ho amin'ny fiainam-baovao ao amin'i Kristy izy ireo. »[93]

Tamin'ny taona 1897 no nanoratana io teny io. Manao ahoana ny toe-javatra ankehitriny ? Ny olana dia izao : na iza na iza no tsy nateraka indray dia tsy nofenoina ny Fanahy Masina. Hoy Jesosy : *« Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy. »* (Jaona 3 : 5) Tsy marina ve fa hitantsika amin'ny lafiny rehetra mihitsy ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina ?

## NY FANAHY MASINA SY NY FITORIAN-TENY

Izao manaraka izao no ambaran'Andriamanitra amintsika momba ny hevitry ny Fanahy Masina sy ny fitorian-teny : « Tsy misy heviny ny fitorian-teny raha tsy eo ny fanatrehana sy ny fanampian'ny Fanahy Masina. Izy no hany mpampianatra mahomby amin'ny fampitana ny fahamarinana avy any ambony. Ny fahamarinana izay entin'ny Fanahy ao am-po ihany no hanafaingana ny feon'ny fieritreretana sy hanova ny fiainana. Mety misy olona iray izay afaka maneho ny soratra ao anatin'ny Tenin'Andriamanitra, mety mifankazatra amin'ireo didy sy fampanantenana ao anatiny ; raha tsy mametraka ao am-po ny fahamarianana anefa ny Fanahy Masina dia tsy hisy fanahy izay hianjera eo amin'ilay Vatolampy sy hopotipotehana. Tsy misy fatrana fitahiana na tombotsoa, na lehibe manao ahoana aza, izay afaka ny ho fantson'ny hazavana raha tsy eo ny fiaraha-miasa amin'ny Fanahin'Andriamanitra. »[94]

Tsy mandritra ny toriteny ihany no hisian'ny fitoriana ny Teny, fa mandritra ny fanofanana, ny fampianarana Baiboly, ny vondrona hanoroana hevitra na ireo fomba hafa.

[93] Ellen G. White, MS 148 (1897)
[94] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p. 671.4

Hoy Randy Maxwell : « Ny marina anefa dia izao, matin'ny hetahetan'ny fifampikasohana amin'ilay Andriamanitra velona isika ! »[95]

Mahatonga antsika hatahotra ihany koa ve ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina ? Marina tokoa ny nambaran'i Emilio Knechtle raha hoy izy : « Nahoana isika no tsy mahomby amin'ny fampitsimbadihana ambony ambany an'ity izao tontolo izao efa simba ity ? Nisy zavatra tsy nandeha araka ny tokony ho izy teo amin'ny faharesen-dahatsika. Matahotra fifandonana, matahotra fahasimbana, matahotra fotoan-tsarotra, matahotra ny ho very asa, matahotra ho ratsy laza, matahotra ny ho faty isika, ka dia mangina sy miafina. Matahotra ny hitory ny filazantsara amin'izao tontolo izao amin'ny fomba feno fitiavana kanefa mahery vaika isika. »[96]

Ao amin'ny Asa 4 :31 no ahitana ny vahaolana amin'io olana io : *« Ary rehefa nivavaka izy, dia nihovitrovitra ny trano izay niangonany ; dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana. »*



## NY FANAHY MASINA SY IREO BOKINTSIKA

Izao no voambara momba ireo bokintsika : « Raha miaraka amin'ny mpanoratra ny famonjen'Andriamanitra dia ho tsapan'ny mpamaky ihany koa izany fanahy izany. Ny asasoratra izay nosoratana teo ambany fitarihan'ny Fanahin'Andriamanitra dia ankasitrahan'ny anjely ary ametrahany diany eo amin'ny mpamaky. Amin'alahelo kosa no ahatsapan'ny anjely ny tsy fahampiana, amin'ireo asasoratra izay nosoratana mpanoratra tsy mivelona tanteraka ho voninahitr'Andriamanitra, tsy nanokan-tena tanteraka ho Azy. Miodina izy ireo ary tsy manohina ny mpamaky izany satria tsy ao anatiny Andriamanitra sy ny Fanahiny. Tsara ny teny ao saingy tsy ampy ny hery miasa mangina mafana avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra. »[97]

---

95 Randy Maxwell, If my people pray (Pacific Press, 1995), p. 11
96 CD Die letzte Vorbereitung, Teil 6
97 Ellen G. White, PH 016, p. 29.1

**Inona no hevitra azontsika raisina eto mahakasika ny fizarana ireo asasorantsika ?**

Averiko indray : tsy hoe diso daholo akory ny zavatra rehetra nataontsika. Tsy izany velively. Namolavola zavatra tsara sy tena tsara isika : Azo antoka fa nitahy ireo ezaka maha-olombelona nataontsika araka izay azo atao Andriamanitra. Ny fanontaniana manan-danja anefa dia hoe : Amin'ny maha Kristiana araka ny fanahy sa araka ny nofo no nanatanterahantsika ireo adidintsika ireo ? Zavatra tokana no azo antoka : Rehefa miady mafy mba hahita vahaolana miainga amin'ny fototra araka ny nofo isika dia handany fotoana amin'ny zavatra tsy misy antony ; hahavita asa betsaka izay tsy hisy heviny akory isika.

## Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra

*1. Inona avy ireo voka-dratsin'ny Fivavahana Kristiana araka ny nofo ?*

*2. Nahoana no tena olana tokoa ilay hoe « matimaty » ?*

*3. Inona no fatiantoka ho antsika raha tsy raisintsika am-po tokoa ny hafatra avy amin'ny mpaminany marina iray ?*

*4. Nahoana ny Fanahy Masina no tena manan-danja eo amin'ny toritenintsika, ny asasorantsika ary ireo haino aman-jerintsika ?*

## Fotoam-bavaka Ataontsika

- Antsoy ny namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra
- Miaraha mivavaka aminy mba …

1. Hamenoan'ny Tompo anao amin'ny Fanahiny Masina androany.
2. Hahatsapantsika amin'ny fahafenoany fa miteny amintsika manokana Andriamanitra amin'ny alalan'ireo mpaminany marina.
3. Tsy hanadinoantsika fa ny fitorian-teny tsy misy Fanahy Masina dia tsy mitondra afa-tsy vokatra amin'ny maha-olombelona fotsiny.

## Inona no fatiantoka ho antsika raha tsy mivavaka ho amin'ny Fanahy Masina isika ?

### NY FANAHY MASINA : TSY MISY RANONORANA VOALOHANY, TSY MISY RANONORANA FARANY

« Ny ranonorana voalohany, ilay hoe fenon'ny Fanahy Masina, dia mitondra ho antsika ny fahamatorana ara-panahy ilaina, izay tena zava-dehibe mba ahazoantsika tombotsoa amin'ilay ranonorana farany. »[98]

« Ny ranonorana farany izay mampahatoy ny vokatra hojinjaina eto an-tany dia maneho ny fahasoavana ara-panahy izay manomana ny fiangonana amin'ny fiavian'ilay Zanak'olona. Raha tsy nirotsaka anefa ny ranonorana voalohany dia tsy hisy ny aina ; tsy hitsimoka ny ahi-maitso. Raha tsy nahatanteraka ny asany ny ranonorana voalohany dia tsy hitondra voa na ny iray aza ho amin'ny fahatanterahana ny ranonorana farany. »[99]

### NY FANAHY MASINA SY NY FANAMASINANA ARAKA NY BAIBOLY

« Amin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy ihany no hahatanteraka an'io asa io (fanamasinana araka ny Baiboly), amin'ny alalan'ny fitoeran'ny Fanahin'Andriamanitra ao anaty. »[100]

### ASA FAMITANA IRAKA LEHIBE TSY MIARAKA AMIN'NY FANAHY MASINA ?

Afaka ny ho voavolavola ve ireo ivon-toerana lehibe, ireo programa kaoferansa mahomby ary ireo paik'ady mahery vaika momba ny iraka, raha tsy eo ny Fanahy Masina ? Fantatr'i Andrew Murray (misionera malaza any

[98] Dennis Smith, 40 Days—Prayer and Devotions to Revive Your Experience with God, book 2 (Vienna, 2013), p. 175
[99] Ellen G. White, The Faith I live By (1958), p. 333.3
[100] Ellen G. White, The Great Controversy (1911), p. 469.3

Afrika Atsimo) tsara fa tena mety hisy io sary io, ary tena zava-misy eo anivon'ny tontolo Kristiana raha nanoratra izy hoe :

« Mety hitoriteny na hanoratra na hieritreritra na hisaintsaina na hiravoravo amin'ny fiandraiketana ireo zavatra momba ny Bokin'Andriamanitra sy ny Fanjakan'Andriamanitra aho, kanefa mety tsy manatrika eo akory ny Fanahy Masina. Manahy aho hoe raha mitoriteny manerana ny Fiangonan'i Kristy hianao ary manontany tena hoe nahoana no zara raha misy hery manova fo toy izany ao amin'ny fitoriana ny Teny, indrisy ! Nahoana no misy asa betsaka kanefa zara raha misy fahombiazana ho amin'ny mandrakizay, nahoana no zara raha misy hery ny Teny, hanamafisana orina ny mpino amin'ny fahamasinana sy ny fanoloran-tena – ho avy ny valiny izay tsy inona fa ny tsy mahaeo ny herin'ny Fanahy Masina. Nahoana no toy izany ? Tsy misy antony hafa ankoatry ny hoe nalain'io herin'ny nofo sy herin'olombelona io ny toerana izay an'ny Fanahy Masina. »[101]

## NY FANAHY MASINA SY NY FAHASALAMANA

*« Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy* mety hataonareo izany. »* (Romana 12 :1)

*«Tsy fantatrareo va fa tempolin'Andriamanitra ianareo, ary ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra no anatinareo ? Raha misy manimba ny tempolin'Andriamanitra, dia mba hosimban'Andriamanitra kosa izy ; fa masina ny tempolin'Andriamanitra, dia ianareo izany*. »* (1 Korintiana 3 :16,17)

*« Ahoana ary ? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin'Andriamanitra ? ka tsy tompon'ny tenanareo ianareo. Fa olom-boavidy ianareo, koa dia*

[101] Randy Maxwell, If My People Pray (Pacific Press 1995), p. 14

ANDRO 27

*mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo. » (*1 Korintiana 6 :19,20 ; jereo ihany koa Eksodosy 15 :26)

Tempolin'Andriamanitra ny olona izay fenon'ny Fanahy Masina. Efa mba nijanona kely ve hianao ary nandinika ny mety ho fiantraikan'izany eo amin'ny fiainanao ? Ny atao hoe tempoly dia toerana fonenan'Andriamanitra. Hoy Andriamanitra tamin'i Mosesy : *« Ary asaovy manao fitoerana masina ho Ahy izy, dia honina eo aminy Aho. »* (Eksodosy 25 :8)

Raha raisintsika am-pahamatorana izany fanambarana izany dia ho tonga ampahany iniana atao amin'ny maha-mpianatra antsika ny fikolokoloana ny fahasalamana sy ny fomba fiainantsika. An'Andriamanitra ny tenantsika. Irinao ve ny hitandrina amin'ny fikirakirana ny fananan'Andriamanitra ? Eny, irintsika ny hitondra ny tenantsika am-pitandremana sy mifanaraka amin'ny toromarika avy amin'Andriamanitra ! Mitaky fatran'ny fifehezan-tena izany. Ny olona iray izay fenon'ny Fanahy Masina dia afaka sy hampihatra am-pifaliana mandrakariva an'io fifehezan-tena io. Fahasalamana tsara kokoa ho an'ny vatana, ny fanahy ary ny saina no valim-pankasitrahana amin'izany. Ny olona iray izay tsy fenon'ny Fanahy Masina dia hiady sy hijaly noho ireo fatiantoka azo. Irin'Andriamanitra ny hanolokoloantsika ny fahasalamana tsara indrindra ho an'ny tena sy ny saintsika ho an'ny Voninahiny, ny Fanompoana Azy, ary ho fifaliantsika manokana. Tsy misy azo hanoloana ny hoe fenon'ny Fanahy Masina ihany koa amin'io lafiny io. Rehefa velona ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina Jesosy, dia Izy ihany koa no *« Jehovah Izay mahasitrana anao » (*Eksodosy 15 :26). Ny fanasitranana dia miseho mandrakariva amin'ny fomba izay tsara indrindra ho an'ilay olona voakasika sy ho voninahitr'Andriamanitra ihany koa. Izany no mampisy ilay fanontaniana hoe : Manasitrana ny olona rehetra ve ilay dokotera avy any ambony ?

« Nisy vehivavy Kambodiana izay mpitsoa-ponenana tonga tao amin'ny hopitalin'ny misiona, izay sady toby fialofana ho an'ireo mpitsoa-ponenana tany Thailande. Nanao fitafy Bodista izy. Nangataka ny horaisin'ilay Dokotera antsoina hoe Jesosy izy. Noho izany dia nambaran'izy ireo taminy ny momba an'i Jesosy. Nametraka ny fitokisany Taminy izy ary

voasitrana ara-batana sy ara-panahy. Rehefa afaka niverina tany Kambodia izy dia afaka nahazo fanahy 37 ho an'i Kristy. »[102]

Nandefa hafatra tamin'ny mpanjaka mahatoky Hezekia ny Tompo nandritra ny fotoana naharariany : *« Indro, hahasitrana anao Aho. »* (2 Mpanjaka 20 :1-11) Nahoana anefa no tsy nositranin'ny Tompo tamin'ny teny izy, fa mbola nomeny andraikitra hametaka ny ampempan'aviavy tamin'ny fery ? Mety ho irin'ny Tompo angamba ny fandraisana anjarantsika amin'ny alalan'ireo fanafody natioraly na ny fiovana eo amin'ny fomba fisakafontsika, ny fampiasam-batana, ny fialan-tsasatra, sns. Nahoana no tsy nanasitrana an'i Paoly Andriamanitra ka namela azy niaraka tamin'ilay « tsilo tao amin'ny nofo » ? Izy tenany ihany no nilaza hoe : « *Ary fandrao hirehareha noho ny habetsaky ny fanambarana aho* … » (2 Korintiana 12 :7-10) Hoy anefa ny fanambaran'i Ellen G. White amintsika : « Ny hery miasa mangina avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra no fanafody tsara indrindra izay azon'ny lehilahy sy vehivavy marary raisina. Fahasalamana no mameno ny lanitra ; arakaraky ny hahatsapana lalina ireo hery miasa manginan'ny lanitra no vao maika maha azo antoka ny fanasitranana ho an'ilay tsy salama mino. »[103]

Tena mahagaga sy misy heviny ny teny nosoratan'ny lehilahy mpandraharaha iray ! Nozarainy fa tsy nanampy azy na tamin'ny inona na inona ireo seminera momba ny fahasalamana izay natrehany. Hatramin'ny nanombohany nivavaka isan'andro momba ny Fanahy Masina anefa dia niova tanteraka ho amin'ny fomba fiaina ara-pahasalamana izy ary nanomboka nanaraka ny fomba fisakafo tsy mihinan-kena.[104] Moa ve tsy maneho amintsika izany fa ny fahafenoan'ny Fanahy Masina dia afaka mamporisika sy manome hery antsika miaraka amin'ny fifaliana hanaraka fomba fiaina ara-pahasalamana ?

Toy izao no fivakin'ny fanandraman'ny anabavy iray. Hoy ny nosoratany : Nanova tanteraka indray mipi-maso Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny fileferako tanteraka tamin'i Jesosy. Taorian'ny vavaka fileferana nataoko dia nankany an-dakozia aho ny marainan'iny, nijoro teo anilan'ny

[102] Author unknown, Our Daily Bread—Worship book (RBC Ministries), 26. Nov. 1993
[103] Ellen G. White, Medical Ministries (1932), p.12.3
[104] Email from 7.3.2013

masinina fanamboarana kafe, nihivingivin-doha aho ary hoy aho tamin'ny tenako : tsia, tsy hisotro kafe intsony aho. Tsy azo noeritreretina izany tamin'ny lasa, satria rehefa nanandrana niala tamin'ny fisotroana kafe aho dia tratran'ny aretin'andoha nahatsiravina nandritra ny dimy andro – famantarana mahery vaika ny fialàna izany. Tamin'io fotoana io dia tsy mba noheveriko ny mety ho vokatr'izany tamiko. Fantatro fotsiny hoe tsy te hisotro kafe intsony aho. Tsy manana faniriana hisotro kafe intsony aho ankehitriny.[105] Santionany iray fotsiny amin'ireo fiovana niseho teo amin'ny fiainany izany. (Amporisihako ny hamakiana ilay « Taratasy avy amin'i Andrew » mahakasika ny fandresena ny zava-mahadomelina sy ny toaka ho an'ny rehetra izay te ho afaka amin'ny fiankinan-doha. Manazava amin'ny antsipiriany ny lalana mitondra amin'ny fanafahana amin'ny alalan'ny vavaka sy ny teny fikasana izany).[106]

Ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy masina dia mivoy tokoa ny fanavaozana ara-pahasalamana. Fampahafantarana ara-pahasalamana mifandray amin'ny hery entina hiova izany. Hoy Don Mackintosh, Talen'ny Tetik'asa « Newstart Global », Weimar, CA, : "Ny tena filàna amin'izao androntsika izao dia tsy fanabeazana ara-pahasalamana tsotra fotsiny – efa manana fampahalalana tsara isika. Ny tena ilaina dia ny fampahafantarana ara-pahasalamana omban'ny hery hampiharana izany, ny hery entina hiova. »[107]

Hoy Dr Tim Howe : « Ny fanabeazana ara-pahasalamana fotsiny ihany dia tsy asa misionera medikaly. Tsy mitondra fanasitranana toy ny lalàn'Andriamanitra tsy mitondra famonjena ny fanabeazana ara-pahasalamana. Tsy maintsy hanaovana fanandramana ny herin'Andriamanitra manova mba ahafahana mahatsapa ny fahasalamana na ny famonjena. »[108]

---

[105] Email from November 18, 2014 from Sister M
[106] Andrew Letter Nr. 5, Victory over Tobacco and Alcohol, www.https://steps-to-personalrevival.info, button : Victory over Tobacco and Alcohol.
[107] Dave Fiedler, D'Sozo (Remnant Publications), Forword
[108] Dave Fiedler, D'Sozo (Remnant Publications), Forword

Farany, tiako ny hametraka ity fanontaniana ity : Ahoana ny amin'ny fanasitranana am-pinoana ? Azo antenaina ve izany raha tsy fenon'ny Fanahy Masina ? (Jereo Marka 16 :17-18 ; Jakoba 5:14-16)

## FIOMANANA HO AMIN'NY FIAVIAN'I JESOSY FANINDROANY

Tsy misy zavatra azo asolo ny firaisana ety amin'i Jesosy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, ao anatin'ny fiomanana ho amin'ny Fiaviany Fanindroany. Rehefa mitoetra ao anatiko Kristy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina dia vonona aho noho ny Fahasoavany. Afaka maneho izany ireto lafiny telo manaraka ireto. (Resahina amin'ny antsipiriany izany ao amin'ilay boky nosoratan'i Dennis Smith « Spirit Baptism and Earth's Final Events » na ny Batisan'ny Fanahy sy ireo Trangan-javatra Farany eto ambonin'ny Tany).

### Fifandraisan'ny Tena Manokana amin'i Kristy

Hoy Jesosy : *« Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao. » (Jaona 17 :3)* Ny teny hoe « mahafantatra » dia manana hevi-dalina kokoa ao amin'ny Baiboly mihoatra noho ny fampiasantsika azy ankehitriny. Midika ho fanoloran-tena sy fifanarahana feno, hifanaovana ary am-pitiavana izany. Ao amin'ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina ihany no ahitana izany. Voambara ao amin'izao andalan-teny manaraka izao izany hevitra izany :

« Tsy maintsy manana firaisana velona amin'Andriamanitra isika. Tsy maintsy mitafy ny hery avy amin'ny alalan'ny Batisan'ny Fanahy Masina isika, mba ahafahantsika manatratra fenitra ambony kokoa, fa tsy misy fanampiana ho antsika ankoatr'izay. »[109] Ao amin'ilay fanoharana momba ireo virijina 10 dia hoy Jesosy amin'ireo adala : « *Tsy fantatro ianareo ?* » Inona no antony ? Tsy fahampian'ny menaka, izay maneho ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina (Matio 25 :1-13). Nahalala tsara ny Testamenta Taloha ireo lehilahy izay namatsika an'i Jesosy teo ambony

[109] Ellen G. White, Review and Herald, April 5, 1892

hazofijaliana. Noho ny fandikana dison'izy ireo izany anefa dia tsy nikatsaka fifandraisana manokana tamin'i Jesosy izy ireo.

Fantatsika ve fa hila fifandraisana ety amin'Andriamanitra ny taranaka amin'ny andro farany, vokatr'ireo toe-javatra hiseho amin'ny andro farany ?

**Fanamarinana amin'ny Finoana**

Ny hafatra farany avy amin'Andriamanitra ho an'ny olombelona ao anatin'ny hafatry ny anjely telo dia misy hifandraisany amin'ny fitoriana ilay « filazantsara mandrakizay » (Apokalipsy 14 :6-7). Inona no zava-dehibe ao anatin'io hafatra io, izay tokony sy azo antoka fa horenesin'izao tontolo izao manontolo ? Tsy inona izany fa ny fanamarinana amin'ny fahasoavana amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy irery ihany (Efesiana 2 :8,9). Ireo izay mitory an'io hafatry ny andro farany io amin-kery dia tsy maintsy manandrana ny herin'ilay hafatra izy tenany. Tsy maintsy fantany sy nanao ny fanandraman'ny fanamarinana amin'ny finoana amin'ny alalan'i Jesosy irery ihany izy, amin'ny maha mpamela heloka sy mpanavotra amin'ny ota Azy. Ao amin'ny fiainana fenon'ny Fanahy Masina ihany, izay hanampian'i Jesosy antsika ho tonga amin'ny fankatoavana, no azo hanatanterahana izany. Aseho amin'ny alalan'ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra rehetra ilay hoe Jesosy mitoetra ao anatintsika. Ho feno ny hazavan'io hafatra io izao tontolo izao (Apokalipsy 18 :1)

**Fitiavana ny Fahamarinana**

Inona no ho fiantraikany mety ho hita eo amin'ny fiainantsika ankehitriny raha fenon'ny Fanahy Masina isika na tsia, raha eo amin'ny lafiny **fitiavana ny fahamarinana, ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra ary ny fanatanterahana ny fahamarinana eo amin'ny fiainantsika** ? Hoy ny 2 Tesaloniana 2 :10, « *ary ny famitahana momba ny tsi-fahamarinana amin'izay ho very, satria tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinana izay hamonjena azy izy.* » Ireo izay manana ny fitiavana ny fahamarinana ao ampony no tsy ho voatarika amin'ny tsy izy. Ahoana no ahazoantsika izany fitiavana izany ? Amin'ny alalan'i Jesosy monina ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina irery ihany no hany fomba ahafahantsika mahazo

izany. Ny Romana 5 :5 dia milaza fa avy amin'ny Fanahy Masina no hiavian'ny fitiavana ao am-pontsika. Manambara amintsika ny Efesiana 3 :17 fa *« hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana »* isika. Antsoina hoe « *Fanahin'ny Fahamarinana* » ny Fanahy Masina ao amin'ny Jaona 16 :13. Maneho mazava amintsika izany fa ilaina ny ho Kristiana araka ny fanahy mba ahafahantsika manana fitiavana ny fahamarinana. Manana olana ve isika ankehitriny momba ny fitiavana ny fahamarinana, ny tenin'Andriamanitra, ireo asasoratra ara-paminaniana ? Hevero ny fotoana manoloana antsika : « Ireo mpianatra mavitrika ny Soratra Masina sy ireo izay nandray ny fitiavana ny fahamarinana ihany no ho voaaro amin'ny fitaka mahatsiravina izay hambabo an'izao tontolo izao … Moa ve efa miorina mafy amin'ny Tenin'Andriamanitra ireo vahoakany ankehitriny, ka tsy hiantehitra amin'ny porofo asehon'ireo retsi-pandreny. »[110]

Tsy manontany Andriamanitra hoe efa hitantsika ve ny fahamarinana rehetra, fa manontany kosa Izy raha toa ka tiantsika ny fahamarinana.

## VOKATRY NY FANAHY SA ASAN'NY NOFO

« Ny hery miasa mangina avy amin'ny Fanahy Masina dia fiainan'i Kristy ao amin'ny fanahy. Tsy hitantsika Kristy ary tsy miresaka Aminy isika, saingy akaiky antsika amin'ny toerana rehetra ny Fanahiny Masina. Miasa Izy ao amin'ny sy amin'ny alalan'ny tsirairay izay mandray an'i Kristy. **Ireo izay mahafantatra ny fitoeran'ny Fanahy ao anatiny dia haneho ireo vokatry ny Fanahy** … »[111]

Galatiana 5 :22 : fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po. Efesiana 5 : 9 : fahatsarana rehetra, fahamarinana, ary fahitsiana.

Ny Galatiana 5 :16-21 dia maneho amintsika fa ho rava ny herin'ny ota ao anatintsika, amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

---

[110] Ellen G. White, The Great Controversy (1911), p. 625.3
[111] Editor Francis D. Nichol, Adventist Bible Commentary, vol. 6 (Hagerstown, 1980), p. 1112

« … *Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo ianareo. Fa ny nofo manohitra ny Fanahy, ary ny Fanahy manohitra ny nofo ; ary mifanohitra izy roroa, mba tsy hahazoanaroeo manao izay zavatra tianareo. Fa raha tarihin'ny Fanahy ianareo, dia tsy mba ambanin'ny lalàna.* » (Jereo ihany koa Romana 7 :23 + 8 :1)

« *Fa miharihary ny asan'ny nofo, dia izao : Fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, fanompoan-tsampy, fanaovana ody ratsy, fandrafiana, fifandirana, adi-lahy, fiafonafonana, fifampiandaniana, fisarahana, fitokoana, fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany, izay lazaiko aminareo rahateo, tahaka ny voalazako fahiny koa, fa izay manao izany dia tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra.* »

ANDRO 29

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA

« Ny atao hoe fanomezam-pahasoavana dia ireo fanomezana izay nomena vokatry ny fiasan'ny Fanahy Masina araka izay voatanisa ao amin'ny 1 Korintiana 12 :28 sy ny Efesiana 4 :11 : Apostoly, mpaminany, evanjelistra, mpitandrina, mpampianatra, mpanao fahagagana, mpanasitrana, mpanampy, mpitantana, karazana fiteny. Ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia manana anjara amin'ny 'fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana'. … Manamafy ny fijoroana vavolombelona ataon'ny fiangonana ireo ary manome fitarihan-dalana sy torolalana azy. »[112] Manome talenta hafa ihany koa ny Fanahy Masina ho amin'ny tanjona voafaritra mazava: « *dia ... fahalalana ny amin'ny tao-zavatra samy hafa* » (Eksodosy 31:2-6) na ny hay trano (1 Tantara 28:12, 19).

Raha maniry ho tonga mpianatr'i Jesosy isika dia mampilefitra Aminy ny zavatra rehetra hananantsika sy ny mahaizy antsika rehetra. Noho izany dia apetraka ho eo am-pelatanany ny talenta sy ny fahaiza-manaontsika rehetra, na izay efa tao na izay nianarana. Afaka manome antsika talenta fanampiny izy ary/na afaka manatsara sy manadio ireo fahaiza-manaontsika hatramin'izay.

[112] Hrsg. Gerhard Rempel, Schlüsselbegriff e adventistischer Glaubenslehre (Hamburg), S. 44

Afaka ny hanana fanomezam-pahasoavana ve isika kanefa tsy ampy ny Fanahy Masina ?

## SAFIDIN'ANDRIAMANITRA SA SAFIDIN'NY OLONA ?

Manana rafim-pitantanana fiangonana ara-demokratika maneran-tany isika. Tsy noheverina ho demokrasia izay an'ny vahoaka na oviana na oviana anefa izany. Ny tena tanjon'ny latsa-bato ataontsika dia ny hoe mihaino ny feon'Andriamanitra ny tsirairay ary mandatsa-bato araka izany. Amin'ny fihainoana ny feon'Andriamanitra no mahatonga ny sitrapon'Andriamanitra ho fantatra amin'ny alalan'ny latsa-bato. Azo antoka fa mivavaka isika mialohan'ny handraisana anjara amin'ny fivorian'ny komity rehetra. Matetika no asaina mivavaka manokana ny tsirairay mialohan'ny hanaovana latsa-bato mba hazava ao anatin'ny tsirairay ny fomba irin'Andriamanitra handatsahany ny vato. Hoy Nehemia : « *Ary nomen'Andriamanitro hevitra aho …* » (Nehemia 7 :5) ary hoy Ellen G. White momba ny Nehemia toko 1 : « Ary raha nivavaka izy dia nisy fikasana masina niforona tao an-tsainy … »[113]

Handre ny feon'Andriamanitra ve ny Kristiana araka ny nofo iray ? Raha tsy ninia nilefitra tanteraka amin'ny Tompo izy dia azo antoka fa tsy hahazo valiny na inona na inona (Salamo 66 :18 ; Salamo 25 : 12). Raha misy olona iray izay Kristiana araka ny nofo, manao latsa-bato am-pahatsoram-po araka ny fahaizany ambony indrindra, dia azo ekena izany amin'ny maha-olombelona. Raha vao marimaritra iraisana amin'ny maha-olombelona anefa no atao dia lasa fanamboamboarana sy fahotana izany.

Manana hery miasa mangina lehibe eo amin'ny asan'Andriamanitra ireo mpitarika. Tena samy hafa be tokoa ary mety hisy fiantraikany goavana ny hoe nantsoin'Andriamanitra tokoa ve ireo rahalahy sy anabavy izay mitarika sa nofidiana araka ny latsa-baton'olombelona fotsiny.

Raha teo am-pamakiana boky momba ny vavaka aho dia nahatsapa fa afaka mangataka amin'Andriamanitra haneho amintsika ny lalana tokony hizorantsika isika (Salamo 32 : 8). Nanova ny fiainako manontolo ilay

[113] Ellen G. White, Southern Watchman (www.egwwritings.org), March 1, 1904

fihainoana am-pitoniana ny feon'Andriamanitra. Miresaka ny amin'io fanandramana io aho ao amin'ilay lahatsoratra antsoina hoe « From Business Representative to Pastor" na Mpisolotena Mpandraharaha iray no lasa Pasitora (mbola tsy misy afa-tsy amin'ny fiteny Alemana).[114] Misy toriteny tena tsara iray ihany koa izay tokony hohenoina, nataon'i Kurt Hasel « Ahoana no ahafahako mandray fanapahan-kevitra araka ny tokony ho izy ? » (mbola tsy misy afa-tsy amin'ny fiteny Alemana ihany koa).[115] Ary misy toriteny iray izay tena lalina ihany koa tokony vakiana efa taona maro lasa izay, nataon'i Henry Drummond: « Ahoana no ahafantarako ny sitrapon'Andriamanitra ? » (tsy misy afa-tsy amin'ny fiteny Alemana)[116] Resy lahatra aho fa hikatsaka amin'ny fomba mivantana ny torolalana avy amin'Andriamanitra misimisy kokoa isika amin'izao andro farany izao.

Ny Joela 2 :28-29 dia maneho an'ity fanambaran'i Ellen G White ity : « Tsy maintsy mandre Azy miteny amintsika ao amin'ny fon'ny tsirairay avy isika. Rehefa ampanginina ny feo hafa rehetra ka miandry am-pitoniana Azy isika, dia ho tonga mazava kokoa ny feon'Andriamanitra vokatry ny fahanginan'ny fanahy. Miangavy antsika Izy, 'Mitsahara, ka aoka ho fantatrareo fa Izaho no Andriamanitra' (Salamo 46 :10). »[117]

## NY VOLA

Inona no mahasamy hafa ny Kristiana araka ny fanahy sy araka ny nofo raha eo amin'ny fahazoana sy fikirakirana vola no resahina ? Mihevitra ny tenantsika ho tompon'ireo eo am-pelatanantsika ve isika sa mahatsapa fa mpitantana ny an'Andriamanitra ? « Ny fitiavam-bola sy ny fitiavana fisehosehoana no mahatonga ity izao tontolo izao ho toy ny fieren'ny jiolahy sy ny mpandroba. Maneho an-tsary ny hatendana sy ny fampijaliana izay hanjaka mialoha indrindra ny fiavian'i Kristy fanindroany ny Soratra Masina. »[118]

---

[114] www.gotterfahren.info—Gott verändert Leben—Vom Prokurist zum Prediger
[115] www.gotterfahren.info—Wege zum Ziel: Gott erfahren—Gottes Botschaft für unsere Zeit—Thema Nr. 11
[116] Missionsbrief.de—Predigten lesen—Henry Drummond: Wie erkenne ich den Willen Gottes? (Deutsch und Englisch)
[117] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p. 363.3
[118] Ellen G. White, Prophet and Kings (1917), p. 651.1

## MIARO IREO OLONA MATAHOTRA AN'ANDRIAMANITRA NY ANJELINY

Miaro ireo olona matahotra an'Andriamanitra ny anjeliny. « *7 Ny Anjelin'i Jehovah mitoby manodidina izay matahotra Azy ka mamonjy azy.* » (Salamo 34 :7) « Misy anjely mpiambina anankiray izay voatendry ho an'ny mpanara-dia an'i Kristy tsirairay. Miambina ny olo-marina amin'ny herin'ilay ratsy ireo mpitily avy any an-danitra ireo. »[119] Rehefa miresaka ny amin'ireo olon'Andriamanitra matahotra Azy ny Baiboly, ny amin'ireo mpanara-dia an'i Kristy sy ireo olo-marina izay eo ambany fiarovan'Andriamanitra, midika ve fa mihatra amin'ny olona rehetra izay mihevitra ny tenany ho Kristiana io ?Mihatra ihany koa ve io amin'ireo izay tsy nampilefitra tanteraka ny fiainany amin'Andriamanitra ? Marina io ho an'ny ankizy satria hoy Jesosy ao amin'ny Matio 18 :10 : « *Mitandrema, fandrao manao tsinontsinona na dia ny iray aza amin'ireny madinika ireny ianareo; fa lazaiko aminareo: Ny anjeliny any an-danitra mahita mandrakariva ny tavan'ny Raiko Izay any an-danitra*.* » Davida izay nametraka tanteraka ny fiainany tamin'Andriamanitra dia nahalala fa tsy nisy toerana ho an'ny tahotra teo aminy. Hoy izy : « *Jehovah no fahazavako sy famonjena ahy ; iza no hatahorako ? Jehovah no fiarovana mafy ho an'ny aiko ; iza no hangovitako ?* » (Salamo 27 :1)

(Amporisihako ny hamakianao ny toko 31 amin'ny boky Hery Mifanandrina momba ny asan'ireo anjely tsara). Fifaliana lehibe ho an'ny zanak'Andriamanitra tsirairay izany.

## FANAMARIHANA SY FAMARANANA

Mbola vao lafiny vitsy monja no voaresantsika. Mbola maro ireo lafim-piainana sy finoana izay mbola tokony ampiana. Marina mandrakariva anefa ity manaraka ity amin'izy rehetra ireo : Rehefa hiverenantsika jerena ireo fahasamihafana ankehitriny, dia tsy misy lafiny na dia iray aza izay tsy mahazo tombony lehibe amin'ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina. Ary ny mifanohitra amin'izay koa, tsy misy na dia lafiny iray aza izay tsy ho fatiantoka tokoa amin'ny fiainana tsy miaraka amin'ny Fanahy Masina. Moa

[119] Ellen G. White, The Great Controversy (1911), p. 512.2

ve izany tsy tokony ho famporisihana lehibe ho antsika hanolorana ny fiainantsika isan'andro sy hangataka ny hofenoin'ny Fanahy Masina ?

« Taona vitsy lasa izay, nisy fiaramanidina Boeing 707 niainga avy teo amin'ny seranam-piaramanidina tao Tokyo ho any Londres. Nizotra tsara ny fiaingan'ny sidina. Nazava ny lanitra, nibaliaka ny masoandro. Vetivety dia afaka nahita ilay tendrombohitra malaza Fujy ao Japana ny mpandeha. Tampotampoka teo, nanan-kevitra ny hiodidina ilay tendrombohitra ny mpanamory amin'izay mba afaka mifaly amin'io zavatra hita miavaka io ireo mpandeha.

Niala tamin'ny lalana tokony hizoran'ny fiaramanidina izy ary nanidina amin'izao fotsiny sady niantehitra tamin'izay hitany. Noentin'ny mpanamory niala tamin'ny seha-pifehezan'ny ety an-tanety ny sidina ka dia niantehitra tanteraka tamin'izay hitany fotsiny izy. Hitan'ny mpanamory ny tendrombohitra akaiky tao ambaniny, ary nanondro 4.000 metatra ny haavo nisy ny fiaramanidina. Ny tsy hitany dia ny tafiotra sy ny rivotra namely mafy nanodidina ny tendrombohitra Fuji. Tsy afaka nifanehitra tamin'ireo rivo-mahery ilay Boeing 707. Vaky sy nianjera teny am-panidinana ny fiaramanidina, ary maty avokoa ireo mpandeha rehetra. »[120]

Ny Kristiana araka ny nofo dia mivelona amin'ny « fianteherana amin'izay hitany » fotsiny. Izy tenany ihany no mandray fanapahan-kevitra amin'ny zavatra rehetra. Tsy hahomby izy na dia eo aza ny fikasany tsara indrindra. Ny Kristiana araka ny fanahy kosa dia mivelona amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ao anatin'ny fifandraisam-pitiavana sy fifampitokisana amin'ny Tompony, izay mitarika azy ho tody soa.

Vavaka : Rainay izay any an-danitra, misaotra anao fa ny fitoeran'i Jesosy ao anaty amin'ny alalan'ny Fanahy Masina dia mitondra fahasamihafana miabo tokoa ao anatinay sy eo amin'ny asanay. Mba sokafy misimisy kokoa ny masoko ahitako ny fiasan'ny Fanahy Masina. Mba omeo ahy ny fahafenoan'ny fiainana amin'ny alalany, izay irin'i Jesosy omena anay. Mba ampio aho hahita ny fanalahidin'ny famahana

[120] Kalenderzettel February 17, 1979 by Reinhard Petrik

an’io olana io ao amin’ny toko manaraka sy hampihatra izany. Misaotra Anao. Amen.

*« Tonga hanipy afo etỳ ambonin'ny tany Aho, ka manao ahoana ny faniriako mba hirehetan'izany sahady ? »*

*Lioka 12 :49*

**191. Fivoarana ho amin’ny batisa 31 – Ny Fanahy ihany no niasa nanao izay nahatsapana Azy**

Napetraky ny Misiona Sri Lanka tao Matara i Subani, Mpamaky Lay ho an’ny Iraka Maneran-tany (Mission Globale), mba hanangana fiangonana vaovao tao. Nadika tamin’ny fiteny Sinhalese sy Tamil (samy fiteny any Sri Lanka) ny boky Dingana ho amin’ny Fifohazana ho an’ny Tena Manokana. Tonga tany Matara ireo boky vitsivitsy tamin’ny tapatapaky ny taona 2022. Namaky ilay boky in-droa i Subani ary nizara izany tamin’ireo olo-pantany rehetra. Isan-tSabata dia nanendry olona iray i Subani mba hamaky ampahany amin’ilay boky mandritra ny fotoana fiandrasana ny Sekoly Sabata iny, sy hiara-hivavaka amin’ireo mambra. Namporisihany ireo olo-pantany hamaky andalan-teny iray amin’ilay boky isan’andro ary hivavaka isan’andro ihany koa ho amin’ny batisan’ny Fanahy Masina. Tao anatin’ny volana vitsivitsy dia voamariny fa marisika ho any am-piangonana sy handray anjara amin’ireo programam-piankohofana ireo mambra. Nanamora tokoa ny asany izany. Raha nanao fotoam-pivavahana fanaovam-batisa izy ireo ny Desambra 2022 dia nisy batisa 31, batisa betsaka indrindra tamin’ny toerana rehetra tao anatin’ny Misiona Sri Lanka. Indray Sabata maraina, tonga aloha tao amin’ny toerana nofaina i Subani, nandamina ireo seza hanaovana fotoam-pivavahana ary nandohalika nivavaka ho amin’ny fitahian’Andriamanitra. Tampotampoka teo dia nahatsiaro voatohina hanokatra ny masony izy ary nahita lelafo teo amin’ny seza tsirairay izay nalaminy ho amin’ny fotoam-pivavahana. Nahatsiaro ho fanina i Subani ary nieritreritra hoe sao dia manonofy izy. Rehefa avy nijery ireo toerana hafa anefa izy dia nahita fa ara-dalàna ny manodidina ary nahatsapa fa nanamafy ny asa fanompoan’ny Fanahy Masina ao amin’ny fiangonan’izy ireo Andriamanitra. Feno fankasitrahana an’Andriamanitra izy tamin’ny nanomezany ireo boky ireo amin’ny fiteny Sinhala ; ka nahatonga ny asa ho mora kokoa sy namokatra kokoa. EE 110323 Sri Lanka N.S., #191

**Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra**

*1. Mety hisy asa fanatanterahana iraka lehibe ve na dia tsy eo aza ny Fanahy Masina ? Hatraiza ny vokatra azo amin'izany ?*

*2. Inona no fiantraikan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fomba fiainako ? (Fahazarana isan'andro, fahasalamana, fitafiana, fifandraisana)*

*3. Midika inona eo amin'ny fiainako ny « fitiavana ny fahamarinana » ?*

*4. Inona avy ireo fanomezam-pahasoavana ?*

**Fotoam-bavaka Ataontsika**

- Antsoy ny namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.
- Miaraha mivavaka aminy mba …

1. Hamenoan'ny Tompo anao amin'ny Fanahy Masina.
2. Hahafantaranao hoe nahoana ny taranaka amin'ny andro farany no mila fatra manokan'ny Fanahy Masina.
3. Hikirakirantsika ny vola amin'ny fomba izay azon'Andriamanitra tahiana.

# TOKO 5 : NY FANALAHIDIN'NY FANANDRAMANA AZO AMPIHARINA : MIVAVAKA ARAKA NY TENY FIKASANA



## Ahoana no ahafahako mampihatra sy manao fanandramana ny vahaolana avy amin'Andriamanitra ho ahy ?

### VAVAKA SY NY HOE FENON'NY FANAHY MASINA

Zava-dehibe ny hanohizantsika an'ity diabe ity am-pinoana sy ny angatahantsika am-pinoana ny Fanahy Masina. Midika izany fa aorian'ny hivavahantsika momba ny Fanahy Masina dia mila matoky sy mahazo antoka isika fa efa novalian'ny Tompo ny vavaka nataontsika ary efa nomeny antsika ny Fanahy Masina raha teo am-pangatahana isika.

Hoy ny Galatiana 3 :14, « *ary mba horaisintsika amin'ny finoana ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy. »*

Nomen'Andriamanitra fanampiana lehibe isika mba ahafahantsika mitoky mora foana amin'ilay Raintsika izay any an-danitra. « Mivavaka araka ny teny fikasana » no hiantsoantsika izany. « Ny hamafana ireo teny fikasan'Andriamanitra ao amin'ny Teniny dia toy ny hamafana ny masoandro tsy ho eny amin'ny lanitra … Nataon'Andriamanitra tao amin'ny Teniny ireo teny fikasana mba hitarika antsika hanana finoana ao Aminy. »[121]

### MIVAVAKA ARAKA NY TENY FIKASANA

Ity misy sary an'ohatra mety hanampy anao : andeha ataontsika hoe tsy dia mahay taranja Frantsay ny zanako any an-tsekoly. Tiako ny hamporisika azy hianatra mafy ny taranja Frantsay anefa. Mampanantena azy

[121] Ellen G. White My Life Today, p. 338.2

aho fa raha mahazo naoty tsara izy ao anaty « bulletin » dia hahazo 20$ avy aty amiko izy. Manomboka mianatra mafy ary ilay zaza. Manampy azy ihany koa aho amin'ilay taranja Frantsay ary dia nahazo naoty tsara tokoa izy. Inona no mitranga ankehitriny ? Raha vao tonga ao an-trano avy mianatra ilay zaza dia avy izy eo am-baravarana sady miantso mafy hoe : « Dada, ilay 20$ ! » Nahoana izy no tena mahazo antoka fa hahazo 20$ ? Satria nisy fampanantenana natao ary nahatanteraka ireo fepetra takiana izy. Ara-dalàna izany ho an'ny ankamaroan'ny olona ankehitriny.

Mety ho tsy manana 20$ anefa aho amin'io fotoana io. Mety azo heverina ve izany hoe tsy manana ny zavatra nampanantenainy Andriamanitra ? Tsia, tsy azo heverina velively !

Na mety hoe notsoahako indray ilay fampanantenako ka hoy aho hoe : « Namaky boky iray momba ny fanabeazana aho izay nilaza hoe tsy tokony hampiasa ny vola hamporisihana ny ankizy hianatra isika. Noho izany, tsy afaka manome 20$ anao aho. » Mety miova hevitra toy izany ve Andriamanitra aty aoriana ? Tsia, tsy azo heverina velively !

Hitantsika eto fa raha misy fampanantenana iray nataon'Andriamanitra tamintsika ka nahafeno ireo fepetra takiana isika dia tokana ihany ny zavatra hitranga : ho azontsika ilay zavatra nampanantenaina !

Irin'Andriamanitra ny hamporisika antsika hiroso ho amin'ny lalam-pitodihana anankiray amin'ny alalan'ireo fampanantenany. Miangavy antsika Izy mba handray ny Fanahy Masina, izay hanome antsika ny herin'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika. Iriny ny hanamora ny fitokisantsika Azy. Eo anivon'ny finoana no misy ny fitokisana.

Andeha isika hamaky andininy manan-danja vitsivitsy ao amin'ny Baiboly, 1 Jaona 5 :14,15 izay miresaka ny amin'ny vavaka araka ny teny fikasana : « *Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany :* ***Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy*** *...* » Manome fampanantenana ankapobeny Andriamanitra fa mamaly ireo vavaka izay mifanaraka amin'ny Sitrapony Izy. Ao amin'ny didiny sy ny teny fikasana no ahitana ny Sitrapon'Andriamanitra. Afaka miantehitra

amin'ireny isika ao anatin'ireo vavaka ataontsika. Mbola mitohy izany avy eo ao amin'ny andininy 15 : « *ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia* ***fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy.*** »

Inona no hevitr'izany ? Ireo vavaka izay ataontsika mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra dia voavaly **amin'ny fotoana izay hitondratsika azy mihitsy amin'Andriamanitra**. Tsy mahamarika na inona na inona anefa isika matetika eo amin'ny fihetseham-pontsika. Am-pinoana no hamaliana ireo vavaka ataontsika, fa tsy amin'ny alalan'ireo fihetseham-pontsika. Ho avy manaraka eo ihany ireo fihetseham-po.

Rehefa niaraka mivavaka tamin'ireo olona miankin-doha amin'ny nicotine (mifoka sigara) sy ny toaka aho dia nianatra fa : tsy mahamarika na inona na inona izy ireo amin'ny fotoana izay hivavahany hahazoana fanafahana. Am-**pinoana** no handraisany ny valiny. Ora vitsy aty aoriana anefa dia voamariny fa tsy manana filàna zava-mahadomelina na toaka intsony izy. Amin'izay fotoana izay no handraisany ny valim-bavaka eo amin'ny **fampiharana**.

Hoy Jesosy ao amin'ny Marka 11 :24, « *Koa lazaiko aminareo : Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany.* »

Hoy Ellen G. White : « Tsy mila mitady porofo hita ivelan'ilay fitahiana isika. Ao anatin'ilay fampanantenana ny fanomezana, ary afaka mandeha amin'ny asantsika am-pitokisana isika fa izay nampanantenain'Andriamanitra dia azony tanterahina, **ary io fanomezana izay efa hananantsika io dia ho tanteraka amin'ny fotoana ilantsika azy indrindra.** »[122]

Noho izany dia tsy tokony hitady porofo ivelany sy hita maso isika na fanandramana ara-pihetseham-po. Hoy Roger J. Morneau : « Mamporisika ny olona ireo fanahin'ny demonia hiaino ny fihetseham-pony fa tsy ny tenin'i Kristy sy ireo Mpaminaniny. Tsy misy fomba azo antoka

[122] Ellen G. White, Education (1903), p. 258.2

kokoa ahafahan'ireo fanahy ireo mifehy ny fiainan'ny olona, ary ireto farany dia tsy mahatsapa akory izay miseho. »[123]

Manokatra ny trano firaketan'Andriamanitra ho antsika ny fanaovana vavaka araka ny teny fikasana. Manokatra kaonty tsy mety ritra ho antsika ilay Raintsika be fitiavana any an-danitra. « Afaka manantena zavatra goavana izy ireo (ny mpianatra) raha manana finoana amin'ireo teny fikasany. »[124]

Hoy Ellen White : « … Mitalahoa ny Fanahy Masina. Mijoro eo ambadiky ny fampanantenana tsirairay izay nataony Andriamanitra. Miaraka amin'ny Baibolinao eny an-tananao dia milazà hoe : 'Nanao araka ny teninao aho. Entiko eto ny teny fikasanao, mangataha dia omena ianareo ; mitadiava dia hahita hianareo ; dondomy dia hovohana hianareo.' Hoy ny fanambaran'i Kristy : 'Na inona na inona tononinareo amin'ny vavaka sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany.' 'Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka.' (Matio 7 :7 ; Marka 11 :24 ; Jaona 14 :13) »[125]

ANDRO 32

## SOKAJINA FAMPANANTENANA ROA

Zava-dehibe ihany koa ny manavaka tsara ireo fampanantenana ao amin'ny Baiboly. « **Ireo fampanantenana ara-panahy** – ho amin'ny famelana ny heloka, ny Fanahy Masina, ny hery hanaovana ny Asany – dia **azo alaina mandrakariva** (jereo Asa 2 :38, 39). Ny fampanantenana ireo fitahiana mandalo anefa, eny fa na dia ny momba ny aina aza, dia omena amin'ny fotoana anankiray na hazonina aloha amin'ny fotoana iray hafa, araka ny fahitan'Andriamanitra izay mahasoa indrindra. »[126]

Ohatra : Isaia 43 :2 « ... *Raha mandeha mamaky ny afo ianao, dia tsy ho may, Ary tsy hirehitra aminao ny lelafo.* » Nanatanteraka an'io fampanantenana io tamin'ny fomba mahagaga Andriamanitra tamin'ireo telo

[123] Roger J. Morneau, A Trip into the Supernatural, Review and Herald 1982, p. 43
[124] Ellen G. White, The Desire of Ages (1898), p. 668.1
[125] Ellen G. White, Testimony Treasure, vol. 3, p. 213.2
[126] Morris L. Venden, 95 Theses on Righteousness by Faith (Pacific Press 1987), p. 60

mirahalahy tao amin'ilay lafaoro mirehitra (Daniela 3). Tetsy ankilany anefa dia nodorana velona ireo mpanavao fivavahana Hus sy Jerome tany Constance. Afaka nilaza isika fa tsy novaliana ny vavak'izy ireo. Na izany aza anefa moa ve tsy novaliana tamin'ny endrika izay tsy nahazatra antsika izy ? Nahoana ? Toy izao manaraka izao no fanoritsoritan'ny mpanoratra mpomba ny papa iray ny fahafatesan'ireo maritiora ireo : « Samy nijoro tsara izy mirahalahy raha nihananatona ny ora farany hiainany. Niomana ho amin'ny afo toy ny hoe handeha hamonjy lanonam-panambadiana izy ireo. Tsy mba namoaka feon'ny fanaintainana izy ireo. Rehefa niakatra ny lelafo dia nanomboka nihira hira fiderana izy ireo ; ary zara raha afaka nampitsahatra ny hirany ny fidedadedan'ny afo. »[127] Mihikiaka ny olona iray rehefa may. Naneho anefa ny fihetsik'izy ireo fa niditra an-tsehatra Andriamanitra, fa tsy araka ny fomba izay irin'ny masontsika ho hita. Maneho izany fa mbola misy heviny ho antsika ihany koa na dia ireo fampanantenana mandalo aza.

## MISAOTRA NY AMIN'NY VALINY AZO

Mbola misy lafiny hafa manan-danja ity. Rehefa novaliana tamin'ny fotoana izay nangatahantsika ireo fangatahantsika, dia rariny raha misaotra an'Andriamanitra isika amin'ny valim-bavaka izay homeny. **Ny fisaorantsika Azy amin'io fotoana io dia maneho ny fitokisantsika amin'Andriamanitra** fa efa novaliany ny vavaka nataontsika, ary manantena isika fa hotanterahiny izany amin'ny fotoana izay hilantsika izany indrindra. Mahamarika zavatra ny mpino sasany raha vao vita ny vavaka ataony. Toy ny fanandraman'i Elia anefa ny an'ny ankamaroan'ny mpino : Tsy tao amin'ny tafiotra ny Tompo, tsy tao anatin'ny horohoron-tany na tao amin'ny afo, fa tao amin'ilay feo tony sy iva (1 Mpanjaka 19 :11-12). Izany ihany koa no fanandramako.

Taorian'ny fotoana lava be dia nihevitra aho fa tsy nisy na inona na inona nitranga. Avy eo dia voamariko tampoka ireo zavatra maro niseho tao anatiko izay tsy tsapako teo.

[127] Ellen G. White, The Great Controversy (1911), p. 109.3

ANDRO 33

# MANOVA NY FOMBA FISAINAKO

Izao no hevitr'izany : **Mila ovana ny fomba fisainako amin'io fotoana io** : « *… fa meteza hovan'Andriamanitra ka hihavao saina tanteraka* ... » (Romana 12 :2 DIEM)

Ankehitriny dia azo atao ny milaza hoe : Misaotra anao fa novalianao ny vavaka nataoko. Misaotra anao sahady amin'ny famalianao ny fangatahako. Misaotra anao fa afaka manao fanandramana izany amin'ny fotoana mety aho.

**Tsy fanamboamboarana saina fotsiny izany**. Miezaka mandresy lahatra ny tenako mantsy aho ao anatin'ny fanamboamboarana saina. Rehefa mivavaka araka ny teny fikasana anefa aho dia manana fototra avy any ambony hanovàna ny saiko satria efa novaliana am-pinoana aho. Noho izany, raha tsy miova ny fisainako dia maneho amin'Andriamanitra aho fa tsy matoky azy fa miantehitra amin'ny fihetseham-poko fotsiny. Manao an'Andriamanitra ho mpandainga aho amin'io fomba fisainako io ka dia tsy hahazo na inona na inona vokatr'izany.

Zava-dehibe ihany koa ny fanaovako asa mifanaraka amin'izany, na dia mbola tsy mahamarika na inona na inona miova aza aho. Ampidirin'Andriamanitra eo mandrakariva mantsy ny hilàn'ny olona iray ny finoana. Iriny isika mba hitoky Aminy. Eritrereto ilay fiampitana ny onin'i Jordana. Tsy maintsy nandroso nankao anaty rano aloha ireo mpisorona, izay vao nizara roa ny rano. Tsy maintsy nitsoboka tanaty rano impito aloha i Namana izay vao sitrana.

Mety hilaza hianao hoe : « tsy afaka manao izany aho. Tsy afaka na dia ny hieritreritra hanao izany fotsiny aza aho. » Tsarovy fa maro ireo zavatra izay tsy azontsika hazavaina. Hatramin'izao dia mbola tsy haintsika hoe inona no atao hoe herin'aratra, na dia ampiasaintsika aza izany. Tsy haintsika ihany koa hoe amin'ny fomba ahoana moa no ahafahan'ny ankizy mianatra miteny, fa dia mianatra miteny sy mifandray daholo izy rehetra. « Hodidinina zava-mahagaga izay mihoatra noho ny fahatakarantsika isika ao anatin'ny tontolo natioraly. Tokony hahagaga antsika ve raha mahita zava-

miafina izay tsy azontsika fantarina ihany koa isika ao anatin'ny tontolo ara-panahy ? »[128]

Andeha isika hihevitra ny voalaza ao amin'ny Ohabolana 3 :5-6, « *Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, Fa aza miankina amin'ny fahalalanao ; Maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, Fa Izy handamina ny lalanao.* » Eto isika dia mahita ireo fepetra takiana mialoha avy amin'Andriamanitra mba hahatanteraka an'io fampanantenany handamina ny lalantsika io. Didy ihany koa io fepetra takiana mialoha io. Raha tsy azontsika antoka fa fenontsika ilay fepetra takiana mialoha, dia afaka mivavaka ho amin'ny fahavononana isika amin'ny fahazoana antoka fa hamaly antsika eo no ho eo ny Tompo. « … Raha 'vonona ny homena fahavononana' hianao dia hahatanteraka ny asa ho anao Andriamanitra … »[129]

Zavatra madinika mety afaka manampy antsika : fantatsika ve ny ataontsika rehefa mivavaka araka ny teny fikasan'Andriamanitra isika, rehefa nahafeno ny fepetra takiana isika dia avy eo misalasala sao dia tsy hahazo valiny ? Manao an'Andriamanitra ho mpandainga isika. Tsy maniry hanao izany velively anefa isika. Noho izany, mivavaha hoe : Tompo o, mino aho, ampio aho amin'ny tsy finoako. Dia matokia avy eo !

**(Tolo-kevitra Boky Vakiana : Misy torohevitra sarobidy tokoa momba ny vavaka araka ny teny fikasana ao amin'ny Toko « Finoana sy Vavaka » ao amin'ny Boky Fanabeazana Kristiana nosoratan'i Ellen G. White.)**

## MIVAVAKA HO AMIN'NY FANAHY MASINA



Heveriko fa efa fenontsika ireo fepetra ka afaka mangataka ny hofenoin'ny Fanahy Masina isika ankehitriny. Tsy tokony hadinointsika anefa fa tsy resaka hoe manao izay hahatonga an'Andriamanitra ho vonona hanao ny sitrapontsika izany, fa kosa finoana ireo fampanantenany sy ny mahamendri-pitokisana Azy.

[128] Ellen G. White, Education (1903), p. 170.1
[129] Ellen G. White, Thoughts from the Mount of Blessing (1896), p. 142.1

**TENY FIKASANA HANDRAISANA NY FANAHY MASINA**

Nanome antsika teny fikasana mampitolagaga momba ny fandraisana ny Fanahy Masina ny Tompo :

**Lioka 11 :13** « *Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo,* ***tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy ?*** » Tsy efa namolavola fifanarahana mampifamatotra ve ny Raintsika izay any an-danitra eto ? Ny fepetra takiana ao amin'io fampanantenana mampitolagaga io dia ny hoe : **mangataha** ! Tsy miteny anefa Jesosy hoe mangataha indray mandeha, fa manaova fangatahana mitohy.

Zava-dehibe anefa ny hijerentsika ny tontolon-kevitra eto. Tokony hovakiantsika ihany koa ireo andalan-teny hafa izay mitovy lohahevitra amin'izany, ohatra :

**Asa 5 :32** « *Ary izahay dia vavolombelon'izany zavatra izany, ary ny Fanahy Masina koa, Izay efa nomen'Andriamanitra ny manaiky Azy.* » Ny fepetra takiana eto dia ny **fankatoavana** (« manaiky Azy ») ! Hitantsika eto fa tsy afaka ny hanohana ny hevintsika amin'ny andalan-teny iray ihany isika : tsy maintsy jerentsika ny tontolon-kevitr'ilay fampanantenana. Tsy hoe mankato indray mandeha amin'ny zavatra izay mahafinaritra antsika fotsiny izany fa fankatoavana Azy : ilay mpanavotra sy sakaizantsika. Mahatonga fifaliana ny fankatoavana. Mivavaha isa-maraina mba hanana fo mankato. Mivavaha mba hataon'ny Tompo ho vonona hanao ny zavatra rehetra hianao, iriny ary vonona Izy ny hanampy anao hahatanteraka izany. Mahatonga antsika hahafeno ny fepetra takiana mialoha izany.

**Jaona 7 :37** « *Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro*. » Resaka **faniriana** ny Fanahy Masina no hita eto. Raha tsy manana faniriana hianao na heverinao fa kely loatra ny fanirianao, dia afaka mivavaka mba hanana izany faniriana izany hianao. Antom-bavaka araka ny sitrapon'Andriamanitra izany, izay homeny valiny eo no ho eo. Rehefa mangataka amin'ilay Andriamanitsika mampitolagaga isika dia hamorona ao anatintsika ny « fikasana sy ny fanaovana » Izy. Afaka mivavaka ihany koa

isika mba hananantsika faniriana hifandray ety dia ety amin'Andriamanitra, mba hitiavantsika Azy amin'ny fontsika manontolo, mba hanompoantsika Azy am-pifaliana, mba hananantsika faniriana mitombo an'i Jesosy sy ny Fiverenany tsy ho ela sy ilay fihaonam-be ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra, faniriana hamaky ny tenin'Andriamanitra sy hianatra avy amin'izany, faniriana hanampy sy ho ampy enti-manana hanampiana hamonjena ny very.

**Jaona 7 : 38, 39** « *Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina. Ary ny Fanahy, Izay efa horaisin'ny mino Azy, no nolazainy tamin'izany.* » Ny fepetra eto dia ny : **finoana** ! Hitantsika eto fa fepetra takiana mialoha manan-danja amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina ny finoantsika ao amin'i Jesosy Kristy sy ny fitokisantsika an'Andriamanitra. Rehefa mivavaka araka ny teny fikasana anefa isika dia lasa mora ny mino.

**Galatiana 5 :16** « *Fa hoy izaho : Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo ianareo.* » Manana fampananantenana isika eto, izay amin'ny endrika didy. Rehefa irin'Andriamanitra handeha araka ny Fanahy aho dia midika mazava izany fa iriny ny hameno ahy amin'ny Fanahy Masina. Ary asehony antsika eto fa rehefa fenon'ny Fanahy Masina isika dia tsy eo ambany vahohon'ireo filantsika intsony isika. Mandrava ny herin'ny ota ao anatintsika ny Fanahy Masina (Romana 8:1-17, indrindra fa ny andininy faharoa). Vonoina ireo « asan'ny tena » amin'ny alalan'ny Fanahy Masina (Romana 8 :13). Hevero i Paoly izay nilaza momba ny tenany hoe : « fa maty isan'andro aho. » Zava-dehibe tokoa izany hoe tsy eo ambany vahohon'ny asan'ny tena izany intsony (Galatiana 5 :18-21), fa kosa mitombo amin'ireo vokatry ny Fanahy (Galatiana 5 :22).

Afaka ampitahaintsika tamin'ny fananganana ireo « téléscopes » ilay hoe ny ota tsy afaka mahita irika intsony eo amin'ny fiainantsika. Mba tsy ahafahan'ny vovoka miditra eo amin'ireo anak'andriamaso (lentilles) dia tsy maintsy asiana tsindry mihoatra noho ny tokony ho izy tao amin'ilay efitra. Midika izany fa mitsoka any ivelany ny rivotra rehefa misokatra ny varavarana. Tsy misy vovoka tafiditra ao. Toy izany koa, rehefa fenon'ny Fanahy Masina isika dia « *tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo ianareo*. » (Misy fanazavana fanampiny momba an'io lohahevitra io ao amin'ilay

fizarana : « Afaka ny hitoetra ho araka ny fanahy ve ny olona iray ? » any amin'ny faran'ny toko.)

**Efesiana 3 :16-17 + 19** : « *mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo ; mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo, ... mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra.* » Angamba mety ho tsy mahatsikaritra hery akory isika nandritra ny fotoana ela. Angamba mety ho toy ny eny amin'ny natiora izany. Rehefa ririnina ny andro dia mihitsandravina ny hazo, rehefa lohataona dia maitso izy ireny. Misy hery miasa amin'ny fomba mahery vaika ao ambadik'io dingana famelombelomana io. Tsy hitantsika na rentsika izany. Hitantsika anefa ireo vokatra. Toy izany no niseho tamiko. Misaotra an'Andriamanitra aho fa nomeny hery miavosa aho.

Ohatra hafa : efa amam-polo taonany no fantatsika fa misy herin'aratra ao anatin'ny vatantsika. Ao ireo. Tsy tsapantsika anefa ireo.

**Efesiana 5 :18** « … *fa aoka hofenoina ny Fanahy* » na « aoka ho fenoina indray sy tsy tapaka ary miverimberina amin'ny Fanahy hianareo. »[130]

**Asa 1 :8** « *Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany.* » Nomena baiko ireo mpianatra hiandry mandrapahantongan'ilay hery. Tsy hoe nipetra-potsiny izy ireo. « Nivavaka tamin-kafanampo mahery vaika tokoa ireo mpianatra mba ahafahany mifanatrika amin'ireo olona hifampikasohany andavan'andro ka hanonona teny izay hitarika ny mpanota eo amin'i Kristy. Nanala ny fahasamihafana rehetra izy ireo, nanala ny faniriana ho ambony rehetra, ary nifanatona tao anatin'ny firahalahiana Kristiana. »[131] Afaka mivavaka ho amin'io fampanantenana io ihany koa isika.

---

[130] Johannes Mager, Auf den Spuren des Heiligen Geistes (Lüneburg, 1999), S. 101
[131] Ellen G. White, Acts of the Apostles, p. 37.1. egwwritings.org

## INONA NO AMBARAN'IREO PASITORA ? (FIZARANA 2)

**Nahafeno ny asa fanompoako aho**

Tena tsara Andriamanitra ary nitahy antsika rehetra tamin'ny ity boky mampitolagaga ity. Pasitora misotro ronono aho. Raha vao namaky an'io boky io voalohany indrindra aho dia nanova ny fiainako manontolo izany. Novakiako inefatra ilay izy ary nitarika seminera telo momba ny Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana aho. Taorian'ny seminera faharoa dia tsapako hoe nahafeno ny asa fanompoako aho ankehitriny. P. J. 261118 avy any Papua Newguinea

**Boky Dingana hita tao amin'ny <u>www.revivalandreformation.org</u> , tranon-kalan'ny Foibe Maneran-tany**

Nahazo fitahiana tokoa aho tamin'ny alalan'ilay boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana. Fanandramana nanohina ahy tokoa ny famakiana an'io boky io. Niova ny fiainako ary rehefa avy namaky izany imbetsaka ao tao anatin'ny telo volana dia nozaraiko tamina fiangonana maromaro izany. Nozaraiko tamin'ny pasitora rehetra manerana ny Federasiona (Federasiona ahitana mambra 80.000) ihany koa ny boky elektronika nandritra ny fivorianay.

Tao amin'ny tranon-kalan'ny Foibe Maneran-tany momba ny Fifohazana sy Fanavaozana no nahitako ilay boky. Nitady hevitra manan-danja atao ho amina semineram-pifohazana aho. Hitako tao ilay boky amin'ny dikan-teny Swahili ary nampiasaiko tao amin'ilay seminera izany. Fanandramana lehibe ho ahy izany. Mivavaka aho mba hanatratra ny mpitarika sy ny pasitora ary ny mambran'ny fiangonantsika rehetra izany afo nirehitra tamin'izany.

L. M. 08072019 avy any Tanzania/Afrika Atsinanana – nafohezina, #140

**Tsy nieritreritra ny hamaky ilay boky aho satria noheveriko hoe efa haiko loatra izany. Diso hevitra tanteraka aho.**

Midera ny Tompo aho amin'ilay boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana. … Tsaroako tsara fa nomena an'io boky io aho tamin'ny volana Janoary, kanefa tsy nieritreritra ny hamaky ilay

boky aho satria noheveriko hoe efa haiko loatra izany. Diso hevitra tanteraka aho. Taty aoriana, raha nitady hevitra momba ny batisan'ny Fanahy Masina aho, 3 na 4 herinandro lasa izay, dia nisy mpiara-miasa nandefa tamiko ilay boky amin'ny endriny elektronika. Tena nientanentana tokoa aho satria tonga tamin'ny fotoana nilako azy indrindra ilay boky. Raha teo am-pamakiana aho dia niantoraka nandohalika nangataka famelan-keloka tamin'ny Tompo ny amin'ny nanaovako ambanin-javatra an'io lafiny tena manan-danja io teo amin'ny fiainako. Omaly Sabata dia nifady hanina aho ary nivavaka sy nampilefitra ny fiainako indray tamin'ny Tompo ary nangataka Taminy mba hampiasany ahy sy hanehoany amiko mazava ny asa fanompoana voafaritra mazava izay iriny ataoko ho Azy. Mahatonga ahy hitety firenena samy hafa isam-bolana ny asako … Mino aho fa azo araraotina tokoa izany hampita an'io hafatra sarobidy io amin'ny herin'ny Fanahy Masina amin'ireo rahalahy sy anabavintsika. M. A. EE130518 from Philippines, #109

**Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra**

*1. Rehefa mitaky ireo teny fikasana am-bavaka isika, nahoana isika no afaka manantena fa hahazo valiny io vavaka io ?*

*2. Inona no lazaiko amin'Andriamanitra rehefa mitaky ny teny fikasana amim-bavaka aho kanefa tsy manantena izany hahazo valiny ?*

*3. Inona avy ireo sokajy 02 hamaritana ireo fampanantenana ? Inona no mahasamy hafa ireo sokajy roa ireo ?*

*4. Tanisao ireo teny fikasana vitsivitsy miresaka ny amin'ny Fanahy Masina :*

**Fotoam-bavaka Ataontsika**

- Antsoy ilay namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra
- Miaraha mivavaka aminy mba …

1. Hamenoan'ny Tompo anao amin'ny Fanahy Masina
2. Hanatanjahina ny vavaka ataonao amin'ny alalan'ny fitakiana ireo teny fikasana.
3. Hisaotra an'Andriamanitra fa tsy miverina foana Aminy ny Teniny.

# Ahoana no tokony ho fomba fivavako mba ahazoako antoka fa fenoin'ny Fanahy Masina aho ?

ANDRO 35

## TSY NISY VOKANY TSARA … ?

« Nisy tovolahy iray nangataka torohevitra, satria hoe naniry ny hofenoin'ny Fanahy Masina izy. Tena niady mafy tokoa izy. Nanontany azy ny Pasitora : 'Efa nampilefitra tanteraka ny sitraponao tamin'Andriamanitra ve ianao ?' 'Heveriko fa mbola tsy nanao izany tanteraka aho.' 'Eny ary', hoy Pasitera, 'Dia tsy misy antony izany ny hivavahana (ho fenon'ny Fanahy Masina), raha tsy rehefa mampilefitra tanteraka ny sitraponao amin'Andriamanitra ianao. Tsy mba irinao ve ny hampilefitra ny sitraponao amin'Andriamanitra izao ? 'Tsy afaka manao izany aho', hoy ny navaliny. 'Irinao ve Andriamanitra ny hanao izany ho anao ?' 'Eny', hoy ny navaliny. 'Angataho ary Izy hanao izany.' Nivavaka izy : 'Ray o, foany ato anatiko ny sitrapoko. Ento ho eo amin'ny fileferana tanteraka amin'ny sitraponao aho. Ampilefero ny sitrapoko. Mivavaka aho amin'ny anaran'i Jesosy.' Hoy ny fanontanian'i Pasitera avy eo : 'Niseho ve ilay izy ?' 'Tsy maintsy ho niseho izany', hoy ny navaliny. 'Nangataka tamin'Andriamanitra zavatra izay mifanaraka amin'ny Sitrapony aho, fantatro fa hanome valiny ahy Izy ary ary azoko ny zavatra nangatahiko (1 Jaona 5 :14-15). Eny tokoa, niseho ilay izy – Nampileferina ny sitrapoko.' Hoy i Pasitera avy eo : 'Mivavaha amin'izay izao momba ny batisan'ny Fanahy Masina (mba ho fenon'ny Fanahy Masina).' Dia nivavaka Izy : 'Ray o, ataovy batisan'ny Fanahy Masina aho izao. Amin'ny anaran'i Jesosy no hanononana ny vavaka.' Dia niseho teo no ho eo izany, raha vantany vao nampilefitra ny sitrapony izy. »[132]

## NY MAHASAMY HAFA NY TANY ALOHA SY NY TAO AORIANA

Na dia efa nahazatra ahy nandritra ny fotoana ela aza ilay hoe mivavaka araka ny teny fikasana ary na dia efa nampiasa izany tamin'ny toe-javatra manokana sy nanao fanandramana valim-bavaka mampitolagaga aza

[132] Reuben A. Torrey, Der Heilige Geist – Sein Wesen und Wirken (Frankfurt, 1966), S. 150

aho, dia efa aman-taonany izao no niheverako fa efa ampy ilay hoe mangataka fotsiny ny Fanahy Masina amim-bavaka ary tsy mila miantehitra amin'ireo teny fikasana voafaritra. Fantatro fa maro ireo izay mitovy hevitra amiko toy izany. Tsy te hilaza aho hoe diso izany. Rehefa miverina mijery ny fanandramako manokana anefa aho, dia manenina ny amin'ny nivavahako toy izany, tsy niantehitra tamin'ireo teny fikasana. Taona vitsivitsy izao no efa nivavahako isan'andro araka ny teny fikasana momba ny Fanahy Masina, mba ahafahako mahazo toky aorian'ny vavaka ataoko fa fenon'ny Fanahy Masina aho izao. Nahatsapa fiovana lehibe aho tamin'ny alalan'ny fanandramana nolalovako tamin'ny 28 Oktobra 2011 : ny taloha sy ny taorian'io.

Hatramin'ny nanombohako nivavaka araka ny teny fikasana dia lasa ety kokoa ny fifandraisako tamin'Andriamanitra, lasa akaiky kokoa Ahy sy nihananan-danja tamiko Jesosy. Tsy fihetseham-po araka ny fahatsapako fotsiny izany fa azoko ampifandraisana amin'ireto zavatra manaraka ireto :

- Matetika aho no mahazo lesona vaovao sy mampahery mandritra ny famakiako ny Baiboly.
- Afaka mitoetra ho mpandresy aho ao anatin'ny ady amin'ny fakampanahy.
- Lasa zava-dehibe tokoa sy mitondra fifaliana lehibe ho ahy ny fotoam-bavaka ataoko.
- Mamaly ny ankamaroan'ny vavaka ataoko Andriamanitra.
- Manana fifaliana lehibe sy « fahasahiana » (Asa 4 :31) misimisy kokoa aho hilaza amin'ny hafa momba an'i Jesosy.
- Lasa mahay mifandray kokoa amin'ireo namako aho.
- Mivelona am-pahasambarana aho noho ny fahasoavan'Andriamanitra ary mahatsiaro tena ho voaaro eo am-pelatanany.
- Tamin'ny dingana sarotra iray – narary sy tsy afaka nandeha nandritra ny efatra taona ny vady andefimandriko ary avy eo dia nodimandry – dia tsapako ny fanohanan'ny Tompo ahy tamin'ny fomba nampitolagaga sy ny nampaherezany ahy avy tao anaty.
- Tsapako sy fantatro ireo fanomezam-pahasoavana izay nomen'ny Tompo ahy.

- Nitsahatra ny fanakianana. Lasa mahatsiaro tena tsy mahazo aina aho rehefa mandre ny hafa manao fanakianana.

Niseho tsimoramora ny fiovana. Voamariko voaohany izany taorian'ny nanokanako fotoana nivavahana isan'andro araka ny teny fikasana, ho amin'ny Fanahy Masina. Nanomboka teo dia fivavahana Kristiana karazany hafa mihitsy no hiainako. Teo aloha dia nahasasatra sy sarotra ny fiarahako tamin'Andriamanitra ; manao fanandraman'ny fifaliana sy hery anefa aho ankehitriny.

Malahelo aho amin'ireo fatiantoka teo amin'ny fiainako manokana vokatry ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina, ireo fatiantoka teo amin'ny tokantranoko sy ny ankohonako, ary ireo fatiantoka tao amin'ireo fiangonana izay nanompoako amin'ny maha Pasitora ahy. Mangataka famelana amin'ny Tompo aho rehefa mahatsapa izany.

Indrisy fa tena mitombina amin'io lafiny io ilay hoe tsy afaka mitarika ny hafa lavitra kokoa noho izay toerana misy antsika isika. Aoka hotsaroantsika ihany koa fa ny hadisoana manokana ataon'ny tsirairay ao amin'ny ankohonana sy ny fiangonana dia miangona sy mitombo hatrany.

Tiako anefa ny hanampy lesona vitsivitsy mba hahatonga ny hafa tsy hamisavisa ny hadisoany teo amin'ny fiainany isan'andro.

Ao amin'ny 2 Petera 1 :3-4 dia voalaza fa amin'ny alalan'ny fifandraisana ety amin'i Jesosy no nanatanterahany « … *amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra amin'izany ianareo …* »

Midika ihany koa izany fa omena ahy amin'ny alalan'ireo teny fikasana ny Fanahy Masina. Azo ampitahaina amina taratasim-bola (na « chèque ») avy amin'ny banky ireo teny fikasana. Afaka maka vola ao amin'ny kaontin'ny olona hafa isika rehefa maneho taratasim-bola voasonian'ilay tompon'ny kaonty. Amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika (Jaona 1 :12) dia afaka maka fitahiana isan'andro amin'ilay « taratasim-bola » (ireo teny fikasana) nosoniavin'i Jesosy isika. Tsy misy antony hanehoantsika ny taratasintsika, eny fa na dia namboarin'ny manam-

pahaizana manokana aza ny antsika. Mila ireo taratasim-bola izay voasonian'ilay tompon'ny kaonty isika.

Misy antony iray hafa izay tokony hampaharisika antsika hivavaka araka ny teny fikasana. Misy hery ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Nahoana Jesosy no nivavaka intelo teo amin'ny hazofijaliana, araka ireo teny voasoratra ao amin'ny Salamo ? Nahoana Izy no niaro tena sy nanamontsana an'i Satana tamin'ny alalan'ireo toko sy andininy, tamin'ireo fakam-panahy nalefan'i Satana tany an'efitra ? (Matio 4 :4, 7, 10) Hoy Izy : « *Tsy mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra (Deo. 8. 3).* »

Fantatr'i Jesosy, ilay Mpamorona, fa misy hery ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. « Ao amin'ny baiko sy teny fikasana rehetra avy amin'ny Tenin'Andriamanitra no ahitana hery, ilay tena aina avy amin'Andriamanitra, izay hahatanterahana ny baiko sy ny fampanantenana rehetra. »[133] Fanambarana mahafinaritra manao ahoana re izany ! Ny herin'Andriamanitra sy ny Aina avy Aminy ao anatin'ny teny fikasana tsirairay. Rehefa mivavaka araka ny teny fikasana isika dia mampiasa ny Tenin'Andriamanitra ao anatin'ny vavaka ataontsika. Hoy ny voalaza momba ny Tenin'Andriamanitra : « *Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako : Tsy hiverina amiko foana izy ...* » (Isaia 55 :11)

Mikasa ny tsy hivavaka ho amin'ny Fanahy Masina aho raha tsy araka ny teny fikasana. Rehefa mivavaka araka ny teny fikasana aho dia fantatro fa rehefa avy nangataka ny Fanahy Masina aho dia nandray Azy araka ny fampanantenana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny 1 Jaona 5 :15 « *ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika,* ***dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy****.* » Rehefa mivavaka tsy misy teny fikasana aho dia manantena hahazo valim-bavaka. Tsara kokoa anefa ny manokana fotoana manonona vavaka araka ny teny fikasana ary mandalo andro voatahy anankiray, fa tsy himenomenona momba ny tsy fahombiazana rehefa tonga ny hariva.

---

133 Ellen G. White, Christ's Object Lessons (1900), p. 38.2

Nandray mailaka iray izay nosoratana tam-pifaliana lehibe tokoa aho : « Tsy mbola nieritreritra aho hoe ho samy hafa tokoa ny mivavaka hahazo ny fitarihan'Andriamanitra mandritra ny tontolo andro amin'ny 'teniko' fotsiny sy ny mivavaka araka ireo teny fikasana ao amin'ny Baiboly ! Tena zava-dehibe tamiko hatramin'izay ireo teny fikasana. Nino azy ireny mandrakariva aho kanefa tsy mba nitaky azy ireny isan'andro. Tonga tamin'ny sehatra lalina kokoa, feno fifaliana kokoa, feno fitokisana kokoa, ary tony kokoa ny fiainako niaraka tamin'i Jesosy. Misaotra an'Andriamanitra ny amin'izany aho. »[134]

Noho io antony io no nahatonga ahy tapa-kevitra ny hizara santionan'ny vavaka iray ho amin'ny Fanahy Masina, miaraka amin'ny teny fikasana. Mazava ho azy fa afaka afohezina izany. Zava-dehibe ny hianarantsika mivavaka mivantana avy amin'ny Tenin'Andriamanitra, ho an'ny tenantsika. Ny teboka hiankinan'ny aina anefa dia ilay hoe, amin'ny alalan'ireo teny fikasana no hanatanjahana ny finoantsika, amin'ny fomba izay ahazoantsika antoka vao vita ny vavaka ataontsika fa nandray ny Fanahy Masina isika. Mandray ny Fanahy Masina isika rehefa mino ny zavatra entintsika am-bavaka.

Irin'i Jesosy ny hivelona ao anatintsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina (1 Jaona 3 :24 ; Jaona 14 :23). Hoy Ellen G. White : « Ny hery miasa mangina avy amin'ny Fanahy Masina no fiainan'i Kristy ao amin'ny fanahy. »[135] Afaka ny ho azontsika ihany koa ny hery izay nanova an'i Petera, Paoly sy ireo maro hafa. Omeny antsika ihany koa ity andininy ity, « *mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo* » (Efesiana 3 :16)

Ny hoe fenoin'ny Fanahy Masina no fanalahidin'ny fiainana feno finoana, fifaliana, hery, fitiavana, ary fandresena ny ota. « *Ary izay itoeran'ny Fanahin'ny Tompo no itoeran'ny fahafahana.* » (2 Korintiana 3 :17b)

Nandray izao hafatra manaraka izao aho : « Maro ireo mambran'ny fiangonana izay nanonona ilay soso-kevitra tonom-bavaka tsiroaroa. Niara-nanonona io tonom-bavaka io tamin'ilay tovovavy niaraka tamiko aho,

---

[134] Email to H. Haubeil C. S.
[135] Editor Francis D. Nichol, Adventist Bible Commentary vol. 6 (Hagerstown, 1980), p. 1112

nandritra ny dimy volana. Samy mahita fandrosoana izahay tsy eo amin'ny fiainana manokana ihany fa na ao an-trano, na eo amin'ny fifandraisana, na eo amin'ny fiarahanay, na eo amin'ny fiainana ara-panahy, na any am-piangonana … Tsy amin'ny fomba miezinezina na manakoako akory no hisehoany, fa amin'ny fomba mangina sy mandeha ho azy. Gaga izahay ary dingam-piasan'Andriamanitra no fahitanay izany, izay mahatonga ny fiainana ho mora kokoa amin'ny lafiny maro, satria tsapanay misimisy kokoa ny fanatrehan'Andriamanitra. »[136]



## AFAKA NY HITOETRA HO ARA-PANAHY VE NY OLONA IRAY ?

Eny ! Rehefa tsy avelantsika hanjaka ny toe-tsain'ny tsy finoana ary rehefa mifoka rivo-panahy isika izany hoe : « mamoaka rivotra » amin'ny alalan'ny fiaikena ireo otantsika ary « mampiditra rivotra » rehefa mampiasa ny fitiavan'Andriamanitra sy ny famelan-keloka avy Aminy, ary amin'ny alalan'ny vavaka amin'ny finoana mba ho fenoin'ny Fanahy Masina.[137]

Toy ny fifandraisantsika amin'ny zanatsika izany. Rehefa tsy mankato ilay zaza dia mbola mitoetra ho zanatsika ihany izy. Mahatsapa fifandraisana tapaka anefa isika. Mety ho tsy afaka mijery antsika amin'ny maso ilay zaza. Voahitsy amin'ny alalan'ny fiaikena ny hadisoana anefa ilay fahatapahana.

[136] Email to Helmut Haubeil: E.S.
[137] Helmut Haubeil & Gerhard Padderatz, Gott, Geld & Glaube (Eckental, 2009), p. 97

**SANTIONAN’NY VAVAKA ARAKA NY TENY FIKASANA MBA HANDRAISANA NY FANAVAOZANA AVY AMIN’NY FANAHY MASINA ISAN’ANDRO**

Rainay izay any an-danitra, tonga eto anatrehanao amin’ny anaran’i Jesosy Mpamonjy aho. Nilaza hianao hoe : Atolory ahy ny fonao. (Ohabolana 23 :26) Tiako ny hanao izany ankehitriny amin’ny fampileferana ny tenako eo Aminao androany, miaraka amin’izay hananako rehetra sy ny mahaizy ahy manontolo. Misaotra anao aho fa efa novalianao sahady ity vavaka izay mifanaraka amin’ny Sitraponao ity, satria ny Teninao dia milaza fa raha mivavaka araka ny Sitraponao izahay dia fantatray fa efa nandray izahay (1 Jaona 5 :15). Nilaza ihany koa Hianao fa izay manatona anao dia tsy holavinao mihitsy (Jaona 6 :37).

Hoy Jesosy : « 13 Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zavatsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy ? » (Lioka 11 :13)

Nilaza ihany koa Hianao ho fanampin’izany fa ny Fanahy Masina dia omenao izay mino anao (Jaona 7 :38,39), izay manaiky Anao (Asa 5 :32), izay manaiky havaozin’ny Fanahy Masina (Efesiana 5 : 18), ary izay mandeha araka ny Fanahy (Galatiana 5 :16). Izany no faniriako. Mba tanteraho ao anatiko izany. Noho izany antony izany no angatahiko amim-pahatsoram-po Aminao Ray mba hanomezanao ahy ny Fanahy Masina anio. Koa satria fangatahana mifanaraka amn’ny Sitraponao izany, dia misaotra Anao aho fa nomenao ny Fanahy Masina ankehitriny (1 Jaona 5 :15). Misaotra anao aho fa nandray ny fitiavana avy any ambony ihany koa aho, satria hoy ny Teninao hoe : « … satria ny Fanahy Masina, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan'Andriamanitra* ho ao am-pontsika. » (Romana 5 :5 ; Efesiana 3 :17) Iriko ny hiara-hilaza amin’ny mpanao salamo hoe : « mamiko indrindra Hianao, Jehovah Heriko ô. » (Salamo 18 :1) Misaotra Anao aho fa afaka mitia ireo mpiara-belona amiko amin’ny Fitiavanao.

Misaotra Anao fa efa rava ny herin’ny ota ato anatiko noho ny Fanahy Masina (Romana 8 :13, Galatiana 5 :16). Mba vonjeo sy arovy amin’ny ota avy amin’izao tontolo izao aho anio, omeo fiarovana amin’ireo anjely ratsy aho, vonjeo aho amin’ny fakam-panahy ary raha ilaina dia esory amiko ary vonjeo amin’ny izahoko taloha mety lo (1 Jaona 5 :18) aho.

Mba ampio ihany koa aho ho Vavolombelonao amin’ny teny sy ny atao (Asa 1 :8). Midera Anao aho ary misaotra Anao amin’ny fihainoanao ny vavako. Amen.

Mety hiverina ho araka ny nofo indray anefa ny olona iray rehefa mandeha ny fotoana. Ny Baiboly dia tsy miresaka ny amin'ny hoe « voavonjy indray mandeha, voavonjy mandrakizay ». Mbola misy ilay izahontsika feno ota. « Tsy misy amin'ireo apostoly sy ny mpaminany ka nilaza ny tenany ho tsy misy ota. »[138]

Rava anefa ny herin'ny ota amin'ny alalan'ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina sy miaraka amin'i Jesosy ao am-pontsika, mba ahafahantsika mivelona amin'ny fiainana Kristiana sambatra sy matanjaka. Ny fanamarinana antsika dia ao amin'i Jesosy Kristy irery ihany, « *izay nataon'Andriamanitra fahendrena sy fahamarinana sy fahamasinana ary fanavotana ho antsika* » (1 Korintiana 1 :30). Ao amin'ilay boky « Mitoetra ao amin'i Jesosy », Toko 3 : « Jesosy mitoetra ao anatinareo » no hiresahana amin'ny antsipiriany an'io lohahevitra manan-danja io.

Raha niverina ho araka ny nofo indray isika vokatry ny fanaovana an-tsirambina nandritra ny fotoana ela ny fiainam-panahintsika, na vokatry ny tsy fahaizana ilay « fifohana rivo-panahy », dia mbola afaka manantena fa misy mpanavotra mangoraka izay miandry antsika.

Zava-dehibe ny ahafantarantsika ny fomba ahatonga antsika havaozina amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra sy hanana fiainana ara-panahy mandrakizay. Tsy misy olona natao hitoetra ho araka ny nofo.

Tsarovy ho an'ny tenanao manokana sy amin'ny ankapobeny anefa ity nambaran'i Randy Maxwell ity : « Heverintsika fa ho tanteraka tsy misy ezaka moa ny fananganana ny fiangonan'Andriamanitra izay saika maty ara-panahy ? »[139]

Mahaleo ny ezaka atao anefa ny fiainana miavosa eto sy ny fiainana mandrakizay amin'ny ho avy, ny famonjena olona maro ary ny fisaorantsika an'i Jesosy noho ny sorona lehibe nataony. Ny fihaonantsika amin'ny Tompo amin'ilay fotoam-pibanjinana maraina no fanalahidy. Eo no hanomezany hery antsika.

---

[138] Ellen G. White, The Acts of the Apostles (1911), p. 561.1
[139] Randy Maxwell, If My People Pray (Pacific Press,1995), p. 158

## TOY IZAO MANARAKA IZAO NO VOALAZA MOMBA NY APOSTOLY JAONA :

« Voasarika ho eo amin'i Kristy isan'andro isan'andro ny fony, mandra-pahafaty ny izahony sy nahalatsa-pitiavana azy tamin'ny Tompony. Nilefitra teo ambanin'ny hery mamolavolan'i Kristy ny toeny mpanao otri-po sy tia toerana ambony. Nanavao ny fony ny hery miasa mangina manavaon'ny Fanahy Masina. Nitondra fiovan'ny toetra ny herin'ny fitiavan'i Kristy. Izany no vokatra azo antoky ny firaisana amin'i Jesosy. Miova ny mahaizy manontolo rehefa mitoetra ao am-po Kristy. »[140]

« *Ampahirato ny masoko, mba hahitako Zava-mahagaga ao amin'ny lalànao.* » (Salamo 119 :18) Misaotra Anao aho fa mitarika ahy Hianao araka afaka milaza aho hoe : « *Faly aho noho ny teninao Tahaka ny mahazo babo be.* » (Salamo 119 :162)

*Tafiky ny hazavana sy hery tsy hita maso no mitoby manodidina ireo malemy fanahy sy ireo manetry tena izay mino sy mitaky ireo teny fikasan'Andriamanitra.*

*Ellen White, Christ's Object Lessons, p. 176*

[140] Ellen G. White, Steps to Christ (1892), p. 73.1

**Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra**

Asaiko hianao mba hanao printy ilay modelim-bavaka. Apetaho amin'ny toerana izay hanaovanao ny fibanjinana maraina izany. Amin'ny voalohany dia mety ho hafahafa ilay hoe manonona vavaka an-tsoratra. Vakio ilay vavaka, tonony ilay vavaka ary ao anatin'ny fotoana fohy dia ho lasa mandeha ho azy kokoa aminao izany.

*1. Nahoana isika no tsy mila manana fisalasalana manoloana ny fampiasana vavaka nosoratana ?*

*2. Inona avy ireo vokatry ny fitakiana ireo teny fikasana am-bavaka ?*

*3. Soso-kevitra : Mandiniha andalan-teny fototra roa hitakiana ireo teny fikasana am-bavaka, amin'ny dikan-tenin'ny Baiboly samy hafa. (1 Jaona 5 :14, 15 sy 2 Petera 1 :3, 4)*

*4. Nahoana no mahaleo ny sarany ny ezaka amin'ny fametrahana ny tenanao isan'andro eo ambany fiarovan'Andriamanitra ?*

*5. Ahoana no hitoerantsika ho Kristiana ara-panahy ?*

**Fotoam-bavaka Ataontsika**

- Antsoy ny namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.
- Miaraha mivavaka aminy mba …
    1. Hamenoan'ny Tompo antsika amin'ny Fanahiny Masina anio.
    2. Hametrahantsika ny tenantsika eo ambany fiarovan'Andriamanitra manokana.
    3. Hitoerantsika ho Kristiana ara-panahy tsy tapaka.

# TOKO 6 : INONA NO FANANDRAMANA MIANDRY ANTSIKA ?



## Fanandraman'ny tena manokana sy avy amina Fiangonana, Federasiona sy Fivondronam-be

### FANANDRAMAN'NY RAHALAHY IRAY

« Nandritra ny roa taona farany izay dia nivavaka isan'andro aho ho amin'ny firotsahan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainako. Ny fangatahako dia Jesosy hivelona ato anatiko amin'ny fiavosana be kokoa isan'andro. Tsy nampino ny fiarahako mandeha tamin'Andriamanitra (nandritra izay fotoana izay). Lasa hita maso kokoa teo amin'ny fiainako ireo vokatry ny Fanahy ao amin'ny Galatiana 5, hatramin'izay nanasako an'i Jesosy honina tato anatiko izay, mba hanatanterahany ny Sitrapony ato anatiko sy hanavaozany ahy isan'andro amin'ny Fanahy Masina. Manana fifaliana lehibe kokoa aho amin'ny famakiana ny Baiboly, amin'ny fizarana an'i Kristy amin'ny hafa ary manam-paniriana mafy aho hivavaka ho an'ny hafa. Fanampin'izay koa, niova tanteraka ny fomba fiainako. Fanamafisana ny fikatsahako an'Andriamanitra isan'andro sy ny fangatahako ny Fanahy Masina isan'andro no fahitako izany rehetra izany. » C.H.

Hoy ny mbola fizarany : « Mihaika anao aho mba hivavaka isan'andro mba ho fenon'ny Fanahy Masina mandritra ny herinandro enina ka hahita ny zavatra hiseho. »

### FIJOROANA VAVOLOMBELONA MANOKANA AVY AMIN'I DWIGHT NELSON

Tianay ny hizara fijoroana vavolombelona iray. Avy amin'i Dwight Nelson izany, izay Pasitora voalohany ao amin'ny Fiangonana « Pioneer Memorial Church » ao amin'ny Oniversite Andrews. Nalefan'ny Sampana Vavaka tao amin'ny Foibe Maneran-tany tamina olona nisoratra anarana miisa 40.000 ilay taratasim-bavaka.

**Tamin'ny fomba ahoana no nanovan'ny « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana » ny fiainako**

« Tsy nampoiziko velively ny fomba hanovan'ity boky ity amin'ny fomba mampitolagaga tokoa ny fiainako – ny fomba fivavahako, ny fomba fitoriako teny, ny fomba fitondrako ny hafa – nanova ny fanompoana nataoko izany. Nandritra ireo taona rehetra nianarako, nitoriako teny sy nampianarako dia mbola tsy mbola nisy olona niteny ahy hoe miantso antsika ny Baiboly sy Ellen White, mba hivavaka isan'andro ho amin'ny batisan'ny Fanahy Masina isan'andro. Amin'ny maha Pasitora ahy, ahoana no nahasahiako niasa sy nitoriteny nandritra izay fotoana ela izay kanefa tsy nahalala fahamarinana lehibe toy izany !

Izany indrindra anefa no nampianarin'ny boky - Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana nosoratan'i Helmut Haibeil – ahy. Mialohan'ny nahatongavako tany an-trano dia efa voavakiko ilay boky. In'efatra aho izao no namaky ilay boky ary niova ny fiainako. Anontanio anie ny vadiko sy ireo mambran'ny fiangonako ! Nandritra ny taona maro aho no efa nanao toriteny momba ny fandraisana ny Fanahy Masina sy nanao seminera momba an'io lohahevitra sarobidy io. Hitako anefa izao ny fomba hiaonana amin'i Jesosy isa-maraina sy hanatanterahana izay nataon'i Jesosy amin'ny maha olombelona Azy : nivavaka Izy ho amin'ny batisa vaon'ny Fanahiny.

Miaiky am-panentrentena aho fa nakarin'Andriamanitra ambony ny fenitry ny fiainam-bavako. Mandany fotoana betsaka mandrakariva aho amin'ny famakiana ny Baiboly, kanefa fotoana kely foana amin'ny vavaka. Mifanohitra amin'izany ankehitriny. Mandany fotoana betsaka aho amin'ny fivavahana ao « an'efitranokeliko », mandohalika sy miresaka amin'Andriamanitra, ary avy eo dia maka teny ao amin'ny Teniny aho mba ahafahany miteny amiko.

Nahazo fahalalahana sy hery misimisy kokoa ny toriteniko. Niakatra toy ny fiaramanidina manidina avo kokoa ny fitarihako ireo mpiara-miasa amiko sy ny fiangonana. Tampotampoka teo aho dia nanao fanandraman'ny « kisendrasendra » (na antsoina koa hoe fifanandrifian-javatra indraindray). Toy ny hoe misy olona iray izay mandrindra ny fiainako andro aman'alina,

ireo fivoriana « kisendrasendra » ataoko, ireo mailaka sy fifampiresahana. Lasa toy ny hoe mitari-dalana ahy manokana ny Fanahy Masina mandritra ireo ora handehanako (ary eny fa na dia ireo ora fatoriako aza). Lasa mahafantatra an'Andriamanitra toy ny sakaizako manokana sy malalako aho.

Nahoana aho no mitantara aminareo izany ? Tsy misy tombony ho ahy ny fanaovana izany. Azoko antoka kosa anefa fa tombotsoa ho anareo izany. Ho avy tsy ho ela Jesosy. Mbola mila manatratra an'izao tontolo izao isika, manatratra taranaka manontolo amin'ny filazantsara mandrakizay. Tsy ho vitantsika irery na oviana na oviana anefa io iraka io. Ny hany fanantenantsika dia ny mianatra izay zava-pantatr'i Jesosy isika, ny mampihatra izay nataon'i Paoly sy ireo mpianatra voalohany. Mila ny batisan'ny Fanahy Masina ISAN'ANDRO isika eo amin'ny fiainantsika sy eo amin'ny asa fanompoantsika. Rehefa mangataka izany am-panetrena isan'andro ihany isika, izay vao handray izany.

Tsy fantatro ny momba ny fiainanao, fa mitondra am-bavaka ho anao aho eo am-panoratana ireo. Mandray ny fitahiana nampanantenaina isika rehefa mangataka izany. Nampanantena Jesosy hoe : « *Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy ?* » (Lioka 11 :13) Moa ve tsy hangataka isan'andro ny Fanahy Masina ihany koa hianao ?

## 40 ANDROM-BAVAKA TANY SERBIA

« Nandika sy namoaka ny boky « 40 androm-bavaka sy Fibanjinana ho fiomanana amin'ny Fiaviany Fanindroany » izahay tamin'ny volana Septambra, taona 2010. Natao izay nahafahan'ny mambra rehetra tao anatin'ny Fivondronam-be nahazo izany boky izany. Avy eo dia nanomana fivoriam-bavaka isan-kerinandro sy isan'andro tao amin'ireo fiangonana teo an-toerana sy tany an-tokantranon'ireo mambra izahay nandritra ireo 40 andro manaraka. Tany ireo olona no nifady hanina sy nivavaka ho amin'ny firotsahan'ny Fanahy Masina isan'andro.

Rehefa niandoha izany dia nanomboka nisy rivo-piainana vaovao tanteraka izay niforona tao amin'ireo fiangonana eo an-toerana. Lasa

navitrika sy liana kokoa tamin'ny fanompoana ny hafa ireo mambran'ny fiangonana tsy navitrika. Nihavana sy nanomboka niara-nanao drafitr'asa hanatrarana ny fiaraha-monina ireo izay niady nandritra ny taona maro tamina olana maro samy hafa (efa tsy nifampiteny intsony aza ny sasany teo aloha !)

Avy eo dia nampidirina ny tsirin-kevitra « Fifohazana sy Fanavaozana » nandritra ny fivoriana fanaon'ny Komity Mpanatanteraky ny Foibe Maneran-tany, ny volana Oktobra, taona 2010. Tam-pifaliana no nandraisanay izany, satria hitanay fa fanohizana ny zavatra izay efa natombok'Andriamanitra tao amin'ny Fivondronam-be misy anay izany.

Nahita firahalahiana ety kokoa, firaisan-kina lehibe kokoa ary fifankahazahoana tsara kokoa izahay, teo amin'ireo samy tompon'andraikitra eo anivon'ny Fivondronam-be, vokatr'ireo fivoriam-bavaka ireo. »[141]

## 40 ANDROM-BAVAKA TANY ZURICH / SOISA

« Samy nahazo boky mitovy (kanefa tsy nifampilaza) izaho sy ny Pasiteranay, boky izay nampientana anay tokoa ny votoatiny. Mitondra ny lohateny hoe : 40 andro – Vavaka sy Fibanjinana ho Fiomanana amin'ny Fiaviany Fanindroany, nosoratan'i Dennis Smith, izany boky izany. Tsy afaka ny hovakiana fotsiny dia avy eo apetraka amin'izao fotsiny io boky io. Nanova ny fiainako ny votoatin'io boky io.

Nanao drafitra hanatanteraka 40 androm-bavaka ny fararanon'ny taona 2011, rehefa nahatsapa tokoa ny hilana fifohazana sy vavaka ny fiangonanay any Zurich-Wolfswinkel izay ahitana mambra 100 eo no ho eo. Nanome antsipiriany sarobidy momba izany sy modelin'ny fotoam-bavaka isan'andro mandritra ny 40 andro (araka izay nilaina mihitsy) io boky io.

Miresaka ny amin'ny mahafenon'ny Fanahy Masina, ny vavaka, ny fitorian-teny, ny fiainan'i Jesosy ary ny firahalahiana ara-panahy ireo lohahevitra ireo.

---

[141] M. Trajkovska, Southern European Union, Belgrade, quoted in www.revivalandreformation.org

Nanomboka ny 40 andro izahay ny 1 Oktobra 2011 ary niomana sy nanantena zava-dehibe tokoa. Soa fa nandray anjara tamin'izany ny ankamaroan'ireo mambran'ny fiangonana. Nihaona ireo mpiaraka mivavaka mba hivavaka isan'andro, nisy someso nifandefasana isan'andro ary maro ireo olona izay niaraka nivavaka an-telefaonina isan'andro. Nisy vondrona izay nihaona isa-maraina amin'ny 6 ora mba hanao fotoam-bavaka sy fiankohofana.

Fanandramana tsy hay adinoina ireo 40 andro ireo. Namaly ny maro tamin'ireo vavaka nataonay Andriamanitra, indrindra ireo antom-bavaka izay nisy hifandraisany tamin'ny seminera momba ireo faminaniana ara-baiboly, izay natao tamin'io vanim-potoana io ihany koa. Fitahiana lehibe tokoa io seminera natao io. Nanana mpamangy betsaka izahay ary nisy olona 20 nisoratra anarana ho amin'ny seminera ara-paminaniana manaraka. (Tohiny tamin'ny Marsa 2013 : Vahiny 50-60 no tonga, tsy mbola nitranga tao anatin'ny 20 taona izany tany Zurich.)

Nitondra fiovana mitohy tao amin'ny fiangonanay ny Fanahin'Andriamanitra, ary fifaliana ny mahita ireo tarika madinika manomboka mitombo ao sy ireo mambran'ny fiangonana izay mangetaheta ny hanao fampianarana Baiboly sy hitady olona liana. Manana faniriana lalina ny hitohizan'ny asan'ny Fanahin'Andriamanitra ankehitriny ireo izay nandray anjara. Tianay ny hisaotra Azy amin'ny fonay manontolo sy hanome voninahitra Azy. » Béatrice Egger, avy amin'ny Fiangonana Advantista ao Zurich-Wolfswinkel.

## 40 ANDROM-BAVAKA SY ASA FITORIANA TANY COLOGNE / ALLEMAGNA

Metisy Alemana sy Breziliana ny Pasitora Joao Lotze. Nandritra ny 38 taona izy dia niasa tamin'ireo fiangonana sy hopitaly tany Brezila, ary tao amin'ny Fivondronam-be sy ny Diviziona Amerika Atsimo. Nandeha nisotro ronono izy ny volana Marsa taona 2012. Nifanaiky ny ho any Cologne izy mivady amin'ny maha Misionera « ny Tanany » azy ireo, ary niasa tamin'ireo fiangonana miteny Portiogezy sy Espagnola.

« Tarika madinika mifampiahy no nanombohanay tany Cologne mba hamporisihana ireo mambran'ny fiangonana sy hanasana vahiny. Nitarika 40 androm-bavaka ihany koa izahay tany Cologne, niainga avy amin'ny fanandramana nataonay tany Brezila. Nisy fitaovana azo nampiasaina tamin'ny fiteny Portogey tao.

Nanomboka tam-pifaliana ny 40 androm-bavaka ireo fiangonana miteny Portogey, Espaniola, ary Alemana. Nivavaka isan'andro ho an'ny namana sy olo-pantatra 100 izahay. Nosoratana teo amin'ny solaitrabe tao am-piangonana ny anaran'ireo olona ireo. Tamin'ny andro faha30 hatramin'ny faha 35 vao nampahafantarinay an'ireo olona ireo fa mivavaka ho azy ireo izahay, sady nasainay izy ireo hanatrika fotoam-pivavahana Sabata manokana ho an'ny vahiny. Olona 120 no tonga nanatrika an'io fotoam-pivavahana manokana io. I Christian Badorrek, talen'ny departemantan'ny Asa Fitoriana ataon'ny Tena Manokana tao Nordrhein-Westfalen no nanao ny toriteny. Latsa-dranomasom-pifaliana ireo vahiny sasany rehefa nahita ny anarany nisoratra teo amin'ny solaitrabe.

Taorian'izay dia nisy kaoferansa nandritra 15 andro izay nataon'i Antonio Goncalves, evanjelistra avy tany Brezila. Niteny nandritra ny ora iray sy tapany (miaraka amin'ny fandikan-teny) izy isan-kariva. 'Aoka ny Baiboly hanao izay tsy ampoizina ho anao', izay no lohatenin'io kaoferansa io. Ny amin'ny fiaviany fanindroany, sy ireo lohahevitra momba an'i Daniela sy Apokalipsy no noresahina tao. Nadika avy amin'ny fiteny Portogey mankamin'ny fiteny Alemana ny fampianarana sy ireo hira natao tao. Nisy antokom-pihira madinika sy hira nahafinaritra tao isan-kariva. Nifarana tamina antso handroso eny amin'ny alitara ny fotoana isan-kariva. Misaotra ny Tompo izahay amin'ireo valiny setrin'izany. Nivavaka mafy ireo mambran'ny fiangonana, indrindra ho an'ireo olona avy tao amin'ilay 40 androm-bavaka.

Mahazaka olona 80 ny trano fiangonanay. Mihoatra ny 100 anefa ireo olona tonga. Feno ny fiangonana isaky ny faran'ny herinandro ary nisy olona teo amin'ny 60 teo nandritra ny herinandro. 32 ireo vahiny izay tonga tsy tapaka. Nitarika ho amin'ny batisa 8 izany ary 14 ireo izay namonjy ny kilasin'ny batisa. 13 ireo olona vita batisa tamin'ny fiafaran'ny taona.

Nahita fanandramana tsy ampoizina izahay. Sarotra ny fitadiavana mpandikateny. Nisy mpampianatra Katolika iray nivonona hanampy. Tsy dia nanana fanandramana firy ny amin'ny Baiboly anefa izy. Nivavaka izahay mba hahita mpandika teny protestanta anankiray. Vetivety taorian'izay izahay dia nahafantatra ramatoa iray tao amin'ny trano fisakafoanana iray, izay nanazava taminay hoe tam-pifaliana no nandikany teny Portogey amin'ny fiteny Alemana tao amin'ny fiangonana Pentekosta. Izy no mpandika teninay nandritra ny kaoferansa ary dia vita batisa ihany koa izy.

Nangataka ihany koa i Maria (ilay mpandikateny) raha mba afaka manasa ny namany antsoina hoe Elizabeth mba ho avy izy. Izy io dia mpitarika fiangonana Kolombiana kely iray izay ahitana mambra 13. Tonga izy ary nitondra mambra avy amin'ny fiangonany niaraka taminy. Hatreto dia vita batisa ihany koa ny roa tamin'ireo olona ireo. Mianatra Baiboly i Elizabeth sy ny ankohonany ankehitriny.

Nisy fanandramana ihany koa izay niarahana tamin'ny Hope Channel. Nisy vehivavy Alemana anankiray izay nahita ny Hope Channel ankisendrasendra, ary voatohina ny amin'ny zavatra reny tao, indrindra izay voalaza momba ny Sabata. Nasainy ny vadiny mba hiara-hihaino izany aminy. Tena tian'izy ireo ny hafatra voarainy. Indray andro raha nandeha namangy ny reniny izy ireo dia nahatsapa voatohina handeha amin'ny lalana hafa. Raha teny an-dalana izy dia nahita famantarana Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Tadidiny fa ireo ilay Advantista resahin'ny Hope Channel. Namonjy ny fotoam-pivavavahana izy rehefa tonga ny Sabata. Avy eo dia nasainy indray ny vadiny sy ny reniny hiaraka taminy. Hatramin'izay dia vita batisa izy telo ireo.

Misy fanandramana iray hafa izay niainan'ny anabavy metisy Rosiana sy Alemana iray. Nandray anjara tamin'ilay 40 androm-bavaka izy ary nanomboka nivavaka ho an'ireo mpiray tanàna aminy izay miteny Rosiana. Rehefa niteny tamin'ny iray amin'ireo mpiray tanàna izy hoe mivavaka ho azy, dia taitra ity farany ary nilaza fa mitady fiangonana izay mitandrina ny Sabata ara-Baiboly izy. Namonjy nanatrika ny Kaoferansa izy sy ireo mpiray tanàna hafa. Natao batisa ny roa tamin'izy ireo.

Fanandramana iray hafa ihany koa ny an'ny vehivavy iray antsoina hoe Jeanne. Mambran'ny fiangonana Batista tany Brezila izy ary nitady fiangonana izay miteny Portogey tany Cologne. Nifandray tamin'ny fiangonana Advantista izy, nahazo fampianarana Baiboly ary natao batisa. Taorian'ny fiovam-pony dia niantso ireo havany tany Brezila izy ary nilaza tamin'ny dadatoany izay efa Advantista hoe Advantista ihany koa izy ankehitriny. Tena tsy nanampo tokoa ny reniny, ny iray tampo aminy ary ny Fiangonana Batista tao Brezila, izay naha-mambra azy. Vokatr'izay dia namangy fiangonana Advantista iray ny fianakaviany tany Brezila mba hampianatra azy ireo momba ny Sabata. Nahatonga olona dimy ho vita batisa tany Brezila izany : ny reniny, ny roa amin'ny rahavaviny, ary havany hafa. Ankehitriny izy dia mivavaka ho an'ny rahavaviny iray hafa izay monina any Arzantina, mba hiova fo. Iriny ny ho tafaraka amin'izy ireo any amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

Nanana fanandramana maro hafa izahay teo ambany fitarihan'Andriamanitra. Olona valo no vita batisa tamin'ilay batisa voalohany – iray avy, avy any Italia, Alemaina, Peroa, Brezila, Okraina, Venezoela, Kolombia ary Rosia.

Nanao kaoferansa ihany koa izahay tamin'ny fararano, niaraka tamin'ilay 40 andro Fiankohofana. I Jimmy Cardoso sy ny vadiny, avy any Brezila saingy mipetraka any Etazonia ankehitriny, no nanao ny Kaoferansa. Na dia herinandro fotsiny aza no faharetan'ny kaoferansa dia nisy batisa efatra tamin'ny farany. Efa nianatra Baiboly izy ireo talohan'izay. Alemana ny telo ary Italiana ny iray.

Samy natao tany amin'ny renim-piangonana tany Cologne - izay ahitana mambra 400 sy manana batistera tsara tarehy iray - ireo batisa ireo.

Misaotra an'Andriamanitra aho fa nanao zava-dehibe tsy nampoizina toy izany taminay Izy. Resy lahatra aho fa mbola misy fanandramana lehibe kokoa izay miandry anay. Mivavaha ho anay. » João Lotze, Cologne, Alemaina.

**Vavaka Fanelanelanana iankinan'ny aina** :



asdfafsd

« Namaky amin'izao fotsiny ilay boky (40 androm-bavaka) aho tamin'ny voalohany. Vao namaky ny pejy voalohany aho dia efa voatohina tokoa. Tsy tokony hoe hivavaka fotsiny ho an'ny olona iray isika fa tokony hikarakara azy ireny am-pitiavana ihany koa. Izany no mahatonga ny fanelanelanana ho velona. Indrisy anefa fa tsy mba toy izany mihitsy no fiheverako ny fanelanelanana teo aloha. Mivelona amin'ny finoanao ! Resy lahatra aho fa samy manan-danja io na ho an'ilay olona mitondra am-bavaka, na ho an'ilay olona entina am-bavaka. Toy izany koa, naharesy lahatra ahy hatrany am-boalohany ihany koa ilay hoe manatanjaka ny firahalahiana ao am-piangonana ihany koa ny fanelanelanana. Oh, manantena aho ny hisehoan'ny firahalahiana toy izay hita ao amin'ireo toko farany ao amin'ilay boky. Raha tsorina dia efa ela aho no naniry fatratra sy an-dranomaso izany firahalahiana izany. Resy lahatra aho fa mamahana sy manafaka antsika amin'ireo zava-bitan'ny tenantsika ilay boky 'Kristy ao anatiko'. Betsaka ireo boky momba an'io 'Kristy ao anatiko' izay novakiako, saingy io boky io no hitako ho tena manampy betsaka indrindra. Mino aho fa hohatanjahan'io boky io ny fiainam-bavakao, ho voafahana ny firahalahiana ao anatin'ny fiangonana, ary hahatonga ny vavaka fanelanelanana ho velona kokoa izany. Manome fanantenana ahy io boky io, ho an'ny tenako, ho an'ny fiangonana ary ho an'izao tontolo izao. Misaotra an'Andriamanitra aho ny amin'io boky io. Manao drafitra ny hianatra ilay boky tari-dalana 40 andro aho amin'ny manaraka, ny hivavaka momba izany ary ny hanohy na aiza na aiza no hasehon'Andriamanitra amiko. »

Herinandro vitsy taty aoriana, nandray mailaka tamin'ity anabavy ity aho. « Novakiako fotsiny ilay boky tamin'ny voalohany. Rehefa nanomboka niaraka nianatra tamin'ny namako mpiaraka mivavaka amiko momba ireo fotoam-piankohofana aho, dia nahita fa zava-dehibe mihoatra noho ny nieritreretako azy tamin'ny voalohany ireo. Nahazo valiny tamin'ireo zavatra izay tsy mbola vitako tamin'ny lasa aho. Misaotra an'Andriamanitra aho ny amin'ilay namana mpiaraka mivavaka amiko, izay mandray anjara amin'ny fomba mahery vaika sy mavitrika tokoa. » H.K.

**Tsy azoko antoka intsony :**

« Nanohina ahy tamin'ny fomba mahagaga tokoa ilay boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana. … Teraka tao amina

fianakaviana Advantista aho ary nihevitra fa nandeha tamin'ny lala-marina. Nandona ahy tokoa ilay toko momba ireo virijina folo, indrindra fa ilay ao amin'ny Romana 8 :9b, '*Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin'i Kristy, dia tsy Azy izy.'* Tampotampoka teo dia tsy azoko antoka intsony ny hoe nanana ny Fanahy Masina ve aho ary miasa ato anatiko ve Izy, satria tsy mahita mihitsy ireo 'vokatry' ny Fanahy eo amin'ny fiainako aho. Voavakiko ilay boky tamin'io Sabata folak'andro io ary nisy alahelo lalina sy tsy hay hazavaina tonga tao anatiko. Avy eo dia novakiako ilay vavaka any akaikin'ny faran'ilay boky ary nisy faniriana lalina nitsiry tao anatiko handray ny Fanahy Masina, hamela Azy hanova ny foko ary hamolavolan'Andriamanitra ahy araka ny Sitrapony. … » A.P.

**Mahafantatra AZY :**

« Nisy fotoana aho namaky lahatsoratra nosoratanao momba ny fifohazana. Sahiran-tsaina momba an'io lohahevitra io aho nandritra ny telo taona. Manomboka mamaky ilay boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana aho ankehitriny, ary ny hany azoko tenenina dia hoe AMEN ! Faly aho fa betsaka amin'ireo 'fihevitro manokana' no hitako tao amin'ireo pejy. Toa mahatsapa aho fa iray milimetatra no hivialian'ny fiangonanay tsy hahatratrarana ny tanjona. Tsy mety afaka an-tsaiko ny fahatsapana fa nivily lalana tsy nandinika ireo zava-manan-danja izahay ! Matetika dia ny 'inona no atao hoe fahamarinana', 'ahoana no tokony ho fomba fiainantsika', na 'Zava-dehibe manao ahoana ny faminaniana' no resahina, ary tsy milaza akory aho hoe diso izany. Fa ataotsika ambanin-javatra anefa ny hoe NAHOANA Andriamanitra no nanome antsika ireny zavatra rehetra ireny ! Moa ve tsy tanjon'ny fahamarinana ny hananana firaisana tanteraka amin'Andriamanitra ? Moa ve tsy tokony hanampy antsika hahafantatra MARINA an'Andriamanitra ireo lafin-javatra ireo ? Moa ve tsy tanjon'ny faminaniana ny hiaikentsika ny fahalebiazan'Andriamanitra sy ny heriny tsy voafetra, ka hahatakarantsika fa mihazona an'izao tontolo izao amin'ny Tanany Izy ary mandrindra izany toy ny fitarihany sy ny famolavolany ny fiainantsika ? Inona no atao hoe fiainana mandrakizay ? Jaona 17 :3 '*Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao*.' Ao amin'ilay fanoharana dia hoy fotsiny ilay mpampakatra amin'ireo virijina dimy adala : 'tsy fantatro ianareo'. Ny zava-

kendren'ny finoantsika dia tsy inona fa ny hahafantatra an'Andriamanitra, ny hanana firaisana AMINY, mba hahafahaNY mameno antsika toy ny namenoany indray ny tempoly (2 Tantara 5 :13, 14). Ary rehefa mikoriana ao anatintsika Izy, mameno ny momba antsika manontolo, dia tsy isika intsony no velona, fa Kristy no velona ao anatintsika. » (Mpanoratra izay fantatry ny mpamoaka ny lahatsoratra)



## VALIM-BAVAKA MAMPITOLAGAGA TAMIN'NY VAVAKA FANELANELANANA

« Fitahiana tsy azo hinoana ho ahy tokoa ilay boky faharoa momba ny 40 Andro nosoratan'i D. Smith. Nanao fanandraman'ny fitodihan-dalana 180° teo amin'ny fiainany ireo olona izay nentiko am-bavaka.

Nifanakalo hevitra lalina momba ny ara-panahy tamin'ny namana iray aho nandritra ireo 40 Andro. Nilaza tamiko izy fa lasa hafa mihitsy ny fizotry ny fiainany tao anatin'izay herinandro vitsivitsy izay. Nihalehibe ny fahatsapany ny hilany mivavaka, nisaintsaina misimisy kokoa ny Tenin'Andriamanitra izy ary afaka namoy ireo zavatra izay noeritreretiny ho manan-danja sy tena tiany teo aloha. Nisiki-ponitra aho ary nolazaiko taminy ny amin'ilay boky 40 Andro, ary nambarako taminy ihany koa fa anisan'ireo olona dimy izay noentiko am-bavaka izy. Avy eo dia namaly tamin'ny fomba miabo izy : 'Ianao izany no tompon'andraikitra amin'izao zavatra rehetra miseho izao.'

Nisy tovovavy iray izay nanapa-kevitra ny hanokana ny fiainany 100% ho an'Andriamanitra. Na dia efa mpino hatramin'ny fahakeliny aza izy dia nivelona tsy nisy an'Andriamanitra izy. Tsy liana mihitsy tamin'ny finoana izy ary voafandrika tanteraka tanatin'ny fiainan'izao tontolo izao. Niova tanteraka izy ankehitriny ; mitolagaga izay rehetra mahafantatra sy mahita azy ankehitriny. Miara-mianatra Baiboly amiko izy ankehitriny ary mandray anjara amin'ny programa 40 andro ao amin'ny fiangonanay, ary maniry ny hamporisika ny hafa ihany koa hanana fiainam-pinoana matotra kokoa.

Tovovavy iray hafa izay nentiko am-bavaka, no handeha handray anjara amin'ny fiofanana nandritra ny herinandro iray ary tsy maintsy hiara-

hanao kilasy mandry amin'ireo mpandray anjara hafa. Nanahy izy ny hoe handany fotoana miaraka amin'ireo olona tsy fantany ireo. Iray andro talohan'ny namonjeny izany dia nampahereziko tam-bavaka izy ary nolazaiko fa hoentiko am-bavaka foana izy. Koa dia nivavaka izahay mba hanomezan'Andriamanitra azy fiadanana ao anatin'io toe-javatra io sy ny hanovany izany fanandramana izany ho valim-bavaka. Niantso ahy izy nandritra ilay fotoam-piofanana ary nilaza tamiko tam-pifaliana fa nanao zavatra tsy mampino taminy Andriamanitra. Tsy vitan'ny hoe nanana fiadanana tanteraka izy fa nomeny fahasahiana ihany koa tsy handray anjara amin'ireo fialam-boly isan-kariva toy ny fandihizana sy ny fisotroan-toaka, sns.

Koa satria reko sy hitako ireo fomba goavana namalian'Andriamanitra ny vavaka nataoko, dia nanohy nivavaka ho an'ireo olona ireo aho taorian'ireo 40 andro. » A.M. (Nafohezina)

## NY FOMBA FIASAN'ANDRIAMANITRA AMIN'NY ALALAN'NY VAVAKA FANELANELANANA

« Tsy nisy fifandraisana mihitsy tamin'ny olona iray izay nanandanja tamiko aho tao anatin'ny dimy taona farany. Toa tsy noraharahiany ireo someso nalefako. Reko fa tsy nandeha am-piangonana intsony izy tao anatin'ny telo taona farany (lehibe tao amin'ny fiangonana anefa izy) ary miaraka amin'ny vehivavy tsy Kristiana. Nataoko tao amin'ny lisi-bavaka ataoko io tovolahy io na dia tsy noeritreretiko aza hoe mbola azo heverina ny ahafahanay mifandray, satria any amin'ny 600km no nisy azy ary tsy namaly ahy intsony izy. Nivavaka ihany anefa aho mba 'hipoitra' izy.

Taorian'izay dia reko fa hatao batisa ny rahalahiny ary 'kisendrasendra' no nahalalako hoe akaikin'ny toerana misy ahy no hanaovana izany ary amin'ny daty izay ao anatin'ny 40 androm-bavaka no hanatanterahana izany (marihana fa daty hafa no nanomanana izany tany amboalohany). Nanapa-kevitra ny hanatrika izany aho ary tafahaona taminy ! Afaka nifanakalo hevitra ela tokoa izahay ary nilaza tamiko izy fa nihanitombo ny fahatsapany fa mila miverina amin'Andriamanitra izy, kanefa tsy nanana hery izy hanovana ny fomba fiainany. Noteneniko taminy fa nandritra ireo 20 andro farany aho dia nitondra am-bavaka tamin'ny fomba

mahery vaika ho azy ary tao amin'ny lisi-bavaka ataoko foana izy na talohan'izay aza. Tsy nahateny izy satria tao anatin'izay vanim-potoana izay mihitsy no nahatsapany an'Andriamanitra niasa taminy.

Voatohina tokoa izy nandritra ilay fotoam-pivavahana fanaovam-batisa ary rehefa nanao ny antso ny pasitora dia tsapako ny ady izay niseho tao anatiny, ary rehefa avy nitolona ela izy dia nandohalika ary nanomboka nitomany. Nitolo-batana indray tamin'Andriamanitra izy ! Ny alina dia nilaza tamiko izy fa nanapa-kevitra hiverina hivavaka tsy tapaka indray ary hanova ny fomba fiainany. Tsy nampoiziny ho toy izany no fiafaran'io faran'ny herinandro io.

Herinandro vitsy taorian'io dia hitako tany amin'ny fivoriam-ben'ny tanora teo anivon'ny federasiona, izay nampahery azy sy nanamafy orina azy, izy. Misaotra an'Andriamanitra aho amin'ny fibebahan'io olona tena tiako io. » M.H.

## TARATASIM-BAVAKA N° 148

## SAMPANA VAVAKA EO ANIVON'NY FOIBE MANERAN-TANY

### Ny Fahagagana Momba Ny Fanasitranana Ara-Panahy

Indray maraina aho rehefa avy namaky ny fibanjinana isan'andro tao amin'ny tranon-kala www.revivalandreformation.org dia nahita tao ny boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana nosoratan'i Helmut Haubeil. Raha teo am-pamakiana izany aho dia nahatsapa fa mahalana no nangatahako ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainako. Nandeha am-piangonana aho, nanao fibanjinana isan'andro ary efa nampianatra Baiboly mihitsy aza indraindray. Tsy lalina anefa ny fiainam-panahiko. Nahatsiaro ho tsy tafaray tamin'Andriamanitra aho. Namaly ny vavaka nataoko Andriamanitra ary naniry zavatra misimisy kokoa aho.

Talohan'io aho dia efa nanao fanandramana ny fiasan'Andriamanitra teo amin'ny fiainako – nanampy ahy niala tamin'ny fahaketrahana Izy ary nanohana ahy tamin'ireo fotoana maizina indrindra – efa nanandrana namono tena aho. Lehibe tao anatin'ny toe-javatra nikorontana tokoa aho. Tsy mba nanana fifandraisana tamin'ny raiko aho nandritra ny taona maro, nifampiresaka an-telefaonina anefa izahay vao haingana, ary marary mafy sy niditra hopitaly efa ela izy. Nihevitra ny fiainany ho efa hifarana izy ary tao anatin'ny 60 taona dia sambany izy no niala tsiny tamin'ny fanararaotany sy ny nanaovany ambanin-javatra ny fianakavianay. Tsy nahatsara ny toe-javatra ny resaka nifanaovanay kanefa namerina ny fanaintainana rehetra nandalovako tato an-tsaiko. Tsy mba nisy nanampy aho teo amin'ny lafiny fifandraisana aman'olona ary tsy te ho velona intsony aho ka nanapa-kevitra ny hamono tena. Niaro ahy anefa Andriamanitra ary nanomboka nanasitrana ny feriko.

Tamin'io fotoana io no nahazoako ilay boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana. Naneho ahy ny amin'ireo dingana mba ho fenon'ny Fanahy Masina io boky io. Fiovana manao ahoana tokoa re no nandalovako ! Mivavaka isan'andro aho ankehitriny mba ho fenon'ny Fanahy Masina ary tsy andriko ny ahitana izay hataon'Andriamanitra manaraka eo amin'ny fiainako. Sarotra ho ahy ny mangataka sy miandry an'i

Jehovah sy mitoky amin'ny Fahatokiany, satria aho nitombo ao anatina ankohonana tena sahirana. Mianatra mitoky ny Raiko izay any an-danitra anefa aho ary io fitokisana io no manolo ny filàko hifehy ny zavatra rehetra sy miaro ahy amin'ny fanaintainana. Maniry lalina aho ny ho afaka ao amin'i Jesosy sy mba hotarihany. Feno fankasitrahana ihany koa aho amin'ireo soso-kevitra ao anatin'ilay boky izay nitarika ahy hahazo ny fanomezan'ny Fanahy Masina. Hitako nanomboka teo fa rehefa mamaky Baiboly aho dia miantefa mivantana ao am-poko ireo teny. Tsy hoe mamaky Baiboly fotsiny intsony izany fa firaisana manokana sy fifandraisana mitombo miaraka amin'i Kristy. Manome ahy fifandraisana lalina kokoa izay niriko hatry ny ela Andriamanitra !

Niasa nanaraka ireo dingana hamelàna tanteraka ny raiko aho ary nihevitra fa efa mba nandroso tamin'izany. Rehefa namaky ilay boky (Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana) anefa aho dia nasehon'ny Fanahy Masina ahy ireo otri-po lalim-paka izay noheveriko fa efa noreseko. Matetika loatra isika no mifikitra amin'ny lolom-po ho fanamarinana hoe nisy zava-dratsy nataon'ny hafa tamintsika. Nianatra anefa aho fa tokony havela handeha ireny fihetseham-po ireny raha tiantsika ny handray ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny fahafenoany. Tsy maintsy nanapa-kevitra ny hamela ireny handeha aho. Noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia lasa feno fangorahana ny raiko amin'ny maha olom-bery azy ny foko ary nanomboka nivavaka amin-kafanampo ho amin'ny famonjena azy aho. Tsy ela taorian'izay dia niantso ny anabaviko an-dranomaso ny raiko ary nilaza taminy hoe : « Tian'i Jesosy aho, tian'i Jesosy aho. » Nozarainy taminy ny namakiany ny Filazantsaran'i Jaona sy nahavoatohina azy lalina hoe maty ho azy Jesosy. Afaka milaza izay rehetra mahafantatra azy hoe : « Niova tanteraka izy, toy ny tsy izy mihitsy io ! » Namaly ny vavaka nataoko tamin'ny fomba azo tsapain-tanana Andriamanitra.

Vao haingana aho no nanao komandin'ilay boky 10 ary nozaraiko tamin'ireo mambran'ny fiangonako izany – naniry hivavaka mba hitoeran'ny Fanahy Masina ao anaty ihany koa izy ireo. Nandritra an'io fotoana io dia hitako ny fomba namenoan'ilay boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana harena ny fiainan'izy ireo. Firy amintsika no mandeha amin'ny herin'ny tenantsika amin'ny maha Kristiana antsika ary tsy mba

tafaray akory amin'ny herin'ny Fanahy ? Matahotra aho hoe maro amintsika no mandeha am-piangonana, toa hita ho Kristiana tsara ivelany, kanefa foana ny ao anaty. Manomboka manandrana ny zavatra izay nampanantenain'Andriamanitra aho : Afaka manao mihoatra noho izay angatahintsika na heverintsika Andriamanitra. Manana olana mitovy amin'ny ahy ve hianao ? Afaka mameno anao amin'ny Fanahiny Andriamanitra ary manome anao fanampiana azo tsapain-tanana. Afaka manao toy ny nataony tamiko aminao Andriamanitra. » D. A.

## NY FIANGONANA TANY LUDWIGSBURG / BADEN-WUERTTEMBERG, ALEMAINA

« Namaky ilay boky 40 andro izahay mivady ary nanandrana tombotsoa sy fitahiana lehibe sy manokana tokoa nandritra ny fotoan'ny vavaka. Taorian'izay dia nanao fivoriam-bavaka indroa isan-kerinandro tany am-piangonana izahay ary namaky ilay boky tamin'ireo mambran'ny fiangonana. Samy nanao fanandraman'ny fitahiana sy ny fitarihan'Andriamanitra izahay ary nahita fahagagana maro nandritra ireo 40 andro. Nanavao sy namoha anay amin'ny maha fiangonana Andriamanitra : tampotampoka teo dia niresaka an-tsitrapo tamin'ny olo-tsy fantatra ireo mambran'ny fiangonana izay tsy mba nanana fahasahiana na oviana na oviana ny hanao izany. Nampifamatoran'Andriamanitra ety kokoa tamin'ny alalan'ny fiarahana mivavaka izahay amin'ny maha fiangonana anay. Nanana tombotsoa nahita fanandramana manokana izahay tamin'ilay vavaka fanelanelanana sy ilay fanohanana olona dimy izay nentinay am-bavaka nandritra ny 40 Andro. Niasa tamin'ny fomba manokana teo amin'ny fiainan'ireo olona ireo Andriamanitra. Maro ireo olona teny amoron'ny arabe no nipoitra tampoka namonjy ny fotoam-pivavahana Sabata. Ampianarinay Baiboly tsirairay ireo ankohonana ireo. Nahafantatra momba ny Sabata izy ireo tamin'ny alalan'ny horonan-tsary tamin'ny Aterineto sy ny boky Hery Mifanandrina ary nitady fiangonana nandritra ny fotoana elaela. » Katja sy Christian Schindler, Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito any Ludwigsburg (Fitantarana nafohezina).

## FANANDRAMAN'NY 40 ANDRO

« Ilay Seminera momba ny Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana no nanombohan'ny zavatra rehetra. Tamin'io fotoana io dia nitombo tato anatiko ny faniriana hanao fanandramana momba an'Andriamanitra eo amin'ny fiainako andavanandro. Avy eo aho dia naheno momba ilay 40 androm-bavaka sy fiankohofana. Nazava tampoka tamiko teo izany – naniry hanandrana io fanandramana mbola tsy nataoko io aho. Tsy nisy fantatro raha ny tena marina ny momba ity zavatra hidirako ity. Tsy sarotra ny mitady namana mpiaraka mivavaka (izay anisan'ny atao amin'ilay programa). Amin'ny maha mpitsabo mpanampy ahy dia miovaova be ny ora fiasako. Mbola tsy nieritreritra ny amin'izany akory aza aho. Notahian'Andriamanitra anefa ny fanapaha-kevitro hatrany am-boalohany indrindra. Am-pahalianana fatratra no niandrasako an'ireo minitra sarobidin'ny tontolo andro izay nahafahanay mifampizara ny amin'ilay lohahevitra sy mitolona am-bavaka ho amin'ny Fanahy Masina. Tsapanay fa nanova zavatra teo amin'ny fiainanay ny vavaka. Ary tsy azonay notazomina ho anay samirery izany. Isaky ny nisy fotoana dia nahatsiaro ho voatery hizara foana izahay. Zava-dehibe tamiko ny mamporisika ny hafa hanao fanandramana toy izany. Niseho mandrakariva ny vokatra ary nisy mambra sasany izay nifindran'ny fahavitrihanay. Vetivety dia nisy vondrona tsiroaroa mpiaraka mivavaka vaovao niforona. Tsy andrinay ny hifampizara ny fanandramana niainanay isan-kerinandro. Nahazo ny tanoranay sasany ihany koa io 'virus' io. Vetivety loatra dia nifarana ireo 40 andro. Tsy tianay ary tsy afaka ny hijanona izahay. Noho izany, notohizanay tamin'ilay boky 'Maranatha—The Lord is coming' (na Maranatha – Ho avy ny Tompontsika) izay nosoratan'i Ellen White, ny fotoam-bavaka fanaonay. Ary tsy dia nampianadrasan'Andriamanitra ela izahay. Vao nandritra ilay 40 andro fotsiny dia efa nomeny valim-bavaka mahafinaritra maro izahay. Nisy olona izay nentinay am-bavaka nandritra an'io fotoana io no niverina nifandray tamin'ny fiangonana indray taorian'ny tsy nahateo azy nandritra ny fotoana ela. Tena faly tokoa izahay. Lasa manan-danja kokoa eo imasoko ireo olona manodidina ahy. Nihanitombo hatrany hatrany ny faniriako hizara ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny olon-kafa. Niova ny fiainako. Maro taminay no lasa nifankafantatra sy nifankahazo tsara kokoa. Maro ireo izay lasa nifanohana sy nifampatoky raha sendra nisy ny sarotra. Lasa nisy heviny

vaovao tanteraka ny firahalahiana. Nanampy betsaka ahy tokoa ilay boky 40 androm-bavaka sy fiankohofana izay nosoratan'i Dennis Smith. Mora kokoa noho ny fieritreretana azy izany hoe mahita namana hiaraka hivavaka sy hanao fanandramana ny momba an'Andriamanitra. Hisaotra antsika noho ny amin'izany ireo olona akaiky antsika. » Hildegard Welker, Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ao Crailsheim, (Mpitsabo mpanampy amin'ny fandidiana.) (Fitantarana nafohezina)

**JESOSY OHATRA HO ANTSIKA**

Jesosy no ohatra tsara indrindra ho antsika amin'ny zavatra rehetra. Hoy ny fivakin'ny Lioka 3 :21-22 « *Ary rehefa natao batisa ny vahoaka rehetra, ary Jesosy koa efa natao batisa sy nivavaka, dia nisokatra ny lanitra; ary ny Fanahy Masina nidina teo amboniny, ka ny endriny dia tahaka ny voromailala* … »

Toy izao manaraka izao no filazan'i Ellen G. White an'io tranga io : « Ho valin'ny vavaka nataony tamin'ny Rainy dia nisokatra ny lanitra, ary nidina tahaka ny voromailala Fanahy ka nitoetra teo Aminy. »[142]

Mampitolagaga ny zava-niseho nandritra ny Asa Fanompoany : « isa-maraina isa-maraina Izy no nifandray tamin'ny Rainy izay any andanitra, nandray taminy isan'andro ny batisa vaon'ny Fanahy Masina. »[143] Raha Jesosy aza nila batisa vaon'ny Fanahy Masina isan'andro, vao maika be manao ahoana no hilantsika izany !

[142] Ellen G. White, Ye Shall Receive Power (1995), p. 14.4
[143] Ellen G. White, Signs of the Time, Nov. 21, 1895

## Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra

*1. Inona avy ireo fanandramana hitan'ireo olona izay nangataka ny famenoan'ny Fanahy Masina ny ao anaty ?*

*2. Inona avy ireo fiovana irinao ho an'ny tenanao sy ho an'ny fiainan'ny fiangonana misy anao ?*

*3. Inona avy ireo fiovana azonao tanterahina manokana eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina ?*

## Fotoam-bavaka Ataontsika

- Antsoy ny namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.
- Miaraha mivavaka aminy …

1. Mba hamenoan'ny Tompo antsika amin'ny Fanahy Masina.
2. Mba hampileferantsika am-pifaliana anio ny mahaizy antsika sy izay hananantsika rehetra.
3. Ho an'ireo olona ao anatin'ny lisi-bavaka fanelanelanana ataonao.

ANDRO 40a

# TOKO 7 : FAHALIANANA SY FIZARANA

## Ny Fifaliana izay omentsika dia miverina ao ampontsika. (Ohabolana Alemana) Ahoana no hanampiako ny hafa hanao fanandraman'ny « Fiainana Be dia Be » (Jaona 10 :10) ?

### AHOANA NO HAMPITSIRIANA NY FAHALIANANA HO AMIN'NY FIAINANA FENO NY FANAHY ?

Inona no azon'ireo mpitarika sy ny fiangonana atao ? Indreto misy fomba vitsivitsy izay maneho ny azontsika atao amin'ny maha mpitarika (ohatra : filohan'ny federasiona, pasitora, sekreteran'ny fiangonana na asa misionera, mpitarika vondrona sy olona manan-danja hafa) antsika izay hiarahana miasa amin'ny komity, ny fiangonana ary ireo tarika.

**Ireo zavatra azo atao**

1. **Fotoam-bavaka tsiroaroa** : Aoka hianaranao miaraka amin'ny vadinao na miaraka amin'ny namana mpiaraka mivavaka anankiray ity boky ity na ny boky faharoa « Abide in Jesus » na Mitoetra ao amin'i Jesosy (ho voadika tsy ho ela amin'ny teny Malagasy). Tena ahazoana tombony tokoa rehefa ny mpivady no miara-manao fotoam-bavaka ary tena mampitombo ny fifankatiavana izany. Mazava ho azy fa afaka miaraka mivavaka amin'olon-kafa ihany koa ianao. Tena tsara raha mihaona mivantana kanefa azo atao an-telefaonina na amin'ny alalan'ny Skype na fitaovana hafa ihany koa ny fihaonana. Misy akony lehibe tokoa ny fiarahana mivavaka tsiroaroa. Manoso-kevitra antsika ny Tenin'Andriamanitra mba hivavahantsika tsiroaroa (Matio 18 :19), sy ny hiarahantsika miasa tsiroaroa (Lioka 10 :1). Io fomba fiankohofana io no fepetra takiana mialoha tsara indrindra mba hitarihana ny hafa hanao toy izany koa.
2. **Mampahafantatra na mizara boky**. Ohatra :

Ny boky « Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana » (maimaimpoana na amin'ny vidiny tena mora amin'ny fiteny rehetra).

Mihoatra ny 150 ireo fijoroana vavolombelona avy amin'ny mpamaky ary an-jatony ireo fifampiresahana izay maneho fa tena ankasitrahana io boky io amin'ireto lafiny manaraka ireto :

- Fanaovana tombana ny tena araka ny tokony ho izy, mahakasika ny toerana ara-panahy misy antsika
- Mahatakatra ireo dingana tsotra roa izay mitarika ho amin'ny fiainam-panahy mahasarika sy ny fahazoana antoka ny famonjena.
- Mahafantatra ny tombotsoa lehibe amin'ny fiainana aminkery sy eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina, sy ireo fatiantoka hahazo antsika raha tsy eo Izy.
- Mahalala fa amina kalitao hafa mihitsy ny vavaka ataontsika araka ny teny fikasana. Lasa mivavaka ampifaliana, am-pitokisana, ary lalina kokoa isika. Aorian'ny vavaka toy izany dia afaka ny mahazo antoka isika fa nandray ny Fanahy Masina.
- Nahatonga azy ireo ho vavolombelona sy mpizara ireo boky ny fifaliana lehibe tao anatin'izy ireo.

3. **Vakiteny fohy mandritra ny fotoam-pivavahana :** Azo atao ny mamaky andalan-teny voafantina momba ny fiainana ao amin'ny Fanahy Masina, mandritra ny fotoam-pivavahana (mialoha ny toriteny – dimy hatramin'ny folo minitra). Mbola misy boky hafa amporisihana etsy ambany. Avy eo dia amporisihana ny olona hanao vondrona tsiroaroa hampihatra ireo foto-kevitra nampitaina.
4. **Andalan-teny avy amin'ireo bokintsika** izay azo atao printy ao amin'ny filazan-draharaha na hanaovana filazana am-bava :
   - Ilay Fitiavana Mandresy, Toko 73 : « Aza malahelo ny fonareo. »
   - Vavolombelona Mahery, Toko 5 : « Ny Fanomezana ny Fanahy »
   - Henoinareo ny Fanoharana, Toko 12 : « Mangataka mba hanome »

- Fisaintsainana isan'andro avy amin'ilay boky nosoratan'i EGW hoe « Fa hahazo hery hianareo » (Mofon'aina tamin'ny lasa)

5. **Fizarana fanandramana** : Araka izay azo atao dia zarao ireo fanandramana ara-panahy mandritra ny fotoam-pivavahana Sabata. Azo hifampizarana amin'ny mambra hafa na fiangonana hafa ihany koa ireo fanandraman'ny tena manokana.
6. **Seminera mizara efatra mandritra ny Sabata – Famohazana** : Io angamba no fomba mahomby indrindra hanairana haingana ny fahalianana ao amin'ny fiangonana iray. Sabata manokana io izay ahitana lohahevitra 3 na 4, manomboka ny Zoma hariva, avy eo ny Sabata amin'ny fotoam-pivavahana, ary avy eo ny hariva. Ity boky ity no hakana ny lohahevitra.
    - Ny Zoma hariva no fotoana mety indrindra amin'ny herinandro hizarana ny fanandramana, noho izany, mizarà fanandramana izay tena manohina ny fo tokoa. Raha azo atao dia tokony ho fanandramana manokana niainan'ny mpandaha-teny izany. Hevitra hafa ihany koa ny firesahana ny amin'ny « Fileferana amin'i Jesosy ». Afaka mahita soso-kevitra momba izany hianao ao amin'ilay boky « Abide in Jesus » (Mitoetra ao amin'i Jesosy), toko 2 « Surrender to Jesus » (Mitolo-batana amin'i Jesosy).
    - Tena tsara raha toriteny momba ireo hevi-dehibe ao amin'ny boky no atao mandritra ny fotoam-pivavahana Sabata. Raha ny marimarina kokoa, mizarà andalan-teny 2 na 3 avy amin'ny fampidirana momba ny tsy fahampian'ny Fanahy Masina. Avy eo dia tohizo amin'ireo hevi-dehibe avy amin'ny toko 1 « Inona no nampianarin'i Jesosy momba ny Fanahy Masina » sy ny toko 2 « Inona no ivon'ny olantsika ? » (Azo zaraina roa mandritra ny ora samy hafa izany)
    - Mandritra ny lohahevitra voalohany ny folak'andro, resaho ireo hevi-dehibe ao amin'ny toko 3 « Ireo olantsika – Azo vahana ve ireny ? Amin'ny fomba ahoana ? »
    - Mandritra ny lohahevitra faharoa, resaho ireo hevi-dehibe avy amin'ny toko 5, « Ny fanalahidin'ny Fanandramana Azo Ampiharina »

Amin'ireo fiangonana izay efa nanaovana ny seminera voalohany momba ity boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana ity, dia afaka manao Sabata-Famohazana na seminera hafa izy ireo, ary mampiasa ireo lohahevitra ao amin'ny boky faharoa « Abide in Jesus ». Toy ny teo ihany, afaka asiana fizarana efatra izany miainga avy amina toko efatra ao amin'ilay boky.

Ahazoana tombony kokoa amin'ny fanomanana ny Sabata-Famohazana ny mizara mialoha ireo pejy mifanaraka amin'ny lohahevitra sy ny mamporisika ny handinihana fatratra izany. Voaporofo ihany koa fa tena ahazoana tombony ihany koa ny hanombohana 40 androm-bavaka ny faran'ny herinandro aorian'ilay Sabata-Famohazana (Jereo teboka 12), na ny manao famakiana voarindra ny toko iray isan-kerinandro avy amin'ity boky ity (Jereo teboka 7).

7. **Vakiteny voarindra** : **Toko iray isan-kerinandro** – fomba mora sy tena manampy iray ihany koa ny famakiana toko iray isan-kerinandro na isan'andro (vao maika tsara raha voavaky mihoatra ny indray mandeha io toko io) avy amin'ity boky ity na ilay boky faharoa « Abide in Jesus » (ho voadika tsy ho ela amin'ny teny Malagasy). Afaka mifanaraka amin'ny daty hanombohana ny iray vondrona na ny fiangonana iray manontolo. Azo atao izany na ho fanomanana amin'ilay seminera mizara efatra (jereo teboka 6) na aorian'ilay Sabata-Famohazana. Afaka manapa-kevitra ny tsirairay hoe hamaky ny boky irery ve izy sa miaraka amin'ny olona iray hafa na anatina vondrona. Rehefa tonga ny Sabata dia tsara raha vakiana ireo hevi-dehibe ao anatin'ilay toko natao hovakiana mandritra ny 5 minitra ary avy eo dia manasa ny olona hizara ny fanandramana niainan'ny tsirairay. Raha tsy misy ny fijoroana vavolombelona ataon'ny tsirairay dia azo atao ny mamaky ny fijoroana vavolombelona nataon'ny olona iray hafa (omanina mialohan'ny fotoana – jereo Fijoroana Vavolombelona). Avy eo dia atao filazana hoe toko fahafiry no hovakiana mandritra ny herinandro manaraka.
8. **Manomana toriteny** momba ny fiainana ao amin'ny Fanahy Masina na mamporisika sy miangavy olona iray hafa hanao izany.

9. **Manomana fampianarana Baiboly** momba ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina na vakiana amin'ny feo mafy izany.
10. Afaka mamaky sy mifanakalo hevitra sy miaraka mivavaka momba ity boky ity **ny tarika madinika na ny vondrom-bavaka**. Fanampin'izay dia amporisihana ihany koa ny hisian'ny vondrona tsiroaroa.
11. **Sabatan'ny Iraka –** Koa satria ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina dia mahatonga antsika ho misionera, noho izany dia hevitra tsara ny manao Sabatan'ny Iraka matetika amin'ny fotoana mitovy sy voafaritra mazava. Singa fototra izany ho an'ireo mpamaky laintsika. Nanao Sabatan'ny Iraka izy ireo isaky ny Sabata Voalohany isam-bolana. Misy olona manolo-tena iray na tarika madinika iray no tokony handray andraikitra hanomana am-bavaka sy hanatanteraka ny fivoriana toy izany. Raha ampiarahana amin'ireo zavatra atao voalaza etsy ambony izany dia mety hanamafy orina sy hahatonga ireo oran'ny Sabata hahasambatra. Fanampin'izay dia mety hitarika ho amin'ny fifohazan'ny saina misionera ihany koa izany.
12. **Mianatra sy mifanakalo hevitra momba ny foto-kevitra « 40 Andro ».** Ao amin'ireo boky nosoratan'i Dennis Smith Andiany 40 andro no manazava an'io (mbola amin'ny teny Anglisy ireo, azo atao ny mampiasa tari-dalana amin'ny teny Malagasy izay misy). Afaka hifanakalozana hevitra izany na any amin'ny komitim-piangonana, na amin'ny komitin'ny federasiona. Azo resahina ihany koa io mandritra ny fivorian'ny Pasitora, ny fivorian'ny loholona, fivorian'ny tanora, fisintahana ara-panahy, fivorian'ny distrika, sns. Manampy amin'ireto lafiny manaraka ireto io foto-kevitra io :
    - Manampy mba hananana fifandraisana ety amin'i Jesosy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.
    - Manampy hampahatanjaka ny fiainam-bavaka (manokana, tsiroaroa na vondrona).
    - Manampy hahalalina kokoa ny fifandraisantsika amin'ny hafa.
    - Manampy hampahatanjaka ny fiainam-bavaka amin'ny alalan'ireo 40 androm-bavaka ho amin'ny Fanahy Masina.

- Manamora ny vavaka fanelanelanana ho an'ireo very sy ireo olona mbola tsy notratrarina ary manamora ny fifandraisana amin'izy ireo.
- Manampy amin'ny fanohanana ny Asa Fitoriana, ireo vondrona fiahiana olona manokana sy ireo Fampianarana Baiboly.

Azo tanterahina izany ao anatin'ireto dingana telo ireto :

- Famelombelomana ara-panahy ataon'ny tena manokana amin'ny alalan'ireo fiarahana mivavaka tsiroaroa mandritra ny 40 andro.
- Vavaka fanelanelanana fenon'ny Fanahy ary mifandray amin'ireo olona liana na mambra malemy dimy ny tsirairay.
- Hetsika fitoriana ny filazantsara, ohatra : seminera/kaoferansa, vondrona mifantoka amin'ny iraka, fampianarana Baiboly, Fanehoana momba ny fahasalamana (expo-santé), ny famoronana na ny faminaniana.

Io lalana ara-panahy io no fiomanana tsara indrindra ho amin'ny asa fitoriana ny filazantsara. Voaomana ara-panahy ny tsirairay, na mpitarika na mambran'ny fiangonana, amin'ny alalan'io fomba io. Amin'ny alalan'ny vavaka fanelanelanana sy ny tsirairay mifandray amin'ireo olona mbola tsy notratrarina ireo dia voaomana ny saha ho amina kaoferansa fitoriana ny filazantsara. Azo atao ny mampiasa karazana fomba fitoriana ny Filazantsara samy hafa.

13. Mizarà **taratasy filazana** momba ny 40 androm-bavaka ho an'ny mambran'ny fiangonana. Fanampin'izay dia amporisihana ny hanaovana fanasana amin'ny fotoana fanombohana ilay programa 40 andro ao amin'ny fiangonanao.
14. Mamoaha **lahatsoratra mifanaraka** amin'ny lohahevitra ao anatin'ny filazan-draharaha sy ny gazetim-piangonana ho an'ireo sampana samy hafa.

15. **Fanadihadiana** : Aorian'ny fampianarana ny lohahevitra momba ny Fanahy Masina, aoka hozaraina ny taratasy fanadihadiana fohy tsy asiana anarana :
    - Raha toa ka mivavaka matetika na isan'andro momba ny Fanahy Masina ny olona iray, dia manisy marika (cocher) izy.
    - Raha mivavaka araka ny teny fikasana ho amin'ny Fanahy Masina ilay olona, dia afaka manisy marika indroa izy.

Fomba tsara izany hamaritana ny toerana misy azy amin'io lafiny io.

Zava-dehibe ny fiomanana am-bavaka sy ny vavaka, mandritra ireo zavatra azo atao voalaza etsy ambony ireo. Tsy takatry ny saina ny tombambidin'ny vavaka ataon'ny tsirairay, ny mambran'ny fiangonana, ireo vondrom-bavaka misy, ary eny fa na dia ny fiangonana manontolo manao vavaka fanelanelanana ho amin'ireo antom-bavaka voafaritra mazava momba ny fanatanterahana sy ny akon'ilay programan'ny fiangonana.

## TENY MIAVAKA

### Neal C. Wilson: Misy zavatra tsy ampy

Voatery aho hiaiky fa na dia teo aza ireo fandrosoana sy fandresena tamin'ny lafiny maro dia lasa resy lahatra tsikelikely aho fa misy zavatra tsy ampy. Tsy mahafeno amin'ny fahafenoany ireo zavatra andrasan'Andriamanitra am-boninahitra amintsika tsirairay avy sy amin'ity fiangonana ity isika. » (Adventist Review, Jan.4 1990, p.2) Nanohy i Neal C. Wilson tamin'ny fahatsapany fa ny tsy ampy dia ny fahafenoan'ny Fanahy Masina ao anaty. Miombon-kevitra sy miombom-po tanteraka aminy aho. Ny batisan'ny Fanahy Masina no fanalahidy amin'ny famitan'Andriamanitra ny asany amin'ny alalan'ireo olony. (Dennis Smith, Spirit Baptism & Evangelism, p. 4)

### Mitondra ho amin'ny Iraka ny Fifohazana

36 taona aho ankehitriny. Izaho irery ihany koa no Advantista tao amin'ny toeram-piasako tanatin'ny 5 taona farany. Tamin'ity taona ity dia nisy mpiasa 5 vaovao niditra tao amin'ny ekipa nisy ahy, ny 2 amin'ireo Advantista, ary ny iray dia niara-natao batisa tamiko tamin'ny taona 2000, nandritra ny kaoferansa nataon'i Ps Mark Finley tao Port Moresby ; nihemotra anefa izy ankehitriny. Adidiko ny manampy io rahalahy io, sy ireo hafa manodidina ahy, eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina. Hatrizay nivavahako ho amin'ny Fanahy Masina, dia voalohany indrindra no nizarako tamin'ireo mpiara-miasa 2 ny boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana. Narahiko akaiky izany androany ary nilaza ilay mpiara-miasa amiko vehivavy fa efa vitany ny famakiana ny boky ary maniry hamaky boky iray hafa izy, ary ilay mpiara-miasa amiko lehilahy kosa mbola tsy nahavita ny famakiana izany. Ao anatin'ny lisi-bavaka ataoko ihany koa izy ireo. Misaotra an'Andriamanitra aho ny amin'ny Fanahy Masina, ary tsy maniry ny ho Advantista matimaty aho. Mientanentana aho mamaky sy mizara ny amin'i Jesosy amin'ny rehetra izay mifandray amiko. Mino aho fa mety hiova asa tsy ho ela aho satria mitolona mafy ny hampiharako ilay fitiavako vaovao an'i Jesosy eo amin'ny fiainako andavanandro. (I. M. 090518 #142)

(Nosoratana tao anatin'ny 6 herinandron'ny fiainana amin'ny fileferana tanteraka sy fitondrana am-bavaka isan'andro ho amin'ny Fanahy io fanandramana io)

**Manaparitaka betsaka ny boky nosoratanao izahay – 1.500 isa**

Hafatra Mampahery : Mizara ireo boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana (Boky 1) sy ny boky « Abide in Jesus » (na Mitoetra ao amin'i Jesosy - Boky 2) maimaimpoana izaho sy ny vadiko, ho an'ny olona izay mangataka izany ao amin'ny tranon-kalanay. Nandritra ny 2 taona izay no nizaranay ireo boky, ary efa ho 1000 isa no voazara tamin'ilay Boky 1 ary 500 isa tamin'ilay Boky 2. Misaotra betsaka anareo ny amin'ny hevi-dehibe voarakitra ao amin'ireo boky ireo. Hitako fa tena zava-dehibe tokoa ilay boky « Abide in Jesus ». Efa misy dikan-teny amin'ny fiteny Espanola ve izy io ? (AFB EE040619 avy any Etazonia #88)

## Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra

*1. Ataovy lisitra ireo zavatra azo atao maro sy ny fomba hafa azo hamohazana ny fahalianana amin'ny Fanahy Masina :*

*2. Iza no olona hiarahanao mivavaka ho amin'ny fanomezana ny Fanahy Masina ?*

*3. Inona avy ireo soso-kevitra azonao atao amin'ny fiangonanao mba hamporisihana ny fahalianana amin'ny lohahevitra momba ny « Fanahy Masina » ?*

## Fotoam-bavaka Ataontsika

- Antsoy ny namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.
- Miaraha mivavaka aminy …

1. Mba hamenoan'ny Tompo anao amin'ny Fanahy Masina androany.
2. Mba hanatanterahan'ny Tompo fifohazana ao anatintsika, eo amin'ny fiainantsika sy ny fiangonantsika.
3. Mba ho fitahiana isika androany, na amin'ny teny na amin'ny asa atao.

ANDRO 406

# Amin'ny fomba ahoana no hampitantsika ny hafatra ? Inona avy ireo fomba eo am-pelatanantsika ?

## AMIN'NY FOMBA AHOANA NO HIZARANA IREO BOKY MOMBA NY FIFOHAZANA ?

**Tanjona :**

Hoy ny rahalahy iray indray mandeha : « Tokony hanatratra ny tokantrano Advantista tsirairay manerana an'izao tontolo izao ity hafatra ity. Andeha aho hanao ny anjarako », ary dia manao izany mafy izy ankehitriny. Hoy ny nosoratan'ny anabavy iray : « Tokony adika amin'ny fiteny rehetra ity boky ity, na amin'ireo fiteny be mpiteny indrindra farafaharatsiny. » Naharesy lahatra ny federasiona nisy azy izy ary mitory an'io lohahevitra io manerana ny distrika rehetra ankehitriny. Fanampin'izay dia nahatondra boky aman'arivony tany amin'ny firenena nifanila taminy izy teo ambanin'ny fitarihan'Andriamanitra, firenena izay tsy ho nandray ny finoana Kristiana talohan'izao.

**Fampivoarana sy ny Ara-bola :**

Eo ambany fitarihan'Andriamanitra dia ho voazara amin'ny fianakaviana Advantista rehetra amin'ny fiteniny maimaimpoana na amin'ny sarany farany ambany ny Boky Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana. Niaraka tamin'ny fanampian'ireo Pasitora, Federasiona sy Fivondronam-be maro no efa nampita maimaimpoana ny boky tamin'ireo fianakaviana tao anatin'ny distrika nisy azy ireo. Ny Federasiona Soisa-Alemana any Soisa, ny Fivondronam-be Aostriana any Aostrisy, ary ny Federasiona Baden-Wuerttemberg any Alemaina no nanomboka izany voalohany. Nivoatra be io tetik'asa io tamin'ny alalan'ny tsirin-kevitra niavaka avy tamin'Andriamanitra. Tamin'ny alalan'ny hery miasa mangina avy amin'Andriamanitra sy noho ny Fahasoavany dia 900.000 ireo boky voazara ny taona 2019. Tianay ny hanasa anao hivavaka mba hitarihan'ny Tompo anay tsy tapaka sy hanomezany ny enti-manana ilaina hampandrosoana an'io tetik'asa io. Matetika izahay no mangataka fanohanana amin'ireo federasiona na fivondronam-be izay manana

fahafahana ara-bola matanjaka mba hiantoka ny antsasaky ny fanontana ny boky. Ho an'ny hafa, indrindra fa ireo Misiona, dia irinay eo ambany fanampian'Andriamanitra, ny hiantoka ny fandaniana rehetra. Iezahana anefa mba handray izany maimaimpoana na amin'ny sarany farany ambany sy ho betsaka araka izay azo atao ny olona izay hiantefan'izany.

**Fepetra takiana ho an'ny Tena Manokana**

Irinay hianao mba hanatratra ny hafa. Ny fepetra takiana izay tsara fipetraka mialohan'ny hizarana ny boky dia ny fahatsapana ho efa notahian'ilay hafatra sy ny fananana an'i Kristy monina ao am-ponao amin'ny alalan'ny fandraisana ny Fanahy Masina isan'andro. Vakio ny boky Desire of Ages na Ilay Fitiavana Mandresy, p. 676.2 [egwwritings.org] ny amin'ilay tenin'i Jesosy ao amin'ny Jaona 15 : 4 « *Tomoera amiko ary Izaho aminareo*. » Zavatra roa no hevitr'izany :

- Fandraisana tsy tapaka ny Fanahiny
- Fiainam-pileferana tsy misy fepetra amin'ny Fanompoana Azy

Nahoana Jesosy no nanoro an'io ? « *Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako (ny fifalian'i Jesosy dia vokatry ny Fanahy Masina iray, araka ny Galatiana 5 :22), ka ho tanteraka ny fifalianareo.* » (Jaona 15 :11)

## FOMBA FIZARANA AZO ATAO :

**Vavaka**

Zava-dehibe ny fahafantarana hoe ny fizarana ny Filazantsara amin'ny olona sasany dia tsy maintsy homanina amin'ny alalan'ny vavaka fanelanelanana. Hoy Ellen G. White ao amin'ny boky Evangelism, p.341.3, « Amin'ny alalan'ny vavaka betsaka no tsy maintsy hiasanao ho an'ny fanahy, izany no hany fomba ahafahanao manatratra ny fo. »

**Fizarana ny boky :**

Azonao atao ny manome ny boky amin'ny alalan'ny fizarana ny fahatsapanao sy ny fanandramanao amin'ireo handray izany. Mety ho amin'ny namana izany, na mpitarika na olona izay manana toerana ambony

ao amin'ny fiangonana, federasiona, fivondronam-be, tranom-boky, tetik'asa famitana iraka, ary ivon-toerana hafa. Fotoana fanararaotra hafa ihany koa ireny Fivoriam-be ireny (Pasitora, loholona, tanora, sns) rehefa nahazoana alalana avy amin'ireo mpikarakara. Ataovy an-tsaina mandrakariva hoe tokony hahazo ity boky ity maimaimpoana na amin'ny sarany farany ambany ny ankohonana Advantista tsirairay.

Azo alefa mailaka ihany koa ny boky, na amin'ny alalan'ireo olona izay mihaona mivantana amin'ireo olona tokony handray izany.

**Fizarana amin'ny alalan'ny Aterineto**

Fomba moderna indrindra hizarana ilay hafatra ny mailaka. Nalefa tany Aostralia io hafatra io ary avy any no nalefa tany Mizoram, India indray. Avy eo dia tonga tany Pakistan rehefa avy tany Brezila. Azonareo vakiana izany ao amin'ny www.schrittezur-persönlichen-erweckung.info. Azonao atao ny manonta izany sy/na mandefa izany amin'ny alalan'ny rohy iray amin'ny olona iray na maro amin'ny fiteny samy hafa. Afaka mampahafantatra ny olona ihany koa hianao hoe misy tranon-kala izay azo jerena amin'ny fiteny Anglisy dia ny www.steps-to-personal-revival.info. Noho ny fitarihan'Andriamanitra sy ny fanohanan'ireo mpandika teny, dia ho azo vakiana amin'ny fiteny 40 ny hafatra mialohan'ny fiafaran'ny taona 2019 ary fiteny 10 na 12 mihoatra noho izany aoriana kely. Noho ny fanampian'Andriamanitra dia mbola hisy fiteny maro hafa izay hanaraka aoriana kely.

**Fizarana amin'ny alalan'ny Tambazotra Sosialy**

Fomba iray tena mahomby hizarana ny votoatin'ity tranon-kala na rohy ho amin'ny boky PDF amin'ny namana sy ny olo-pantatra ihany koa dia amin'ny alalan'ny Tambazotra Sosialy toy ny Facebook, Google+, Twitter na WhatsApp. Afaka manatratra ireo olona fantatrao manokana sy olona vaovao hafa avy amin'ny toerana (sy firenena) samy hafa hianao, amin'ny alalan'ny fizarana sy ny fanasana.

**Fizarana amin'ny alalan'ny Toriteny sy Seminera**

Manana fotoana sy fahafahana mahafinaritra ny pasitora rehetra sy ny mpitory laika rehetra hizara an'io hafatra io amin'ireo fiangonana, amin'ny alalan'ny toriteny iray na maromaro. Azonao atao izany amin'ny alalan'ny fianaranao manokana sy amin'ny alalan'ny fampiasana ireo lesona avy amin'ity boky ity. « Tsy mbola nitoriteny momba ny lohahevitra iray izay efa ren'ny fiangonana sy novakiany aho. Tamin'ny alalan'ny fikarohana 'edManaucational' no nahafantarako androany fa tena ilaina ny mamaky na maheno lohavi-dehibe iray in'enina hatramin'ny im-polo » (Fanandramana manokana sy torohevitra avy amin'ny Rahalahy Helmut Haubeil). Rehefa fantatro izany ankehitriny dia tsy manana olana aho mitoriteny lohahevitra izay efa norenesin'ny olona na efa novakiany tany aloha. Raha tianao dia afaka lazainao hoe mampiasa ireo hevi-dehibe sy ireo andalan-teny avy amin'ny boky hianao.

Raha tsy mitoriteny hianao dia afaka mangataka ny hafa ihany koa hampiasa an'io lohahevitra io amin'ny toriteny ataony. Tokony ahitana ireto lohahevitra ankapobeny telo ireto ny seminera mandritra ny Sabata anankiray :

Toriteny : **Inona no fototry ny olantsika ?**

Misy antony ara-panahy ve ireo olantsika ?

Tsy ampy ny Fanahy Masina ve isika ?

Ahoana no ahafahako manao tombana ny fiainam-panahiko ?

(Loharanon-kevitra: Dingana ho amin'ny Fifohazana ho an'ny Tena Manokana: Fampidirana, Toko 1 & 2)

1. Programa Folak'andro :

Azo vahana ireo olantsika – amin'ny fomba ahoana anefa ?

- Ahoana no ahafahantsika mamolavola fiainana Kristiana sambatra, feno fifaliana ary matanjaka ?
- Ahoana no hamenoan'ny Fanahy Masina ny fiainantsika ? « Isan'andro », izay no teny fototra.

(Loharanon-kevitra: Toko 3)

2. Programa Folak'andro faharoa na hariva

Teboka fototra ho amin'ny fampiharana / Ahoana no fomba ampiharana izany (Toko 5)

- Ahoana no hampiharako sy hanaovako fanandramana ny amin'ny vahaolana avy amin'Andriamanitra eo amin'ny fiainako ?
- Manao ahoana no tsy maintsy ho fomba fivavahako mba hahazoako antoka ny famenoan'ny Fanahy Masina ny ao anaty ?
- (Loharanon-kevitra : Toko 5)

**Fijoroana Vavolombelona ataon'ny Tsirairay**

Tena zava-dehibe ny hisian'ny fijoroana vavolombelona ataon'ny tsirairay amin'ireto lohahevitra manaraka ireto :

- Fahatsapana na hevi-dehibe azon'ny tena manokana izay noraisina tao anatin'ilay boky novakiana
- Ny akon'io hafatra io teo amin'ny fiainako

**Fandikana ny boky amin'ny fiteninao eo an-toerana**

Raha toa ka mbola tsy voadika amin'ny fiteninao eo an-toerana ity boky ity, angamba afaka mahita olona hianao – noho ny vavaka sy ny fanampian'Andriamanitra – izay vonona sy afaka manao izany. Vao maika tombony lehibe raha toa ka mpandika teny izay voakasiky ny hafatra manokana no manao izany. Hatreto dia an-tsitrapo no nanaovana ny fandikan-teny, satria liana be tokoa amin'ny fanapariahana ny hafatra ny mpandika teny. Indraindray dia misy sarany ny fandikan-teny raha toa ka izany no fototr'asan'ilay mpandika teny. Nokaramaina « tam-pirahalahiana » ireny mpandika teny ireny. Ankasitrahanay raha toa ka afaka mifandray amin'i Helmut Haiubeil manokana hianao mahakasika an'io resaka fandikana ny boky io. Manana torohevitra tsara hozaraina aminao izy sady iriny ihany koa ny hamoahana ny boky amin'ny endriny mitovy amin'ny fiteny rehetra.

## FAMARANANA

Noho ny Fanahy Masina dia manana mpitari-dalana tena tsara amin’ny toe-javatra rehetra eo amin’ny fiainana isika, sy hery araka ny haren’ny Voninahiny.

Afaka hovana ny toetsika ary afaka ho tonga fitaovana sarobidy amin’ny asan’Andriamanitra isika. Hitarika ho amin’ny tena fandrosoana marina eo amin’ny fiainantsika ny fileferantsika isan’andro sy ny batisan’ny Fanahy Masina.

Irin’ny Tompo ny hanomana antsika ho amin’ny fotoan-dehibe indrindra eo amin’ny tantaran’ny tany. Iriny isika mba ho vonona manokana ho amin’ny Fiaviany sy ho afaka miara-miasa hamita ny asa fitoriana ny filazantsara, eo ambanin’ny herin’ny Fanahy Masina. Iriny ny hitarika antsika am-pandresena amin’ireo fotoan-tsarotra ho avy.

Avelao Andriamanitra hitondra fifohazana sy fanavaozana ho anao manokana amin’ny alalan’ny fileferana isan’andro sy ny batisan’ny Fanahy Masina isan’andro.

Tiako ny hamarana amin’ny andininy iray ao amin’ny Baiboly sy vavaka ho amin’ny fifohazana :

« *Raha ny oloko ... ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny.* » (2 Tantara 7 :14)

Vavaka : Rainay izay any an-danitra, omeo anay ny fanetren-tena (Mika 6 :8). Apetraho ao am-ponay ny faniriana lehibe hivavaka sy hitady ny Tavanao. Ataovy vonona izahay ary ampio izahay hiala amin'ny ratsy fanaonay. Mba tanteraho ao anatinay ireo fepetra takiana ary ho vokatry ny fampanantenanao dia aoka izahay handre ny Valiny avy aminao. Mamelà ny helokay ary sitrano amin'ny maha matimaty anay sy amin'ny fihemoranay izahay. Mba ampio izahay hampilefitra ny tenanay amin'i Jesosy isan'andro sy handray am-pinoana ny Fanahy Masina. Amen.

**« Tsy azo heverina ny manantena fifohazana ankoatry ny maha valin'ny vavaka natao azy. »[144] « Ny batisan'ny Fanahy Masina toy izay tamin'ny andron'ny Pentekosta dia hitarika ho amin'ny fifohazana ho amin'ny tena fivavahana marina sy amin'ny fanatanterahana asa mahagaga maro. »[145]**

144 Ellen G. White, Selected Messages, book 1 (1958), p. 121.1
145 Ellen G. White, Selected Messages, book 2 (1958), p. 57.1

## Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozana

*1. Inona amin'ireo safidy voatonona tao anatin'ity fizarana ity no manohina anao indrindra ?*

*2. Inona no fanahiana izay lasa goavana taminao taorian'ny famakiana ity boky ity ?*

*3. Inona no zavatra mazava izay tianao hotanterahina ao anatin'ny herinandro vitsivitsy manaraka ?*

## Fotoam-bavaka Ataontsika

- Antsoy ny namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.
- Miaraha mivavaka aminy …
    1. Mba hamenoan'ny Tompo anao tsy tapaka amin'ny Fanahy Masina
    2. Mba hahitantsika ny fomba hiasantsika.
    3. Mba hitarihan'Andriamanitra antsika ho tonga Vavolombelony.

# PEJY FANAMPINY : SOSO-KEVITRA HO AMIN'NY FANDINIHANA FANAMPINY

Soso-kevitra manan-danja : vakio isan'andro ao anatin'ny enina andro ity boky ity, raha azo atao. Ny fikarohana ara-panabeazana dia mampiseho fa ilaina ny mamaky na mandre ny lohahevitra hiankinan'ny aina iray eo amin'ny fiainantsika, in'enina hatramin'ny im-polo mialohan'ny hahatakaran'ny olona iray izany amin'ny fahafenoany. Andramo izany. Haharesy lahatra anao ny vokatra. Nisy mpampianatra iray nanandrana izany : « Tena nambabo ahy ireo teny mampahery ao anatiny : 'Andramo farafahakeliny indray mandeha izany. Haharesy lahatra anao ny vokatra.' Naniry hanao izany fanandramana izany aho ary teo amin'ny vakiteny fahatelo dia nahatsiaro ho nisy namihina mafy aho, ary nahatsapa fitiavana lehibe ho an'ilay Mpanavotra antsika, fitiavana izay niriko lalina nandritra ny fiainako manontolo. Tao anatin'ny roa volana dia voavakiko in'enina ilay boky ary tena mendrika ny ezaka natao ny vokatra. Toy ny hoe azoko ilay hoe Jesosy manatona akaiky antsika sy isika afaka mahita ny Masony madio, malemy fanahy sy be fitiavana. Nanomboka teo dia tsy manaiky aho raha tsy miaraka amin'io fifaliana avy amin'ny Mpamonjiko io foana. » C.P.

Nandray fijoroana vavolombelona mirakitra fisaorana sy feno fientanentanana maro aho avy amin'ireo mpamaky momba ny fiainam-baovao niainany miaraka amin'ny Fanahy Masina. Ny ankamaroan'ireo dia namaky imbetsaka ny boky.

**TARI-DALANA SY TOROLANANA MOMBA NY 40 ANDRO**

Afaka mahita fitaovana tena ilaina amin'ny fandaminana ilay 40 androm-bavaka miaraka amin'ny kaoferansa aorian'izay hianao amin'ny fampiasana ilay boky 40 Andro nosoratan'i Dennis Smith ao amin'ilay tranon-kala www.SpiritBaptism.org .

# FANANDRAMANA VAOVAO MOMBA NY FIAINANA MIARAKA AMIN'NY FANAHY MASINA

Hoy Jesosy Tompontsika : « *Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko …* » (Asa 1 :8)

**Fangatahana Manokana :** Raha nanao fanandramana momba ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina hianao teo amin'ny fiainanao manokana na tamin'ny fijoroana vavolombelona, dia tena ankasitrahanay raha afaka mandefa fijoroana vavolombelona fohy amin'i Helmut Haubeil hianao mba ahafahany mizara izany ao amin'ny « Missionsbrief » (gazetiboky kely amin'ny fiteny Alemana momba ny asa famitana iraka). Mba lazao aminay raha irinao hoe ny fanombohan'ny anaranao fotsiny no soratanay ao na raha azonay zaraina ny anaranao feno sy ny fiangonana misy anao. Tsarovy fa ny fanandramanao dia hampahatanjaka ny hafa hitombo amin'ny dia ataony miaraka amin'ny Fanahy Masina sy hamporisika ny hafa hanomboka.

**Fisaintsainana Manokana sy Tari-dalana Hifanakalozan-kevitra**

*1. Ny soso-kevitra hamerimberenana mamaky ity boky ity in'enina hatramin'ny im-polo dia voaporofo ho fomba tsara hitondrana ny fiainana miaraka amin'ny Fanahy Masina ao am-ponao. Nisy anabavy iray izay nanoratra diary ny amin'ny zavatra niseho nandritra ireo herinandro 6 voalohany nolalovany. Tena faly izy ary nanoratra taratasy taminay. Inona no drafitra ataonao momba ny zavatra hataonao amin'ny ho avy ?*

*2. Ilay foto-kevitra 40 andro no foto-kevitra ara-panahy sy ara-pitoriana ny filazantsara tsara indrindra izay hitako tao anatin'ny 50 taona naha Pasitora ahy. Afaka mamaky momba izany hianao ao amin'ny fampidirana ilay boky 40 andro. Na iza na iza no mila ilay drafitra 40 andro feno dia afaka maka izany maimaimpoana ao amin'ny https://www.missionsbrief.de/40-tage-konzept.html*
*(Amin'ny fiteny Anglisy sy Alemana).*

- *Azon'ny tsirairay atao na atao tsiroaroa ary azo atao mivantana na an-telefaonina ihany koa ny Fianarana 40 Andro. Mandritra an'io fotoana io dia azonao atao ny mandinika ity boky ity in-telo na manohy amin'ilay boky « Abide in Jesus » (ho voadika tsy ho ela amin'ny Teny Malagasy).*
- *Mandritra an'io fotoana io dia mivavaha isan'andro ho an'ny olona dimy izay mbola tsy notratrarina tamin'ny filazantsara ary miezaha mifandray aminy.*
- *« Sabatan'ny Mpamangy » any am-piangonana no tokony aorian'ilay programa 40 Andro.*
- *Herinandro aorian'izay, manomboka ny Fampianarana Baiboly, Vondrona fiaraha-mianatra any an-tokantrano, Seminera na Fampianarana hafa. Irina ove ny hahafantatra tsara kokoa an'io foto-kevitra io ?*

*3. Inona no ambaran'ny hafa momba ny Fanahy Masina ? Zava-dehibe manao ahoana ny fangatahantsika ny Fanahy Masina ?*

**Fotoam-bavaka Ataontsika**

- Antsoy ny namana mpiaraka mivavaka aminao ary mifanakaloza hevitra momba ny lohahevitra.
- Miaraha mivavaka aminy …
  1. Mba hanohizantsika hivavaka sy handray isan'andro ny Fanahy Masina.
  2. Sy hisaorantsika ny Tompo amin'ny fitarihan-dalany amin'ny ho avy eo amin'ny fiainam-panahintsika.
  3. Mba handraisantsika fanapahan-kevitra tsara ho amin'ny fizotry ny fiainantsika amin'ny ho avy.

# *Dingana ho*
## AMIN'NY FIFOHAZANA HO
## AN'NY TENA MANOKANA

**Maniry hanana fiainana sambatra sy tanteraka ve ianao, fiainam-pinoana feno fifaliana ombàn'ny fanandramana mampientanentana?**

Raha eny ny valiny dia natao ho anao mihitsy ity boky ity. Mihoatra ny 500 ireo fanandramana izay nozarain'ny olona tamiko, ny amin'ny nanaovany fanandraman'ny fiovana tsara teo amin'ny finoany, tamin'ny alalan'ny famakiany ity boky ity. Lesona maro no natao tao anatin'ity boky ity noho izany, izay maneho amintsika ny hitarihan'ity boky ity antsika:

- Hahafantatra fa ny fanomezana sarobidy indrindra omen'I Jesosy antsika dia ny Fanahy Masina
- Hanombana ny tenantsika ny amin'ny toerana misy antsika ara-panahy
- Hahatakatra ireo dingana tsotra roa izay mitarika ho amin'ny fiainam-panahy mahasarika sy ny fahazoana antoka ny famonjena.
- Hahafantatra ny tombotsoa lehiben'ny fiainana eo ambany hery sy fitarihan'ny Fanahy Masina, ary ny fatiantokantsika raha tsy eo Izy.
- Hahatsapa fa ny vavaka araka ny teny fikasana ataontsika dia hafa mihitsy ny kalitaony. Lasa mivavaka am-pifaliana kokoa, ampitokisana ary lalina kokoa isika. Ary aorian'ny vavaka toy izany, dia azontsika antoka fa nandray ny Fanahy Masina isika.
- Nahatonga azy ireo ho vavolombelona sy mpizara ity boky ity ny fifaliana lehibe tao anatiny.

Maniry hitondra fiovana lehibe eo amin'ny fiainanao Andriamanitra. Samy hafa tokoa izany hoe ianao miasa ho an'Andriamanitra sy ny hoe ny Tompontsika mahagaga miasa amin'ny alalanao. Maniry fatratra fifandraisana ety aminao Jesosy, ary maniry hanakaiky ny hafa amin'ny alalanao. Fitahiana sy fifaliana lehibe tokoa no azo amin'ny alalan'ny famakiana imbetsaka ny boky. Diniho sy ampiharo io soso-kevitra io mandritra ny 6 herinandro dia hitolagaga ianao amin'izay hotanterahin'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao.